NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2020

# Liahona




## Ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany

**Manasa ny Olomasina ny Filoha Nelson mba "Hamela an' Andriamanitra hanjaka"; sy hanohitra ny fanavakavahana**

**Nisy fanovana mpitarika nambara teo anivon'ny Fitopololahy, sy ny Episkôpà Mpiahy**

**Nisy Tempoly vaovao miisa 6 nambara**



*Sary: Lo Narváez, Faritra faha-V, Chili; sary manindry: Apia, Samoa*

Noho ny COVID-19 dia mpikamban'ny Fiangonana maro no tsy afaka nivory tao amin'ireo trano fiangonana mba hijery fihaonambe. Ireo fivoriana kosa dia nampitaina tamin'ireo fahitalavitra sy onjampeo manerana ny firenena sy tany amin'ny faritra tao anatin'ny firenena 50 mahery, ka nahatonga ny fihaonambe ho azon'ny olona 1,4 lavitrisa nojerena sy nohainoina.

# Votoatiny nôvambra 2020

Boky 20 • Laharana 4

**Fivoriana Sabotsy maraina**

6 Mandroso
*Filoha Russell M. Nelson*

8 Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo
*Loholona David A. Bednar*

12 Ho tonga tahaka Azy
*Loholona Scott D. Whiting*

15 Maso hahita
*Michelle D. Craig*

18 Fo mifamihina ao amin'ny fahamarinana sy firaisan-kina
*Loholona Quentin L. Cook*

22 Mendrika ho an'ny Tompo
*Loholona Ronald A. Rasband*

26 Tiavo ny fahavalonareo
*Filoha Dallin H. Oaks*

**Fivoriana Sabotsy tolakandro**

30 Fanohanana ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondromparitra, ary ireo Mpiandraikitra Ambony
*Filoha Henry B. Eyring*

32 Fiarahamonina maharitra
*Loholona D. Todd Christofferson*

35 Mahita fifaliana ao amin'i Kristy
*Steven J. Lund*

38 Ny firenena sy ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra
*Loholona Gerrit W. Gong*

42 Mbola nisy hanina ihany
*Eveka W. Christopher Waddell*

45 Ilay fanomezana tsara fatratra an'ilay Zanakalahy
*Loholona Matthew S. Holland*

48 Ny kolontsain'i Kristy
*Loholona William K. Jackson*

51 Hanao zavatra tsy takatry ny saina Andriamanitra
*Loholona Dieter F. Uchtdorf*

**Fivoriamben'ny vehivavy**

55 Amin'ny alalan'ny fiombonampihetseham-po no ahazoantsika hery amin' Andriamanitra
*Sharon Eubank*

58 Tazony ny fiovana
*Becky Craven*

60 Ny hery manasitran'i Jesoa Kristy
*Cristina B. Franco*

67 Mpirahavavy ao Ziona
*Filoha Henry B. Eyring*

70 Matokia
*Filoha Dallin H. Oaks*

73 Raiso amim-pinoana ny hoavy
*Filoha Russell M. Nelson*

**Fivoriana Alahady maraina**

77 Miambena ka mivavaha mandrakariva
*Filoha M. Russell Ballard*

80 Mangina, mitsahara
*Lisa L. Harkness*

82 Mikatsaka an'i Kristy amin'ny eritreritra rehetra
*Loholona Ulisses Soares*

86 Mino ny fisian'ny anjely aho
*Loholona Carlos A. Godoy*

88 Miresaka an'i Kristy isika
*Loholona Neil L. Andersen*

92 Aoka Andriamanitra no hanjaka
*Filoha Russell M. Nelson*

**Fivoriana Alahady tolakandro**

96 Notsapaina, nosedraina ary notefena
*Filoha Henry B. Eyring*

99 Aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, ary raiso ho fifaliana ny zava-drehetra!
*Loholona Jeremy R. Jaggi*

102 Nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo
*Loholona Gary E. Stevenson*

106 Mangataha, mitadiava, ary dondòny
*Milton Camargo*

109 Hanao ny marina sy ho tia famindram-po ary hanaraka an' Andriamanitra amin'ny fanetrentena
*Loholona Dale G. Renlund*

112 Hery maharitra
*Loholona Kelly R. Johnson*

115 Eo am-piandrasana ny Tompo
*Loholona Jeffrey R. Holland*

118 Fiaingana vaovao
*Filoha Russell M. Nelson*

64 Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

120 Vaovaom-piangonana

127 ***Avia, hanaraka Ahy***—Mianatra avy amin'ireo hafatra avy amin' ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany



*Osaka, Japana*

# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-190

**Fivoriana Sabotsy maraina, 3 ôktôbra 2020**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanombohana: Loholona Patrick Kearon
Vavaka famaranana: Loholona Juan A. Uceda.
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square*: "Eternelle Vérité," *Cantiques,* lah. 15; "Louange à Dieu," *Cantiques,* lah. 37, narindran'i Wilberg; "Ny fitiavany dia natolon ho ahy," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 42, narindran'i Cardon; "Ndao zanaky ny Tompo," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 7; "Have I Done Any Good?" *Hymns,* lah. 223, narindran'i Zabriskie; "Mifankatiava," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 74, narindran'i Wilberg.

**Fivoriana Sabotsy tolakandro, 3 ôktôbra 2020**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanombohana: Loholona J. Devn Cornish
Vavaka famaranana: Joy D. Jones
Hira nataona amboaram-peo isan-karazany: "Peuples du monde, écoutez donc!" *Cantiques,* lah. 170, narindran'i Schank; "Beautiful Savior," *Children's Songbook,* 62–63, narindran'i Kasen; "Allons avec foi," *Cantiques,* lah. 173; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 12, narindran'i Ashby.

**Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany, 3 ôktôbra 2020**
Mpitarika: Bonnie H. Cordon
Vavaka fanombohana: Liz Darger
Vavaka famaranana: Kathryn Reynolds
Hira nataona amboaram-peo isan-karazany: "Soyons l'espoir des derniers jours," *Cantiques,* lah. 166, narindran'i Kasen; "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 113; "Tia ahy ny Ray any An-danitra," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 16, narindran'i Staheli; "Ah, donne-moi, Père," *Cantiques,* lah. 70, narindran'i Goates.

**Fivoriana Alahady maraina, 4 ôktôbra 2020**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanombohana: Loholona Randall K. Bennett
Vavaka famaranana: Loholona Walter F. González
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square: "Awake and Arise," *Hymns,* lah. 8; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ!," *Cantiques,* lah. 40, narindran'i Wilberg; "Raha toa teo ny Mpamonjy," DeFord, narindran'i Cardon; "Misaotra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 72; "L'amour de Dieu," *Cantiques,* lah. 46, narindran'i Murphy; "For I Am Called by Thy Name," Gates.

**Fivoriana Alahady tolakandro, 4 ôktôbra 2020**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanombohana: Loholona Paul V. Johnson
Vavaka famaranana: Jan E. Newman
Hira dia nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square: "Lazao ny marina?" *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 61, narindran'i Longhurst; "Softly and Tenderly," Thompson, narindran'i Wilberg; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques,* lah. 39; "Homba anao hatrany anie ny Ray," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 80, narindran'i Wilberg.
* Ny hira ho an'ny fivoriana tsirairay avy, eo ambany fitarihan'ny mpitarika hira isan-karazany sy ahitana mpitendry ôrga isan-karazany, dia efa nalaina feo sy sary mialoha.

**Fomba ahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Raha te hahita ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny internet dia tsidiho ny conference.ChurchofJesusChrist.org ary misafidiana fiteny iray. Hita ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile ihany koa ireo lahateny. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita any amin'ireo ivon-toerana mpaninjara ireo raki-tsary sy raki-peo amin'ny teny Anglisy. Misy fampahalalana mikasika ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay azo alaina amin' ny endriny maromaro ho an'ireo mpikambana manana fahasembanana ao amin'ny disability.ChurchofJesusChrist.org.

**Eo amin'ny fonony**
Sary nalain'i Kweku Obeng ao Accra, Ghana.

**Sary nandritra ny fihaonambe**
Ny sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, Mason Coberly, John Lloyd, Leslie Nilsson, ary Dave Ward. Sary fanampiny nalain'i Benson Arudo, Alexandre Borges, Nicolas Serey Bustamante, Clayton Chan, Randy Collier, Weston Colton, Maria Kaizaki, Julian Klemm, Ashlee Larsen, Greg Martinez, Joel Mawlam, Melanie Miza, Kweku Obeng, Sayaka Okubo, Margarita Pashkova, Aaron Thompson, Tiziano Pezzeti, Alice Price, Jonas Rebicki, ary Natalia Te'o.



*Sugar City, Idaho, Etazonia*

**NÔVAMBRA 2020 BOKY. 20 LAH. 4**
**LIAHONA 16726 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk

**Mpanorohevitra:** Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Walter F. González, Larry S. Kacher, Jan E. Newman, Adrián Ochoa, Michael T. Ringwood, Vern P. Stanfill

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon
**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Enish C. Dávila

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Aaron Johnston, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Aleni Regehr, Mark W. Robison, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Ammon Harris

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, José Chavez, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith

**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis

**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:** Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha Fokontany Manarintsoa Est, Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny ivon-toerana mpaninjara any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ChurchofJesusChrist.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity Liahona, flr. 23, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0023, USA.

Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2020 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ChurchofJesusChrist.org.

**For Readers in the United States and Canada:** November 2020 Vol. 20 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



*Apia, Samoa*


**Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia**

Andersen, Neil L., 88
Ballard, M. Russell, 77
Bednar, David A., 8
Camargo, Milton, 106
Christofferson, D. Todd, 32
Cook, Quentin L., 18
Craig, Michelle D., 15
Craven, Becky, 58
Eubank, Sharon, 55
Eyring, Henry B., 30, 67, 96
Franco, Cristina B., 60
Godoy, Carlos A., 86
Gong, Gerrit W., 38
Harkness, Lisa L., 80
Holland, Jeffrey R., 115
Holland, Matthew S., 45
Jackson, William K., 48
Jaggi, Jeremy R., 99
Johnson, Kelly R., 112
Lund, Steven J., 35
Nelson, Russell M., 6, 73, 92, 118
Oaks, Dallin H., 26, 70
Rasband, Ronald A., 22
Renlund, Dale G., 109
Soares, Ulisses, 82
Stevenson, Gary E., 102
Uchtdorf, Dieter F., 51
Waddell, W. Christopher, 42
Whiting, Scott D., 12

**Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra**

Andriamanitra Ray, 38, 51, 92, 115
Anjely, 86, 88
Ankizy sy Zatovo, 35
Asa atao any amin'ny tempoly, 22
Asa fitoriana, 6, 38, 51
Asa tsara, 38
Bokin'i Môrmôna, 38, 73
Boky avoakan'ny Fiangonana, 38
Drafitry ny famonjena, 8, 32, 48, 70, 96, 115
Fahadiovana, 82
Fahafahana misafidy, 92
Fahafolonkarena, 42
Fahamarinana, 18, 82
Fahamarinana, 32
Fahamendrehana, 22
Faharetana, 99, 115
Fahasamihafana, 18
Fahatokiana, 8, 73, 96
Fahazavan'i Kristy, 32
Fahoriana, 6, 8, 38, 42, 45, 51, 60, 70, 77, 80, 96, 99, 102, 115
Fahotana, 45, 82, 109
Fakam-panahy, 82
Faminaniana, 38
Famindram-po, 55, 109
Fanambarana, 73
Fanambarana ho an'ny tena manokana, 106
Fanangonana, 92
Fanasan'ny Tompo, 35
Fanasitranana, 45, 60
Fanavakavaham-bolon-koditra, 26, 92
Fandriam-pahalemana, 73
Fanekempihavanana, 22, 58, 92, 112
Fanetrentena, 109
Fankatoavana, 22
Fanoloran-tena, 12
Fiadanana, 80
Fiainana an-tany, 70
Fiaviana fanindroany, 67, 77, 88
Fibebahana, 12, 45, 58, 60, 109
Fifaliana, 35, 45, 70, 99
Fifandirana, 26
Fijerena ny lafy tsaran-javatra, 118
Fijoroana ho vavolombelona, 6
Fikambanana Ifanampiana, 55, 67
Finoana, 60, 73, 77, 80, 88, 99, 112, 115
Fiomanana, 8, 42, 73
Fiombonana, 86
Fiovam-po, 58, 86
Firaisan-kina, 18, 26, 55, 67
Fitahiana, 38, 51, 102, 106, 115, 118
Fitarihana, 77
Fitiavana, 15, 18, 26, 32, 38, 109
Fivoaran'ny Fiangonana, 6
Fivoaran'ny tena manokana, 12, 58, 96
Fizakan-tena, 42
Hasarobidin'ny tena manokana, 15
Hatsaram-panahy, 15, 55
Hatsaram-panahy, 32, 82
Hery, 55, 77, 112
Jesoa Kristy, 6, 12, 15, 18, 26, 32, 35, 45, 48, 55, 58, 70, 80, 82, 88, 92, 96, 109, 112
Joseph Smith, 38, 55, 70, 73, 77, 96
Kolontsaina, 48
Lalàmpanorenan'i Etazonia, 18, 26
Lalàna, 26
Maha-kristianina, 88
Maha-mpianatra, 15, 35, 88, 99, 118
Maha-mpikamban'ny Fiangonana, 38
Manompo, 86, 102
Mpamaky lay, 70
Mpaminany, 42, 51
Mpianakavin'i Isiraely, 92
Olona araka ny nofo, 82
Ôrdônansy, 22, 102
Soratra masina, 106
Sorompanavotana, 35, 45, 60, 88
Tahirin-tsakafo, 42
Tahotra, 80
Teknôlôjia, 51, 102
Tempoly, 6, 22, 102, 112, 118
Vavaka, 77, 106
Vehivavy, 67, 70, 73
Ziona, 18, 32, 55, 67

# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-190



Teo anivon'ny fotoam-pisalasalana dia nahita fotoam-piadanana ny olona an-tapitrisany maro nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany noranterahina tamin'ny 3–4 ôktôbra 2020. Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nampitodika antsika ho amin'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ireo hafatra mikasika ny firaisan-kina sy ny fitiavana, ny fanantenana sy ny fanasitranana, ary ny fiadanana ao amin'ny tanjana masina.

Nampianatra antsika ny fomba hahazoana ny fitahiana avy amin'ny hoe lasa vahoakan' Andriamanitra ny Russell M. Nelson.

*"Rehefa misafidy ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanareo ianareo dia hahita manokana ianareo fa Andriamanitra dia -Andriamanitry ny fahagagana- [Môrmôna 9:11]." —Filoha Russell M. Nelson (jereo ao amin'ny pejy 92)*

Mpandahateny maro no niresaka momba ny **fitomboan'ny tena manokana** amin'ny alalan'ny fanarahana an'i Jesoa Kristy, ny fatokisana Azy, ary ny fanoavana ny sitrapony.

*"Rehefa mitodika [amin'i Jesoa Kristy] amim-panetren-tena isika dia hampitomboiny ny fahafahantsika miova." —Becky Craven (jereo ny pejy 58)*

Mbola nitondra fiantraikany hatrany tamin'ny zavatra hitantsika sy rentsika tamin'ny fihaonambe ny **coronavirus.** Noho ny fananana traikefa bebe kokoa anefa dia nisy ny fomba fijery nivelatra kokoa ka ireo mpandahateny dia tsy nifantoka tamin'ny fanantenana fotsiny ihany fa tamin'ny fahatakarana lehibe kokoa ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika mandrakizay ihany koa.

*"Ireo fitsapana eo amin'ny sekolin'ny fiainana an-tany dia singa manan-danja eo amin'ny fivoarantsika mandrakizay. . . . Mivavaka aho mba hianarantsika . . . ireo lesona manan-danja izay ireo zava-tsarotra iainana ihany no afaka mampianatra izany antsika —Loholona David A. Bednar (jereo ny pejy 8)*

Noho ny **tsy filaminana arapiarahamonina** izay misy any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao dia nanameloka ny fanavakavaham-bolonkoditra sy ny herisetra ireo mpitarika. Niantso antsika Olomasin'ny Andro Farany izy ireo mba ho iray ao amin'ny fahamarinana, hahita firaisan-kina ao anatin'ny fahasamihafana, ary hanampy amin'ny fanorenana fiarahamonina anjakan'ny fahamarinana sy ny fitiavana.

*"Miaina ao anaty tontolo misaratsaraka tokoa isika. . . . Afaka ny ho hery hampahery sy hitahy ny fiarahamonina manontolo isika." —Loholona Quentin L. Cook (jereo ny pejy 18)*

Eo am-piainanao indray ny fihaonambe amin'ny alalan'ity laharana ity dia manantena izahay fa hiaina indray ny fanantenana sy ny fampaherezana tsapanao tamin'ny voalohany ianao, ary koa hahazo fahatakarana vaovao amin'ny alalan'ny fandalinanao mandritra ireo volana ho avy. ■



*Guatemala City, Guatemala*



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson
*Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

# Mandroso

## *Mandroso tsy ankijanona ny asan'ny Tompo.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, tena *fifaliana* ho ahy ny miaraka aminareo eto am-panombohantsika ny fihaonambe maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-190 an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin' ny Andro Farany. Tiako ny tafaraka aminareo any an-tokantranonareo any na amin'izay toerana misy anareo, hiara-hihaino aminareo ny hafatra avy amin'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary ireo mpitarika hafa ato amin'ny Fiangonana.

Tena feno fankasitrahana noho ny teknôlôjia isika izay ahafahantsika mifandray amin'izao fivoriambe maneran-tanin'ireo mpianatr'i Jesoa Kristy izao. Ny fihaonambe maneran-tany tamin'ny volana aprily teo dia nojeren'ny olona maro mihoatra lavitra ny tany aloha rehetra, ary tena manantena tokoa izahay fa ho torak'izany koa ity indray mitoraka ity.



*Olmué, Valparaíso, Chili*

Nandritra izay volana maromaro lasa izay dia nampitsimbadika izao tontolo izao ny valanaretina maneran-tany, ny dorotanety mahery vaika, ary ireo loza voajanahary hafa. Miara-ory aminareo rehetra izay namoy olon-tiana nandritra izany fotoana izany ny tenako. Mivavaka ho an'ireo rehetra anatin'ny fanaintainana koa ny tenako.

Na eo aza izany dia mandroso tsy ankijanona ny asan'ny Tompo. Tao anatin'ny fanajana ny elanelana, ny fanaovana arotava, ary ireo fivoriana tamin'ny Zoom, dia nianatra nanao ireo zavatra sasany tamin'ny fomba vaovao isika, ary ny sasany dia tamin' ny fomba mahomby kokoa mihitsy aza. Ny fotoana tsy mahazatra dia mety hitondra voka-tsoa tsy mahazatra.

Ireo misiônerantsika sy ireo mpitarika ny asa fitoriantsika dia tia karokaroka, be faharetana, ary tena miavaka tokoa. Na dia tsy maintsy nitady fomba vaovao tsy mahazatra hanaovana ny asany aza ny ankamaroan'ny misiônera dia misiôna maro no nanao tatitra fa mampianatra *mihoatra* lavitra izay nisy hatrizay izy ireo.

Tsy maintsy nanakatona tempoly nandritra ny fotoana voafetra isika, ary ireo tetikasa fanamboarana sasany dia



nampiatoana vonjimaika, saingy miverina mandroso indray ny fanamboarana azy rehetra izao. Raha ho an'ny taona 2020 dia hanao fihadiana fototra ho an'ny tempoly vaovao miisa 20 isika!

Nitombo izaitsizy ny asa fanaovana tantaram-pianakaviana. Paroasy sy tsatòka vaovao maro no niforona. Ary mahafaly anay ny manome tatitra fa ny Fiangonana dia nanao asa fanasoana hanampiana olona nandritra ny valanaretina ho an'ny tetikasa 895 any amin'ny firenena 150.

Ny fandalinana ny filazantsara mihamitombo any amin'ny tokantrano maro dia mitondra fijoroana ho vavolombelona sy fifandraisana ao amin' ny fianakaviana matanjaka kokoa. Ny



renim-pianakaviana iray dia nanoratra hoe: “Mahatsiaro ho akaiky kokoa ny zanakay sy ny zafikelinay izahay izao noho ny fihaonana amin’ny Zoom ataonay isak’alahady. Ny tsirairay dia mifandimby milaza ny heviny momba ny ao amin’ny *Avia, hanaraka Ahy.* Ny vavaka ho an’ireo olona ao amin’ ny fianakavianay dia niova satria takatray tsaratsara kokoa izao ny zavatra ilain’izy ireo.”

Mivavaka aho ny mba hampiasantsika rehetra an’izao fotoana miavaka izao ho amin’ny fivoarana ara-panahy. Eto an-tany isika mba hosedraina, mba hahitana raha toa isika hisafidy an’i Jesoa Kristy, hibebaka tsy tapaka, hianatra ary hivoatra. Mangetaheta fivoarana ny fanahintsika. Ary amin’ny fitoerana mafy tsara ao amin’ny lalan’ny fanekempihavanana no hahavitantsika izany amin’ny fomba tsara indrindra.

Eo anatrehan’ny zava-drehetra dia tia antsika ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany! Miahy antsika Izy Ireo! Miambina antsika Izy Ireo sy ireo anjeliny masina.[1] Fantatro fa marina izany.

Eto am-piarahantsika mivory mba hihaino ireo teny izay nomen’ny Tompo an’ireo mpanompony tamin’ny fitaomam-panahy mba hozarain’izy ireo dia manasa anareo aho hisaintsaina ny fampanantenana iray nomen’ny Tompo. Nanambara Izy fa “*izay rehetra* manaiky dia mahazo mihazona ny tenin’ Andriamanitra, izay mailaka sy mahery, izay hampisaratsaraka ny hafetsena rehetra sy ny fandrika . . . ary ny famitahan’ny devoly sy hitarika ny [mpianatr’] i Kristy amin’ny lalana ety sy tery.”[2]

Mivavaka aho ny mba *hisafidiananareo* ny hihazona ny tenin’ Andriamanitra araka ny hanambarana izany mandritra ity fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany ity. Ary mivavaka aho mba hahatsapanareo ny fitiavana tonga lafatry ny Tompo,[3] amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
2. Helamàna 3:29; nampiana fanamafisana.
3. Jereo ny 2 Nefia 1:15.



Nataon'ny Loholona David A. Bednar
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo

## (Abrahama 3:25)

*Fotoana izao hiomanana sy hanamarinantsika fa vonona sy afaka manao ny zava-drehetra izay handidian'ny Tompo Andriamanitsika antsika isika.*

Mivavaka aho mba hahazo ny fanampian'ny Fanahy Masina isika rehetra eto am-pizarako ny eritreritra sy ny fahatsapana izay tonga tato an-tsaiko sy tato am-poko rehefa niomana tamin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity aho.

### Ny maha-zava-dehibe ny fitsapana

Nandritra ny roapolo taona mahery talohan'ny antsoko hanao asa fanompoana amin'ny fotoana feno ato amin'ny Fiangonana dia



Provo, Utah, Etazonia

mpampianatra sy mpitantana tao amin'ny oniversite no asako. Ny andraikitro voalohany tamin'ny nahampampianatra ahy dia ny hanampy ny mpianatra hianatra ny fomba hianaran'izy ireo ho an'ny tenany. Ary singa tena manan-danja tamin'ny asako ny famoronana laza adina sy ny fanomezana isa ary ny fanomezana tatitra momba ny fahaizan'ny mpianatra tamin'ireo fitsapam-pahaizana. Mety ho efa fantatrareo avy amin'ny zavatra niainana manokana fa amin'ny ankapobeny dia tsy ny fanadinana no tian'ny mpianatra indrindra ao amin' ny dingan'ny fianarana!

Kanefa tena manan-danja tanteraka amin'ny fianarana ny fanaovana fitsapam-pahaizana matetika. Ny fitsapam-pahaizana mahomby dia manampy antsika hampitaha izay zavatra ilaintsika fantarina amin'izay efa fantatsika marina momba ny lohahevitra iray manokana. Manolotra fenitra izay ahafahantsika mandrefy ny fianarantsika sy ny fivoarantsika ihany koa izany.

Tahaka izany koa, ireo fitsapana eo amin'ny sekolin'ny fiainana an-tany dia singa manan-danja eo amin'ny fivoarantsika mandrakizay. Mahaliana anefa fa tsy hita na dia indray mandeha aza ao amin'ny lahatsoratry ny soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana amin'ny teny Anglisy ny teny hoe *fitsapana*. Fa ny teny hoe *zahana toetra, dinihina* ary *sedraina* kosa no ampiasaina mba hamaritana ireo ohatra isan-karazany amin'ny fanehoana araka ny tokony ho izy ny fahalalantsika ara-panahy momba ny drafitra mandrakizain'ny Ray any An-danitra ho an'ny fahasambarana sy ny fahatakarantsika izany ary ny fanolorantsika tena amin'izany, sy ny fahaizantsika mikatsaka ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Izy izay namolavola ny drafitry ny famonjena dia namaripaitra ny tena tanjon'ny fizahana toetra antsika eto an-tany tamin'ny fampiasaina ireo teny hoe *zahana toetra, dinihina,* ary *sedraina* ao amin'ny soratra masina fahiny sy maoderina. "Dia *hosedraintsika* amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo."[1]

Diniho ity fiangaviana nataon'i Davida mpanao Salamo ity:

"*Diniho* aho, Jehovah ô, ka *fantaro*; *izahao toetra* ny voako sy ny foko.

"Fa ny famindram-ponao no eo anoloan'ny masoko; ary mandeha amin'ny fahamarinanao aho."[2]

Ary nanambara ny Tompo tamin' ny 1833 hoe: "Koa aza matahotra ny fahavalonareo, satria efa notapahiko tao am-poko, hoy ny Tompo, fa *hozaha*ko toetra amin'ny zava-drehetra ianareo raha toa ka hitoetra ao amin'ny fanekempihavanako, na dia hatrany amin'ny fahafatesana aza, mba hahitana fa mendrika ianareo."[3]

### Ny fotoana ankehitriny izay feno fizahan-toetra sy fisedrana

Nanamarika ny taona 2020 tamin'ny ampahany ny valanaretina maneran-tany izay nizaha toetra sy nitsapa ary nisedra antsika tamin'ny fomba maro. Mivavaka aho ny mba ianarantsika sy ny fianakaviana tsirairay ireo lesona manan-danja izay ireo



*Saint-Domingue, République dominicaine*

zava-tsarotra iainana ihany no afaka mampianatra izany amintsika. Manantena ihany koa aho fa isika rehetra dia hiaiky tanteraka ny "fahalehibeazan' Andriamanitra" sy ilay fahamarinana hoe "Izy hanokana ny fahorian[tsika] ho tombontsoan[tsika]."[4]

Fitsipika fototra roa no afaka mitarika sy mampatanjaka antsika rehefa miatrika toe-javatra mitondra fizahantoetra sy fisedrana eo amin'ny fiainantsika isika, na inona izany na inona: (1) ny fitsipiky ny fiomanana, sy (2) ny fitsipiky ny fibosesehana handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy.

### Fiatrehana ny fitsapana sy fiomanana

Amin'ny maha-mpianatry ny Mpamonjy antsika dia didina isika ny "*[hanomana] ny zavatra rehetra ilaina,* ary [hanorina] trano, dia tranon'ny vavaka, tranon'ny fifadiankanina, tranon'ny finoana, tranon'ny fianarana, tranon'ny voninahitra, tranon'ny filaminana, tranon' Andriamanitra."[5]

Ampanantenaina koa isika hoe "raha efa miomana ianareo dia tsy hatahotra.

"Ary izany dia ny mba hahazoanareo miala ny herin'ny fahavalo ka hangonina ho vahoaka marina, tsy manan-tsiny amam-pondro ho Ahy."[6]

Ireo soratra masina ireo dia manolotra fototra lavorary handaminana sy hanomanana ny fiainantsika sy ny tokantranontsika eo amin'ny ara-nofo sy ara-panahy. Ny ezaka ataontsika hiomanana amin'ireo zavatra iainana eto an-tany izay misedra antsika dia tokony hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy izay "nitombo saina sy tena [tsikelikely] sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona,"[7] izay fitambarana fahavononana ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy, ary arapiarahamonina mifandanja tsara.

Indray tolakandro volana vitsy lasa izay, dia nanara-maso ny tahirintsakafonay sy ny vatsy fiatrehanay ny loza tampoka izaho sy i Susan. Niparitaka haingana ny COVID-19 tamin'izany, ary nampihovitrovitra ny tranonay tao Utah ny horohoron-tany nifanesy. Efa niezaka izahay hatramin'ny fiandohan'ny fanambadianay hanaraka ny torohevitry ny mpaminany momba ny fiomanana amin'ireo olana tsy tsinjo mialoha, ka noho izany ny "fandinihana" ny fahavononanay ao anatin'ny fisian'ny viriosy sy ny horohorontany dia toy ny zavatra tsara atao sy amin'ny fotoany tsara. Tianay ho fantatra ny isa ho azonay mahakasika ny fahavononanay hiatrika ireo fitsapana tsy nampilazana ireo.

Nianatra zavatra maro izahay. Tsara ny asa fanomanana nataonay teo amin'ny sehatra maro. Fa tamin'ny sehatra hafa sasany anefa dia nilana fanatsarana satria tsy nahafantatra sy tsy nanolotra ireo zavatra nilaina manokana tamin'ny fotoana tokony hanaovana izany izahay.

Nihomehy be ihany koa izahay. Hitanay tao anatin'ny lalimoara iray sarotra takarina ohatra ireo zavatra izay nijanona am-polo taona maro tao amin'ny fitehirizan-tsakafonay. Raha ny marina dia natahotra izahay ny hanokatra sy hizaha ny tao anatin'ireo fitoeran-tsakafo sasany sao dia hiteraka valanaretina maneran-tany iray hafa izany! Kanefa mifalia amin'ny fahafantarana fa narinay araka ny tokony ho izy ireo sakafo mitera-doza ireo, ary foana ilay loza ara-pahasalamana nanambana an'izao tontolo izao.

Mihevitra ny mpikambana sasany ao amin'ny Fiangonana fa tsy dia zavadehibe intsony ny fanaovana drafitra sy ny fitehirizana vatsy hiatrehana ny loza tampoka, ny fitehirizana sakafo, ary ireo amboaram-pitaovana fihazonana ny aina mandritra ny 72 ora satria tsy niresaka momba izany sy izay lohahevitra mifandray amin'izany tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ireo Rahalahy tato ho ato ary tsy nanamafy izany. Saingy efa nambaran'i reo mpitarika ao amin'ny Fiangonana efa am-polo taona maro ireo fananarana naverimberina mba hiomana. Ny fitovian'ireo torohevitra omen'ireo mpaminany tao anatin'ny fotoana maro dia miteraka hafatra mahery vaika sy mazava ary fampitandremana mafy kokoa noho izay mety ho ateraky ny fampitandremana tokana.

Tsy misy hafa amin'ireo fotoantsarotra izay mampipoitra ireo tsy fahatomombanana ara-nofo, ireo aretin'ny tsy firaharahiana sy ny fanamoramorana ara-panahy dia mitondra ny vokatra ratsy indrindra aterany rehefa amin'ny fotoana sarotra. Ianarantsika ao amin'ny fanoharana momba ireo virijina folo ohatra fa ny fanemorana ny fiomanana dia mitarika ho amin' ny tsy fahombiazana manoloana ny fitsapana. Tadidio ny tsy nahavitan'i reo virijina folo adala niomana araka ny tokony ho izy tamin'ilay fitsapana nomena azy ireo tamin'ny andro nahatongavan'ny mpampakatra.



*Munich, Alemana*



*Guatemala City, Guatemala*

"Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza:

"Ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany.

"Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indro ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy.

"Dia nitsangana ireo virijina ireo, ka samy namboatra ny fanalany.

"Dia hoy ny adala tamin'ny hendry: Mba omeo kely amin'ny solikareo izahay; fa efa ho faty ny fanalanay.

"Fa ny hendry namaly ka nanao hoe: Sao tsy ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin'ny mpivarotra hianareo, ka mividiana ho anareo.

"Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.

"Ary rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijina teo ka nanao hoe: Tompoko, tompoko, vohay izahay."[8]

"Fa izy namaly hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy fantatro hianareo."[9]

Na teo amin'ity fitsapana ity aza dia noporofoin'ireo virijina dimy adala ireo fa mpihaino fotsiny ny teny izy ireo fa tsy mpanatanteraka.[10]

Manana namana izay mpianatra nazoto sy be fikirizana tao amin'ny sekoly fianarana lalàna aho. Nandritra ny taompianarana iray dia nanokana fotoana isan'andro i Sam hamerenana, hamintinana, ary hianarana zavatra avy amin'ireo fanamarihana noraisiny ho an'ny taranja tsirairay avy izay nisoratany anarana. Nanaraka izany lamina izany tamin'ny kilasy rehetra natrehany izy tamin'ny fiafaran'ny herinandro sy ny volana tsirairay. Ny fomba nampiasainy dia nahafahany nianatra ny lalàna fa tsy nanao tsianjery fotsiny ireo antsipirian-javatra.

Ary rehefa nihananakaiky ny fanadinana famaranana dia vonona i Sam. Raha ny marina dia hitany fa isan'ireo zavatra izay tsy dia nampanahiran-tsaina azy indrindra teo amin'ny fiofanany momba ny lalàna ilay fanadinana famaranana. Mila fiomanana mahomby sy arapotoana aloha vao mahomby amin'ny fitsapam-pahaizana.

Ny fomba nampiasain'i Sam tamin'ny fianarany momba ny lalàna dia mampisongadina ny iray amin'ireo lamina fototry ny Tompo ho an'ny fitomboana sy ny fivoarana. "Nefa indro, izao no lazain'ny Tompo Andriamanitra: Hanome ny zanak'olombelona andalantsoratra anampy andalan-tsoratra Aho, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely; ary sambatra ireo izay mihaino ny fitsipiko, sy mampandry sofina amin'ny torohevitro, fa hianatra fahendrena izy; fa izay mandray no homeko bebe kokoa."[11]

Manasa ny tsirairay avy amintsika aho "[Hihevitra] ny lalan[tsika]"[12] sy "[handinika] ny tenan[tsika], na mitoetra amin'ny finoana [isika], na tsia; [hizaha] toetra ny tenan[tsika]."[13] Inona no nianarantsika nandritra ireo volana nisian'ny fanovana ny fomba fiainana sy fepetra mifehy tato ho ato? Inona no tokony hohatsaraintsika eo amin' ny fiainantsika ara-panahy, ara-batana, ara-piarahamonina, ara-pihetseham-po, ary ara-tsaina? Fotoana izao hiomanana sy hanamarinantsika fa vonona sy afaka manao ny zavadrehetra izay handidian'ny Tompo Andriamanitsika antsika isika.

### Fiatrehana ny fitsapana sy fibosesehana handroso

Indray mandeha aho dia nanatrika fotoam-pandevenana ny misiônera tanora iray izay maty tao anatin'ny loza iray. Nandaha-teny tao amin'ilay fotoam-pivavahana ny rain'ilay misiônera ary nilazalaza ny amin'ny ratrampo noho ny fisarahana tsy nampoizina tamin'ny zanaka tiana iray noho ny fahafatesana. Nambarany tamin-kitsimpo fa izy manokana dia tsy nahatakatra ny antony na ny fotoana natao hisehoan'ny tranga toy izany. Saingy hotsarako foana fa io lehilahy mahafinaritra io dia nanambara ihany koa ny fahafantarany fa fantatr' Andriamanitra ny antony sy ny fotoana natao hitrangan'ny fahafatesan'ny zanany, ary nahafa-po azy izany fahalalana izany. Nolazainy tamin'ireo izay nanatrika ny fotoambavaka fa na dia nalahelo aza izy sy ny fianakaviany dia tsy haninona izy ireo. Nitoetra ho mafy sy maharitra ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo. Ity fanambarana ity no namaranany ny teniny: "Tiako ho fantatrareo fa raha ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no resahina, dia manolo-tena amin'izany tanteraka ny fianakavianay. Manolotena amin'izany tanteraka izahay."

Na dia tena nandratra fo sy sarotra aza ny famoizana olon-tiana iray dia vonona ara-panahy ity fianakaviana mahery fo ity hanaporofo fa afaka nianatra lesona manan-daja mandrakizay izy ireo tamin'ny alalan'ireo zavatra izay niaretan'izy ireo.[14]

Tsy hadalana na firehetam-po amin-javatra iray ny fahatokiana. Fa ny fahatokiana kosa dia ny fametrahana fitokisana amin'i Jesoa Kristy amin' ny maha-Mpamonjy antsika Azy, sy amin'ny anarany, ary amin'ny fampanantenany. Rehefa "mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy [isika], amin'ny [fananana] fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra,"[15] dia omena fomba fijery mibanjina ny mandrakizay sy fahatakarana mihoatra lavitra ny fahaizana voafetra ananantsika amin'ny maha-olombelona antsika. Homena fahafahana isika ny "hiaraka hivondrona sy hijoro eo amin'ireo toerana masina"[16] sy "tsy hoesorina mandrapahatongan'ny andron'ny Tompo."[17]

Fony aho filohan'ny Oniversite Brigham Young–Idaho dia tonga tao amin'ny oniversite ny Loholona Jeffrey R.Holland tamin'ny 1998 mba hanao lahateny tamin'ny iray tamin'ireo fampaherezam-panahy fanaonay isan-kerinandro. Nanasa andiana mpianatra izaho sy i Susan mba hihaona sy hiresaka tamin'ny loholona Holland talohan'ny nizarany ny hafany. Rehefa nifarana ny fotoana niarahanay dia nanontany ny Loholona Holland aho hoe: "Raha afaka mampianatra zavatra iray monja an'ireto mpianatra ireto ianao dia mety ho inona izany?"

Namaly izy hoe:

"Hitantsika izao ny fizorana misimisy kokoa hatrany mankany amin'ny tsy maintsy hisafidianana ny iray amin'ny zavatra roa ihany. Tsy ho afaka ny tsy hiandany amin'ny lafiny iray ny Olomasin'ny Andro Farany fa tsy maintsy manao safidy iray. Tsy maintsy manao safidy fa tsy mijanona eo anelanelany.

"Raha mitsingevana ambony rano fotsiny ianao ao anatin'ny fikorianan'ny renirano iray, dia ho lasa any amin'ny toerana iray. Ho lasa any amin'ny toerana izay hitondran'ny rian-drano anao fotsiny ianao. Tsy mety amintsika ny manara-drenirano sy misafidy izay mora atao amin'ny zavatra inoantsika.

Tsy maintsy manao safidy isika. Ny tsy fanaovana safidy dia safidy. Mianara misafidy dieny izao."

Ny zavatra nolazain'ny Loholona Holland momba ny tsy maintsy hisafidianana ny iray amin'ny zavatra roa ihany, izay miha-mahazo vahana, dia voamarina fa tenina mpaminany tamin'ny alalan'ny fironana sy ny trangan-javatra teo amin'ny fiarahamonina tao anatin'ireo 22 taona hatramin'ny namaliany ny fanontaniako. Raha nilaza mialoha momba ny fitomboan'ny fahasamihafana eo amin'ny fomban'ny Tompo sy ny an'izao tontolo izao ny Loholona Holland dia nampitandrina fa tsy ho afaka intsony ny hisababaka isika ka sady hijanona ao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny no handray anjara amin'ny fanaon'izao tontolo izao. Namporisika ny tanora io mpanompon'ny Tompo io mba hisafidy, hiomana ary ho lasa mpianatra feno fanoloran-tena ho an'ny Mpamonjy. Nanampy azy ireo izy hiomana sy hibosesika handroso mandra-pisehon'ireo zavatra iainana izay mizaha toetra sy mitsapa ary misedra azy ireo eo amin'ny fiainany sy handresy izany ka hisafidy ny tsara.


### Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

Ampahany manan-danja amin'ny drafitra lehiben'ny Ray any An-danitra ho an'ny fahasambarana ny dingan'ny fanaporofoantsika ny fahatokiantsika ao anatin'ny fitsapana. Mampanantena aho fa raha sady miomana isika no mibosesika mandroso omban'ny finoana ny Mpamonjy, dia afaka hahazo isa mitovy amin'ny fanadinana farany amin'ny fiainana an-tany, dia ny hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely hianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao."[18]

Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamanitra Ilay Ray Mandrakizay no Raintsika. I Jesoa Kristy no Zanany Lahitokana sy velona, Ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Mijoro ho vavolombelona amim-pifaliana ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Abrahama 3:25; nampiana fanamafisana.
2. Salamo 26:2–3; nampiana fanamafisana.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:14; nampiana fanamafisana.
4. 2 Nefia 2:2.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119; nampiana fanamafisana.
6. Fotopampianarana sy Fanekemihavanana 38:30–31.
7. Lioka 2:52.
8. Matio 25:3–4, 6–11.
9. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 25:12.
10. Jereo ny Jakoba 1:22–25.
11. 2 Nefia 28:30.
12. Hagay 1:5, 7.
13. 2 Korintiana 13:5.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:6.
15. 2 Nefia 31:20.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:22.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
18. Matio 25:21.





Nataon'ny Loholona Scott D. Whiting
*Avy ao amin'ny Fitopololahy*

# Ho tonga tahaka Azy

*Amin'ny alalan'ny fanampian'ny Mpamonjy irery ihany no hahafahantsika rehetra mandroso ka lasa tahaka Azy.*

Ilay fanentanan'ny Mpamonjy mba "ho tahaka Ahy" dia mahasadaikatra sy toa tsy azo tratrarina, eny fa na dia ho an'ireo mpandalina amin'ny antsipiriany ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny asa fanompoana nataony aza[1]. Angamba mety sahala amiko ianareo—mahafantatra loatra ny fahadisoanareo sy ny tsy fahombiazanareo, hany ka mihevitra ianareo fa mampahazo aina kokoa ny mizotra amina lalana izay tsy misy fiakarana sy tsy mitaky fivoarana firy. "Tsy isalasalana fa tsy azo tanterahina io fampianarana io ary niniana natao tafahoatra mba hanairana," hoy isika manamarin-tena rehefa misafidy ny hanao lalandririnina mba tsy handaniana aina.



Orem, Utah, Etazonia

Saingy ahoana kosa raha toa ka tsy sarin-teny ilay hoe ho tonga "tahaka [Azy]", na dia amin'izao fiainana an-tany izao aza? Ahoana tokoa moa izany raha toa azo tratrarina, amin'ny ampahany, amin'izao fiainana izao, ary tena zavatra takiana mialoha ny ahafahana miaraka Aminy indray? Ahoana raha ilay hoe ho "tahaka Ahy" mihitsy no tena tian'ny Mpamonjy ho lazaina ara-bakiteny? Dia ahoana ary? Hatraiza ny ezaka tiantsika hatao mba hanasana ny heriny feno fahagagana eo amin'ny fiainantsika mba hahafahantsika manova ireo faniriana sy fironana maha-isika antsika.

Nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: "Rehefa saintsainina hoe nodidian'i Jesoa isika ho tonga tahaka Azy dia mahita fa ny toetoetra izay misy antsika amin'izao fotoana izao dia tsy voatery hoe ratsy, fa hoe tsy tena resy lahatra isika ary tsy nafana fo amin'ny tanjony—izay tanjontsika ihany koa anefa! Midera ny hatsarany isika saingy mahalana no miezaka ny ho tahaka Azy."[2] I Charles M. Sheldon, tanora mpitoriteny iray dia naneho fahatsapana mitovy amin' izany tamin'izao fomba izao: "Ny fomba anarahantsika an'i Kristy dia diso tia loatra ny zavatra mora atao sy mampahazo aina, hany ka tsy te-hizaka zavatra sarotra sy mavesatra toy ny hazofijaliana."[3]

Raha ny marina dia mihatra amin'ny rehetra ilay didy ny ho tonga tahaka Azy, tsy misy hafa amin'ny nahatongavan'i Jesoa Kristy tahaka ny Ray.[4] Rehefa mandroso isika dia lasa feno sy tomombana kokoa ary mivelatra tanteraka.[5] Ny fampianarana toy izany dia tsy mifototra amin'ny fotopampianaran' antokom-pivavahana fa kosa tonga mivantana avy tamin'ny Tompo mihitsy. Amin'io fomba fijery io no tokony hitondrana ny fiainana, sy handinihana ny fomba fifaneraserana, ary hanamafisana ny fifandraisana. Tena tsy misy fomba hafa hanasitranana ny ratran'ny fifandraisana rava na ny fiaraha-monina mizarazara ankoatra ny fiezahantsika tsirairay kokoa ny ho tonga tahaka an'ilay Andrian'ny fiadanana.[6]

Ndeha ary ho saintsainintsika ny fomba hanombohana ezaka izay feno fandinihana sy finiavana ary fahatsapan-tena mba hahatongavana tahaka Azy amin'ny alalan'ny fahazoana ireo toetra tahaka ny an'i Jesoa Kristy mihitsy.

### Mandraisa fanapahan-kevitra ary manaova fanoloran-tena

Taona vitsivitsy lasa izay no nijoroanay mivady teo amin'ny fiantombohan'ny lalana kely mananika ny tendrombohitra farany avo any Japana, dia ny vohitra Fuji. Rehefa nanomboka ny fiakaranay izahay dia niandrandra ny tendrony izay tena lavitra ka nanontany tena raha toa ka ho tonga any.

Raha nandroso izahay dia nanomboka nahatsapa harerahana sy fanaintainana teo amin'ny hozatra ary ny vokatry ny haavo. Raha ny ara-tsaina dia lasa zava-dehibe taminay ny tsy mifantoka afa-tsy amin'ny dingana manaraka. Niteny izahay hoe, "Mety tsy ho tonga haingana eny an-tampony aho, saingy azoko atao ity dingana manaraka ity izao ankehitriny izao." Rehefa nandeha ny fotoana dia lasa azo tratrarina ihany ilay zavatra nahasadaikatra—isaky ny mandingana.

Ny dingana voalohany amin'io lalana ahatongavana ho tahaka an'i Jesoa Kristy io dia ny fananana faniriana hanao izany. Tsara ny mahatakatra ilay didy hoe ho tonga tahaka Azy, saingy izany fahatakarana izany dia ilaina ampiarahina amina faniriana fatratra hiova, dingana iray isaky ny mandeha, mandresy ny maha olona araka ny nofo.[7] Mba hananana ilay faniriana dia tsy maintsy mahafantatra isika hoe iza moa i Jesoa Kristy. Tsy maintsy mahafantatra momba ny toetrany isika,[8] ary tsy maintsy mitady an'ireo toetrany ao amin'ny soratra masina sy amin'ny fotoam-pivavahana ary amin'ny toerana masina hafa. Rehefa manomboka mahafantatra kokoa ny momba Azy isika dia hahita taratra ireo toetrany eny amin'ny hafa. Izany dia hankahery antsika amin'ny fikatsahantsika manokana, satria raha mahavita manatratra ny toetrany ny hafa, amin'ny fomba sasany, dia hahavita ihany koa isika.

Raha toa ka marina amin'ny tenantsika isika dia hibitsibitsika ilay fahazavan'i Kristy[9] ao anatintsika ka hanambara fa misy halavirana manelanelana ny misy antsika raha ampitahaina amin'ilay toetran'ny Mpamonjy izay irina.[10] Zava-dehibe ny fahamarinan-toetra toy izany raha toa isika te hivoatra ho tonga tahaka Azy. Tena iray amin'ireo toetrany tokoa ny fahamarinan-toetra.

Ankehitriny, ireo izay marisika amintsika dia mety hihevitra ny hanontany olona ao amin'ny fianakaviana izay itokisana, na vady, na namana, na mpitarika ara-panahy hoe toetran'i Jesoa Kristy manao ahoana no tsy ampy ao amintsika—ary mety mila mivonona isika amin'izay ho valin-teny eo! Indraindray isika dia mijery ny tenantsika amin'ny fitaratra mpanova endrika natao hahatsikaiky, izay mampiseho ny tenantsika na ho vaventy lavitra kokoa na ho mahia lavitra kokoa noho ny tena izy.

Ireo namana sy fianakaviana azo itokisana dia afaka manampy antsika hahita ny tenantsika amin'ny fomba marina kokoa, saingy na izy ireo aza, na te ho be fitiavana sy tia manampy



toa ny ahoana aza, dia mety hahita amin'ny fomba tsy tanteraka. Noho izany dia iankinan'ny aina ny hanontaniantsika ny Raintsika any An-danitra ny zavatra ilaintsika sy izay tokony hampifantohantsika ny ezaka ataontsika. Fomba fijery tonga lafatra no ahitany antsika ary hampiseho amintsika ny fahalementsika amin'ny fomba feno fitiavana Izy.[11] Mety hianatra ianao fa ianao dia mila manana faharetana, na fanetren-tena, na fiantrana, na fitiavana, na fanantenana, na fahazotoana, na fankatoavana bebe kokoa raha tsy hilaza afa-tsy vitsivitsy.[12]

Vao tsy ela izay no nanana traikefa nampivelatra ara-panahy aho rehefa nisy mpitarika iray feno fitiavana tato anivon'ny Fiangonana nanao soso-kevitra mivantana fa izaho dia mila miezaka eo amin'ny toetra iray. Tsy nanova ny marina izy satria nanao izany tamim-pitiavana. Nozaraiko tamin'ny vadiko izany traikefa izany tamin'io alina io. Feno hatsaram-panahy sy fiantrana izy na dia rehefa nanohana ny soso-kevitr'ilay namana aza. Nohamafisin'ny Fanahy Masina tamiko fa avy tamin'ny Ray any An-danitra be fitiavana ny torohevitr'izy ireo.

Mety afaka manampy ihany koa ny famitana am-pahamarinana ilay asa atao momba ireo toetra tahaka ny an'i Kristy ao amin'ny toko faha-6 amin'ny *Torio ny Filazantsarako*.[13]

Rehefa avy nanao fanombatombanana am-pahamarinana sy nanapakevitra ny hanomboka ilay fianihana tendrombohitra ianao dia mila mibebaka. Ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra tamim-pitiavana hoe: "Rehefa misafidy ny hibebaka isika, dia misafidy ny hiova! Omentsika fahafahana ny Mpamonjy mba hanova antsika ho lasa ilay tsara indrindra ao amintsika. Misafidy ny hivoatra ara-panahy isika ary hahazo fifaliana, ilay fifalian'ny fanavotana ao Aminy. Rehefa misafidy ny hibebaka isika dia misafidy ny ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy bebe kokoa."[14]

Ny fahatongavana ho tahaka an'i Jesoa Kristy dia mitaky ny fanovana ny fontsika sy ny saintsika, eny, ny toetrantsika mihitsy, ary tsy ho azo tanterahina izany raha tsy noho ny fahasoavana feno fanavotan'i Jesoa Kristy.[15]

### Fantaro ary raiso ny andraikitra

Ankehitriny rehefa avy nanapakevitra ny hiova sy hibebaka ianao ary nikatsaka fitarihana tamin'ny alalan'ny vavaka, sy ny fisaintsainana am-pahamarinana, ary mety ho naka torohevitra tamin'ny hafa, dia mila misafidy toetra iray izay hifantohanao manokana. Mila manolo-tena ianao hanao ezaka manan-danja. Ireo toetra ireo dia tsy ho tonga mora foana sy tampoka eo, fa amin'ny alalan'ny fahasoavany no ahatongavan'izy ireo tsikelikely rehefa manao ezaka mafy.


Ireo toetra tahaka ny an'i Kristy dia fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana mba hitahiana antsika sy ireo manodidina antsika. Araka izany ny ezaka ataontsika mba hannanana ireo toetra ireo dia hitaky fitalahoana avy amin'ny fo mba handraisana ny fanampiana avy Aminy. Raha toa isika ka mikatsaka

ireo fanomezam-pahasoavana ireo mba hanompoana tsara kokoa ny hafa dia hitahy antsika Izy amin'ny ezaka ataontsika. Ny fikatsahana feno fitiavan-tena fanomezam-pahasoavana iray avy amin' Andriamanitra dia hiafara amin'ny fahadisoam-panantenana sy fahasosorana.

Rehefa mifantoka mafy ianao amin'ny toetra iray izay ilaina ka mandroso amin'ny fandraisana izany toetra izany dia hanomboka handray toetra hafa ihany koa. Moa ve ny olona iray izay mifantoka mafy amin'ny fiantrana tsy hitombo fitiavana sy fanetrentena? Moa ve ny olona iray izay mifantoka mafy amin'ny fankatoavana tsy handray fahazotoana sy fanantenana bebe kokoa? Ireo ezaka manan-danja ataonao mba handraisana toetra iray dia ho lasa ilay samonta izay mampiakatra ny sambo rehetra eo amin'ny seranan-tsambo.

#### Raketo an-tsoratra ary tohizo hatrany

Manan-danja amiko ny mirakitra an-tsoratra ireo traikefa azoko sy ny zavatra izay ianarako rehefa miezaka ny ho tonga tahaka Azy aho. Rehefa mandalina sy mifantoka amin'ny iray amin'ireo toetrany aho dia mianatra



zava-baovao avy ao amin'ny soratra masina rehefa mahita ohatra momba io toetra io eo amin'ny fampianarany, sy ny fanompoana nataony ary ireo mpanaradia Azy. Lasa mifantoka kokoa amin'ny famantarana ilay toetra eo amin'ny olon-kafa ny masoko. Nahita olona maro mahafinaritra aho, mpikambana sy tsy mpikamban'ny Fiangonana, izay manana toetra miezaka ny ho tonga tahaka Azy. Izy ireo dia ohatra mahery vaika amin' ny fahafahan'ireo toetra ireo ho hita taratra eny amin'ny olombelona tsotra amin'ny alalan'ny fahasoavany feno fitiavana.

Mba hahitana fivoarana tena marina dia mila manao ezaka tsy tapaka ianao. Mitovy amin'ny fianihana tendrombohitra iray izay mitaky fiomanana mialoha ny fianihana ary fitozoana sy faharetana mandritra ny fianihana dia torak'izany ihany koa ity fiezahana ho tonga tahaka Azy ity dia mitaky fiezahana marina sy fahafoizan-tena. Ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay hiezahantsika ho tonga tahaka ny Tompontsika dia nitaky hatrany ny ezaka tsara vitantsika.[16]

Ankehitriny, teny fampitandremana fohy. Tsy natao hahatonga anao hahatsapa ho meloka na tsy mendrika na tsy tiana ilay didy ny ho tonga tahaka Azy. Ny traikefantsika manontolo amin'ny fiainana an-tany dia mahakasika ny fivoarana sy fiezahana sy tsy fahombiazana ary fahombiazana. Na dia mety naniry aza izay mivady hoe afaka nikipy dia namindra ny tenanay ho eny amin'ny tampon'ilay tendrombohitra tamin'ny fomba mahagaga dia tsy izany mihitsy ny tanjon'ny fiainana.

Efa tsara ny vitanao, tiana ianao, saingy tsy midika akory izany hoe efa tomombana ianao. Mbola misy asa ilaina vitaina eto amin'izao fiainana izao sy any amin'ny manaraka. Miaraka amin'ny fanampiana masina avy aminy ihany no hahafahantsika ho tonga tahaka Azy.

Amin'izao fotoana izao, rehefa "[hita fa toa] misamboaravoara ny zava-drehetra; ary . . . ny tahotra [dia toa] efa tonga amin'ny



*Rexburg, Idaho, Etazonia*

olon-drehetra,"[17] ny hany fanafana, ny hany fanafody, dia ny fiezahana ho tonga tahaka ny Mpamonjy,[18] ilay Mpanavotra[19] ny zanak'olombelona rehetra, ilay fahazavan'izao tontolo izao,[20] ary ny fikatsahana an'ilay nanambara hoe "Izaho no lalana."[21]

Fantatro fa ny fahatongavana ho tahaka Azy amin'ny alalan'ny fanampiana masina sy tanjaka avy aminy *dia* azo tratrarina tsikelikely. Raha tsy izany dia tsy ho nanome antsika izany didy izany Izy.[22] Anisan'ny nahafantarako an'izany—dia noho ny fahitako ireo toetrany eo amin'ny ankamaroanareo. Mijoro ho vavolombelona ny amin' ireo zavatra ireo aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 3 Nefia 27:27. Jereo ny Matio 5:48 raha mitady didy avy amin'ny Mpamonjy mifandray amin'izany ("Koa amin izany aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra."); 1 Jaona 2:6 ("Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa"); Môzià 3:19 ("Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, ary efa toy izany hatramin'ny fahalavoan'i Adama ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin'ny zava-drehetra izay hitan'ny Tompo fa mety ampitondraina azy, dia tahaka ny

zaza manoa an-drainy"); Almà 5:14 ("Ary ankehitriny, indro manontany anareo aho ry rahalahiko ao amin'ny fiangonana, efa naterak' Andriamanitra araka ny fanahy ve ianareo? Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin'ny tarehinareo?"); 3 Nefia 12:48 ("Koa mba tiako ianareo ho tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra").
2. Neal A. Maxwell, *Even as I Am* (1982), 16.
3. Charles M. Sheldon, *In His Steps* (1979), 185.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:12–17.
5. Jereo ny Matio 5:48, fanamarihana ambany pejy *b*.
6. Jereo ny Isaia 9:6; 2 Nefia 19:6.
7. Jereo ny 1 Korintiana 2:14; Môzià 3:19.
8. Jereo ny Matio 7:23; 25:12; Môzià 26:24; jereo ihany koa ireo fanamarihana ambany pejy amin'ny soratra masina tsirairay; David A. Bednar, "Raha nahafantatra Ahy hianareo," *Liahona,* Nôv. 2016, 102–5.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:2.
10. Jereo ny Môrônia 7:12–19.
11. Jereo ny Etera 12:27.
12. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera,* ed. nohavaozina (2019), toko 6, "Ahoana no Fomba hananako ireo Toetra tahaka ny an'i Kristy?" Ireo soratra masina momba ny toetran'ny Mpamonjy hafa dia hita any amin'ny andinin-tsoratra masina maro samihafa. Ohatra vitsivitsy amin'izany ny Môzià 3:19; Almà 7:23; Fanekem-pinoana 1:13.
13. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako,* 139.
14. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* mey 2019, 67.
15. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahasoavana", scriptures.ChurchofJesusChrist.org.
16. Jereo ny Sheldon, *In His Steps,* 246: "Raha ny famaritantsika ny hoe Kristianina dia ny mankafy fotsiny ny tombontsoa avy amin'ny fitsaohana, ny ho malala tanana fa tsy misy sarany avy amintsika, ny hiaina fotoana mahafinaritra hodidinin'ny namana mahafinaritra sy zavatra mampahazo aina, miaina fiainana mendrika eo anivon'ny fiaraha-monina sady miezaka ny misoroka ny fahotana lehibe eo amin'izao tontolo izao sy ireo fahasorenana satria mitondra fanaintainana loatra ny mizaka izany—"raha izany no famaritantsika ny maha-Kristianina dia azo antoka fa isika dia lavitra ny fanarahana ny dian'izay nandeha tamin'ny fangirifiriana sy tomany sy sento noho ny fahotan'izao tontolo izao; ary ny dininy dia tahaka ny rà nipotrapotraka tamin'ny tany, izay nihiaka teo amin'ny hazo fijaliana, 'Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao?' "
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:91.
18. Jereo ny Isaia 43:3.
19. Jereo ny Joba 19:25.
20. Jereo ny Jaona 8:12.
21. Jaona 14:6.
22. Jereo ny 1 Nefia 3:7.



Nataon'i Michelle D. Craig
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany*

# Maso hahita

*Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina no hanampian'i Kristy antsika hahita ny tenantsika sy hahita ny hafa tahaka ny fijeriny.*

### Mahita ny tanan' Andriamanitra

Tiako ny tantaran'ilay zatovolahy iray ao amin'ny Testamenta Taloha izay mpanompon'ny mpaminany Elisa. Indray maraina dia nifoha vao mangiran-dratsy ilay zatovolahy ka nivoaka ary nahita ny tanàna voahodidin'ny tafika lehibe izay nikasa ny hamongotra azy ireo. Nihazakazaka tany amin'i Elisa izy: "Indrisy, tompoko! Ahoana no hataontsika?"

Namaly Elisa hoe: "Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy."

Nahafantatra Elisa fa nila zavatra mihoatra ny fanomezan-toky mampitony fotsiny ilay zatovolahy; nila fahitana izy. Noho izany dia "Nivavaka i Elisa hoe, . . . Jehovah ô, . . . ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovo; ary dia nahita izy: ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa."[1]

Tahaka ilay mpanompo dia mety hisy ny fotoana izay hahatsapanao ny tenanao ho sahirana mitady ny fomba hiasan' Andriamanitra eo amin'ny fiainanao, fotoana izay hahatsapanao fa *ianao* dia tsy afa-mihetsika, ary ireo fitsapan'ny fiainana an-tany dia mitarika anao hanetry tena. Miandrasa ary matokia an' Andriamanitra sy ny fotoany satria afaka matoky ny fony amin'ny fonao manontolo ianao. Kanefa misy lesona faharoa eto. Ry rahavavy sy anadahy malala, ianareo koa dia afaka mivavaka mba hanokafan'ny Tompo ny masonareo hahita ireo zavatra izay tsy hitanareo tsara.

### Mahita ny tenantsika toy ny fahitan' Andriamanitra antsika

Angamba ny zavatra manan-danja indrindra mba hahafahantsika mahita mazava tsara dia hoe iza Andriamanitra sy ny hoe iza marina isika—isika



*Wakayama, Japana*

dia zanakalahy sy zanakavavin'ireo ray aman-dreny any an-danitra izay manana "toetra araka an' Andriamanitra sy anjara mandrakizay."[2] Angataho Andriamanitra mba hanambara ireo fahamarinana ireo aminao sy ny zavatra tsapany momba anao. Rehefa takatrao kokoa ny tena maha-izy anao sy ny tanjonao ary ny fanahinao lalina dia hisy fiantraikany kokoa amin'ny zavadrehetra eo amin'ny fiainanao izany.

### Mahita ny hafa

Ny fahatakarana ny fomba fahitan' Andriamanitra antsika dia manomana ny fomba hanampiana antsika hahita ny hafa tahaka ny ahitany azy ireo. I David Brooks mpanoratra an-gazety dia nilaza hoe: "Maro amin'ireo olana goavana eo amin'ny fiarahamonintsika no mitranga noho ireo olona izay mahatsapa ho tsy raharahaina sy tsy omena lanja. . . . [Misy] toetra fototra . . . izay ilàntsika rehetra hivoarana, [ary izany] dia ny fahaizana mifampijery amin'ny fomba lalina sy fanekena ho jeren'ny hafa amin'ny fomba lalina."[3]

I Jesoa Kristy dia mahita ny olona amin'ny fomba lalina. Hitany ny


*Temecula, Californie, Etazonia*

tsirairay sy ny zavatra ilain'izy ireo ary ny hoe afaka ho tonga olona toy ny ahoana izy ireo. Raha toa ny hafa ka nahita mpanarato sy mpanota na mpamory hetra, i Jesoa kosa dia nahita mpianatra; raha toa ny hafa ka nahita olona iray azon'ny devoly, i Jesoa kosa dia tsy niraharaha ny fahoriana ivelany fa nanaiky ilay lehilahy sy nanasitrana azy.[4]

Na dia ao anatin'ny fiainantsika be rotoroto aza dia afaka manaraka ny ohatr'i Jesoa isika ary mahita ny tsirairay, ny zavatra ilain'izy ireo, ny finoany, ny fahasahiranany ary izay mety hahatongavan'izy ireo.[5]

Rehefa mangataka amin'ny Tompo aho hanokatra ny masoko mba hahita ireo zavatra mety tsy ho hitako tsara, dia mazàna aho no mametraka fanontaniana roa amin'ny tenako ary mifantoka amin'ireo fahatsapana izay tonga: "Inona no zavatra atao amin'izao ka tsy tokony hataoko intsony?" sy ny hoe "Inona ny zavatra tsy ataoko amin'izao ka tokony hatomboko hatao?"[6]

Volana maro lasa izay nandritra ny fanasan'ny Tompo dia nametraka ireo fanontaniana ireo tamin'ny tenako aho ary talanjona tamin'ny fahatsapana izay tonga. "Atsaharo ny fijerena ny findainao rehefa milahatra miandry zavatra ianao." Lasa fihetsika mandeha ho azy tamiko ny fijerena ny findaiko rehefa milahatra miandry zavatra aho; hitako hoe fotoana tsara hanaovana asa maromaro miaraka izany, hamakiana ireo email tsy voavaky sy hijerena ireo matoam-baovao na hanarahana ireo zava-baovao ao amin'ny tamba-jotran-tserasera.

Ny ampitso marainan'io aho dia niandry filaharana lava be tao anatin'ny toeram-pivarotana iray. Navoakako ny findaiko ary tsaroako ny fahatsapana izay azoko. Nampirimiko ny findaiko ary nanopy ny masoko manodidina aho. Nahita lehilahy zokiolona iray aho nilahatra teo alohako. Tsy nisy na inona na inona ny harony ankotra ny sakafontsaka vitsivitsy. Nahatsapa ho sadaikatra kely aho saingy niteny zavatra *tena* tamim-pahendrena toy ny hoe, "Hitako eto fa manana saka ianao."

Nilaza izy fa hisy rivo-doza ho avy ka tsy tiany hoe tsy hisy ny sakafontsaka raha tonga izany. Nifampiresaka kely izahay ary nitodika taty amiko izy sady niteny hoe, "Hitanao, tsingerin-taona nahaterahako androany saingy tsy misy na iza na iza nilazako an'izany." Ontsa ny foko. Nirary soa azy nahatratra ny tsingerin-taona nahaterahany aho ary nanolotra vavaka mangina ho fisaorana noho ny tsy nandraisako ny findaiko sy ny tsy namelako nandalo ny fahafahana nahita marina sy nifandray tamin'olona iray hafa izay nila izany.

Amin'ny foko iray manontolo dia tsy te hitovy amin'ilay mpisorona na ilay Levita teo amin'ny lalan'i Jeriko aho—dia ilay nijery sy nandalo fotsiny.[7] Kanefa matetika loatra aho no toy izany.

### Mahita ny iraka nampanaovin' Andriamanitra ho ahy

Vao haingana aho no nianatra lesona manan-danja mikasika ny fijerena lalina avy tamina zatovovavy iray antsoina hoe Rozlyn.

Ilay tantara dia nozarain'ny namako iray izay valaketraka rehefa nandao azy ny vadiny nandritra ny 20 taona. Noho ireo zanany izay hifandimbiasana mitazona amin'ny vadiny, dia somary tsy hainy nozakaina ny fankanesana irery tany am-piangonana. Mitantara izy hoe:

"Ao amin'ny Fiangonana izay manisy lanja lehibe ny fianakaviana dia mety ho maharary ny fipetrahana irery. Tamin'izany Alahady voalohany izany aho dia sady nandeha no nivavaka mba tsy hisy olona hiresaka amiko. Sarotra tamiko ny nitoetra ho tony ary ny ranomaso dia efa saika hilatsaka. Nipetraka teo amin'ny toerako mahazatra aho tamim-panantenana fa tsy hisy hahatsikaritra hoe toa ohatra an'ny banga ny dabilio.

"Nisy zatovovavy iray tao amin'ny paroasinay nitodika ary nijery ahy. Mody nitsiky aho. Namaly ahy tamin' ny tsiky izy. Hitako ny fanahiana teny amin'ny endriny. Nivavaka mangina aho mba tsy hiverina hiresaka amiko izy, tsy nanana zavatra tsara ho lazaina

aho ary fantatro aho fa hitomany. Niverina niondrika aho ary nanao izay tsy nifanojoan'ny masonay.

"Nandritra ireo ora manaraka dia tsikaritro izy niherika taty amiko ombieny ombieny. Vantany vao vita ny fivoriana dia nanatona ahy izy. -Manahoana Rozlyn,- hoy aho nibitsibitsika. Nofihininy tamin'ny sandriny aho dia hoy izy, -Rahavavy Smith, Azoko lazaina fa andro ratsy ho anao ny androany. Mampalahelo izany. Tiako ianao.- Araka ny efa novinavinaina dia nilatsaka ny ranomaso rehefa namihina ahy indray izy. Saingy rehefa nandeha aho dia nieritreritra hoe: -Azoko atao amin'izay kosa angamba izany.-

"Io zatovovavy 16 taona mahafinaritra io, izay latsaky ny antsasaky ny taonako dia nitady ahy isaky ny Alahady mandra-paha-tapitr'izany taona izany mba hamihina ahy sy hanontany hoe -Manahoana ianao?- Nanova be ny fahatsapako mikasika ny fankanesana any am-piangonana izany. Raha ny marina dia nanomboka *niantehitra* tamin'ireo fihina ireo aho. Nisy nahatsikaritra aho. Nisy nahita hoe teo aho. Nisy nikarakara aho."

Toy ny fanomezana rehetra izay tian'ny Tompo atolotra tokoa, ny fijerena lalina dia mitaky antsika *hangataka Aminy*, ary avy eo dia *hanao asa*. *Mangataka* mba hahay hijery ny hafa araka ny fijeriny amin'ny maha zanany lahy sy zanany vavy marina izay manana fahafahana tsy manampetra ny hivoatra sy hitovy amin'Andriamanitra. Avy eo dia *manao asa* amin'ny fitiavana sy fanompoana ary amin'ny fanambarana amin'izy ireo ny lanjany sy ny fahafaha-manaony araka ny fitaomana azo. Rehefa lasa lamina arahina eo amin'ny fiainantsika io dia ho lasa mpanara-dia marina an'i . . . Jesoa Kristy isika."[8] Ho lasa afaka matoky ny fontsika amin'ny fon' izy ireo ny hafa. Ary ao anatin'izany lamina arahina izany dia hahita ihany koa isika ny tena maha izy antsika *manokana* sy ny tanjontsika.

Nianatra traikefa iray hafa ny namako raha nipetraka irery teo amin'izany dabilio babangoana izany, sy nanontany tena raha toa ireo ezaka



*São Paulo, Brésil*

nandritra ny 20 taona niainana ny filazantsara tao an-tranony ka tsy hisy dikany avokoa. Nila zavatra mihoatra ny fanomezan-toky mampilamina fotsiny izy, nila fahitana izy. Nahatsapa fanontaniana izay nanindrona ny fony izy nanao hoe: "Nahoana ianao no nanao ireo zavatra ireo? Nataonao ve izany mba hahazo valisoa sy laza avy amin'ny hafa na vokatra efa nirina?" Nisalasala kely izy, nikaroka tao ampony ary avy eo dia afaka namaly tamim-pahatokiana izy hoe, "Nataoko izy ireny satria tiako ny Mpamonjy. Ary tiako ny filazantsarany." Nanokatra ny masony ny Tompo hanampiana azy hahita. Io fanovana ny fijery izay tsotra nefa mahery vaika io dia nanampy azy haharitra amin'ny finoana an'i Kristy na teo aza ireo toe-javatra niainany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tia antsika i Jesoa Kristy ary afaka manome antsika maso hahita Izy—*na dia* rehefa sarotra aza izany, *na dia* rehefa reraka azy isika, *na dia* rehefa manirery aza isika, ary *na dia* rehefa tsy araka ilay nantenaintsika aza ny vokatra azo. Hitahy antsika amin'ny fahasoavany Izy ary hampitombo ny fahaiza-manaontsika. Amin'ny alalan' ny herin'ny Fanahy Masina no hanampiany antsika *hahita* ny tenantsika sy *hahita* ny hafa tahaka ny fijeriny. Miaraka amin'ny fanampiany dia afaka mahafantatra izay zavatra manan-danja indrindra ilaina isika. Afaka manomboka mahita ny tanan'ny Tompo miasa isika, ary amin'ny alalan'ireo antsipirian-javatra tsotra eo amin'ny fiainantsika dia afaka hahita lalina isika.

Ary amin'izany andro lehibe izany "rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa *hahita* Azy *isika* tahaka ny maha- Izy Azy mba hananantsika izany fanantenana izany"[9] izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 2 Mpanjaka 6:15–17.
2. Fanevan'ny Zatovovavy, ChurchofJesusChrist.org.
3. David Brooks, "Finding the Road to Character" (Lahateny nandritra ny zaikabe an'ny Brigham Young University, ôkt. 22, 2019), speeches.byu.edu.
4. Jereo ny Marka 2:1–12.
5. "Tena zavatra matotra izany hoe miaina ao anatin'ny fiaraha-monina iray izay mety hisy olona ho lasa andriamanitra lahy sy vavy izany, sy ny mitadidy fa ny olona izay mahasorena sy tsy mahaliana anao indrindra . . . no indray andro any, raha hitanao amin'izao fotoana izao, no ho ilay olona izay hahatonga anao ho alaim-panahy tokoa ny hitsaoka azy . . . Tsy misy velively izany atao hoe *olon-tsotra* izany" (C. S. Lewis, *The Weight of Glory* [2001], 45–46).
6. Jereo Kim B. Clark, "Encircled About with Fire" ( Fampitana amin'ny alalan'ny zanabolana ny Seminera sy Institiota Fianarana ny Filazantsara, Aogositra 4, 2015.
7. Jereo ny Lioka 10:30–35.
8. Môrônia 7:48.
9. Môrônia 7:48; nampiana fanamafisana.



Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy*

# Fo mifamihina ao amin'ny fahamarinana sy firaisan-kina

*Amin'izao faha-200 taona miavaka eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izao dia handeha isika hanolo-tena hiaina araka ny fahamarinana sy hiray hina tsy toy ny teo aloha.*

Manan-danja lalina ny fahamarinana sy ny firaisan-kina.[1] Rehefa tia an' Andriamanitra amin'ny fony manontolo ny olona ary miezaka ny ho tonga tahaka Azy amim-pahamarinana dia mihena ny olana sy fifandirana ao amin'ny fiarahamonina. Misy firaisan-kina bebe kokoa. Tiako ny tantara marina iray izay maneho izany.



*Kuala Lumpur, Malaisie*

Fony zatovolahy tsy mpivavaka tato amintsika ny Jeneraly Thomas L. Kane dia nanampy sy niaro ny Olomasina rehefa notakiana handositra an'i Nauvoo izy ireo. Mpisolovava ho an'ny Fiangonana nandritra ny taona maro izy.[2]

Tamin'ny 1872 dia nanao dia avy tany an-tranony tany Pennsylvanie nankany Salt Lake City i Elizabeth Wood Kane vadin'ny Jeneraly Kane sy ny zanakalahin'izy ireo roa. Niaraka tamin'i Brigham Young sy ireo namany tamin' ny dia an-tongotra nankany St. George, Utah izy ireo. Tamin'ahiahy momba ireo vehivavy no nanaovan'i Elizabeth ny fitsidihany voalohany an'i Utah. Gaga izy tamin'ireo zavatra vitsivitsy nianarany. Hitany ohatra fa izay asa rehetra rehefa azon'ny vehivavy natao hahazoana vola dia nisokatra ho azy ireo avokoa tao Utah.[3] Hitany ihany koa fa tsara fanahy sy nifankahazo tamim-panajana tamin'ireo Indiana Amerikana ny mpikamban'ny Fiangonana.[4]

Nandritra ny dian'izy ireo dia nijanona tao Fillmore tao amin'ny tranon'i Thomas R. sy Matilda Robison King izy ireo.[5]

Nanoratra i Elizabeth fa rehefa nanomana sakafo ho an'ny Filoha Young sy ny namany i Matilda dia nisy Indiana Amerikana dimy niditra ilay efitrano. Na tsy nasaina aza izy ireo dia nazava fa nanantena ny hiaraka amin'ilay vondrona izy ireo. Niresaka tamin'izy ireo tamin'ny "fiteniny" Rahavavy King. Nipetraka sady nitafy ny bodofotsiny izy ireo niaraka tamin'ny endrika mirana. Nanontanian'i Elizabeth ny iray tamin'ireo zanaky ry King: "Inona no nolazaindreninareo tamin'ireo lehilahy ireo?"

Ny valintenin'ny zanakalahin'i Matilda dia hoe: "Tonga voalohany ireto vahiny ireto, hoy izy, ka sakafo ampy ho azy ireo ihany no nandrahoiko, fa efa eo ambony afo ny sakafonareo izao ka antsoiko ianareo rehefa vonona izany."

Nanontany i Elizabeth hoe: "Tena hataony tokoa ve izany sa ny sisa no homeny azy ireo eo am-baravan-dakozia?"[6]

Namaly ny zanakalahin'i Matilda hoe: "Hanome sakafo ho azy ireo tahaka ny ataony aminareo i Neny, ary hanome toerana ho azy ireo eo ambony latabany."

Dia izany no nataony, ka "nihinana tamim-pahalalam-pomba izy ireo." Nanazava i Elizabeth fa tsy araka ny eritreriny mihitsy ilay mpandray vahiny.[7] Mihatsara ny firaisan-kina rehefa entina am-pahamendrehana sy haja ny olona na dia hafa aza izy ireo eo amin'ny endrika ivelany.

Amin'ny maha-mpitarika antsika dia tsy manana fiheverana diso isika fa taloha dia lavorary ny fifandraisana rehetra, ny fitondran-tena rehetra dia tahaka ny an'i Kristy, na ny fanapahan-kevitra rehetra dia marina. Na izany aza, ny finoantsika dia mampianatra fa isika rehetra dia zanaky ny Raintsika any An-danitra ary mitsaoka Azy sy i Jesoa Kristy Zanany izay Mpamonjy antsika isika. Ny fanirianay dia ny mba hifamihina ao amin'ny fahamarinana sy ny firaisan-kina ny



*Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili*

fontsika sy ny saintsika ary ho iray amin'Izy Ireo isika.[8]

Ny *fahamarinana*dia voambolana mety hidika zavatra maro kanefa azo antoka fa tsy maintsy tafiditra amin'izany ny fiainana ireo didin' Andriamanitra.[9] Mahatonga antsika ho mendrika ireo ôrdônansy masina izay mandravaka ny lalan'ny fanekempihavanana izany ary mitahy antsika hanana ny Fanahy hanome fitarihana eo amin'ny fiainantsika.[10]

Tsy miankina amin'ny fananantsika tsirairay ireo fitahiana rehetra eo amin'ny fiainantsika amin'izao fotoana izao ny hoe olo-marina. Mety hoe tsy manambady na tsy manana zanaka na ireo fitahiana nirina hafa isika izao. Nampanantena anefa ny Tompo fa ireo olo-marina izay mahatoky dia "[h]iara-[h]onina amin' Andriamanitra ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[11]

Ny *firaisan-kina* dia voambolana mety hidika zavatra maro ihany koa, kanefa azo antoka fa tsy maintsy maneho indrindra ireo didy lehibe voalohany sy faharoa izany, dia ny ho tia an' Andriamanitra sy ireo mpiarabelona amintsika.[12] Izany dia maneho ny vahoakan'i Ziona izay "mifamihina ao amin'ny firaisan-kina ny fony sy ny sainy."[13]

Ny sahan-kevitry ny hafatro dia ny fahasamihafana sy ireo lesona avy ao amin'ny soratra masina.

Efa 200 taona izay no lasa hatramin'ny nisehoan'ny Ray sy ny Zanaka voalohany ka nanombohana ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny 1820. Ilay tantara ao amin'ny 4 Nefia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia ahitana fotoana naharitra 200 taona mitovy amin'izany taorian'ny nisehoan'ny Mpamonjy sy nanorenany ny Fiangonany tany Amerika fahiny.

Ny rakitsoratra ara-tantara vakintsika ao amin'ny 4 Nefia dia mamariparitra vahoaka izay tsy nahitana fitsiriritana, ady, sahotaka, lainga, famonoan'olona, na izay mety ho karazana fijejojejoana. Noho izany fahamarinana izany dia izao no lazain'ny rakitsoratra: "marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon' ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tànan' Andriamanitra."[14]

Raha miompana amin'ny firaisankina dia mivaky toy izao ny ao amin'ny 4 Nefia: "Tsy nisy fifandirana teo amin'ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao ampon'ny vahoaka."[15]

Mampalahelo anefa fa mamariparitra fiovana goavana izay nanomboka tamin'ny "taona fahairaika amby roanjato"[16] ny 4 Nefia rehefa nandrava ny fahamarinana sy firaisan-kina ny fahotana sy fisaraham-bazana. Ny halalin'ny fahasimbana niseho tamin'izany dia tena ratsy tokoa ka ny niafarany dia nitomany tamin'i Môrônia zanany lahy ilay mpaminany lehibe Môrmôna:

"Nefa anaka, ahoana no ahafahan' ny vahoaka toy izany, izay ao amin'ny fahavetavetana lehibe toa izany ny fahafinaretany—

"Ahoana no ahazoantsika manantena fa hotanan' Andriamanitra ny tanany amin'ny fitsarana hanoherana antsika?"[17]

Amin'ity fotoampitantanana ity, na dia miaina ao anatin'ny fotoana miavaka aza isika, dia tsy manana ilay fahamarinana sy firaisan-kina voafariparitra ao amin'ny 4 Nefia izao tontolo izao. Miaina ao anaty tontolo misaratsaraka tokoa isika. Ireo olona an-tapitrisany izay nanaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy anefa dia nanolo-tena ny sady hanatanteraka ny fahamarinana no hanatanteraka ny firaisan-kina. Fantatsika rehetra fa afaka manao tsaratsara kokoa isika, ary izany no fanambintsika amin'ity anio ity. Afaka ny ho hery hampahery sy hitahy ny fiarahamonina manontolo isika. Amin'izao faha-200 taona miavaka eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izao dia handeha isika hanolo-tena, amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'ny Tompo antsika, mba hiaina araka ny fahamarinana sy hiray hina tsy toy ny teo aloha. Nangataka antsika ny Filoha Russell M. Nelson mba "haneho fahalalam-pomba, firindrana ara-poko sy firazanana, ary fifanajana bebe kokoa."[18] Izany dia midika fifankatiavana sy fitiavana an' Andriamanitra sy fanekena ny rehetra ho mpiray tampo ary tena vahoakan'i Ziona.

Miaraka amin'ny fotopampianarantsika natao ho an'ny rehetra, dia afaka ny ho toeran'ny firaisan-kina isika ary hanana fijery tsara momba ny fahasamihafana. Tsy mifanipaka ny firaisan-kina sy ny fahasamihafana. Afaka mampisy firaisan-kina bebe kokoa isika rehefa mikolokolo tontolo mampiditra sy manaja ny fahasamihafana. Nandritra ny fotoana nanompoako tao amin'ny Fiadidian'ny Tsatòka tao San Francisco Californie dia nisy mpivavaka niteny espaniôla, tongana,





*Provo, Utah, Etazonia*

samoana, tagalogy, ary sinoa tao aminay. Nisy olona samihafa firazanana sy kolontsaina tao amin'ireo paroasy miteny anglisy. Nisy ny fitiavana sy fahamarinana ary firaisan-kina.

Ireo paroasy sy sampana ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia voafaritra araka ny toerana misy azy na ny fiteny ampiasainy,[19] fa tsy araka ny firazanany na ny kolontsainy. Tsy ambara ao amin'ireo rakitra momba ny maha-mpikambana ny firazanana.

Tany am-piandohan'ny Bokin'i Môrmôna, tokony ho 550 taona talohan'ny fahaterahan'i Kristy, dia nampianarina didy fototra mikasika ny fifandraisan'ireo zanaky ny Ray any An-danitra isika. Natao hitandrina ny didin'ny Tompo ny rehetra, ary asaina ny rehetra handray ny fahatsaran'ny Tompo; "ary tsy mandà izay manatona Azy Izy; na mainty na fotsy, na andevo na olon'afaka; na lahy na vavy; ary mahatsiaro ny hafa firenena Izy; ary ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra na Jiosy na Jentilisa."[20]

Ny asa fanompoan'ny Mpamonjy sy ny hafany dia nanambarana tsy tapaka fa ny firazanana sy ny volonkoditra rehetra dia zanak' Andriamanitra avokoa. Mpirahalahy sy mpirahavavy isika rehetra. Ao amin' ny fotopampianarantsika dia mino isika fa ny firenena mpampiantrano ny Famerenana amin'ny laoniny, i Etazonia, sy ny lalam-panorenan'i Etazonia[21] sy ireo antontan-taratasy mifandray amin'izany,[22] izay nosoratan'ny olona tsy tonga lafatra dia nentanin' Andriamanitra mba hitahy ny olona rehetra. Araka ny vakintsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ireo antontan-taratasy ireo dia "haorina ary tokony hotanana ho an'ny zo sy ny fiarovana ny *nofo rehetra* araka izay fitsipika marina sy masina."[23] Roa amin'ireo fitsipika ireo ny fahafahana misafidy sy ny mahatomponandraikitra amin'ny fahotan'ny tena. Ny Tompo dia nanambara hoe:

"Koa tsy rariny ny fisian'ny olona andevozin'ny olona hafa.

"Ary ho amin'izany tanjona izany no efa nametrahako ny Lalampanorenan'ity tany ity tamin'ny alalan' ny tanan'ireo olon-kendry izay efa natsangako ho amin'izany tanjona izany indrindra sy nanavotako ny tany tamin'ny fandatsahan-dra."[24]

Noraisina io fanambarana io tamin' ny 1833 rehefa niaritra fanenjehana lehibe ireo Olomasina tao Missouri. Mivaky toy izao ny ampahany amin'ny teny fanolorana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101: "Noroahin'ny mpihetraketraka hiala ny tranony tao amin'ny Fivondronan'i Jackson izy ireo. . . . Maro ireo fandrahonana ho faty natao tamin'ny [mpikambana] tao amin'ny Fiangonana"[25]

Fotoan'ny fihenjanana teo amin'ny lafiny maro io fotoana io. Maro ny olona avy tao Missouri no nihevitra ny Amerikana Indiana ho fahavalo lava ary naniry azy ireo hiala amin'ny tany. Ankoatr'izay, maro amin'ireo mponin'i Missouri no tompon'andevo ary nahatsiaro ho tandindomin-doza amin'ireo izay nanohitra ny fanandevozana.

Mifanohitra amin'izany kosa, ny fotopampianarantsika dia nanaja ireo Amerikana Indiana ary ny faniriantsika dia ny hampianatra azy ireo ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Raha ny resaka fanandevozana dia nohazavain'ny soratra masintsika tsara fa tsy rariny ny fisian'ny olona andevozin'ny olona hafa.[26]

Nony farany dia noroahina tamin-kerisetra hiala an'i Missouri ny Olomasina[27] ary noterena hifindra hiankandrefana avy eo.[28] Niroborobo ny Olomasina ary nahita fiadanana izay miaraka amin'ny fahamarinana, firaisan-kina, ary fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Mifaly ao amin'ny Vavaka Fanalalanana nataon'ny Mpamonjy izay voarakitra ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona aho. Neken'ny Mpamonjy fa naniraka Azy ny Ray, ary Izy, ilay Mpamonjy, dia nahatontosa ny asa nanirahana Azy. Nivavaka ho an'ny mpianany sy ho an'ireo izay hino an'i Kristy Izy: "Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao amintsika koa izy."[29] Ny ho iray no nangatahin'i Kristy tamim-bavaka mialoha ny famadihana sy fanomboana Azy.

Tamin'ny taona voalohany taorian'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, araka ny voarakitra ao amin'ny fizarana 38 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ny Tompo dia niresaka momba ny ady sy ny faharatsiana ka nanambara hoe: "Lazaiko aminareo, aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy."[30]

Ny kolontsaintsika ato amin'ny Fiangonana dia avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ianaran-javatra lalina ny Epistilin'ny Apostoly Paoly ho an'ny Romana[31] Nahitana Jiosy sy Jentilisa ny Fiangonana voalohany tany Roma. Nanana kolontsaina Joda ireo Jiosy fahiny ary "nahazo ny fahafahan'izy ireo, sy nanomboka nitombo sy niroborobo."[32]

Ny Jentilisa tao Roma dia nanana kolontsaina nanana fitaomana

goavana Helenistika, izay takatry ny Apôstôly Paoly tsara noho ny zavatra niainany tany Atena sy Korinto.

Nasehon'i Paoly tamin'ny fomba feno fahatakarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Notantarainy ireo lafiny mifandraika amin'ny kolontsaina Jiosy sy Jentilisa[33] izay mifanohitra amin'ny tena filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nangatahina indrindra tamin'izy ireo tsirairay ny handaozany ny zavatra manakana ao amin'ny kolontsaina sy zavatra inoana izay tsy mifanaraka amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nanafatra ny Jiosy sy ny Jentilisa i Paoly mba hitandrina ny didy, hifankatia, ary mba hitarika ho amin'ny famonjena ny fahamarinana.[34]

Ny kolontsain'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tsy kolontsaina Jentilisa na kolontsaina Joda. Tsy mamaritra ny lokon'ny hoditry ny olona izany na ny toerana onenan'ny olona. Na dia mifaly amin'ny kolontsaina miavaka aza isika dia tokony hamela ny lafinjavatra amin'ireo kolontsaina ireo izay mifanohitra amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ireo mpikambana ato amintsika sy ireo olona vao niova fo dia matetika no avy amin'ny firazanana sy kolontsaina samihafa. Raha te hanaraka ny fananaran'ny Filoha Nelson isika mba hanangona an'i Isiraely miparitaka, dia ho hitantsika fa samy hafa tahaka ny Jiosy sy ny Jentilisa tamin'ny andron'i Paoly isika. Saingy afaka miray hina ao amin'ny fitiavantsika sy ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika. Ny Epistily ho an'ny Romana dia mametraka ny fitsipika hoe manaraka ny kolontsaina sy ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika. Io no maodely ho antsika na dia ankehitriny aza.[35] Ny ôrdônansin'ny tempoly dia mampiray antsika amin'ny fomba manokana ary mamela antsika ho iray amin'ny fomba manan-danja mandrakizay rehetra.

Manaja ny mpikambana mpisava lalana antsika erak'izao tontolo izao isika, tsy hoe satria lavorary izy ireo fa noho izy ireo nandresy zava-tsarotra, nanao fahafoizan-tena, niezaka nitovy amin'i Kristy, ary niezaka nampiorina ny finoana sy ho iray amin'ny Mpamonjy. Ny maha-iray azy ireo tamin'ny Mpamonjy dia nahatonga azy ireo ho iray eo amin'izy samy izy. Marina io fitsipika io ho anao sy ho ahy ankehitriny.

Ny antso fanairana ho an'ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ny hiezaka ho vahoaka Ziona izay iray fo sy iray saina ary mitoetra amin'ny fahamarinana.[36]

Izany no vavaka ataoko mba ho olo-marina sy miray hina ary mifantoka tanteraka amin'ny fanompoana sy fitsaohana ny Mpamonjy antsika isika, dia i Jesoa Kristy, izay ijoroako ho vavolombelona. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
2. Ny asa fanompoana nataon'i Thomas Kane tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia nofaritana hatrany ho "asa fanolorantena tsy tia tena nataon'ny tanora iray nino fa azo atao ny miaina araka ny fenitra ambony amin'ny fitondrantena sy ny fahamarinan-toetra izay nanatri-maso ny tsy fahamarinana nampiharina tamin'ireo mpivavaka vitsy an'isa nenjehin'ny olona maro an'isa ratsy fanahy sy feno habibiana" (fampidirana ao amin'ny Elizabeth Wood Kane, *Twelve Mormon Homes Visited in Succession on a Journey through Utah to Arizona,* ed. Everett L. Cooley [1974], viii).
3. Jereo ny Kane, *Twelve Mormon Homes,* 5.
4. Jereo ny Kane, *Twelve Mormon Homes,* 40.
5. Jereo ny Lowell C. (Ben) Bennion and Thomas R. Carter, "Touring Polygamous Utah with Elizabeth W. Kane, Winter 1872–1873," *BYU Studies,* vol. 48, no. 4 (2009), 162.
6. Hita fa nihevitra i Elizabeth fa ny ankamaroan'ny Amerikana tamin'izany fotoana izany dia hanome ny sisa fotsiny ihany ho an'ny Indiana Amerikana ary ho hafa ny fitondrany azy ireo, tsy toy ny mpivahiny hafa.
7. Jereo ny Kane, *Twelve Mormon Homes,* 64–65. Tsara marihina fa Indiana Amerikana maro, anisan'izany ireo mpitarika maro, no lasa mpikamban'ny Fiangonana. Jereo ihany koa ny John Alton Peterson, *Utah's Black Hawk War* (1998) 61; Scott R. Christensen, *Sagwitch: Shoshone Chieftain, Mormon Elder, 1822–1887* (1999), 190–95.
8. Amin'ity fotoampitantanana ity, "ny olo-marina dia hangonina avy any anivon'ny firenen-drehetra ary ho tonga ao Ziona, mihira ny hiran'ny fifaliana maharitra mandrakizay" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:71).
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:3–5. Nohamafisin'ny soratra masina manokana fa singa manan-danja amin'ny fahamarinana ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana.
10. Jereo ny Almà 36:30; jereo koa ny 1 Nefia 2:20; Môzià 1:7. Mivaky toy izao ny ampahany farany ao amin'ny Almà 36:30: "arakaraka ny tsy hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hanesorana anao tsy ho eo anatrehany. Ankehitriny, izany dia araka ny teniny."
11. Môzià 2:41. Nampianatra ny Filoha Lorenzo Snow hoe: "Tsy misy Olomasin'ny Andro Farany izay maty taorian'ny niainany fiainana feno fahatokiana ka hamoy zavatra satria tsy nahavita nanao zavatra vitsivitsy noho ny tsy fanomezana fahafahana azy ireo hanao izany. Amin'ny teny hafa, raha toa ny zatovolahy na zatovovavy iray ka tsy manana fahafahana hanambady nefa miaina fiainana feno fahatokiana izy ireo mandra-pahatonga ny fotoana hahafatesany, dia hahazo ireo fitahiana rehetra sy ny fisandratana ary ny voninahitra ho azon'ny lehilahy na vehivavy izay afaka nanao sy nampivoatra izany izy. Azo antoka sy tsara izany" (*Enseignements des Présidents de l'Église: Lorenzo Snow* [2012], 130). Jereo ihany koa ny Richard G. Scott, "The Joy of Living the Great Plan of Happiness," *Ensign,* Nov. 1996, 75.
12. Jereo ny 1 Jaona 5:2.
13. Môzià 18:21; jereo koa ny Mosesy 7:18.
14. 4 Nefia 1:16.
15. 4 Nefia 1:15.
16. 4 Nefia 1:24.
17. Môrônia 9:13–14.
18. Russell M. Nelson, tao amin'ny "First Presidency and NAACP Leaders Call for Greater Civility, Racial Harmony," 17 mey 2018, newsroom.ChurchofJesusChrist.org; jereo ihany koa ny "President Nelson Remarks at Worldwide Priesthood Celebration," 1 jona 2018, newsroom.ChurchofJesusChrist.org.
19. Mivaky toy izao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:11: "Handre ny fahafenoan'ny filazantsara amin'ny teniny



*Quebrada de Alvarado, Valparaíso, Chili*

avy ny olona tsirairay." Ankatoavina araka izany ny rantsana misy mpivavaka araka ny fitenin'izy ireo manokana.
20. 2 Nefia 26:33.
21. Jereo ny Constitution of the United States (Lalampanorenan'i Etazonia).
22. Jereo ny United States Declaration of Independence (1776); Constitution of the United States, Amendments I–X (Bill of Rights), National Archives website, archives.gov/founding-docs.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:77; nampiana fanamafisana.
24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:79–80.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41, sasin-tenin'ny fizarana.
26. Jereo ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days,* vol. 1, *The Standard of Truth, 1815–1846* (2018), 172–74; James B. Allen and Glen M. Leonard, *The Story of the Latter-day Saints,* 2nd ed. (1992), 93–94; Ronald W. Walker, "Seeking the 'Remnant': The Native American during the Joseph Smith Period," *Journal of Mormon History,* vol. 19, no. 1 (Spring 1993), 14–16.
27. Jereo ny *Saints,* 1:359–83; William G. Hartley, "The Saints' Forced Exodus from Missouri, 1839," in Richard Neitzel Holzapfel and Kent P. Jackson, eds., *Joseph Smith, the Prophet and Seer* (2010), 347–89; Alexander L. Baugh, "The Mormons Must Be Treated as Enemies," in Susan Easton Black and Andrew C. Skinner, eds., *Joseph: Exploring the Life and Ministry of the Prophet* (2005), 284–95.
28. Jereo ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days,* vol. 2, *No Unhallowed Hand, 1846–1893* (2020), 3–68; Richard E. Bennett, *We'll Find the Place: The Mormon Exodus, 1846–1848* (1997); William W. Slaughter and Michael Landon, *Trail of Hope: The Story of the Mormon Trail* (1997).
29. Jaona 17:21.
30. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
31. Ahitana zavatra maro ny Epistily ho an'ny Romana amin'ny fanambarana fotopampianarana. Ny Romana no hany ahitana ny filazana tokana momba ny Sorompanavotana ao amin'ny Testamenta Vaovao. Lasa nankasitrahako ny Epistily ho an'ny Romana satria nampiray olona maro tamin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy fony aho filohan'ny tsatòka nanompo mpikambana avy amin'ny foko sy kolontsaina betsaka izay miteny amin'ny fiteny maro isan-karazany.
32. Frederic W. Farrar, *The Life and Work of St. Paul* (1898), 446.
33. Jereo ny Farrar, *The Life and Work of St. Paul,* 450.
34. Jereo ny Romana 13.
35. Jereo ny Dallin H. Oaks, "The Gospel Culture," *Liahona,* Mar. 2012, 22–25; jereo koa ny Richard G. Scott, "Removing Barriers to Happiness," *Ensign,* May 1998, 85–87.
36. Jereo ny Mosesy 7:18.



Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Mendrika ho an'ny Tompo

*Atombohy izao ny dingana mba ho lasa "mendrika ho an'ny Tompo" ka ny Fanahiny dia hiaraka sesehena aminao.*

Miarahaba anareo ry rahalahy sy ranabavy isany. Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy Mpamonjy ahy dia niandrandra ny fihaonana an-jotra aminareo eran'ny vazan-tany efatr'izao tontolo izao mandritra ity fihaonambe ity aho.

Ity taona ity dia tena hafakely. Ho ahy manokana dia nanomboka tamin'ny iraka avy amin'ny Fiadidiana Voalohany hanokana tempoly masina ho an'ny Tompo tany Durban, Afrika Atsimo izany. Tsy hohadinoiko mandrakizay ny hatsaran'ilay trano. Fa manan-danja kokoa mihoatra ilay toerana, dia ho ankamamiako foana



*Sugar City, Idaho, Etazonia*

ny hasin'ireo olona izay tena niomana tsara hiditra izany trano masina izany. Niomana tsara izy ireo handray anjara amin'ny iray amin'ireo fitahiana faratampony avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny, dia ny fanokanana trano ho an'ny Tompo izany. Tonga tamin'ny fo feno fitiavana ho Azy sy ny Sorompanavotany izy ireo. Tonga izy ireo, heni-pankasitrahana ny Raintsika any An-danitra noho ny nanomezany ireo ôrdônansy masina izay hitondra ho amin'ny fisandratana. Tonga tamim-pahamendrehana izy ireo.

Ireo tempoly, na aiza na aiza misy azy ireo dia miavaka ary maharesy ny fomban'izao tontolo izao. Ny tempolin'ny Olomasin'ny Andro Farany rehetra eto amin'izao tontolo izao, 168 ny totaliny, dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny finoantsika ny fiainana mandrakizay sy ny fifaliana hiaina izany miaraka amin'ny fianakaviantsika sy ny Raintsika any An-danitra. Ny fankanesana any amin'ny tempoly dia mampitombo ny fahatakarantsika Ny Andriamanitra sy ny filazantsara mandrakizay, ny fanolorantenantsika hiaina sy hampianatra fahamarinana, ary ny fahavononantsika hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy.

Eny ivelan'ny tempoly rehetra ato amin'ny Fiangonana dia ahitana ny

teny tena mety tsara manao hoe “Fahamasinana ho an’ny Tompo.” Ny tempoly no tranon’ny Tompo ary toerana masina hialana amin’izao tontolo izao. Ny Fanahiny dia manenika ireo izay mitsaoka ao anatin’ireo rindrina masina ireo. Izy no mametraka ny fenitra ahafahantsika miditra ho vahininy.

I Blaine Twitchell rafozan-dahiko, iray amin’ireo lehilahy tsara indrindra fantatro dia nampianatra ahy lesona lehibe iray. Namangy azy izaho sy Rahavavy Rasband rehefa akaiky hifarana ny fiainany teto an-tany. Rehefa niditra ny efitra nisy azy izahay dia teo an-dalam-podiana ny evekany. Rehefa niarahaba ilay eveka aho dia nieritreritra hoe “Mahafinaritra izany raha eveka. Tonga eto izy mba hanompo ny mpikambana mahatoky iray ao amin’ny paroasiny.”

Nolazaiko i Blaine hoe: “Mahafinaritra ery fa tonga mitsidika anao ny eveka.”

Nijery ahy i Blaine ary namaly hoe, “Tsy izay fotsiny ihany. Nangataka ny eveka mba ho avy aho satria te hanao dinidinika momba ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Tiako ny handao ny tany rehefa *mendrika ho an’ny Tompo* aho” Dia izany tokoa no nitranga!

Izay andian-teny hoe “mendrika ho an’ny Tompo” izay dia niraikitra tao an-tsaiko. Nitondra fomba fijery vaovao tao amiko mikasika ny fanaovan’ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana dinidinika tsy tapaka izany. Tena manan-danja tokoa ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly, hany ka tany ampiandohan’ny Fiangonana, hatramin’ny 1891, dia ny Filohan’ny Fiangonana no nanome fankatoavana ny fahazoan-dalana tsirairay hidirana ny tempoly.[1]

Na ny an’ny zatovo na ny an’ny olon-dehibe izany, ny dinidinika momba ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ataontsika dia tsy momba ny hoe zavatra atao sy zavatra tsy atao. Tsy lisitrana zavatra atao izany, na fanomezan-dalana voasoratra fotsiny, na tapakila ho an’ny fampisehoana miavaka iray. Masina sy avo kokoa ny tanjony. Mba ho mendrika ny hanana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly dia tsy maintsy miaina araka ireo



fampianarana ao amin’ Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany ianao.

Mandritra ilay dinidinika dia manana fahafahana ianao handinika lalina ny ao anatinao mikasika ny finoanao manokana an’i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Fahafahana ho anao izany hanehoana ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny filazantsara naverina tamin’ny laoniny, ny fahavononanao hanohana ireo izay nantsoin’ny Tompo hitarika ny Fiangonany, ny finoanao ny fotopampianaran’ny filazantsara, ny fanatanterahanao ireo andraikitra ao amin’ny ankohonanao, ary ny fahamarinantoetranao, ny fahadiovanao arapitondrantena, ny fahatokianao, ny fankatoavanao, ary ny fanarahanao ny Tenin’ny Fahendrena, sy ny lalàn’ny fahafolonkarena, ary ny fanamasinanao ny andro Sabata. Ireo fitsipika ireo dia fototra iorenan’ny fiainana natokana ho an’i Jesoa Kristy sy ny asany.

Ny fahazoan-dalanao hidirana ny tempoly dia maneho fikasana lalina sy ara-panahy hiezaka hiaina ireo lalàn’ny Tompo ary hitia izay tiany: ny fanetrentena, fahalemem-panahy, fiorenana mafy, fiantrana, herim-po, fangorahana, famelana, ary fankatoavana. Ary manolo-tena ny hanaraka ireo fenitra ireo ianao rehefa manao sonia ao amin’io taratasy masina io.

Ny fahazoan-dalanao hidirana ny tempoly dia manokatra ny vavahadin’ ny lanitra ho anao sy ny hafa miaraka amin’ireo fombafomba sy ôrdônansy manan-danja mandrakizay, ka tafiditra ao anatin’izany ny batisa, ny fanafiana masina, ny fanambadiana ary ny famehezana.

Ny hoe “mendrika ho an’ny Tompo” dia midika hoe ampahatsiahivina ireo zavatra andrasana amin’ny Olomasin’ny Andro Farany mpitandrina fanekempihavanana. Noraisin’i Blaine rafozan-dahiko ho fiomanana tsy hay sandaina ho amin’ilay andro hijoroany amim-panetrentena eo anatrehan’ny Tompo izany.

Eritrereto i Mosesy nihanika ny Tendrombohitra Horeba ka niseho taminy i Jehovah Tompo tao anaty roimemy nirehitra afo. Hoy Andriamanitra taminy hoe “Esory ny kapanao amin’ny tongotrao, fa tany masina io ijanonanao io.”[2]

Ny fanesorana ny “kapanao” eo am-baravaran’ny tempoly dia famelana ireo faniriana sy fahafinaretana

araka izao tontolo izao izay manelingelina antsika tsy hivoatra ara-panahy, fanadinoana ireo zavatra izay mahavarimbariana antsika eto amin'ity fiainana an-tany sarobidy ity, fandresena ny fitondran-tena tia mifanditra, ary fikatsahana fotoana mba ho masina.

Araka ny nanaovan' Andriamanitra azy, ny vatantsika dia voarin' Andriamanitra, tempoly ho an'ny fanahintsika, ka noho izany dia tokony hajaina. Tena marina ny tononkira ao amin'ilay hiran'ny Kilonga hoe "Tempoly mendrika ny fikarakarana tsara indrindra ny vatako."[3] Rehefa niseho tamin'ireo Nefita ny Tompo dia nandidy Izy ny, "Hanamasina ny tenany amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoanareo mijoro tsisy pentina eo anoloako."[4] "Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo?" hoy ny Tompo nanontany, dia namaly Izy avy eo hoe: "Ho toa Ahy."[5] Ny hoe "mendrika ho an'ny Tompo" dia midika hoe miezaka ho tonga tahaka Azy.

Tsaroako ny nahenoako ny lahateny voalohany nataon'ny Filoha Howard W. Hunter nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'izy lasa Filohan'ny Fiangonana faha-14. Hoy izy hoe: "Tena fanirian'ny foko lalina indrindra ny hahamendrika ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay hiditra ny tempoly. Hahafaly ny Tompo raha toa ka mendrika—sy mitondra—fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery ny mpikambana




olon-dehibe rehetra."[6] Tiako ampiana hoe ny fahazoan-dalana voafetra dia hametraka lalan-kaleha mazava ho an'ireo zatovo malalantsika.

Nampahatsiahy ny tenin'ny Filoha Hunter ny Filoha Nelson hoe: "Tamin'io andro io, 6 jona 1994, dia lasa zavatra hafa mihitsy ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly taty amiko. Taloha ilay izy dia fitaovana hanatratrarana tanjona iray. Fitaovana hamela ahy hiditra ny trano masin'ny Tompo ilay izy, fa taorian'ny nanaovany ny fanambarany dia lasa ilay izy mihitsy no zavatra notratrariko. Lasa karatra famantarana ny fankatoavako ny mpaminanin' Andriamanitra ilay izy."[7]

Raha mbola tsy nandray fahazoan-dalana ianao na tsy manan-kery intsony ny fahazoan-dalanao dia


*Provo, Utah, Etazonia*

milahara eny am-baravaran'ny eveka tahaka ny nataon'ireo Olomasina teo am-baravaran'ny tempolin'i Nauvoo tamin'ny 1846.[8] Anisan'ireo olona mahatoky ireo ny razambeko. Nandao ilay tanàna tsara tarehiny izy ireo ary nandeha niakandrefana, fa fantany anefa fa zavatra iainana masina no hiandry azy ireo ao amin'ny tempoly. Nandritra ny dia sarotra tany Iowa dia nanoratra i Sarah Rich hoe, "Raha toa ka tsy noho ny finoana sy ny fahalalana izay nomena anay tao amin'io tempoly . . . , dia ho toy ny zavatra natao an-jambany ihany . . . ilay dianay."[9] Izany no zavatra tsy ho azontsika raha mandia ity fiainana ity isika ka tsy manana ny fankaherezana sy fiadanana ampanantenaina ao amin'ny tempoly.

Atombohy izao ny dingana mba ho lasa "mendrika ho an'ny Tompo" ka ny Fanahiny dia hiaraka sesehena aminao ary ireo fitsipiny dia hitondra "fiadanan-tsaina" ho anao.[10]

Ireo mpitarika zatovo, filohan'ny kôlejin'ny loholona, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana, ary rahalahy sy rahavavy mpanompo ao aminareo dia hanampy anareo hiomana, ary ny evekanareo na ny filohan'ny sampana misy anareo dia hitarika anareo amim-pitiavana.

Niaina fotoana izay nikatonan' ny tempoly na nampiasana azy ireo tamin'ny ampahany isika. Ho an'ny Filoha Nelson sy ireo namantsika izay manompo miaraka aminy dia tena "nangirifiry" sy "nampijaly tao anatin'ny ahiahy" ny fanapahan-kevitra nentanim-panahy hanakatona ireo tempoly. Lasa nametra-panontaniana mihitsy ary ny Filoha Nelson hoe "Inona no ho lazaiko an'ny Mpaminany Joseph Smith? Inona no ho lazaiko an'i Brigham Young, Wilford Woodruff, ary ireo filoha hafa hatramin'ny Filoha Thomas S. Monson?"[11]

Izao isika dia manokatra tsikelikely sy amim-pankasitrahana indray ireo tempoly mba hanaovana famehezana sy fanafiana masina saingy voafetra ihany.

Ny fahamendrehana ho any amin'ny tempoly kosa nefa dia tsy

nampiatoana. Mamelà ahy hanamafy fa na manana fahafahana hankany amin'ny tempoly ianao na tsia dia mila fahazoan-dalana manan-kery hidirana ny tempoly ianao mba hijanonana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Tamin'ny faramparan'ny taondasa dia namita iraka tany Nouvelle Zélande izaho sy Rahavavy Rasband, niresaka tamina vondrona iray nahitana tanora tokan-tena maro be. Tsy mora tamin'izy ireo ny nandeha tany amin'ny tempoly; ilay ao Hamilton dia teo an-dalam-panarenana tamin'izay, ary mbola teo am-piandrasana ny fihadiana ny fototry ny tempoly tao Auckland izy ireo. Nahatsapa ho notaomim-panahy anefa aho hamporisika azy ireo hanavao na handray fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.

Na dia tsy afaka manolotra izany any amin'ny tempoly aza izy ireo dia afaka manolotra ny tenany madio sy vonona hanompo ny Tompo eo anoloany. Ny hoe mendrika hihazona fahazoan-dalana manan-kery hidirana ny tempoly dia sady fiarovana amin' ilay fahavalo, satria nanao fanoloran-tena matotra tamin'ny Tompo momba ny fiainanao ianao, no nanao fampanantenana ihany koa fa ny Fanahy dia hiaraka aminao.

Manatanteraka asa atao any amin' ny tempoly isika rehefa mikaroka ireo razambetsika ary manolotra ny anaran'izy ireo mba hanaovana ôrdônansy. Na dia tamin'ny nikatonan'ireo tempoly aza dia mbola afaka nikaroka ny fianakaviantsika hatrany isika. Miaraka amin'ny Fanahin' Andriamanitra ao am-pontsika dia mijoro amin'ny alalan'ny fisoloana tena ho azy ireo isika mba ho "mendrika ho an'ny Tompo."

Fony aho Tale Mpanatanteraky ny Departemanta misahana ny Tempoly dia naheno ny Filoha Gordon B. Hinckley nanonona ity soratra masina ity izay notenenin'ny Tompo mikasika ny tempolin'i Nauvoo: "Aoka ny asan' ny tempoliko sy ny asa rehetra izay efa notendreko ho anareo hotohizana fa tsy hatsahatra; ary aoka ny fahazotoanareo sy ny fikirizanareo ary ny faharetanareo sy ny asanareo hitombo avo roa heny, dia tsy hamery mihitsy ny valisoanareo ianareo, hoy ny Tompon'ny Maro."[12]

Ny asa ataontsika any amin'ny tempoly dia mifamatotra amin'ny valisoantsika mandrakizay. Nosedraina isika tato ho ato. Niantso antsika hiasa any amin' ny tempoly amin'ny "fahazotoanareo . . . ny fikirizanareo ary ny faharetanareo" ny Tompo.[13] Ny hoe "mendrika ho an'ny Tompo" dia mitaky ireo toetra ireo. Tsy maintsy mazoto amin'ny fiainana ireo didy isika, manana fikirizana amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanan'ny tempoly nataontsika, mankasitraka izay mbola ataon'ny Tompo hatrany mba hampianarana momba azy ireo, ary maharitra eo am-piandrasana ny fisokafan'ireo tempoly tanteraka indray.



Salzbourg, Autriche

Rehefa miantso antsika "[hamp] itombo avo roa heny" ny ezaka ataontsika ny Tompo dia mangataka antsika hitombo amin'ny fahamarinana. Ohatra, azontsika atao ny mampitombo ho lalindalina kokoa ny fandalinantsika soratra masina, ny fikarohana tantaram-pianakaviana ataontsika, ary ny vavaky ny finoana hizarantsika ny fitiavantsika ny tranon'ny Tompo amin'ireo izay miomana handray fahazoan-dalana hidirana ny tempoly, indrindra indrindra ny ao amin'ny fianakaviantsika.

Mampanantena anareo aho amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo ahy fa rehefa miezaka ny hampitombo avo roa heny ny ezaka feno fahamarinana ataonareo ianareo dia hahatsiaro ho navaozina ao amin'ny fanoloran-tenanareo amin' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy, hahatsapa betsaka ny Fanahy Masina mitari-dalana anareo ianareo, ho feno fankasitrahana noho ireo fanekempihavananareo masina ianareo, ary hahatsapa fiadanana rehefa mahafantatra fa ianareo dia "mendrika ho an'ny Tompo." Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny James R. Clark, comp., *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 1833–1964,* 6 vols. (1965–75), 3:229.
2. Eksodosy 3:5.
3. "My Body Is a Temple," *The Children Sing* (1951), no. 99.
4. 3 Nefia 27:20.
5. 3 Nefia 27:27.
6. *Teachings of Presidents of the Church: Howard W. Hunter* (2015), 180.
7. *Teachings of Russell M. Nelson* (2018), 373.
8. Jereo ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days,* vol. 1, *The Standard of Truth, 1815–1846* (2018), 582–83.
9. Sarah P. Rich, Autobiography, 1885–1890, Church History Library, Salt Lake City, 66.
10. Môzià 4:3.
11. Sarah Jane Weaver, "President Nelson Talks about the 'Painful' Decision to Close Temples amid COVID-19," *Church News,* 27 jolay 2020, thechurchnews.com.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127:4.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127:4.



Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Tiavo ny fahavalonareo

*Ny fahafantarana fa zanak' Andriamanitra daholo isika dia manome antsika fahatakarana araka an' Andriamanitra ny amin'ny hasarobidin'ny olona hafa rehetra sy ny fahavononana tsy hamela ny fitanilàna hibaiko ny saintsika.*

Maharitra mandrakizay ny fampianaran'ny Tompo ary natao ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Hanome ohatra vitsivitsy avy eto Etazonia aho ato amin'ity hafatra ity, kanefa azo ampiharina na aiza na aiza ny fitsipika ampianariko.

Miaina ao anatin'ny fotoan'ny fahatezerana sy fankahalana eo amin'ny fifandraisana sy ireo lalàna ary ireo fomba amam-panao ara-pôlitika isika. Tsapantsika izany nandritra ity fahavaratra ity tamin'ny nahitantsika olona nihoa-pefy ka tsy nanaja ny fanaovana fitokonana tamim-pilaminana ary niroso tamin'ny fanehoana fihetsika feno herisetra. Tsapantsika izany ao anatin' ireo fampielezan-kevitra sasantsasany irotsahana hofidiana amin'ireo andraikitra ara-panjakana. Indrisy anefa fa ny sasany tamin'izany aza dia niitatra any amin'ireo fanambarana ara-pôlitika sy ny fanaratsiana olona tao anatin'ireo fivoriam-piangonantsika.



*Apia, Samoa*

Ao anatina governemanta demôkratika dia tsy maintsy tsy hitovy hevitra foana isika amin'ireo mpirotsaka hofidiana sy ireo lalàna izay aroso. Kanefa, amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika dia tsy maintsy miala amin'ny hatezerana sy ny fankahalana izay entina hiadiana hevitra na hiampangana ireo safidy ara-pôlitika amin'ny sehatra rehetra isika.

Inty ny iray amin'ireo fampianaran' ny Mpamonjy izay mety ho be mpahalala, saingy zara raha ampiharina:

"Efa renareo fa voalaza hoe: Tiava ny namanao, ary mankahalà ny fahavalonao.

"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: tiava ny fahavalonareo, [tsofy rano ireo izay manozona anareo, manaova soa amin'ireo izay mankahala anareo, mivavaha ho an'ireo izay ratsy fitondra anareo sy manenjika anareo]" (Matio 5:43–44).[1]

Tao anatin'ireo taranaka maro nifandimby dia nampianarina ny Jiosy mba hankahala ireo fahavalony, ary nijaly teo ambanin'ny fanapahana sy ny halozan'ny fibodoan'ny Romana izy ireo. I Jesoa anefa dia nampianatra azy ireo hoe "Tiavo ny fahavalonareo" ary "manaova soa amin'ireo izay ratsy fitondra anareo."

Fampianarana tena mitondra fanovana lehibe eo amin'ny fifandraisan'ny olona tsirairay sy eo amin'ny ara-pôlitika izany. Fa mbola izany ihany no didin'ny Mpamonjintsika hatao. "Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay manana ny fanahin'ny fifandirana dia tsy Ahy fa an'ny devoly kosa, izay rain'ny fifandirana, ary mamoky ny fon'ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy" (3 Nefia 11:29).

Tsy mora izany mitia ny fahavalontsika.sy ny mpifanandrina amintsika izany. "Tsy mbola tody amin'izany dingan'ny . . . fitiavana ary famelana izany ny ankamaroantsika," hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley, dia nampiany hoe: "Mitaky fifehezan-tena efa hila ho lehibe noho izay vitantsika izany."[2] Kanefa dia tsy maintsy hoe tena ilaina izany fitiavana izany, satria isan'ireo didy roa lehiben'ny

Mpamonjy mba "[hitia] an'i Jehovah Andriamanitrao" sy "[hitia] ny namanao tahaka ny tenanao" izany (Matio 22:37, 39). Ary tsy maintsy hoe azo tanterahina izany, satria nampianatra koa Izy hoe: "Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo" (Matio 7:7).[3]

Ahoana no hanajantsika ireo didy masina ireo ao anatin'ny tontolo izay iainantsika eo ambany fifehezan'ny lalàn' olombelona ihany koa? Soa ihany fa manana ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy manokana isika ny amin' ny fomba hampifandanjana ny lalàny mandrakizay sy ny fomba ahafahana mampiasa ny lalàna nataon' olombelona. Rehefa nitady ny hamandrika Azy ireo fahavalo tamin'ny fanontaniana iray momba ny tokony handoavan'ny Jiosy hetra ho an'i Rôma na tsia, dia nanondro ny sarin'i Kaisara teo amin'ny vola madinik'izy ireo Izy dia nanambara hoe: "Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra" (Lioka 20:25).[4]

Noho izany dia tokony hanaraka ny lalàn'ny tany isika (mandoa ny an'i Kaisara) mba hiaina amim-pilaminana eo ambanin'ny fahefan'ny fitondrampanjakana, ary manaraka ny lalàn' Andriamanitra mankany amin'izay hiafarantsika mandrakizay isika. Ahoana anefa no hanaovantsika izany, indrindra fa ny hoe ahoana no hianarantsika mitia ny mpifanandrina amintsika sy ny fahavalontsika?

Dingana tsara voalohany tokony harahana ilay fampianaran'ny Mpamonjy tsy "hifanditra amimpahatezerana". Ny devoly no rain'ny fifandirana, ary izy no maka fanahy ny olona hifanditra amim-pahatezerana. Manidrahindra ny fifanoherana sy ny fifandraisana feno fankahalana eo anivon'ny tsirairay sy ao anatin'ireo vondrona izy. Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson fa ny fatezerana dia "fitaovan'i Satana," satria "rehefa tezitra isika dia midika hoe manaraka ny fitaoman'i Satana. Tsy misy na iza na iza *afaka* mahatonga antsika ho tezitra. Safidintsika izany."[5] Ny fahatezerana no lalana mitondra mankany amin'ny fizarazarana sy ny fifankahalana. Mizotra mankany amin'ny fitiavana ireo fahavalontsika isika rehefa misoroka ny fahatezerana sy ny fankahalana ireo izay tsy itovizantsika hevitra. Manampy ihany koa raha toa ka vonona mihitsy aza isika ny hianatra avy amin'izy ireo.


Accra, Ghana

Isan'ireo fomba hafa hananana ny hery hitia ny hafa ilay fomba tsotra voafaripařitra ao amin'ny tonon' ny hira iray fahiny. Rehefa miezaka ny mahatakatra sy mampitaha ireo olona miaina kolontsaina hafa isika dia tokony miezaka mahafantata azy ireo. Hita tamin'ny toe-javatra maro fa mitondra amin'ny finamanana, eny hatramin'ny fifankatiavana ny endrikendrika na fankahalana ataon'ny olon-tsy fantatra, rehefa miteraka fahatakarana sy fifanajana ny fifankahafantaran'ny olona.[6]

Fanampiana iray mbola lehibe kokoa noho izany amin'ny fianarana mitia izay mifanandrina amintsika sy ireo fahavalontsika ny mikatsaka ny hahatakatra ny herin'ny fitiavana. Ireto misy telo amin'ireo fampianarana maro avy amin'ny mpaminany momba izany.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa "ohabolana tsy tontan'ny ela ny hoe ny fitiavana dia miteraka fitiavana. Andeha isika hampitobaka ny fitiavana, haneho ny hatsarampanahintsika amin'ny olon-drehetra."[7]

Nampianatra ny Filoha Howard W. Hunter hoe: "Hahazo tombontsoa lehibe ny tontolo izay iainantsika raha mampihatra ny fitiavana madion'i Kristy izay malemy fanahy, mietry am-po, ary tsy miavona am-po ny olombelona. Tsy mialona sy tsy miavonavona izany. . . . Tsy mila tambiny izany. . . . Tsy manome toerana ho an'ny fanavakavahana, na ny fankahalana, na ny herisetra izany. . . . Mamporisika ny olona isan-karazany hiara-honina ao anatin'ny fitiavana Kristianina izany na inona na inona ny antokom-pivavahana, na ny volonkoditra, na ny firenena niaviana, na ny fari-piainana, na ny kolontsaina."[8]

Ary ny Filoha Russell M. Nelson dia nanentana antsika mba "hampitombo hatrany hatrany ny olona tiavintsika mandra-pitiavantsika ny olombelona rehetra."[9]

Ampahany manan-danja amin'ny fitiavantsika ny fahavalontsika ny mandoa izay an'i Kaisara amin'ny alalan'ny fitandremana ireo lalàna ao amin'ireo firenentsika samihafa. Na dia nitondra fiovana lehibe aza ireo fampianaran'i Jesoa, dia tsy nampianatra tolom-piavotana na fandikana lalàna Izy. Nampianatra tamin'ny fomba tsara kokoa Izy. Mampianatra toy izany koa ny fanambarana maoderina.

Aoka tsy hisy olona handika ny lalàn'ny tany, fa izay mitandrina ny

lalàn' Andriamanitra dia tsy tokony handika ny lalàn'ny tany.

Koa manoava ny hery izay misy ambara-panjakany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21–22).

Ary ny fanekem-pinoantsika, izay nosoratan'ny Mpaminany Joseph Smith taorian'ny niaretan'ireo Olomasina fanenjehana mavaivay avy amin'ireo manampahefana tao Missouri, dia manambara hoe: "Mino ny fanoavana ny mpanjaka isika, ny filoha, ny mpanapaka ary ny mpitsara, amin' ny fankatoavana, ny fanajana ary ny fanohanana ny lalàna" (Fanekem-pinoana 1:12).

Tsy midika akory izany fa manaiky izay rehetra ataon'ireo olona mampihatra ny lalàna isika. Midika izany fa mankatò ny lalàna misy ankehitriny isika ary mampiasa fomba milamina hanovana izany. Midika ihany koa izany fa manaiky amim-pitoniana ny vokatr'ireo fifidianana isika. Tsy handray anjara amin'ireo herisetra izay hampihorohoroan'ireo olona diso fanantenana amin'ny voka-pifidianana isika.[10] Ao anatin'ny fiarahamonina demôkratika isika dia manana foana ny fahafahana sy ny adidy mba hanohy hiaina amim-pilaminana mandrapahatongan'ny fifidianana manaraka.

Ny fampianaran'ny Mpamonjy mba hitia ny fahavalontsika dia mifototra amin'ilay fahamarinana fa zanaka malalan' Andriamanitra ny olombelona rehetra. Izany fitsipika mandrakizay izany sy ireo fitsipika fototry ny lalàna sasany dia nosedraina tao anatin'ireo fitokonana vao haingana tao amin'ireo tanàna maro teto Amerika.

Amin'ny lafiny iray dia toa manadino ny sasany fa ny Didy hitsy volana voalohany amin'ny Lalam-panorenan'i Etazonia dia manome antoka ny amin'ny "fananan'ny olona zo hivory sy hangataka amim-pilaminana amin'ny fitondram-panjakana mba hampanjaka izay rariny mifandray amin'ireo zavatra itoriana." Izany no fomba nahazoana lalana mba hanairana ny sain'ny vahoaka sy hifantohana amin'ireo zavatra tsy ara-drariny ao amin'ny votoatin'ireo lalàna sy ny fampiharana izany. Ary tena nisy ny zavatra tsy ara-drariny. Ny fanenjehana



*Temecula, Californie, Etazonia*

ara-heloka sy ny fihetsitsika manokana dia nahitana fanavakavaham-bolon-koditra sy ireo zavatra itoriana mifandray amin'izany. Tao anatin'ny famoronan-dahatsoratra iray mandresy lahatra nosoratana manokana, ny Révérende Theresa A. Dear avy ao amin'ny Fikambanana Nasiônaly ho an'ny Fampandrosoana ny Olona tsy fotsy hoditra (NAACP) dia nampahatsiahy antsika fa "ny fanavakavaham-bolon-koditra dia mihamahazo vahana amin'ny alalan'ny fankahalana, ny fanaovana tsindry hazo lena, ny tsikimbakomba miafina, ny fileferana, ny tsy firaharahiana ary ny fahanginana."[11] Amin'ny maha-olom-pirenena sy mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia tsy maintsy manao izay vitantsika isika hamongorana ny fanavakavaham-bolon-koditra.

Etsy an-kilany indray dia toa nanadino ny olona vitsy tamin'ireo mpandray anjara sy mpanohana an'ireo fitokonana ireo sy ireo zavatra tsy ara-dalàna natao taorian'izany fa ny fitokonana arovan'ny Lalam-panorenana dia fitokonana *am-pilaminana*. Tsy manana zo ny hamotika, na hanimba, na hangalatra fananan'olona, na hanozongozona ny fitandroana filaminana ara-dalàna ataon'ny fanjakana ny mpitokona. Tsy ahitana fanasana hanao tolo-piavotana na hanao fanjakan'i Baroa ao anatin'ny Lalam-panorenana. Isika rehetra, na mpitandro ny filaminana, na mpitokona, na mpanohana, na mpijery fotsiny, dia tokony hahatakatra ny fetran'ny zo ananantsika sy ny maha-zava-dehibe ny adidintsika mba tsy hihoa-pefy ny lalàna izay misy. Marina ny nolazain'i Abraham Lincoln rehefa niteny izy hoe: "Tsy misy zavatra itakiana ny rariny ka ho voavahan'andian'olona maro mampihatra an-keriny ny lalàna izay tian'izy ireo hampiharina."[12] Ny fampiharan'ny andian'olona an-keriny ny lalàna tiany dia fampiharana lalàna amin'ny fomba tsy ara-dalàna. Fanjakan'i Baroa izany, toe-javatra iainana izay tsy misy fitondram-panjakana mahefa sy mpitandro filaminana ara-dalàna, izay manakantsakana fa tsy miaro ny zon'ny tsirairay.

Antony iray nahatonga ireo fitokonana vao haingana teto Etazonia ho nanafintohina ny maro tokoa ny hoe tsy tokony ho tsapa aty Etazonia ireo fankahalana sy fomba fanao tsy ara-dalàna izay iainan'ireo foko isan-karazany any amin'ireo firenen-kafa. Tokony hahavita be amin'ny famongorana ny fanavakavaham-bolon-koditra ity firenena ity, tsy izay atao amin'ny Amerikana Mainty ihany, izay nisongadina indrindra tao anatin'ireo fitokonana vao haingana, fa izay atao amin'ireo Latinô sy ny Aziatika ary ireo vondrona hafa ihany koa. Nampalahelo ny tantaran'ny fanavakavaham-bolon-koditra teto amin'ity firenena ity, ary mila miala amin'izany isika.

I Etazonia dia naorin'ireo mpifindra monina avy amin'ny firenena samy hafa sy foko samy hafa. Ny tanjona nampitambarana azy ho iray dia tsy hoe hanangana fivavahana iray manokana na hampaharitra ny iray amin'ireo kolontsaina isan-karazany na ireo fomba amam-panaon'ny foko tany amin'ireo firenena zokiny. Nikatsaka ny hitambatra tamin'ny alalan'ny lalam-panorenana sy lalàna vaovao ny taranaka nanorina an'i Etazonia. Tsy midika akory izany fa tonga lafatra ireo antontan-taratasy nampitambatra antsika, na ny fahatakaran'ny olona

tamin'izany ny hevitra nofonosin'izany. Ny tantaran'ireo taonjato roa voalohany momba an'i Etazonia dia maneho fa nisy fanatsarana betsaka nilaina natao, toy ny zo handatsa-bato ho an'ny vehivavy ary indrindra fa ny fanafoanana ny fanandevozana, anisan'izany ireo lalàna izay hakana antoka fa ho afaka ny hanatanteraka ny zavatra rehetra azon'ny olona afaka atao ireo izay nandevozina.

Vao haingana ny manampahaizana anankiroa avy ao amin'ny Oniversite an'i Yale no nampahatsiahy antsika hoe:

"Na dia eo aza ireo tsy fahatanterahany, I Etazonia dia afaka manana fahafahana amin'ny fomba miavaka ny hampiray fiarahamonina ahitana karazan'olona sy mizarazara. . . .

". . . Tsy voatery hisafidy ny olompirenena ao aminy hoe hahazo ny zo maha-olon'ny firenena iray, na hiaina ao anatin'ny fifangaroan'ny kolontsaina sy ny foko maro. Afaka manana azy roa ireo ny Amerikana. Fa ny zavatra tena ilaina ao anatin'izany dia ny fitiavan-tanindrazana mifanaraka amin' ny lalam-panorenana. Tokony hijanona hitambatra ho iray amin'ny alalan'ny Lalam-panorenana isika, na dia eo asa ny tsy fitoviantsika hevitra."[13]

Taona maro lasa izay dia nanome ity torohevitra tsara ity tao anatin' ny adihevitra iray natao tao amin'ny Antenimieram-pirenena ny minisitry ny raharaham-bahiny Britanika iray hoe: "Tsy manana *olona miara-miasa* amintsika mandrakizay izany isika ary tsy manana *olona mijoro ho fahavalontsika* mandrakizay. Ny *zavatra ilaintsika sy iriantsika* no mandrakizay sy maharitra, ary ireo zavatra ilaina sy faniriana ireo no ilaintsika tanterahina."[14]

Antony tsara iray *ara-piarahamonina* hanatontosantsika ireo zavatra ilaina sy iriantsika eo amin'ny lafiny ara-pôlitika izany. Ankoatra izay dia mampianatra antsika zavatra ilaina sy iriana iray hafa maharitra mandrakizay mba hitarika antsika ny fotopampianaran'ny Fiangonan'ny Tompo: dia ny fampianaran'ny Mpamonjintsika izay nanome fitaomam-panahy hanaovana ny Lalam-panorenan'i Etazonia sy ireo lalàna fototra ao amin'ny maro amin'ireo firenentsika. Ny fahatokiana mba hametraka lalàna fa tsy ny "fitambarana hiara-hiasa" ao anatin' ny fotoana voafetra no fomba tsara indrindra hitiavana ny mpifanandrina amintsika sy ny fahavalontsika eo ampikatsahantsika ny hitambatra ho iray ao anatin'ny fahasamihafana.

Ny fahafantarana fa zanak' Andriamanitra daholo isika dia manome antsika fahatakarana araka an' Andriamanitra ny amin'ny hasarobidin'ny olona hafa rehetra sy ny fahavononana tsy hamela ny fitanilàna sy ny fanavakavaham-bolonkoditra hibaiko ny saintsika. Rehefa nipetraka nandritra ny taona maro tany amin'ny toerana samy hafa teto amin'ity firenena ity aho dia nampianatra ahy ny Tompo fa azo atao tsara ny mankatò sy mikatsaka ny hanatsara ny lalàn'ny firenentsika sy ny mitia ihany koa ireo mpifanandrina amintsika sy ny fahavalontsika. Na dia sarotra aza izany dia azo tanterahina tsara miaraka amin'ny fanampian'i Jesoa Kristy Tompontsika. Nomeny io didy io mba holalaina, ary mampanantena ny fanampiany rehefa mikatsaka ny hankatò izany isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa tiana isika ary hanampy antsika ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany Jesoa Kristy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo koa ny Lioka 6:27–28, 30.
2. Gordon B. Hinckley, "The Healing Power of Christ," *Ensign,* nôv. 1988, 59; jereo koa ny *Teachings of Gordon B. Hinckley*1997), 230.
3. Jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:5.
4. Jereo koa ny Matio 22:21; Marka 12:17.
5. Thomas S. Monson, "School Thy Feelings, O My Brother," *Liahona,* nôv. 2009, 68.
6. Jereo ny Becky and Bennett Borden, "Moving Closer: Loving as the Savior Did," *Ensign,* 24 sept. 2020.
7. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 5:517. Tahaka izany ihany, i Martin Luther King Jr. (1929–1968) dia niteny hoe: "Ny famaliana ny herisetra amin'ny herisetra, dia mampitombo ny herisetra, ary manampy haizin-kitroka ny alina iray izay tsy ahitana kintana. Tsy afaka mandroaka ny haizina ny haizina, fa ny hazavana ihany no afaka manao izany. Tsy afaka mandroaka ny fankahalana ny fankahalana, fa ny fitiavana ihany no afaka manao izany" (*Where Do We Go from Here: Chaos or Community?* [2010], 64–65).
8. *Enseignements des présidents de l'Eglise: Howard W. Hunter* (2015), 263.
9. Russell M. Nelson, "Blessed Are the Peacemakers, *Liahona,*Nov. 2002; jereo koa ny *Teachings of Russell M. Nelson*2018), 83.
10. Jereo ny "A House Divided," *The Economist,* 5 sept. 2020, 17–20.
11. Theresa A. Dear, "America's Tipping Point: 7 Ways to Dismantle Racism," *Deseret News,* 7 jona, 2020, A1.
12. Lahateny iray natao tao amin'ny Lisea an'ny Zatovolahy tao Springfield, Illinois (27 jan. 1838); nindramina ao amin'ny John Bartlett, *Bartlett's Familiar Quotations,* 18th ed. (2012), 444.
13. Amy Chua and Jed Rubenfeld, "The Threat of Tribalism," *Atlantic,* Oct. 2018, 81, theatlantic.com.
14. Henry John Temple, Viscount Palmerston, remarks in the House of Commons, Mar. 1, 1848; in Bartlett, *Bartlett's Familiar Quotations,* 392; nampiana fanamafisana.




*Bangalore, Inde*



Fivoriana sabotsy tolakandro | 3 Ôktôbra 2020

Natolotry ny Filoha Henry B. Eyring
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Fanohanana ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondromparitra ary ireo Mpiandraikitra Ambony

Ry rahalahy sy anabavy, ankehitriny aho dia hanolotra aminareo ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondromparitra ary ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana mba hotohananareo.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Russell Marion Nelson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; i Dallin Harris Oaks amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary i Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Dallin H. Oaks ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary i M. Russell Ballard ho Filoha mpisolo toerana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, ary Ulisses Soares.



*Chiba, Japana*

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany koa.

Nisaoranay ny Loholona isany L. Whitney Clayton, Enrique R. Falabella, ary Richard J. Maynes tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary omena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra izy ireo.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo Rahalahy ireo sy ny fianakavian'izy ireo noho ny asa fanompoana miavaka izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Nisaoranay ny Loholona L. Todd Budge tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy.

Ireo rehetra izay te hisaotra azy noho ny fanompoana nataony, dia ataovy izany amin'ny alalan'ny fananganana tanana azafady.

Nisaoranay ny eveka isany Dean M. Davies sy W. Christopher Waddell tamin'ny naha-mpanolotsaina voalohany sy faharoa azy ireo tao amin'ny Episkôpà Mpiahy.

Ireo izay maniry ny haneho fankasitrahana ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana feno fandavan-tena nataony dia afaka maneho izany.

Nisaoranay ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondromparitra azy ireo: Ruben Acosta, René R. Alba, Alberto A. Alvarez, Vladimir N. Astashov, José Batalla, Bradford C. Bowen, Sergio Luis Carboni, Armando Carreón, S. Marc Clay Jr., Z. Dominique Dekaye, Osvaldo R. Dias, Michael M. Dudley, Mark P. Durham, E. Xavier Espinoza, James E. Evanson, Paschoal F. Fortunato, Sam M. Galvez, Patricio M. Giuffra, Leonard D. Greer, Daniel P.

Hall, Toru Hayashi, Paul F. Hintze, Adolf J. Johansson, Wisit Khanakham, Seung Hoon Koo, Pedro X. Larreal, Johnny L. Leota, José E. Maravilla, Joel Martinez, Joaquim J. Moreira, Isaac K. Morrison, Eduardo A. Norambuena, Ferdinand P. Pangan, Jairus C. Perez, Steven M. Petersen, Jay D. Pimentel, Edvaldo B. Pinto Jr., Alexey V. Samaykin, K. David Scott, Rulon F. Stacey, Karl M. Tilleman, William R. Titera, Carlos R. Toledo, Cesar E. Villar, David T. Warner, Gary K. Wilde, ary William B. Woahn.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay noho ny asa fanompoana tena tsara nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Noho ny fisaorana ny Loholona L. Whitney Clayton tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy sy nanendrena azy ho mpanompo nahavita asa tamimboninahitra, dia nisaorana ihany koa izy tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny Fiadidianny Fitopololahy.

Nantsoina ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ny Loholona Brent H. Nielson, ary arosonay ny hanohanana azy.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Ireo tsy manohana mba haneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Dean M. Davies ho Fitopololahy Manampahefana Ambony.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i W. Christopher Waddell ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpà Mpiahy sy i L. Todd Budge ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpà Mpiahy.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Izay manohitra dia hanao toy izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondromparitra vaovao: Laurian P. Balilemwa, Jonathon W. Bunker, Enrique R. Mayorga, ary Konstantin Tolomeev.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondromparitra ary ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana araka izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany koa.

Ireo izay nanohitra na iza na iza tamin'ireo anarana naroso teo dia tokony hifandray amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Ry rahalahy sy anabavy, mankasitraka anareo izahay noho ny finoana tsy tapaka asehonareo sy ny vavaka ataonareo ho an'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana. ■



*Bangalore, Inde*



*Temecula, Californie, Etazonia*



Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Fiarahamonina maharitra

*Raha maro isika sy ny mpiara-belona amintsika no miezaka mitarika ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra, dia ho sesehena ireo toetra amam-pitondrantena tsara ilain'ny fiarahamonina rehetra.*

Tena amboarampeo mahafinaritra nihira momba ny Mpamonjy mahafinaritra izany.

Tamin'ny 2015 dia nampihatra ny atao hoe "Drafitra 2030 ho an'ny fandrosoana maharitra" ny Firenena Mikambana. Izany dia voafaritra hoe "drafitra ifampizarana iray hahatongavana amin'ny fandriampahalemana sy ny firoboroboana ho an'ny olona sy izao tontolo izao, amin'izao sy amin'ny ho avy." Ahitana tarigetra miisa 17 ho tratrarina mialoha ny taona 2030 ny Drafitra ho an'ny fandrosoana maharitra, toy ny hoe: fongotra ny fahantrana, foana ny hanohanana, fanabeazana tsara kalitao, miralenta eo amin'ny maha-lahy sy ny maha-vavy, rano madio sy fidiovana, ary asa mendrika.[1]

Ny foto-kevitry ny fandrosoana maharitra dia sady mahaliana no manan-danja. Fa ny tokony hahamaika kokoa anefa dia ny mahakasika ny hoe fiarahamonina mahatana ireo soatoaviny, izay raharaha mivelatra kokoa. Inona avy ireo zavatra fototra hampaharitra ny fiarahamonina miroborobo iray, izay hanome vahana ny fahasambarana, ny fivoarana, ny fandriampahalemana, ary izay mahasoa ny olona ao aminy? Manana rakitsoratra farafahakeliny anankiroa momba ny fiarahamonina miroborobo toy izany isika ao amin'ny soratra masina. Inona no azontsika ianarana avy amin'izy ireo?

Tamin'ny andro fahiny, i Enoka patriarika sy mpaminany lehibe dia nitory fahamarinana ary "naoriny ny tanàna izay nantsoina hoe ny Tanànan'ny Fahamasinana, dia i Ziona."[2] Voalaza ao fa "ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe i Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina ary niaina tamim-pahamarinana; ary tsy nisy mahantra teo anivony."[3]

"Ary notahin'ny Tompo ny tany ary izy ireo dia notahina teny antendrombohitra sy teny amin'ny toerana avo ka niroborobo."[4]

Ny vahoaka tany amin'ny Ilabolantany andrefana tamin'ny taon-jato voalohany sy faharoa izay fantatra amin'ny hoe Nefita sy Lamanita dia ahitana taratra ny ohatra miavaky ny fiarahamonina mandroso. Taorian'ny fanompoana miavaky ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty teo anivon'izy ireo dia "nandeha kosa araka ny didy izay efa noraisiny avy tamin'ny Tompony sy Andriamaniny [izy ireo], nitozo tamin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana, ary tamin'ny fiarahana mivory matetika mba hivavaka sy handre ny tenin'ny Tompo. . . .

"Ary tsy nisy fialonana, na adiady, na tabataba, na fijangajangana, na fandaingana, na vonoan'olona, na izay mety ho fomban'ny fahalotoam-pitondratena; ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon'ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tànan' Andriamanitra."[5]

Nampaharitra ireo fiarahamonina ao amin'ireo ohatra roa ireo ny fitahiana avy any an-danitra izay nihanitombo noho ny fanoloran-tena tsara alain-tahaka nasehon'izy ireo tamin'ireo didy roa lehibe indrindra hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra" sy ny hoe "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[6] Nankatò an' Andriamanitra teo amin'ny fiainany manokana izy ireo ary nifampitsinjo teo amin'ny lafiny ara-nofo sy ara-panahy. Araka ny teny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ireo fiarahamonina ireo dia nahitana fa "ny olona tsirairay dia [n]ikatsaka ny tombontsoan'ny namany sy [n]anao ny zavadrehetra [t]amin'ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra."[7]

Mampalahelo anefa, araka ny fanamarihana nataon'ny Loholona Quentin L. Cook aninkeo maraina, fa tsy naharitra hatramin'ny taon-jato faharoa ilay fiarahamonina filamatra voafariparitra ao amin'ny 4 Nefia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Tsy misy ny antoka ahafahan'ny zavatra iray mijanona amin'izay toetrany eo, ary ny fiarahamonina miroborobo dia mety hivarina rehefa mandeha ny fotoana raha toa ka miala amin'ireo soatoavina fototra izay manohana ny fandriampahalemany sy ny firoboroboany. Teto amin'ity tranga ity, ny olona dia voasinton'ny fakam-panahin'ny devoly, ka "nanomboka ho nizarazara ara-tsaranga; ary nanomboka nanorina fiangonana ho an'ny tenany izy hahazoana tombony ary nanomboka nandà ny tena fiangonan'i Kristy."[8]

"Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny telonjato taona, dia efa nanjary ratsy izaitsizy tokoa na ny vahoakan'i Nefia na ny Lamanita, ny andaniny tahaka ny ankilany."[9]

Rehefa nifarana ny taonjato iray hafa dia vahoaka an-tapitrisany no maty tamin'ny ady an-trano nifandringanan'izy ireo ary ilay firenena nirindra teo aloha dia lasa foko niady lava sisa.

Rehefa mandinika momba izany sy ireo ohatra hafa ana fiarahamonina niroborobo fahiny izay nivarina taty aoriana dia heveriko fa marina ny hoe rehefa mivadika amin'ny maha tompon'andraikitra azy ireo eo anatrehan' Andriamanitra ny olona ka manomboka matoky ny "sandry nofo", dia tonga ny loza. Ny hoe "mametraka fitokisana amin'ny sandry nofo" dia tsy mirahara-ha ny Mpamorona araka an' Andriamanitra ny zon'olombelona sy ny hasin'ny olombelona ka mametraka ho laharampahamehana faratampony ny harena, fahefana, ary ny fankasitrahan'izao tontolo izao (sady maneso sy manenjika matetika an'ireo izay manaraka fenitra hafa ihany). Etsy ankilan'izay, ireo olona ao anatin'ny fiarahamonina maharitra dia mikatsaka, tahaka ny Mpanjaka Benjamina, ny "hitombo ao amin'ny fahalalana ny voninahitr'ilay nahary [azy], na ao amin'ny fahalalana an'izay mahitsy sy marina."[10]

Ny rafitry ny fianakaviana sy ny fivavahana dia tena nilaina hatrany tamin'ny fanomezana an'ny isambatan'olona sy ny fiarahamonina ireo soatoavina izay hanohana ny fiarahamonina maharitra iray. Ireo soatoavina ireo, izay mifototra amin'ny soratra masina, tafiditra ao anatin'izany ny fahitsian-toetra, ny fandraisana andraikitra sy ny maha-tompon'andraikitra, ny fangorahana, ny fanambadiana sy ny fahatokiana ao anatin'ny fanambadiana, ny fanajana ny hafa sy ny fananan'ny hafa, ny asa fanompoana, ary ny ilana ny asa sy ny fahamendrehan'izany, sy ny hafa tsy voatanisa.

I Gerard Baker, izay mpamoaka lahatsoratra iray, dia nanoratra tao amin'ny *Wall Street Journal* tany amboalohandohan'ity taona ity, nanome vonihanitra an'i Frederick Baker rainy tamin'ny faha-100 taona nitsingerenan'ny taona nahaterahan'ny rainy. Naminavina ny antony naha ela velona ny rainy i Baker, fa avy eo kosa izy dia nanampy an'izao eritreritra izao:

"Na dia maniry ny hahafantatra ny tsiambaratelon'ny maha ela velona aza isika rehetra dia matetika aho no mahatsapa fa tsaratsara kokoa ny hanokanantsika fotoana bebe kokoa hamafantarana ny zavatra mahatonga ny fiainana ho tsara, na hafiriana na hafiriana taona omena antsika. Raha ny momba izay dia azoko antoka fa fantatro ny tsiambaratelon'ny raiko.

"Izy dia niaina tao anatin'ny vanimpotoana izay nanomezan-danja ny adidy eo amin'ny fiainana fa tsy ny fiheverana ny tena ho manan-jo foana, ary ny maha tompon'andraikitra eo amin' ny fiarahamonina fa tsy ny tombontsoa manokana. Tamin'ny taonjato nahavelona azy dia ny fahatsapana ho manana adidy eo anatrehan'ny fianakaviana sy Andriamanitra ary ny firenena no fitsipika fototra namporisika ny olona.

"Tao anatin'ny fotoana nanjakan'ny voka-dratsy nateraky ny faharavan'ny fianakaviana, dia vady mahatoky efa ho 46 taona ny raiko ary ray mpanefa ny adidiny tamin'ny zanaka enina. Ny fotoana tena nanehoany indrindra ny fanohanany sy ny maha-tena ilaina azy dia tamin'ny fotoana niaretan'ny ray aman-dreniko ilay loza tsy hay heverina tamin'ny famoizana zanaka. . . .

"Ary tamin'ny fotoana izay nampihen-danja hatrany ny fivavahana dia mbola Katôlika tena izy sy nahatoky ary nanana finoana tsy azo hozongozonina tamin'ireo fampanantenan'i Kristy hatrany ny raiko. Indraindray tokoa aho dia mieritreritra fa ela velona izy satria tsara fiomanana kokoa hiatrika ny fahafatesana raha mitaha amin'ny olona rehetra fantatro.

"Lehilahy sambatra aho—nahazo fanabeazana tsara, fianakaviana mahafinaritra, ary fahombiazana kely araka izao tontolo izao izay tsy mendrika ny ho azoko. Fa na dia feno fankasitrahana sy mirehareha tahaka ny ahoana aza aho dia takon'ny rehareha sy fankasitrahana ananako noho ilay lehilahy tsy be fisehosehoana na



*Pechanga Indian Reservation, Californie Etazonia*

fihetsiketsehana izany, tsy niandrandra valisoa na fankasitrahana, fa nanatanteraka, efa ho zato taona izao ireo adidy aman'andrakitra tsotra ary nanana fifaliana tamin'ny fananana fiainana marina sy mendrika taty aoriana."[11]

Tao anatin'ireo taona faramparany dia nihena ny lanjan'ny fivavahana sy ny finoana tao amin'ny firenena maro. Mihamitombo hatrany ny olona mihevitra fa ny finoana an' Andriamanitra sy ny fanoavana Azy dia tsy ilaina mba hahazoana fahitsiana arapitondran-tena na eo amin'ny olontokana izany na ny fiarahamonina ao amin'izao tontolo izao ankehitriny.[12] Inoako angamba fa isika rehetra dia hanaiky fa ireo izay milaza ho tsy manana finoana arahina dia afaka ny ho tonga, ary matetika mihitsy no olona tsara sy tsara fitondran-tena. Tsy ekentsika kosa anefa ny hoe tsisy hidiran'ny fitaoman' Andriamanitra ny fahatanterahan'izany. Ny fahazavan'i Kristy no tiako hiaviana amin'izany. Nanambara ny Mpamonjy hoe, "Izaho no fahazavana marina izay manazava ny olona rehetra izay tonga eo amin'izao tontolo izao."[13] Na mahatsapa izany izy na tsia, ny lehilahy, vehivavy, ary ankizy avy amin'ny finoana, toerana, ary vanim-potoana tsirairay dia nomena ny Fahazavan'i Kristy ka noho izany dia afaka mahafantatra ny mety sy ny tsy mety izay antsointsika matetika hoe feon'ny fieritreretana.[14]

Na dia izany aza, rehefa ny fampihenan-danja ny fivavahana no

mampisaraka ny fahitsian'ny tena manokana sy ny an'ny fiarahamonina amin'ny fahatsapana ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra dia toy ny manapaka ny zava-maniry amin'ny fakany izany. Ny fianteherana amin'ny kolontsaina sy fombafomba fotsiny dia tsy ho ampy hampaharitra ny fahatsaran-toetra ao amin'ny fiarahamonina. Rehefa tsy manana andriamanitra mihoatra ny tenany ny olona iray ary tsy mikatsaka izay tsaratsara kokoa ankoatra ny fanomezana fahafaham-po ny filany sy ny zavatra tiany dia hiseho amin'ny fotoana mahamety azy ny vokadratsin'izany.

Raha fanomezan-dalana avy amin'ny olona iray ihany ohatra no hany manakana ny tsy hanaovan'ny olona firaisana ara-nofo ao anatin'ny fiarahamonina iray dia fiarahamonina mihapotika izany. Ny fijangajangana, ny filibana, ny fiterahana ivelan'ny fanambadiana,[15] ary ny fanalan-jaza an-tsitrapo dia ampahany monja amin'ireo vokadratsy izay mihanaka avy amin'ny tsy fahadiovam-pitondrantena tohanan'ny hetsi-panovana ara-pitondrantena. Ny zava-misy aterak'izany izay manakana ny faharetan'ny fiarahamonina miroborobo iray dia ahitana ny fitomboan'ny ankizy izay lehibe ao anaty fahantrana ary tsy mihanoka ny fitarihana mahasoa avy amin'ny rainy, indraindray mandritra ny taranaka mifandimby maromaro mihitsy, ny vehivavy mizaka irery ireo andraikitra izay tokony nifampizarana, ary ny fanabeazana mandringa izaitsizy satria ireo sekoly, toy ireo rafitra hafa, dia asaina hanolo toerana ny tsy fahombiazana ao an-tokantrano.[16] Manampy ireo fanitsakitsahana ny fenitry ny fiainam-piaraha-monina ireo ny tranga maro tsy voatanisa amin'ny alahelo sy fahakiviana mahazo ny olona—ny fampijaliana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po izay sady mangeja ny meloka no mampijaly ny tsy manan-tsiny.

Nitory i Nefia hoe:

"Eny, lozan'izay mihaino ny fampianaran'olombelona ka mandà ny fahefan' Andriamanitra sy ny fanomezana ny Fanahy Masina! . . .

". . . Lozan'ireo izay mangovitra sady tezitra noho ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra!"[17]

Etsy ankilan'izay kosa, ny hafatra mahafaly ho an'ireo zanatsika sy ny olombelona rehetra dia ny hoe manoro lalana tsaratsara kokoa "ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra" na, araka ny voalazan'i Paoly hoe "[ny] lalana tsara indrindra,"[18] lalana mankamin'ny fahasambaran'ny tena manokana sy ny firoboroboan'ny fiarahamonina amin'izao ary fiadanana sy fifaliana mandrakizay amin'ny fiainana ho avy.

Ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra dia entina hilazana ireo fahamarinana fototra izay mandrafitra ny drafiny ho an'ny fahasambaran'ireo zanany. Ireo fahamarinana ireo dia ny hoe velona Andriamanitra; fa Izy no Ray any An-danitry ny fanahintsika. Ho fanehoana ny fitiavany dia nomeny didy izay mitarika ho amin'ny fahafenoan'ny fifaliana miaraka Aminy isika. I Jesoa Kristy no Zanak' Andriamanitra sy Mpanavotra antsika. Nijaly sy maty mba hisolo voina ny fahotana Izy raha mibebaka isika. Nitsangana tamin'ny maty Izy, nanatanteraka ny Fitsanganana amin'ny maty ho an'ny olombelona rehetra; ary isika rehetra dia hijoro eo anatrehany mba hotsaraina, izany hoe tompon'andraikitra ny amin'izay nanaovantsika ny fiainantsika.[19]

Sivy taona tao anatin'ilay nantsoina hoe "fitondran'ny mpitsara" ao amin'ny Bokin'i Môrmôna i Almà mpaminany dia nametra-pialana tamin'ny toerany tamin'ny naha lehiben'ny mpitsara azy mba hanokanana fotoana feno ho amin'ny fitarihana ny Fiangonana. Ny tanjony dia ny handray andraikitra eo anatrehan'ny avonavona, ny fanenjehana, ary ny fitiavam-bola tafahoatra izay tsy nitsaha-nitombo teo anivon'ny vahoaka, ary teo anivon'ny mpikamban'ny Fiangonana indrindra indrindra.[20] Araka ny fanamarihana nataon'ny Loholona Stephen D. Nadauld indray mandeha hoe, "ny fanapahan-kevitra nentanimpanahy noraisin'i[ Almà] dia ny tsy handany fotoana kokoa amin'ny fiezahana hamorona sy hampihatra lalàna vaovao mba hanitsiana ny fitondran-tenan'ny vahoakany, fa ny hiteny amin'izy ireo kosa ny tenin' Andriamanitra, hampianatra azy ireo ny fotopampianarana ary hahatonga ny fahatakaran'izy ireo ny drafitry ny fanavotana hitarika azy ireo hanova ny fitondran-tenany."[21]

Maro ny zavatra azontsika atao amin'ny maha mpiara-belona sy olom-pirenena antsika mba hitondrana anjara biriky amin'ny fihazonana ny soatoavina sy ny fampiroboroboana ireo fiarahamonina misy antsika, ary tena marina fa ny asa fanompoana fototra indrindra sy maharitra indrindra azontsika atao dia ny mampianatra sy miaina araka ireo fahamarinana ao anatin'ny drafitra lehiben' Andriamanitra ho an'ny fahasambarana. Araka ny voalaza ao amin'ilay hira ao amin'ny fihirana hoe:

*Ny finoan'ireo ray tany aloha,*
*No hitiavana ireo sakaiza amampahavalo amin'izay rehetra manjo,*
*Ary hitoriana aminao ihany koa,*
*Amin'ny alalan'ny fitiavana sy ohatra ary teny soa.*[22]

Raha miezaka ny handray fanapahan-kevitra sy hitarika ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra ny maro amintsika sy ny mpiara-monina amintsika, dia ho sesehena ireo toetra amam-pitondrantena tsara ilain'ny fiarahamonina rehetra.

Noho ny fitiavany dia nomen'ny Raintsika any An-danitra ny Zanany Lahitokana, Jesoa kristy, mba hanantsika fiainana mandrakizay.[23]

"[I Jesoa Kristy] dia tsy manao na inona na inona afa-tsy izay ho tombontsoan'izao tontolo izao; satria tia izao tontolo izao Izy ka nomeny na dia ny ainy aza mba hisarihany ny olona rehetra hanatona Azy. Noho izany Izy dia tsy mandidy na iza na iza tsy handray anjara amin'ny famonjeny.

"Indro, moa misy antsoiny va ka ataony hoe: Mialà Amiko? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; fa hoy kosa Izy: Avia aty Amiko ianareo rehetra faran' ny tany, mividiana ronono sy tantely, nefa tsy amim-bola na amin-karena."[24]

Izany no ambarantsika "amin'ny fahononam-po, amin'ny fanahin'ny

fahamorana,"[25]sy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "The 17 Goals," United Nations Department of Economic and Social Affairs website, sdgs.un.org/goals.
2. Mosesy 7:19.
3. Mosesy 7:18.
4. Mosesy 7:17.
5. 4 Nefia 1:12, 16.
6. Matio 22:37, 39.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:19.
8. 4 Nefia 1:26.
9. 4 Nefia 1:45.
10. Môzià 4:12.
11. Gerard Baker, "A Man for All Seasons at 100," *The Wall Street Journal,* Feb. 21, 2020, wsj.com.
12. Jereo ny Ronald F. Inglehart, "Giving Up on God: The Global Decline of Religion," *Foreign Affairs,*Sept./Oct. 2020, foreignaffairs.com; jereo koa ny Christine Tamir, Aidan Connaughton, and Ariana Monique Salazar, "The Global God Divide: Majorities in Emerging Economies Connect Belief in God and Morality," Pew Research Center, July 20, 2020, pewresearch.org.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:2; jereo koa ny Môrônia 7:16, 19.
14. Jereony Boyd K. Packer, "The Light of Christ," *Liahona,* Apr. 2005, 10; jereo koa ny D. Todd Christofferson, "Truth Endures," *Religious Educator,* vol. 19, no. 3 (2018), 6.
15. Raha manolotra io ohatra io aho dia ireo vokadratsy mety hitranga amin'ny ankizy no lazaiko fa "voa mangidy" fa tsy ireo ankizy mihitsy akory. Sarobidy ny zanak'Andriamanitra rehetra, ary manan-danja tsy voavidy vola ny fiainana rehetra na inona na inona toe-javatra miseho teo amin'ny fahaterahana.
16. Ahitana ohatra dia jereo ny: Pew Research Center, "The Changing Profile of Unmarried Parents," Apr. 25, 2018, pewsocialtrends.org; Mindy E. Scott and others, "5 Ways Fathers Matter," June 15, 2016, childtrends.org; sy ny Robert Crosnoe and Elizabeth Wildsmith, "Nonmarital Fertility, Family Structure, and the Early School Achievement of Young Children from Different Race/ Ethnic and Immigration Groups," *Applied Developmental Science,* vol. 15, no. 3 (July–Sept. 2011), 156–70.
17. 2 Nefia 28:26, 28.
18. 1 Korintiana 12:31.
19. Jereo ny Almà 33:22.
20. Jereo ny Almà 4:6–19.
21. Stephen D. Nadauld, *Principles of Priesthood Leadership*( 1999), 13; jereo koa ny Almà 31:5.
22. "Faith of Our Fathers," *Hymns,* lah. 84.
23. Jereo ny Jaona 3:16.
24. 2 Nefia 26:24–25; jereo koa ny 2 Nefia 26:33.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:7.





Nataon'i Steven J. Lund
*Filohan'ny Zatovolahy maneran-tany*


# Mahita fifaliana ao amin'i Kristy

*Ny fomba azo antoka indrindra ahitana fifaliana eto amin'ity fiainana ity dia ny fiarahana amin'i Kristy amin'ny fanampiana ny hafa.*

Tsy mangataka ny zatovontsika ao amin'ny Fisoronana Aharôna mba hanao ny zava-drehetra ny Tompo; fa ny zavatra angatahany dia tena mahatalanjona.

Taona vitsy lasa izay dia nandalo ny zavatra andalovan'ny fianakaviana maro eto amin'ity tontolo lavo ity ny fianakaviana kelinay. Tratry ny homamiadana i Tanner Christian Lund zanakay faralahy. Fanahy nahatalanjona izy toy ny ankamaroan'ny zaza sivy taona. Tia sangisangy be izy no sady nahavariana be ihany koa ny aim-panahiny. Sady nadiditra izy no anjely kely. Fony izy mbola kely sady nanahirana anay isan'andro tamin'ny ditraditra nataony dia nanontany tena izahay hoe ho lasa mpaminany ary ve izy sa ho lasa mpandroba banky. Na izany na tsy izany dia toa hametraka marika eto amin'izao tontolo izao izy.

Avy eo dia lasa narary mafy izy. Nahavita zavatra tsy mampino ny fitsaboana maoderina nandritra ireo telo taona nanaraka mba hamonjena ny ainy, tafiditra tao anatin'izany ny fandidiana anankiroa famindrana tsoka tao aminy izay nahatonga azy ho voan'ny pnemônia, ka nitaky ny fampiasany fitaovana manampy amin'ny fisefoana sady tsy nahatsiaro tena nandritra ny 10 herinandro. Nihatsara tamim-pahagagana nandritra ny fotoana fohy izy; dia niverina indray anefa ilay homamiadana avy eo.

Fotoana fohy talohan'ny nahafatesany dia nandrakotra ny taolany ilay homamiadana ary na dia nampiasa fanafody fanamaivanana fanaintanana aza izy dia mbola nijaly ihany. Zara izy raha afaka nitsangana avy teo ampandriana. Indray alahady maraina



*Taboão de Serra, São Paulo, Brésil*


*Apia, Samoa*

dia niditra tao an'efiny i Kalleen reniny, mba hijery azy alohan'ny handehanan'ny fianakaviana any am-piangonana. Gaga izy nahita azy nahavita niakanjo irery ary nipetraka teo amin'ny sisim-pandriany, sahirana tamin'ny bokotra iray teo amin' ny lobany. Nipetraka teo akaikiny i Kalleen. "Tanner a" hoy izy, "vitanao ve ny handeha any am-piangonana? Sao dia tokony hijanona ato an-trano ianao ary haka aina androany."

Nandinika ny gorodona izy. Diakona izy tamin'izany. Nanana kôlejy izy. Ary nanana andraikitra.

"Tokony hizara ny fanasan'ny Tompo aho androany."

"Mino aho fa misy olona afaka hanao izany amin'ny toeranao."

"Eny," hoy izy "saingy . . . hitako ny fomba fijerin'ny olona ahy rehefa mizara ny fanasan'ny Tompo aho. Hitako hoe manampy azy ireo izany."

Koa dia nanampy azy nanidy ny lobany sy namatotra ny karavatony i Kalleen ary avy eo dia nankany am-piangonana izy ireo. Tena nazava fa nisy zavatra manan-danja nitranga.

Avy namonjy fivoriana hafa aho no nankany am-piangonana ary gaga raha nahita an'i Tanner nipetraka teo amin'ny sezan'ireo diakona. Nolazain'i Kalleen moramora tamiko ny antony nahateo azy sy ny zavatra noteneniny: "Manampy olona izany."

Koa dia nandinika ireo diakona nanatona ny latabatry ny fanasan'ny Tompo aho. Niankina moramora teo amin'ny diakona iray hafa izy raha nanolotra ny lovia misy ny mofo tamin'izy ireo ireo mpisorona. Taorian'izany dia nankeny amin'ny toerana natokana ho azy i Tanner ary nihazona ilay dabilio mba tsy hianjera raha nanolotra ny fanasan'ny Tompo.

Toa nitodika tany aminy avokoa ny maso rehetra, nalahelo noho ny fahasahiranany rehefa nanao ilay anjarany izay tena tsotra izy. Nahavita nampita lesona mangina i Tanner, raha nitety dabilio tamin'ny fomba manetriketrika, ny lohany sady sola no tsemboka, nisolo tena ny Mpamonjy toy ny ataon'ny diakona. Ny vatan'ity diakona tsy nanaiky lembenana taloha ity dia azo lazaina hoe voatorotoro sy vaky ary potipotika, nanaiky hijaly an-tsitrapo mba hanompo amin'ny fitondrana ireo tandindon'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika.

Ny fandinihana ny fiheverany ny maha-diakona azy dia nanova ny fijerinay ihany koa, momba ny fanasan' ny Tompo, momba ny Mpamonjy, ary momba ireo diakona sy mpampianatra ary mpisorona.

Mahavariana ahy ilay fahagagana mangina nanosika azy tamin'io maraina io hamaly amin'ny herim-po an'ilay antso malefaka sy tony hanompo, ary ny tanjaka sy ny fahaizan'ireo zatovo vao misondrotra rehefa manosika ny tenan'izy ireo hamaly ny antson'ny mpaminany mba hirotsaka amin'ny tafik' Andriamanitra ary hanao ny asa famonjena sy fisandratana izy ireo.

Isaky ny mihazona ny lovia fampiasa amin'ny fanasan'ny Tompo ny diakona iray dia tsaroantsika ilay tantara masin'ny Fanasana farany, sy ny Getsemane, sy ny Kalvary ary ilay zaridaina nisy ny fasana. Rehefa nilaza tamin'ny Apôstôliny ny Mpamonjy hoe: "Izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy,"[1] dia niresaka tamin'ny tsirairay amintsika ihany koa Izy Niresaka momba ny fahagagana tsy manam-piafarana izay ho tolorany amin'ny maha-diakona sy mpampianatra ary mpisorona any aoriana azy Izy rehefa manolotra ny tandindony sy manasa ireo zanany mba hanaiky ny fanomezany mitondra fanavotana.

Ireo tandindona rehetra ao amin' ny fanasan'ny Tompo dia manondro izany fanomezana izany. Mandinika ilay mofo izay novakiany tamin'izany isika, ary ny mofo izay potipotehan'ireo mpisorona eo anoloantsika amin'izao. Mieritreritra ny dikan'ilay rano voatokana tamin'izany sy ankehitriny isika rehefa miampita avy eo am-bavan'ireo mpisorona ho ao anaty fontsika sy any an-danitra amin'ny fomba manetriketrika ny vavaky ny fanasan'ny Tompo, izay fanavaozana ireo fanekempihavanana mampifandray antsika amin'ny herin'ny famonjen'i Kristy mihitsy. Afaka mieritreritra isika ny hoe midika inona ny diakona mitondra ny tandindona masina mankeo amintsika, mijoro amin'ny toerana izay mety hijoroan'i Jesoa raha teo Izy, manolotra ny hanamaivana ny entamavesatra sy ny fanaintainantsika.

Soa ihany fa tsy mila marary ireo zatovolahy sy zatovovavy vao afaka mahalala ny fifaliana sy ny tanjona amin'ny fanompoana ny Mpamonjy.

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar fa mba hahafahantsika mivoatra sy lasa *tahaka* ireo misiônera dia tokony manao ny *ataon'* ireo misiônera isika ary avy eo, "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra ary fitsipika anampy fitsipika, . . . dia afaka ny ho tonga tsikelikely ilay misiônera . . . andrasan'ny Mpamonjy [isika]."[2]

Torak'izany koa, raha maniry ny ho "lasa tahaka an'i Jesoa"[3] isika dia tokony hanao ny ataon'i Jesoa, ary tao anatin'ny fehezan-teny tena mahatalanjona iray dia nanazava ny zavatra ataony ny Tompo: Hoy izy hoe, "Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."[4]

Ny asa nanirahana ny Mpamonjy hatramin'izay sy amin'ny mandrakizay dia ny hanompo ny Rainy amin'ny famonjena ireo zanany.

Ary ny fomba azo antoka indrindra ahitana fifaliana eto amin'ity fiainana ity dia ny fiarahana amin'i Kristy amin'ny fanampiana ny hafa.

Izany no fahamarinana tsotra izay nipoiran'ilay fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo.

Ireo zavatra rehetra atao sy ireo fampianarana rehetra ao amin'ny Ankizy sy Zatovo dia miompana amin'ny fanampiana ireo tanora ho lasa tahaka an'i Jesoa amin'ny alalan' ny fiarahana Aminy amin'ny fanaovana ny asany ho amin'ny famonjena sy fisandratana.

Ny Ankizy sy Zatovo dia fitaovana hanampiana ny ankizy ao amin'ny Kilonga sy ny zatovo rehetra hitombo ao amin'ny maha-mpianatra azy ary hahazo fomba fijery feno finoana ny amin'ny hoe manao ahoana ny lalana mitondra amin'ny fahasambarana. Hianatra ny hiandrandra sy hikaroka ireo fiantsonana sy ireo famantarana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izy ireo, ho atao batisa sy handray ny fanomezana ny Fanahy Masina ary avy eo ho mpikambana ao anaty kôlejy sy kilasin'ny Zatovovavy, ary hahatsapa ny fifaliana avy amin'ny fanampiana ny hafa amin'ny alalan'ireo asa fanompoana maro tahaka ny an'i Kristy ho ataon'izy ireo. Hametraka tanjona lehibe sy kely izy ireo, izay hitondra fandanjalanjana eo amin'ny fiainany raha eo am-piezahana ho lasa tahaka ny Mpamonjy izy ireo. Ireo fihaonambe sy gazetiboky Ho zatovo mahery sy ny *Namana,* ary ny application Vivre l'Évangile dia hanampy azy ireo hifototra amin'ny fahitana fifaliana ao amin'i Kristy. Hiandrandra ireo fitahiana avy amin'ny fihazonana fahazoandalana voafetra ho any amin'ny tempoly izy ireo ary maro no hahatsapa ny fanahin'i Elia amin'ny alalan'ny fitaoman'ny Fanahy Masina rehefa mikatsaka ireo fitahian'ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana. Ho tarihana amin'ny alalan'ny tsodranon'ny patriarika izy ireo. Rehefa tonga ny fotoana dia hahita ny tenany hiditra ny tempoly izy ireo mba ho tafiana amin'ny hery sy hahita fifaliana any rehefa ho tafaray mandrakizay amin'ny fianakavian'izy ireo, na inona na inona hitranga.

Eo anatrehan'ny tafiotry ny aretimandringana sy ny loza isan-karazany dia mbola andalam-pivoarana ny fanatanterahana ny tena tanjon'ilay fandaharan'asa vaovao Ankizy sy Zatovo, saingy an-kamehana ny tokony hanaovana izany. Tsy afaka miandry an'izao tontolo izao hilamina ireo zatovontsika vao ho tonga amin'ny fahafantarana ny Mpamonjy. Ny sasany amin'izy ireo dia mandray fanapahan-kevitra amin'izao mihitsy, fa tsy ho raisin'izy ireo raha fantany hoe iza tokoa izy ireo ary iza tokoa Izy.

Noho izany ny antso maika hamonjy ny tafik' Andriamanitra ho amin'ilay fiomanana manan-danja indrindra dia ny hoe "Tongava daholo!"

Ry reny sy ray, ny zanakareo lahy dia mila ny fanohananareo feno fahalianana mihoatra ny taloha tamin'izy ireo variana tamin'ny zavatra kely toy ny mari-pamantarana sy ny petatratra. Ry reny sy ray, ry mpitarika ny fisoronana sy mpitarika ny Zatovovavy, raha sahirana ireo zatovonareo dia hanampy amin'ny fitondrana azy ireo ho eo amin'ny Mpamonjy ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo, ary hitondra fiadanana ho azy ireo ny Mpamonjy.[5]


Salzbourg, Autriche

Ry fiadidian'ny kôlejy sy kilasy, mandrosoa ary raiso ny toerana izay anareo ao amin'ny asan'ny Tompo.

Ry Eveka, ampifandraiso amin'ny fanalahidy hazonin'ireo filohan'ny kôlejy ny fanalahidy hazoninareo, ary dia hiova mandrakizay ireo kôlejinareo sy ireo paroasinareo.

Ary ho anareo taranaka vao misondrotra dia mijoro ho vavolombelona aho, noho ny fahalalako izany, fa zanakalahy sy zanakavavy malalan' Andriamanitra *ianareo* ary manana asa ho anareo Izy.

Rehefa mijoro amin'ny toeranareo izay tena avo tokoa ianareo, amin'ny fonareo, sy ny eritreritrareo, sy ny sainareo ary ny herinareo manontolo, dia lasa hahafantatra ny fitiavan' Andriamanitra sy hitandrina ny fanekempihavanana nataonareo ary hatoky ny fisoronany rehefa miasa mba hitahy ny hafa, izay hanomboka ao an-tokantranonareo.

Mivavaka aho mba hiezaka mafy ianareo, amin'ny hery mitombo avo roa heny sy mendrika izao fotoana izao, hanompo, hampihatra finoana, hibebaka ary hihatsara isan'andro, ka ho mendrika handray ireo fitahian'ny tempoly sy ny fifaliana maharitra izay tsy tonga raha tsy amin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy irery ihany. Mivavaka aho mba hiomana ho lasa ilay misiônera mazoto, sy ilay vady mahatoky ary ilay ray na reny feno fitiavana izay nampanantenainareo fa hahatongavanareo amin'ny farany amin'ny alalan'ny maha-mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy ianareo.

Enga anie ianareo ka hanampy amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'ny fiverenan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanasana ny rehetra hanatona an'i Kristy ka handray ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 22:19.
2. David A. Bednar, "Becoming a Missionary," *Liahona,* Nôv. 2005, 45.
3. "Miezaka aho ho toa an'i Jesoa, hanara-dia Azy koa. Haneho fitia toa Azy koa amin'ny izay rehetra atao" ("Miezaka aho ho toa an'i Jesoa," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 40).
4. Mosesy 1:39.
5. Maneho fankasitrahana manokana aho ho an'ireo ray aman-dreny sy mpitarika feno fanoloran-tena nandritra ny tantarantsika izay nanampy tamin-kerim-po tokoa ireo tanora mba hiaina fitomboana. Fantatro fa ilay ezaka vaovao mifantoka amin'ny Ankizy sy Zatovo dia vokatra avy amin'ireo hetsika sy fandaharan'asa momba ny fahombiazana tsirairay.



Nataon'ny Loholona Gerrit W. Gong
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Ny firenena sy ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra

*Afaka ny ho lasa mpandray anjara isika, amin'ny fombantsika manokana, eo amin'ny fahatanterahan'ireo faminanian'ny Tompo sy fampanantenany, mpandray anjara amin'ny filazantsara izay mitahy an'izao tontolo izao.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, vao tsy ela aho no nanatanteraka famehezana tao amin'ny tempoly, sady nanaja ireo toromarika mahakasika ny COVID-19. Niaraka tamin'ireo mpifamofo, izay samy efa nahavita asa fitoriana tamim-boninahitra, dia nahitana ny ray aman-drenin'izy ireo sy ireo iray tampo rehetra amin'izy ireo. Tsy mora izany. Ilay tovovavy dia fahasivy amin' ny zanaka folo. Nipetraka nilahatra teo ireo iray tampo aminy, arakara-jokiny, nanaja ny elanelana mazava ho azy.

Niezaka ny ho olona tsara teo anivon'ny mpiara-monina io fianakaviana io na aiza na aiza nonenan'izy ireo. Kanefa nisy fiaraha-monina iray izay tsy nety nandray tsara azy ireo, noho izy ireo, araka ny filazan'ny renin'ilay tovovavy, hoe mpikamban' Ny Fiangonan'ny Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Nanao izay rehetra vitany izy ireo hahazoana namana tany am-pianarana, sy handraisana anjara ary mba ho voaray tsara, saingy tsy nahomby. Nivavaka hatrany ilay fianakaviana mba halefaka ny fon'ny olona.

Indray alina dia nahatsapa izy ireo fa nivaly ny vavak'izy ireo, saingy tamin'ny fomba tsy nampoizina. May ny tranon'izy ireo ary rava tanteraka. Saingy nisy zavatra hafa nitranga. Nanalefaka ny fon'ireo mpiara-monina ilay hai-trano.

Nanangona akanjo sy kiraro ary fitaovana hafa ilain'ilay fianakaviana izay namoy ny fananany manontolo ireo mpiara-monina sy ny sekoly teo an-toerana. Ny hatsaram-panahy no niteraka fahatakarana. Tsy izay ny fomba nandrandrain'ilay fianakaviana hoe hamaliana ny vavak'izy ireo. Saingy maneho fankasitrahana izy ireo noho ny zavatra nianaran'izy ireo tamin'ireo zava-tsarotra niainana sy ireo valiny tsy nampoizina tamin'ireo vavaka avy tao am-po.

Tena marina fa ho an'ireo manana fo mahatoky sy maso mahita dia miseho eo anivon'ireo olana eo amin'ny fiainana ny famindram-pon'ny Tompo. Ireo olana sy fahafoizan-tena atrehana amim-pinoana dia tena mitondra ireo fitahian'ny lanitra. Amin'izao fiainana an-tany izao isika dia mety hanary na hiandry zavatra sasantsasany mandritra ny fotoana voafetra, saingy amin'ny farany dia ho hitantsika izay manan-danja indrindra.[1] Izany no fampanantenana ataony.[2]

Ilay fanambarana ny faharoan-jato taona amin'ity 2020 ity dia manomboka amin'ilay fampanantenana tena tsy manavaka fa "Tian' Andriamanira avokoa ireo zanany any amin'ny firenena rehetra maneran-tany."[3] Amintsika tsirairay any amin'ny firenena sy foko sy fiteny ary vahoaka tsirairay,[4] dia mampanantena sy manao fanekempihavanana ary manasa antsika Andriamanitra handray amin'ny fifaliany sy ny hatsarany fatratra.

Voambara manerana ny soratra masina ny fitiavan' Andriamanitra ho an'ny mponina rehetra.[5] Io fitiavana io dia ahitana ny fanekempihavan'i Abrahama sy ny fanangonana an'ireo zanak' Andriamanitra miely patrana,[6] ary ilay drafitry ny fahasambaran' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

Ao amin'ny ankohonan'ny mpino dia tsy misy vahiny, tsy misy mpivahiny,[7] tsy misy manankarena sy mahantra,[8] tsy misy "hafa" any ivelany. Amin'ny maha "mpiray fanjakana amin'ny olona masina" antsika,[9] dia voasa isika hanova izao tontolo izao ho tsara kokoa, avy ao anatiny mankany ivelany, olona iray, fianakaviana iray, fiaraha-monina iray isaky ny mandeha.

Izany no mitranga rehefa miaina sy mizara ny filazantsara isika. Tany



amboalohan'ity fotoampitantanana ity dia nandray faminaniana iray tena miavaka ny Mpaminany Joseph, fa ny Ray any An-danitra dia maniry ny tsirairay na aiza na aiza, hahita ny fitiavan' Andriamanitra ary hiaina ny heriny entina mampitombo sy manova.

Io faminaniana io dia noraisina teto, tao amin'ilay tranon-dry Smith vita amin'ny vatan-kazo, tao Palmyra, New York.[10]

Naorina indray teo amin'ny fototra nisy azy tany am-boalohany ny tranon-dry Smith ary vita tamin'ny 1998. Ny efitrano ao amin'ny rihana faharoa dia mifanandrify tanteraka amin'ilay toerana mirefy 5,5 x 9 x 3 metatra izay nahatongavan'i Môrônia, izay mpitondra hafatra feno voninahitra avy tamin' Andriamanitra, teo amin'i Joseph, ny harivan'ny 21 septambra 1823.[11]

Tsaroanareo ny zavatra notantarain'ny Mpaminany Joseph Smith hoe:

"Nilaza [i Môrônia] . . . fa manana asa ampanaovina ahy Andriamanitra, fa ho tsara sy ho ratsy laza any anivon'ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarako. . . .

"Nilaza [i Môrônia] fa misy boky iray milevina, . . . fa mirakitra ny fahafenoan'ny Filazantsara maharitra mandrakizay izany."[12]

Mijanona kely isika eto. Mitsaoka an' Andriamanitra ilay Ray mandrakizay isika, sy i Jesoa Kristy Zanany, fa tsy ny Mpaminany Joseph Smith na izay mety ho lehilahy na vehivavy mety maty.

Kanefa, diniho ny fahatanterahan'ireo faminaniana omen' Andriamanitra an'ireo mpanompony.[13] Ny sasany dia tanteraka aloha, ny sasany aty aoriana, saingy samy tanteraka avokoa izy rehetra.[14] Rehefa mihaino ny fanahin' ny faminaniana avy amin'ny Tompo isika dia afaka ny ho lasa mpandray anjara amin'ny fombantsika manokana amin'ny fahatanterahan'ireo faminaniany sy fampanantenany, mpandray anjara amin'ny filazantsara izay mitahy an'izao tontolo izao.

Tamin'ny 1823 i Joseph dia zatovolahy tsy fanta-daza 17 taona, nonina tao amin'ny tanàna iray tsy fantapantatra, tao amin'ny firenena iray vao nahazo fahaleovantena. Raha tsy hoe marina izany, dia ahoana no hahafahany mihevitra ny hilaza fa izy dia ho fitaovana eo am-pelantanan' Andriamanitra ary handika amin'ny alalan'ny fanomezampahasoavana sy hery avy amin' Andriamanitra rakitsoratra masina izay ho lasa fantatra na aiza na aiza?



*Provo, Utah, Etazonia*

Kanefa, noho ilay izy hoe marina, dia afaka manatry maso ny fahatanterahan'izany faminaniana izany izaho sy ianao, dia rehefa asaina isika hanampy amin'ny fanantanterahana izany.

Ry rahalahy sy anabavy maneran-tany, isika tsirairay izay mandray anjara amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2020 ity dia anisan'ireo firenena sy foko ary samy hafa fiteny voalaza.

Ankehitriny ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia monina any amin'ny firenena sy faritra 196 ary ahitana tsatòkan'ny Fiangonana 3.446 any amin'ny 90 amin'izy ireo.[15] Voasolontsika tena na ireo faritra maro samihafa isika, ary koa ireo ivontoerana matanjaka.

Iza, tamin'ny 1823, no hihevitra fa amin'ny taona 2020 dia hisy firenena telo izay samy hahitana mpikamban'ity Fiangonana ity mihoatra ny iray tapitrisa avy, dia i Etazonia sy Meksika ary i Brezila?

Na koa firenena 23 samy ahitana mpikamban'ny Fiangonana maherin'ny 100.000 avy, dia telo any Amerika Avaratra, efatra ambiny folo any Amerika Afovoany sy Atsimo, iray any Eorôpa, efatra any Azia, ary iray any Afrika?[16]

Ny Filoha Russell M. Nelson dia miantso ny Bokin'i Môrmôna hoe "fahagagana mahagaga."[17] Ireo vavolombelony dia manamarina hoe "Aoka ho fantatry ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra."[18] Ankehitriny dia azo arahina amin'ny fiteny 100 ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny Filoha Nelson dia efa nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny tany amin'ny firenena 138 ary mbola mitombo hatrany izany.

Nanomboka tamin'ny tahadika 5.000 vita printy tamin'ny fanontana voalohany tamin'ny 1830 tamin'ny Bokin'i Môrmôna, dia teo amin'ny 192 tapitrisa no Bokin'i Môrmôna navoaka manontolo na tamin'ny ampahany ary tamin'ny fiteny 112. Azo jerena amin' ny endriny nomerika na aiza na aiza ihany koa ireo dikantenin'ny Bokin'i Môrmôna. Ireo dikantenin'ny Bokin'i Môrmôna misy ankehitriny dia ahitana ny ankamaroan'ireo fiteny 23 misy eto an-tany izay ahitana mpampiasa maherin'ny 50 tapitrisa, izay raha atambatra dia tenin-drenin'ny olona eo amin'ny 4,1 lavitrisa eo ho eo.[19]

Amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra, izay anasana antsika tsirairay handray anjara, no anatanterahana zavatra lehibe.

Ohatra, nandritra ny fihaonamben' ny tsatòka iray tao Monroe, Utah, izay ahitana mpikambana 2.200 [roanjato sy roa arivo], dia nanontany aho hoe firy no efa namita iraka nitory filazantsara. Saika ny tanana rehetra no nitsangana. Tato anatin'ny taona vitsivitsy, avy ao amin'io tsatòka tokana io fotsiny, no nahitana misiônera 564 izay nanompo tany amin'ireo fanjakana rehetra miisa 50 aty Etazonia sy firenena 53, tany amin'ny kaontinanta rehetra ankoatran'i Antarktika.

Efa miresaka an'i Antarktika ihany, na dia tany Ushuaia aza, any amin'ny tendro farany atsimon'i Argentine, dia nahita fahatanterahana faminaniana aho raha nizara ny filazantsaran'i Jesoa



*Nairobi, Kenya*

Kristy naverina tamin'ny laoniny ireo misiônerantsika tany amin'ny toerana iray antsoina hoe "faran'ny tany."[20]

Ilay sary hosodoko voarafitry ny fonon'ireo bokintsika efatra hoe *Olomasina*[21] dia maneho karipetra maneran-tany ahitana ireo vokatsoan'ny fiainana ny filazantsara tonga amin'ireo Olomasina na aiza na aiza. Ny tantaran'ny Fiangonantsika dia miorim-paka amin'ny fijoroana ho vavolombelona niainan'ny mpikambana tsirairay sy ny lalana nodiaviny teo amin'ny filazantsara, anisan'izany i Mary Whitmer, ilay rahavavy mahatoky izay nanehoan'i Môrônia ireo takelaky ny Bokin'i Môrmôna.[22]

Ho tonga amin'ny Janoary 2021 ireo gazetibokintsika maneran-tany telo vaovao an'ny Fiangonana, dia ny *Namana,* sy ny *Ho zatovo mahery!,* ary ny *Liahona,* dia manasa ny rehetra hiombona sy hifampizara traikefa sy fijoroana ho vavolombelona amin'ny fiarahamonim-pinoana misy antsika maneran-tany.[23]

Ry rahalahy sy anabavy isany, rehefa mampitombo ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy isika, sy mandray ireo fitahiana azo amin'ny fiainana ireo fahamarinan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny sy ireo fanekempihavanana masina, ary mandalina sy misaintsaina ary mizara ilay Famerenana amin'ny laoniny andalampahatanterahana, dia mandray anjara amin'ny fanatanterahana faminaniana.

Miova isika ary manova an'izao tontolo izao araka ny lamin'ny filazantsara izay mitahy fiainan'olona na aiza na aiza.

Nisy rahavavy Afrikanina iray nilaza hoe "Ny fanompoan'ny vadiko ao amin'ny fisoronana dia mahatonga azy hanam-paharetana sy ho tsara fanahy kokoa. Ary izaho dia lasa vady sy renim-pianakaviana tsara kokoa."

Ny mpandraharaha iray avy any Amerika Afovoany izay toteny ankehitriny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia nilaza hoe talohan'ny nahitany ny filazantsaran' Andriamanitra naverina tamin'ny laoniny dia nirenireny tsy nanan-tanjona teny an-dalana izy. Ankehitriny izy sy ny fianakaviany dia mahafantatra ny maha-izy azy ary manana tanjona sy nahazo hery.

Misy ankizy lahy iray any Amerika Atsimo miompy akoho ary mivarotra ny atodin'izy ireo mba hanampiana hividianana varavarankely ho an'ny trano izay aorin'ny fianakaviany. Ny fahafolonkareny no efainy aloha. Hahita ara-bakiteny ny fisokafan'ny varavaran'ny lanitra izy.

Any Four Corners, tanana kely iray any atsimo andrefan'i Etazonia, dia misy fianakaviana Indianina Amerikana mamboly foton-draozy iray tsara tarehy izay mamony eo amin'ny tany karankaina, tandindon'ny finoana ny filazantsara sy ny fizakan-tena.

Rahalahy iray any Azia Atsimo-Atsinanana, akanga sisa nanamborana tamin'ny ady an-trano mahatsiravina, no kivy fa hoe tsy nisy dikany ny fiainana. Nahita fanantenana izy tao amin'ny nofy iray izay nahitany mpiara-mianatra taloha nihazona lovian'ny fanasan'ny Tompo ary nijoro ho vavolombelona momba ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Manasa antsika na aiza na aiza ny Ray any An-danitra hahatsapa ny fitiavany, hianatra sy hivoatra amin'ny alalan'ny fandrantoana fianarana, sy ny asa mendrika, sy ny fanompoana ao anatin'ny fizakan-tena, ary ireo lamin'ny hatsaram-panahy sy ny fahasambarana izay hitantsika ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny.

Rehefa lasa mahatoky an' Andriamanitra isika, indraindray amin'ny alalan'ny fitalahoana mandritra ireo fotoana maizina sy manirery ary feno ahiahy indrindra iainantsika, dia mianatra fa mahafantatra antsika sy tia antsika Izy, mihoatra noho ny ahafantarantsika sy itiavantsika ny tenantsika.

Izany no antony ilantsika ny fanampian' Andriamanitra rehefa hanorina fahamarinana sy fitoviana sy fampanjakana rariny ary fiadanana maharitra ao an-tokantranontsika sy any amin'ireo fiarahamonina misy antsika. Ny tantara sy toerana ary fampiraisana marina sy lalina ary araka ny tena izy indrindra iainantsika dia mitranga rehefa mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra manavotra, sy mikatsaka fahasoavana sy fahagagana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Zanahilahy, ary manorina fifandraisana maharitra amin'ny alalana fanekempihavanana masina isika.

Ilaina ny hatsarana sy ny fahendrena eo amin'ny lafiny fivavahana eo amin'ny tontolo ankehitriny feno saritaka sy tabataba ary voaloto. Inona koa no fomba hafa ahafahantsika manavao sy mitaona fanahy ary mampiorina ny fanahin-draolombelona?[24]

Ny fambolen-kazo any Haïti dia iray monja amin'ireo ohatra an-jatony ahitana olona mitambatra miaramanao zavatra tsara. Ny fiarahamonina teo an-toerana, anisan'izany ny 1.800 tamin'ny mpikamban'ny Fiangonantsika, izay nanolotra ireo zana-kazo, no niombona ka namboly teo amin'ny zana-kazo 25.000 teo.[25] Io tetikasa fanarenana ala maharitra taona maro io dia efa nahafahana namboly hazo maherin'ny 121.000. Mbola maminavina ny hamboly an'aliny maro fanampiny izy io.

Io ezaka iraisana io dia manome aloka, mikajy ny nofon-tany, ary mampihena ny tondra-drano amin'ny ho avy. Manatsara ny tontolo manodidina izy io, mampatanjaka ny fiarahamonina, mamahana ny mponina ary

mamelombelona ny fanahy. Raha anontanianao an'ireo Haisianina hoe iza no hioty ny vokatr'ireo hazo ireo, dia milaza izy ireo hoe "Na iza na iza tsy manan-kohanina."

Ny 80 isan-jaton'ny mponina maneran-tany dia mitonona ho manana finoana ivavahana.[26] Ireo fiarahamonim-pinoana dia mamaly faingana rehefa misy filana eo no ho eo aorian'ny loza voajanahary, ary koa amin'ireo filana maharitra kokoa mahakasika sakafo, fialofana, fianarana, fahaizana mamaky teny sy manoratra, ary fampiofanana arak'asa. Maneran-tany ireo mpikambana ao amintsika sy ireo namana ary ny Fiangonana no manampy fiarahamonina hanohana ireo mpitsoa-ponenana ka mamatsy rano, fidiovana, fahafahana mandeha ho an'ny kilemaina, fikarakarana ny maso, olona iray, tanàna iray, hazo iray isaky ny mandeha.[27] Na aiza na aiza isika dia mikatsaka ny ho ray aman-dreny tsara sy ho olom-pirenena vanona, ny hitondra anjara biriky eo amin'ny manodidina sy ny fiarahamonina, tafiditra amin'izany ny amin'ny alalan'ny Latter-day Saint Charities.[28]

Omen' Andriamanitra fahafahamisafidy isika, ary koa andraikitra. Hoy ny Tompo, "Izaho Tompo Andriamanitra dia manafaka anareo, koa afaka tokoa ianareo."[29] Eo am-panambarana "fanafahana amin'ny babo,"[30] dia mampanantena ny Sorompanavotany sy lalana ao amin'ny filazantsara ny Tompo, izay afaka manapatapaka ireo fatorana ara-nofo sy ara-panahy.[31] Noho ny famin-drampo dia mipaka ihany koa amin'ireo izay efa nandao ny fiainana an-tany io fahafahana manavotra io.

Taona maro lasa izay, nisy mpisorona tany Amerika Afovoany nilaza tamiko fa mandalina ny "Fanaovan'ireo Môrmôna batisa ho an'ny maty" izy. "Toa rariny," hoy ilay mpisorona, "raha toa Andriamanitra ka hanolotra ny olon-drehetra fahafahana handray ny batisa, na aiza na aiza ary na oviana na oviana izy no niaina, ankoatra ireo zaza madinika, izay -velona ao amin'i Kristy.-[32] Ny Apôstôly Paoly," hoy ilay mpisorona, "dia miresaka momba ireo maty miandry ny batisa sy ny fitsanganana amin'ny maty."[33] Ireo ôrdônansy isoloana tena any amin'ny tempoly dia mampanantena amin'ny "firenena sy ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra" fa tsy misy tokony hitoetra ho andevon'ny fahafatesana na ny helo na ny fasana.[34]

Rehefa lasa mahafantatra an' Andriamanitra isika, dia indraindray misy valim-bavaka tsy ampoizina mitondra antsika avy eny amin'ny arabe, ka mitondra antsika mankany amin'ny fiarahamonina, mandroaka ny haizina avy ao amin'ny fanahintsika, ary mitantana antsika hahita fialofana ara-panahy sy fiombonana ao amin'ny hatsaran'ireo fanekempihavanany sy ny fitiavany mitoetra.

Ireo zavatra lehibe dia matetika miantomboka amin'ny kely, saingy hita isan'andro ireo fahagagan' Andriamanitra. Velom-pankasitrahana tokoa isika noho ny fanomezana masin'ny Fanahy Masina, sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ary ny fotopampianarany sy ny ôrdônansiny ary ny fanekempihavanany nambara izay hita ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny izay antsoina amin'ny Anarany.

Enga anie isika hanaiky amimpifaliana ny fanasana ataon' Andriamanitra handray sy hanampy amin'ny fanatanterahana ireo fitahiana nampanantenainy sy efa nolazainy mialoha any amin'ny firenena sy ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra, izany no vavaka ataoko, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Ny zavatrao rehetra very dia ho voahonitra aminao ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty, raha manohy mahatoky ianao" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 51).
2. Jereo ny Môzià 2:41.
3. "Ny Famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy: Fanambarana ho an'izao tontolo izao nandritra ny fankalazana ny faha-roanjato taona," ChurchofJesusChrist.org; jereo koa, ohatra, ny Almà 26:37.
4. Jereo ny Apokalypsy 14:6; 1 Nefia 19:17; 22:28; 2 Nefia 30:8; Môzià 3:20; 15:28; Alma 37:4–6; 3 Nefia 28:29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:58; 133:37.
5. Jereo ny Jaona 3:16–17; 15:12; Romana 8:35, 38–39.
6. Jereo ny 1 Nephi 22:3, 9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:24–25, 69, 71; 64:42.
7. Jereo ny Efesiana 2:19.
8. (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:14–17.
9. Efesiana 2:19.
10. An-jatony metatra vitsivitsy avy eo amin'ny varavarana ambadiky ny trano no ahitana alakely iray, izay lasa ilay Alakely masina ny "marainan'ny andro tsara mipoaka tamin'izay, tany amin'ny fiandohan'ny lohataonan' ny taona roapolo sy valonjato amby arivo" (Joseph Smith—Tantara 1:14).
11. Raha ho faritana mazava, afaka mampifandray amin-kery ny fotoana sy ny toerana ny toerana iray nitrangan'ny zava-nitranga iray teo amin'ny tantara. Kanefa, ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ireo zava-masina nitranga manodidina ny nisehoan'i Joseph Smith mpaminany mbola tanora dia ara-panahy.
12. Joseph Smith—Tantara 1:33–34.
13. Jereo ny Amosa 3:5–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
14. Jereo ny Almà 37:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33.
15. Antontan'isan'ny Fiangonana hatramin'ny 3 septambra 2020; ny hoe "firenena sy faritra" dia ahitana ny toerana toy ny hoe Guam, Porto Rico, ary Samoa Amerikana.
16. Ireo firenena 23 dia: Etazonia, Meksika, Brezila, Philippines, Pérou, Chili, Argentine, Guatemala, Equateur, Bolivie, Colombie, Kanadà, Royaume-Uni, Honduras, Nizerià, Venezuela, Aostralia, Repoblika Dominikana, Japana, Salvador, Nouvelle Zélande, Uruguay, Nicaragua. I Australia sy Nouvelle Zélande dia tafiditra amin'ireo firenena efatra any Azia izay ahitana mpikambana maherin'ny 100.000. I Paraguay dia ahitana mpikamban'ny Fiangonana 96.000 mahery, ary mety atsy ho atsy dia ho tafiditra amin'ilay vondron'ny firenena ahitana mpikambana 100.000.
17. Russell M. Nelson, "The Book of Mormon: A miraculous miracle" (lahateny tamin'ny seminera ho an'ireo filohan'ny misiôna vaovao, 23 jona 2016).
18. "Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" sy ny "Tenivavolombelon'ireo vavolombelona valo," Bokin'i Môrmôna.
19. Dikanteny fanampiny no mbola manohy ilay fampanantenanana hoe ny lehilahy sy vehivavy tsiraray dia "handre ny fahafenoan'ny filazantsara amin'ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin'ny fiteniny avy." (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:11).
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:1.
21. Ny lohatenin'ireo boky miisa efatra hoe *Olomasina* dia avy amin'ny fanambarana fijoroana ho vavolombelon'i Joseph nentanim-panahy ao amin'ny Wentworth letter—*The Standard of Truth;; No Unhallowed Hand; Boldly, Nobly and Independent;* ary ny *Sounded in Every Ear.*
22. Jereo ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days,* vol. 1, *The Standard of Truth, 1815–1846* (2018), 70–71.

23. Jereo ny Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 14 aog. 2020.
24. Jereo ny Gerrit W. Gong, "Seven Ways Religious Inputs and Values Contribute to Practical, Principle-Based Policy Approaches" (lahateny natao nandritra ny G20 Interfaith Forum, 8 jona 2019), newsroom.churchofjesuschrist.org.
25. Jereo ny Jason Swensen, "LDS Church Celebrates 30 years in Haiti by Planting Thousands of Trees," *Deseret News,* May 1, 2013, www.deseretnews.com.
26. Jereo ny Pew Research Center, "The Global Religious Landscape," 18 des. 2012, pewforum.org. Ity "fanadihadihana lalina ny mponina amin'ny firenena maherin'ny 230 ity . . . dia manombatombana fa misy olondehibe sy ankizy maneran-tany 5.8 lavitrisa no mitonona ho mpikamban'ny antokompivavahana iray, ka mandrafitra ny 84 isanjaton'ny mponina maneran-tany tamin'ny 2010 izay mitentina ho 6.9 lavitrisa."
27. Ny hasina sy ny soatoavin'ny fivavahana dia mampifikitra ary manatsara ny fiarahamonim-pirenena; mitaona ny fanahin'ny fiarahamonina, sy ny fanoloran-tena, ny fifamatorana aratsosialy, fanompoana, ary ny filatsahana an-tsitra-po; ary mampisandratra ny fahamarinana, sy ny fiombonana ary ny famelana heloka, anisan'izany ny fanampiana antsika hamantatra hoe oviana ary amin'ny fomba ahoana no mifikitra sy ny mamela, hamantatra hoe oviana ary inona ny ho tadidiana sy ho hadinoana.
28. Ankoatra ny anjara birikin'izy ireo amin' ny Latter-day Saint Charities (jereo ny latterdaysaintcharities.org), izay rafitry ny Fiangonana misahana ny asa fanampiana olona, ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mitambatra amin'ireo mpiray monina sy ny fiarahamonina amin'ny fanolorana fotoana sy fitaovana amin'ny alalan'ny asa fanompoana ao amin'ny JustServe na ny tetikasa Manome tanana (jereo ny justserve.org sy ny ChurchofJesusChrist.org/topics/humanitarian-service/helping-hands) ary amin'ny alalan'ny fanomezana fanatitra amin'ny ifadian-kanina (jereo ny "Fasting and Fast Offerings," Gospel Topics, topics.ChurchofJesusChrist.org). Ireo ezaka tsirairay ireo dia mitaky ilay falalahantanana miavaka ananan'ireo mpikaban' ny Fiangonana sy ireo namana hitahiana olona an'arivony maneran-tany.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:8.
30. Isaia 61:1; jereo koa ny Jaona 8:36; Galatiana 5:1; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:86.
31. Io fanantenana fahafahana io dia ahitana ireo izay miezaka handresy ireo fahazarana na fiankinandoha, ireo fihetsika feno hakiviana, fahamelohana eo amin'ny samy taranaka, na izay mety ho alahelo.
32. Môrônia 8:12; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:10.
33. Jereo ny 1 Korintiana 15:29.
34. "Quand ces emblèmes nous prenons," *Cantique,* lah. 173, and. 3.



Nataon'ny Eveka W. Christopher Waddell
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpa Mpiahy*

# Mbola nisy hanina ihany

*Rehefa mikatsaka ny ho lasa vonona ara-batana isika dia afaka ny hiatrika ireo fitsapana eo amin'ny fiainana amim-patokiana bebe kokoa.*

Talohan'ny fameran-dia vokatr'ilay valanaretina mamely amin'izao dia nitodi-doha nody avy nanatanteraka iraka tany ivelany aho ka noho ny olana teo amin'ny fandrindram-potoana dia niteraka fijanonan'ny sidina tamin' ny andro Alahady. Nanana fotoana aho mandra-piaingan'ny fiaramanidina mba hanatrehana fivoriana fanasan'ny Tompo teo an-toerana izay nahafahako ihany koa nizara hafatra fohy. Taorian'ilay fivoriana dia nisy diakona iray nientanentana ery nanatona ahy ary nanontany ahy raha mahafantatra ny Filoha Nelson sy efa nanana fahafahana



*Provo, Utah, Etazonia*

nandray ny tanany aho. Novaliako fa fantatro izy, ary efa nandray ny tanany aho, ary amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Episkôpà Mpiahy ahy dia nanana fahafahana nihaona tamin'ny Filoha Nelson sy ireo mpanolotsaina azy indroa isan-kerinandro.

Dia tafapetraka tamin'ny seza ilay diakona kely sady nanipy sandry no nihoraka hoe: "Ity no andro tsara indrindra teo amin'ny fiainako!" Ry rahalahy sy ranabavy, mety tsy hanipy sandry na hihoraka aho saingy feno fankasitrahana mandrakizay aho ny amin'ny mpaminany velona sy ny amin'ny fitarihana raisintsika avy amin'ireo mpaminany, sy mpahita, ary mpanambara, indrindra indrindra mandritra ireo fotoan-tsarotra ireo.

Hatrany am-piandohana ny Tompo no nanome fitarihana ny vahoakany mba hanampiana azy ireo hiomana, ara-panahy sy ara-batana, amin'ireo loza sy fitsapana izay fantany fa ho tonga ho isan'ny zavatra iainana eto amin'ity tany ity. Mety ho loza lalovan'ny tena manokana na mahakasika ny rehetra izany saingy ny fitarihan'ny Tompo dia hanome fiarovana sy fanohanana raha toa ka henointsika, sy arahintsika ny torolalany. Misy ohatra tsara amin'izany omena ao amin'ny tantara iray avy ao amin'ny bokin'ny

Genesisy, izay ianarantsika momba an'i Josefa tany Egypta sy ny fandikana ny nofin'ny Farao avy tamin'ny fitaomam-panahy.

"Ary hoy i Josefa tamin'i Farao: . . . izay efa hataon'Andriamanitra no nambarany tamin'i Farao. . . .

"Indro, hisy fito taona zina indrindra eran'ny tany Egypta rehetra;

"Ary manaraka izany kosa dia hisy fito taona mosarena, ka ho hadino ny fahavokarana be rehetra teo amin'ny tanin'i Egypta."[1]

Nohenoin'i Farao i Josefa, nanaraka ny zavatra nasehon' Andriamanitra azy tamin'ny nofy ka nanomboka nanao fiomanana avy hatrany ho amin'izay ho avy. Toy izao no raketin'ny soratra masina avy eo:

"Ary ny tany dia nahavokatra tsy omby fàmpana tamin'ny taon-jina fito.

"Dia namory ny hanina rehetra tamin'izany taona fito izany . . . izy.

"Ary Josefa namory vary tahaka ny fasika any an-dranomasina, . . . ka tsy nanisa intsony izy; satria efa tsy hita isa."[2]

Vantany vao lasana ireo taona zina dia toy izao no nolazaina antsika: "dia niandoha kosa ny fito taona mosarena, araka izay efa nolazain'i Josefa: ary nisy mosary tany amin'ny tany rehetra; nefa eran'ny tany Egypta rehetra dia mbola nisy hanina ihany."[3]

Ankehitriny dia fitahiana ho antsika ny tarihan'ireo mpaminany izay mahatakatra ny filantsika miomana amin'ireo loza "izay hanjo"[4] sy mahafantatra ihany koa ireo tsy fahafahana na sakana izay mety holalovantsika eo am-piezahana ny hanaraka ny torohevitr'izy ireo.

Miharihary ny fahatakarana fa ireo vokatry ny COVID-19, ary koa ireo loza ara-boajanahary mahatsiravina dia tsy mifidy olona, fiaviana, sarangam-piainana, sy antokompinoana any amin'ny kaontinanta rehetra. Ao ny very asa sy nihena fidiram-bola noho fandroahana mpiasa vokatry ny tsy fahampian'asa ary ao ireo tsy afaka niasa noho ireo olana ara-pahasalamana sy araka ny lalàna.

Maneho ny fahatakaranay sy ny fiahiahianay ny amin'ny toe-javatra misy an'ireo niantraikan'izany izahay, ary



*Saint-Domingue, République dominicaine*

amim-paharesen-dahatra no ilazanay fa ho avy ny andro tsaratsara kokoa. Ianareo dia voatahy amin'ny fananana eveka sy filohan'ny sampana izay mikatsaka ireo mpikambana manana filana ara-batana ao amin'ny paroasy sy ny sampana iandraiketan'izy ireo sy afaka mampiasa ireo fitaovana sy loharano izay afaka manampy amin' ny fanorenana indray ny fiainanareo ka hahatonga anareo ho eo amin'ny lalan'ny fizakan-tena rehefa mampihatra ireo fitsipiky ny fiomanana ianareo.

Amin'ny toe-draharaha misy ankehitriny, izay andravaravan'ny valanaretina ny toe-karena manontolo sy ny fiainan'ny isam-batan'olona ihany koa, dia tsy fomban'ny Mpamonjy izay feno fangorahana ny tsy hiraharaha ny teo-java-misy hoe maro ireo sahirana ka hangataka azy ireo hanomboka hanao tahirin-tsakafo sy vola ho fitsinjovana ny hoavy. Kanefa, izany akory tsy midika fa tokony tsy horaharahiantsika mihitsy ireo fitsipiky ny fiomanana—saingy tokony hampiharina "amin'ny fahendrena sy ny fitandremana,"[5] ireny fitsipika ireny mba hahafahantsika miteny tahaka an'i Josefa tany Egypta amin'ny hoavy hoe: "Mbola nisy hanina ihany."[6]

Tsy mitaky ny hanaovantsika mihoatra izay vitantsika ny Tompo saingy andrasany amintsika kosa ny hanaovantsika izay vitantsika, rehefa afaka manao izany isika. Araka ny nampahatsiahivan'ny Filoha Nelson antsika tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany teo fa: "Tian'ny Tompo ny fanaovana ezaka."[7]

Namporisika matetika ireo Olomasin'ny Andro Farany ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana mba "hiomana ho an'ireo fotoan-tsarotra eo amin'ny fiainana amin'ny alalan'ny fananana tahirin-tsakafo fototra sy rano ary tahirim-bola."[8] Ankilan' izany anefa dia amporisihina ihany koa isika haneho "fahendrena" ka "tsy hanao mihoa-pampana"[9] ao anatin'ireo ezaka ataontsika mba hanaovana tahirin-tsakafo any antokantrano sy hananana tahirim-bola. Ny loharanom-pitaovana mitondra ny lohateny hoe *Finances personnelles pour l'autonomie,* izay navoaka tamin'ny 2017 ary misy amin'ny fiteny 36 amin'izao, dia manomboka amin' ny hafatry ny Fiadidiana Voalohany izay manambara toy izao:

"Ny Tompo dia nanambara hoe: –Ary ny tanjoko dia ny hamatsy ny olomasiko– [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:15]. Fampanantena avy amin'ny Tompo io fanambarana io fa Izy dia hanome fitahiana ara-batana sy hanokatra ny varavaran'ny fizakan-tena. . . .

". . . Ny fanekena sy ny fiainana ireo fitsipika ireo dia hamela anao



*Apia, Samoa*

handray ireo fitahiana ara-nofo nampanantenain'ny Tompo.

"Manasa anao izahay handalina amim-bavaka sy hampihatra ireo fitsipika ireo ary hampianatra azy ireny amin'ireo olona ao amin'ny fianakavianao. Rehefa manao izany ianao dia hotahiana ny fiananao . . . [satria] zanaky ny Ray any An-danitra ianao. Tiany ianao ary tsy handao anao na oviana na oviana Izy. Fantany ianao ary Izy dia vonona ny hanome ireo fitahiana ara-panahy sy ara-batana entin'ny fizakan-tena."[10]

Io loharanom-pitaovana io dia ahitana toko natokana ho an'ny fanaovana teti-bola sy ny tsy fandaniana mihoatra izay ananana, fiarovana ny fianakavianao amin'ireo fahasarotampiainana, fandraisana an-tanana ny krizy ara-bola, ary fampiasana vola ho fitsinjovana ny hoavy, ary maro hafa ary afaka mahazo izany ny rehetra ao amin'ny tranonkalan'ny Fiangonana na amin'ny alalan'ireo mpitarika anareo eo an-toerana.

Rehefa mieritreritra ny hampihatra ny fitsipiky ny fiomanana isika dia afaka mitodika amin'i Josefa tany Egypta hahazoana fitaomam-panahy. Ny fahafantarana ny zavatra mety hitranga dia tsy ho ampy ho nahavelona azy ireo nandritra ireo taona "mosarena" raha tsy nisy fahafoizan-tena natao nandritra ireo taon-jina. Tsy nolanian'izy ireo avokoa izay rehetra novokarin'ireo olon'ny Farao fa nanisy fetra izy ireo ary nanaraka izany, hany ka nanana ny ampy izy ireo ho an'ny zavatra ilain'izy ireo andavanandro, ary koa ho an'ny hoavy. Tsy ampy ny nahafantarana fa ho avy ny fotoan-tsarotra. Tsy maintsy nanao asa izy ireo ary noho ny ezaka nataon'izy ireo dia "mbola nisy hanina ihany."[11]

Mitondra ho amin'izao fanontaniana iray manan-danja izao izany: "Dia inona ary izany no hatao?" Ny tsara anombohana izany dia ny fahatakarana fa ny zavatra rehetra dia ara-panahy amin'ny Tompo, "ary tsy nisy fotoana" nanomezany antsika "lalàna ara-nofo."[12] Avy eo ny zavatra rehetra dia manondro antsika ho any amin'i Jesoa Kristy, ho ny fototra tsy maintsy hanorenantsika, eny na dia ny fiomanantsika ho an'ireo zavatra ilaina ara-batana aza.

Ny hoe voaomana amin'ireo zavatra ilaina ara-batana sy ny fizakan-tena dia midika hoe "mino fa amin'ny alalan'ny fahasoavana, na hery mampahatanjaka, an'i Jesoa Kristy sy ny ezaka ataontsika manokana, dia afaka mahazo ireo zavatra ilaina fototra ara-panahy sy ara-batana eo amin'ny fiainana ilaintsika ho an'ny tenantsika sy ny fianakaviantsika isika."[13]

Endrika hafa amin'ny fototra ara-panahy ho an'ny fiomanana ho amin'ireo zavatra ilaina ara-batana ny fanaovana asa "amin'ny fahendrena sy ny filaminana,"[14] izay midika hoe manangana tahirin-tsakafo sy tahirimbola tsikelikely, tsy tapaka, ary ny fifikirana amin'ireo fomba "madinika sy tsotra" ihany koa,[15] izay fanehoana finoana fa ny Tompo dia hampitombo ireo ezaka madinika kanefa mitohy ataontsika.

Rehefa tafapetraka ny fototra ara-panahy dia afaka isika avy eo mampihatra amim-pahombiazana ireo singa manan-danja amin'ny fiomanana amin'ireo zavatra ilaina ara-batana, izany hoe mitantana ny vola sy ny tahirin-tsakafo ao an-tokantrano.

Anisan'ireo fitsipika fototra amin'ny fitantanam-bola ny fandoavana ny fahafolonkarena sy ireo fanatitra; fanefana sy tsy fanaovana trosa; manao teti-bola sy tsy mandany vola mihoatra izay ananana; ary ny fanaovana tahirim-bola ho an'ny hoavy.

Anisan'ireo fitsipika fotoatra amin' ny tahirin-tsakafo ao an-tokantrano ny fanangonana sakafo; fanangonana rano; ary koa ny fitehirizana ireo zavatra ilaina andavanandro arakaraka ny filan'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana, atao izany rehetra izany satria "ny trano fitehirizana" tsara indrindra[16] dia ny trano izay lasa "sompitra vita ahitana izay ilaina mandritra ireo fotoan-tsarotra."[17]

Rehefa mampihatra fitsipika arapanahy sy mikatsaka fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo isika dia ho voatarika ka hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo ho antsika, isam-batan'olona



*Chiba, Japon*

sy fianakaviana, sy ny fomba tsara indrindra hampiharana ireo fitsipika manan-danjan'ny fahavonona ara-batana. Ny manomboka no dingana manan-danja indrindra.

Nampianatra io fitsipika io ny Loholona David A. Bednar raha nilaza hoe: "Ny fanaovana asa no fampiharana ny finoana. . . . Ny finoana marina dia mifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompo sy ny momba azy ary mitarika foana amin'ny asa."[18]

Ry rahalahy sy ranabavy, eo anivona tontolo iray tsy mitsaha-miova dia tsy maintsy miomana amin'ireo fivadibadihan-javatra isika. Na dia ho avy aza ny andro tsara, dia fantatsika fa tsy hitsahatra hifandimby ny fotoana tsara sy ny fotoan-tsarotra. Eo am-pikatsahantsika ny ho vonona amin'ireo zavatra ilaina ara-batana dia afaka ny hiatrika ireo fitsapana eo amin'ny fiainana omban'ny fatokiana sy fiadanam-po bebe kokoa isika, ary tahaka an'i Josefa tany Egypta, dia ho afaka ny hiteny isika, na dia ao anatin'ny toe-javatra mampikorontan-tsina aza, hoe: "Mbola nisy hanina ihany."[19] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Genesisy 41:25–30.
2. Genesisy 41:47–49.
3. Genesisy 41:54.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17.
5. Môzià 4:27.
6. Genesisy 41:54.
7. Russell M. Nelson, ao amin'ny Joy D. Jones, "Antso mendri-kaja manokana," *Liahona,* mey 2020, 16.
8. *Préparez tout ce qui est nécessaire: Réserves au Foyer* 04008)
9. *All Is Safely Gathered In,* 1.
10. "Message de la Première Présidence," *Finances personnelles pour l'autonomie* (2017), ao anatin'ny fonony aloha.
11. Genesisy 41:54.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:34–35.
13. *Finances personnelles pour l'autonomie*4.
14. Môzià 4:27.
15. Almà 37:6.
16. Gordon B. Hinckley, "If Ye Are Prepared Ye Shall Not Fear," *Liahona,* Nov. 2005, 62.
17. Emergency Preparedness," Gospel Topics, topics.ChurchofJesusChrist.org
18. David A. Bednar, "Exercise Faith in Christ" (horonantsary), ChurchofJesusChrist.org/media.
19. Genesisy 41:54



**Nataon'ny Loholona Matthew S. Holland**
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Ilay fanomezana tena fatratra an'ilay Zanakalahy

*Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy isika dia afaka miala amin'ireo fijaliana izay mendrika antsika noho ireo fahalementsika ary afaka mandresy ireo fijaliana tsy rariny izay zakaintsika eto an-tany.*

Raha teo am-pamakiana Bokin'i Môrmôna hanomanana lesona iray ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* aho ny fahavaratra lasa teo, dia nanaitra ahy ny tatitra nataon'i Almà rehefa lasa tonga saina tanteraka izy tamin'ireo fahotany rehetra, fa tsy nisy "na inona na inona *mafy* sy *mangidy* tokoa toy izay fanaintana[ny] izay."[1] Miaiky aho fa io resaka fanaintainana mafy io dia nahasarika ny saiko noho ilay ady natrehako io herinandro io noho ny vato fito milimetatra tao amin'ny voako. Tsy mbola nisy olona niaina "zavatra lehibe" tahaka izany rehefa "zava-madinika sy tsotra" tahaka ireny no "tanterahana"[2] ny fanesorana azy.

Niavaka tamiko koa ny fitenin'i Almà satria ilay teny hoe *mafy na fatratra* ao amin'ny dikan-teny amin' ny teny Anglisin'ny Bokin'i Môrmôna dia mazàna mamariparitra zavatra manana hakanto tena miavaka na fahalehibeazana tsy manan-tsahala.



*Temecula, Californie, Etazonia*


*Bangalore, Inde*

Ohatra, i Joseph Smith dia nanamarika fa ny anjely Môrônia dia nitafy akanjo lava izay "fotsy mangatsakatsaka fatratra," hafotsy izay "mihoatra ny zavatra rehetra izay efa hita[ny] teto an-tany."[3] Kanefa ny hoe *fatratra* dia afaka mampita ihany koa karazana hamafy fara-tapony na ho an'ny zavatra ratsy indrindra aza. Araka izany i Almà sy ireo rakibolana fanta-daza dia mampifandray ny *fanaintainana fatratra* amin'ny hoe "mijaly," "nampijaliana," ary "norotidrotehana" hatrany amin'ny "farany izay lalina indrindra."[4]

Ny sariohatr'i Almà dia ahitana taratra ilay zavamisy mahatonga saina hoe farafahakeliny tsy maintsy tsapa ilay fahamelohana tanteraka sy mahatsiravina ateraky ny fahotana tsirairay izay vitantsika. Ny fahamarinana no mitaky izany ary na Andriamanitra mihitsy aza dia tsy afaka manova izany.[5] Rehefa tsaroan'i Almà ireo fahotany "rehetra," indrindra fa ireo izay nandrava ny finoan'ny hafa, dia nila tsy ho zakany ny fanaintainany ka dia nahatonga azy ho heniky ny "horohoro tsy hay lazaina" ny fieritreretana ny tsy maintsy hijoroany eo anatrehan' Andriamanitra. Niriany ny ho "fongana, na fanahy na vatana."[6]

Kanefa nilaza i Almà fa niova ny zava-drehetra raha vantany vao "nifantoka . . . ny sai[ny]" tamin'ny "fiavian'izany Jesoa Kristy izany . . . hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao," koa "nihiaka tao am-po[ny izy] hoe: Ry Jesoa ô, Ianao ilay Zanak' Andriamanitra, mamindra fo amiko." Tamin'io eritreritra io sy io fitalahoana io i Almà dia feno fifaliana "tsy misy toy izany" "nihoa-pampana toy izay fanaintaina[ny]izay"[7]

Tsy tokony ho adinontsika mihitsy fa ny tanjona faran'ny fibebahana marina dia ny maka fahoriana iray ka manova izany ho lasa fahasambarana tanteraka. Noho ny "hatsaram-po[ny] . . . mivantana,"[8] *raha vantany* vao manatona an'i Kristy isika, maneho finoana Azy sy fiovam-po marina, dia manomboka miala avy eo an-damosintsika ilay vesatra manorotoron'ireo fahotantsika, ka mifindra eo an-damosiny. Afaka ny ho tanteraka izany satria Izy ilay tsy nanam-pahotana dia nizaka ny "fahoriana tsy misy fetra sy tsy hay lazaina"[9] noho ny fahotana tsirairay eo amin'izao rehetra izao izay nohariany, ho an'ny zava-drehetra izay nohariany, fijaliana izay mafy tokoa ka nampivoa-drà ny masonkodiny rehetra. Noho izany ny Mpamonjy dia mampitandrina antsika ao amin' ny soratra masina maoderina, noho ny traikefa mivantana sy manokana nolaloviny, fa tsy azontsika an-tsaina hoe "[h]angirifiry [fatratra]" hanao ahoana ny ho "fijalian[tsika]" raha toa ka tsy mibebaka isika. Kanefa amin' ny fahalalahan-tanana tsy takatry ny saina no hanazavany ihany koa hoe "Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka."[10], fibebahana izay manome antsika fahafahana "hanandrana" ny "fifaliana mihoa-pampana" izay nandraman'i Almà.[11] Io fotopampianarana io fotsiny dia efa "mahagaga [sy mahatalanjona] ahy."[12] Kanefa, mahavariana fa dia mbola mihoatra noho izany no atolotr'i Kristy.

Indraindray ny fanaintainana fatratra dia tonga tsy noho ny fahotana fa noho ny hadisoana tsy nahy, na noho ny nataon'ny hafa, na noho ny zavatra tsy azontsika anoharana. Rehefa mitranga izany dia mety hihiaka toa ilay mpanao Salamo ianao hoe:

"Mangorohoro ato anatiko ny foko, ary mamely ahy ny tahotra ny fahafatesana.

". . . ary manafotra ahy ny horohoro.

". . . Enga anie ka manana elatra tahaka ny voromailala aho, dia handositra aho ka hahita izay hitoerako."[13]

Afaka manampy amin'ny fanamaivanana ny fijaliana toy izany ny zavatra toy ny siansa fitsaboana, na ny fanoroana hevitra matihanina, na ny fanefana onitra araka ny lalàna. Kanefa tsarovy fa ireo fanomezana tsara rehetra, isan'izany ireo, dia avy amin'ny Mpamonjy avokoa.[14] Na inona na inona no nahatonga ny ratra sy ratram-pontsika lalina indrindra, ny loharanom-panasitranana fara-tapony dia iray ihany, dia i Jesoa Kristy. Izy irery ihany no mihazona ny hery feno sy ny balsama manasitrana hanitsiana ny hadisoana rehetra, hanarina ny diso rehetra, hamboatra ny tsy tomombana rehetra, hanasitrana ny ratra rehetra, ary hanolotra ny fitahiana rehetra izay mbola nampiandrasana. Tahaka an'ireo vavolombelona fahiny, mijoro ho vavolombelona aho fa "isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika,"[15] fa Mpanavotra be fitiavana izay nidina avy teny amin'ny seza fiandrianany tany ambony, ka nandeha "[n]iaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany . . . , mba hahafantarany . . . ny fomba hanampiana ny vahoakany."[16]

Ho an'izay olona rehetra amin'izao fotoana izao izay mizaka fanaintainana mafy tokoa na miavaka tokoa ka mahatsapa fa tsy misy olon-kafa afaka mahatakatra izany tanteraka, dia mety ho marina ny anao. Mety tsy hisy olona ao amin'ny fianakaviana, na namana, na mpitarika ao amin'ny fisoronana, na mahay mahatakatra sy miezaka manampy tahaka ny inona aza, ka hoe hahafantatra tanteraka ny zavatra tsapanao, na hoe mahita ireo teny tena ilaina hanampiana anao ho sitrana.

Saingy fantaro ity: misy Olona iray izay mahatakatra tanteraka ny zavatra iainanao, izay "mahery kokoa noho ny tany iray manontolo"[17] ary "mahay manao . . . mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahin[ao] na heverin[ao] aza."[18] Hitranga araka ny fombany ireo dingana ireo ary araka ny fandaharampotoany, saingy eo i Kristy vonona *hatrany* hanasitrana hatramin'ny bitika indrindra amin'ny fahorianao sy izay endrika rehetra mety hisehoan'izany.

Rehefa mamela Azy hanao izany ianao, dia ho hitanao fa tsy very maina ny fijalianao. Raha niresaka momba ny maro tamin'ireo maherifo lehibe indrindra ao amin'ny Baiboly sy ny alahelon'izy ireo i Paoly Apôstôly dia nilaza fa "Andriamanitra namboatra izay tsara lavitra ho an'izy ireo tamin' ny alalan'ny fijalian'izy ireo, fa raha tsy mijaly izy ireo dia tsy azo hatao tanteraka."[19] Ny toetran' Andriamanitra mihitsy sy tanjon'ny fiainantsika ety an-tany dia ny fahasambarana,[20] saingy tsy afaka ho tonga olona tanteraka ao amin'ny fahasambarana araka an' Andriamanitra isika raha tsy miaina zavatra izay misedra antsika, indraindray hatrany amin'ny faraherintsika mihitsy. Nilaza i Paoly fa ny Mpamonjy mihitsy no natao "tanteraka [mandrakizay] . . . [t]amin'ny fahoriana."[21] Noho izany dia tsy maintsy mitandrina ianao amin'ilay bitsika avy amin'i Satana hoe raha olona tsara kokoa ianao dia hanalavitra ny fisedrana toy izany.

Tsy maintsy toherinao ihany koa ilay lainga mifandray amin'izany hoe ny fahorianao dia toa maneho fa tsy isan'ireo nofinidin' Andriamanitra ianao, izay toa misosa fotsiny mitety ireo fitahiana mifandimby. Fa jereo kosa ny tenanao, araka ny fomba azo antoka fa nahitan'i Jaona Mpanambara anao tao amin'ilay fanambarana miezinezina azony mikasika ireo andro farany. Fa i Jaona dia nahita "olona betsaka tsy tambo isaina, avy tamin'ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny [izay] nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy lava . . . [ary] niantso tamin'ny feo mahery . . . nanao hoe: Ny famonjena anie ho an' Andriamanintsika."[22]

Rehefa nanontaniana hoe: "Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy?" Dia nahazo valiny i Jaona hoe: "Ireo no avy tamin'ny *fahoriana lehibe,* ary ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin'ny ran'ny Zanak'ondry."[23]

Ry rahalahy sy anabavy isany, ny fitoerana ho marina hatrany na dia eo aza ny fahoriana dia manampy hahatonga anao ho isan'ireo olomboafidin' Andriamanitra, fa tsy mampiavaka anao amin'izy ireo akory. Ka mahatonga ny fampanantenana ho azy ireo ho fampanantenana ho anao koa. Araka ny ambaran'i Jaona dia "tsy ho noana na hangetaheta intsony i[ana] reo; ary tsy haninona a[nareo] ny masoandro na izay hafanana akory. Fa ny Zanak'ondry Izay eo afovoan' ny seza fiandrianana no ho Mpiandry a[nareo] ka hitondra a[nareo] ho amin'ny loharanon'ny ranon'aina; ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny mason[areo]."[24]

"Ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana."[25]

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa noho ilay hatsaran'i Jesoa Kristy tsy takatry ny saina sy ny Sorompanavotany tsy misy fetra, dia afaka miala amin'ireo fijaliana izay mendrika antsika noho ireo fahalementsika isika, ary afaka mandresy ireo fijaliana tsy rariny izay zakaintsika eto an-tany. Eo ambany fitarihany, ny anjaranao araka an' Andriamanitra dia ho anjara manana halehibeazana tsy manan-tsahala sy fifaliana tsy hay faritana, fifaliana fatratra ary miavaka tokoa ho anao, ka ho lasa tsara "mihoatra ny zavatra rehetra . . . eto an-tany." ireo "laveno[nao]."[26] Mba hahafahanao manandrana izany fahasambarana izany ankehitriny ary ho henik' izany mandrakizay, dia manasa anao aho hanao izay nataon'i Almà: avelao ny sainao hifantoka amin'ilay fanomezana *tena fatratra* an'ilay Zanakalahin' Andriamanitra araka ny voambara amin'ny alalan'ny filazantsarany ato amin'ity Fiangonany marina sy velona ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Almà 36:21; nampiana fanamafisana.
2. Almà 37:6.
3. Joseph Smith—Tantara 1:31.
4. Ohatra, ampitahao ilay fiteny mitovitovy ao amin'ny Almà 36:11–17 sy ilay teny iditra hoe *exquisite* ao amin'ny *Oxford American Writer's Thesaurus*, izay isan'ireo boky maro azo ampidirina ao amin'ny fizarana hoe Dictionnaire ao amin'ny paramètres généraux amin'ny fitaovana sasany ka mifandrohy araka izany mba ho mora hita ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile. Isaorana i Rachel Sanford noho io fampahatsiahivana io.
5. Jereo ny Almà 42:13.
6. Jereo ny Almà 36:13–15.
7. Jereo ny Almà 36:17–21.
8. Môzià 25:10.
9. Jereo ny Orson F. Whitney, *Baptism—the Birth of Water and of Spirit* (1934), 5.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–16.
11. Jereo ny Almà 36:24–26.
12. "Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. faha-44.
13. Salamo 55:4–6.
14. Jereo ny Môrônia 7:24.
15. Hebreo 4:15.
16. Almà 7:11–12.
17. 1 Nefia 4:1.
18. Efesiana 3:20.
19. Jereo ny Joseph Smith Translation, Hebrews 11:40 (ao amin'ny Hebrews 11:40, footnote *a*)amin'ny soratra masina amin'ny teny Anglisy.
20. Jereo ny 2 Nefia 2:25; Almà 41:11:.
21. Hebreo 2:10; jereo koa ny Hebreo 5:8; Russell M. Nelson, "Perfection Pending," *Ensign,* Nov. 1995, 86–88.
22. Apokalypsy 7:9–10.
23. Apokalypsy 7:13–14; nampiana fanamafisana.
24. Apokalypsy 7:16–17.
25. Apokalypsy 21:4.
26. Jereo ny Isaia 61:3.; Joseph Smith—Tantara 1:31.



*Saint-Domingue, République dominicaine*



Nataon'ny Loholona William K. Jackson
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Ny kolontsain'i Kristy

*Azontsika rehetra ankamamiana ny tsara indrindra ao amin'ny kolontsaintsika manokana eto an-tany sady mandray anjara feno ihany amin'ilay kolontsaina mandrakizay izay avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.*

Tontolo mahafinaritra izaitsizy tokoa ity iainantsika sy iarahantsika manana ity, fonenana isian'ny olona, sy fiteny, sy fomba, ary tantara isan-karazany, izay miparitaka amina firenena an-jatony sy vondron'olona an'arivony, samy manana ny kolontsainy. Manana zavatra betsaka ireharehana sy hankalazana ny zanak'olombelona. Fa na dia toetra ianarana aza ny kolontsaina, ireo zavatra miseho amintsika noho ny kolontsaina nahalehibe antsika, dia mety ho hery lehibe eo amin'ny fiainantsika, ary mety hisy fotoana koa anefa ho lasa sakana lehibe.

Mety ho lalim-paka tanteraka ao anatin'ny fisainantsika sy ny fihetsitsika ny kolontsaina ka tsy ho azo ovaina. Sady ny ankamaroan'ny zavatra tsapantsika rahateo no mamaritra antsika sy ahatsapantsika ny maha-izy antsika. Mety ho fitaomana tena mahery tokoa izany ka mety tsy hahitantsika ireo fahalemena na lesok'olombelona ao amin'ny kolontsaintsika, hany ka miteraka fisalasalana eo amin'ny fanariana ny sasany amin'ireo "fomban-drazantsika." Ny firaiketana be loatra amin'ny kolontsain'ny olona iray dia mety hitarika amin'ny fandavana hevitra sy toetra ary fitondran-tena mendrika, na dia araka an' Andriamanitra aza izany.

Nahafantatra lehilahy mahafinaritra iray aho, tsy dia ela loatra izay, nanampy tamin'ny fanazavana io fitsipiky ny fahajambana ara-kolontsaina maneran-tany io. Tany Singapore no nihaonako taminy voalohany raha voatendry ho mpampianatra isan-tokantrano misahana ny fianakaviany aho. Profesora malaza ao Sanskirt sy Tamil izy, ary avy any atsimon'i Inde. Mpikamban'ny Fiangonana ny vadiny sy ny zanany roa lahy, saingy tsy mbola niditra ho mpikambana na nihaino firy ny fampianaran'ny filazantsara mihitsy izy. Nahafaly azy ny fivoaran'ny vadiny sy ireo zanany lahy ary nanohana azy ireo tanteraka izy tamin'ny zavatra nataon'izy ireo sy ny andraikitra sahanin'izy ireo tao am-piangonana.

Rehefa nanolo-tena ny hampianatra azy ny fitsipiky ny filazantsara sy hizara aminy ny finoantsika aho dia nandà izy tamin'ny voalohany. Somary ela vao fantatro hoe nahoana: nahatsapa izy fa raha manao izany dia ho lasa mpamadika ny lasany sy ny olony ary ny tantarany! Tamin'ny fieritreretany dia handà ny maha-izy azy, sy izay zavatra nampianarin'ny fianakaviany azy ary ny vakoka ananany amin'ny maha-indiana azy izy. Tao anatin'ireo volana vitsivitsy taorian'izay dia afaka niresaka momba ireo olana ireo izahay. Talanjona aho (fa tsy gaga!) tamin'ny fomba nanokafan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny masony ka nahafahany nanana fijery hafa.

Ao anatin'ny ankamaroan'ny kolontsain'ny olombelona dia sady ahitana ny tsara no ahitana ny ratsy, sady mampiorina no manimba.

Maro amin'ireo olana misy eto amin'ity izao tontolo izao misy antsika ity no vokatry ny fifandonana eo



*Nairobi, Kenya*

amin'ireo izay manana hevitra sy fomba tsy mitovy noho ny kolontsainy. Kanefa saika ny fifandonana sy ny savorovoro *rehetra* no hisinda vetivety raha toa ka tsy manaiky afa-tsy ny kolontsainy fototra izao tontolo izao, dia ilay kolontsaintsika vao tsy ela akory izay. Io kolontsaina io dia nanomboka tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Izany no kolontsain'i Adama sy i Enoka. Io no kolontsaina hita ao amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy tamin'ny mitataovovonan'ny fotoana, ary mbola misy izany ankehitriny ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy rehetra. Tsy manam-paharoa izy io. Izy no lehibe indrindra amin'ny kolontsaina rehetra ary avy amin'ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana, izay nataon' Andriamanitra sy arovan'i Kristy. Mampiray izy fa tsy mampisaraka. Manasitrana izy fa tsy mandratra.

Mampianatra antsika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy fa manana tanjona ny fiainana. Tsy tongatonga ho azy na fahadisoan-javatra no nampisy antsika eto! Misy antony ny maha-eto antsika.

Io kolontsaina io dia mifototra amin'ny fijoroana ho vavolombelona fa misy ny Raintsika any An-danitra, tena misy Izy ary tia antsika tsirairay manokana. Isika no "asa[ny] sy voninahi[ny]."[1] Manohana ny hevitry ny fitoviana lenta io kolontsaina io. Tsy misy fanavahana saranga na sokajy izany. Sady isika rahateo dia



*Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili*

mpianakavy avokoa, zanaka arapanahin'ny ray aman-drenintsika any an-danitra ara-bakiteny. Tsy ahitana toe-tsaina mpitsaratsara foana na "mpomba ny atsy sy aroa" ao amin'ilay lehibe indrindra amin'ny kolontsaina rehetra. Samy mpomba ny "atsy" daholo isika. Samy mpomba ny "aroa" avokoa isika. Mino isika fa manana andraikitra ary tompon'andraikitra amin'ny tenantsika, amintsika samy isika, amin'ny Fiangonana, ary amin'izao tontolo izao. Ny andraikitra sy ny maha-tompon'andraikitra dia tena manan-danja eo amin'ny fitomboantsika.

Ny fiantrana, ilay tena fikarakarana ny hafa tahaka ny nataon'i Kristy, no fototr'io kolontsaina io. Mahatsapa fiahiana marina ny amin'ny filan'ny mpiara-belona amintsika isika, na ara-nofo na ara-panahy, ary manao zavatra araka izany fahatsapana izany. Manala ny fitsaratsarana foana sy ny fankahalana izany.

Misitraka kolontsaina isian'ny fanambarana isika, izay mifototra amin'ny tenin' Andriamanitra araka ny andraisan'ireo mpaminany azy (ary azontsika tsirairay hamarinina manokana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany). Ny olombelona rehetra dia afaka mahafantatra ny sitrapo sy ny sain' Andriamanitra.

Io kolontsaina io dia miaro ny fitsipiky ny fahafahana misafidy. Ny fahafahana misafidy dia tena manandanja lehibe ho amin'ny fivoarantsika sy ny fahasambarantsika. Zava-dehibe ny misafidy amim-pahendrena.

Kolontsain'ny fianarana sy fandalinana izy io. Mikatsaka fahalalana sy fahendrena isika ary ny tsara indrindra amin'ny zava-drehetra.

Kolontsain'ny finoana sy fankatoavana izy io. Ny finoana an'i Jesoa Kristy no fitsipika voalohany amin' ny kolontsaintsika ary ny fankatoavana ireo fampianarany sy ny didiny no vokatr'izany. Miteraka fifehezantena izany.

Kolontsain'ny vavaka izy io. Mino isika fa tsy hoe mihaino antsika fotsiny Andriamanitra, fa manampy antsika ihany koa.



*Osaka, Japon*

Kolontsain'ny fanekempihavanana sy ôrdônansy izy io, fenitra arapitondrantena ambony, fahafoizantena, famelan-keloka sy fibebahana, ary fikarakarana ny vatantsika, izay tempoly. Ireo rehetra ireo dia mijoro ho vavolombelon'ny fanolorantenantsika ho an' Andriamanitra.

Izy io dia kolontsaina tantanan' ny fisoronana, ilay fahefana entina manao zavatra amin'ny anaran' Andriamanitra, ilay herin' Andriamanitra hitahiana ny zanany. Mampiorina sy manome fahafahana ny olona ho lasa olona, mpitarika, reny, ray, ary vady tsaratsara kokoa izany, ary manamasina ny tokantrano izany.

Feno fahagagana marina ao anatin'io, ilay kolontsaina ela indrindra, izay ateraky ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny herin'ny fisoronana, ny vavaka, ny fivoaran'ny tena manokana, ny tena fiovam-po, ary ny famelan-keloka.

Kolontsain'ny asa fitoriana izy io. Lehibe ny hasarobidin'ny olona.

Ao amin'ny kolontsain'i Kristy ny vehivavy dia asondrotra amin'ny lenta sahaza azy ireo mandrakizay. Tsy eo ambany fifehezan'ny lehilahy izy ireo, tahaka ny amin'ny ankamaroan'ny kolontsaina amin'izao tontolo izao ankehitriny, fa mpiara-miasa feno ary mitovy lenta aminy eto sy any amin'ny tontolo ho avy.

Io kolontsaina io dia manaiky ny fahamasinan'ny fianakaviana. Ny



*Peñablanca, Valparaíso, Chili*

fianakaviana no rafitra fototry ny mandrakizay. Mendrika ny hanaovana ny fahafoizan-tena rehetra ny fahatanterahan'ny fianakaviana, araka ny nampianarina hoe: "tsy misy fahombiazana mahaonitra ny tsy fahombiazan'ny tokantrano."[2] Ny tokantrano no toerana ahatontosantsika ny asa tsara indrindra avy amintsika ary ao no ahatratrarantsika ny fahasambarantsika lehibe indrindra.

Ao amin'ny kolontsain'i Kristy dia misy fomba fijery, ary fifantohana sy fizorana any amin'ny mandrakizay. Io kolontsaina io dia miompana amin'ireo zavatra manana lanjany mandrakizay! Avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany, izay maharitra mandrakizay, ary manazava ny antom-pisiantsika sy ny hoavintsika. (Mandray ny olona rehetra izy io fa tsy manilika.) Koa satria io kolontsaina io dia vokatry ny fampiharana ireo fampianaran'ny Mpamonjy antsika dia manolotra balsama manasitrana izay tena ilain'izao tontolo izao fatratra izany.

Tena fitahiana tokoa ny fahafahana miaina ity fomba fiainana lehibe sy mendri-kaja ity! Hitaky fiovana ny fahafahana hiaina ao anatin'ity lehibe indrindra amin'ny kolontsaina rehetra ity. Nampianatra ireo mpaminany fa ilaina ny famelana izay zavatra tamin' ny kolontsaintsika taloha ka tsy mifanaraka amin'ny kolontsain'i Kristy. Saingy tsy midika izany fa tsy maintsy mandao ny *zava-drehetra* isika. Nanamafy ihany koa ireo mpaminany fa isika, isika rehetra sy ny tsirairay amintsika, dia asaina hitondra ny finoantsika sy ny talentatsika ary ny fahalalantsika, izay rehetra tsara eo amin'ny fiainantsika sy ny kolontsaitsika manokana, *miaraka* amintsika, ary hamela ny Fiangonana "hampitombo" izany amin'ny alalan'ny hafatry ny filazantsara.[3]

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tsy fiarahamonina Tandrefana na trangan-javatra ara-kolontsaina amerikana. Fiangonana maneran-tany izy io, araka ny nananganana azy. Ankoatra izay dia avy any an-danitra izy io. Ireo mpikambana vaovao manerana izao tontolo izao dia mitondra harena, fahasamihafana ary fientanentanana ho an'ny fianakaviambentsika izay tsy mitsaha-mitombo. Olomasin'ny Andro Farany maro maneran-tany izao no mbola mankalaza sy manaja ny vakoka ananany sy ny maherifony, saingy ankehitriny izy ireo dia anisan'ny zavatra mbola lehibe lavitra ihany koa. Ny kolontsain'i Kristy dia manampy antsika hahita ny tenantsika amin'ny tena maha-izy antsika, ary rehefa hita amin'ny alalan'ny maso mibanjina ny mandrakizay izany, ampiarahina amin' ny fahamarinan-toetra, dia mampitombo ny fahafahantsika manatanteraka ny drafitra lehiben'ny fahasambarana.

Inona ary no nitranga tamin'ilay namako? Nampianarina ireo lesona izy ary niditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Nofehezina mandritra izao fotoana izao sy mandrakizay ny fianakaviany taorian'izay tao amin'ny tempolin'i Sydney Australie. Nilavo lefona kely izy, dia nahazo ny hery ahafahana manao ny zavatra rehetra. Hitany fa mbola afaka nankalaza ny tantarany ihany izy, mbola afaka nirehareha ny amin'ny razambeny, ny hira sy dihy ary ny literatiorany, ny sakafony, ny taniny ary ny vahoakany ihany. Nahita izy fa tsy misy olana mihitsy ny mampiditra ny tsara indrindra amin'ny kolontsainy ho ao amin'ilay lehibe indrindra amin'ny kolontsaina rehetra. Nahita izy fa ny fitondrana izay mifanaraka amin'ny fahamarinana sy ny fahamarinan-toetra teo amin'ny fiainany taloha ho ao amin'ny fiainany vaovao dia tsy manao afa-tsy ny manatsara ny fiarahany amin'ireo Olomasina ary manampy amin'ny fampiraisana ny rehetra ho iray ao amin'ny fiarahamonin'ny lanitra.

Azontsika rehetra ankamamiana tokoa ny tsara indrindra ao amin'ny kolontsaintsika manokana eto an-tany kanefa mbola mandray anjara feno amin'ilay kolontsaina antitra indrindra amin'izy rehetra, ilay kolontsaina fototra, tena izy, mandrakizay izay avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Vakoka tena mahatalanjona tokoa no iarahantsika manana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Mosesy 1:39.
2. J. E. McCulloch, ao amin'ny *Enseignements des présidents de l'église: David O. McKay* (2011), 154.
3. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: George Albert Smith* (2011), xxviii; Gordon B. Hinckley, "The Marvelous Foundation of Our Faith," *Liahona,* Nov. 2002, 78–81.



Nataon'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Hanao zavatra tsy takatry ny saina Andriamanitra

*Efa nanomana ny zanany sy ny Fiangonany ho amin'izao fotoana izao Andriamanitra.*

Fotoana fohy taorian'ny nahatongavana tany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake no nanombohan'ireo Olomasina nanangana ny tempoly masin'izy ireo. Nahatsapa izy ireo fa nahita toerana ihany ny farany hahafahan' izy ireo mitsaoka an' Andriamanitra amim-piadanana ary afaka amin'ny fanenjehena.

Kanefa rehefa akaiky ho vita ny fototry ny tempoly dia nisy miaramilan'ny tafik' Etazonia tonga hametraka an-tery governora vaovao.

Koa satria tsy hain'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana raha hietraketraka ilay andian-tafika na tsia, dia nodidian'i Brigham Young ireo Olomasina hiala ary hanototra tany ny fototry ny tempoly.

Azoko antoka fa misy amin' ireo mpikamban'ny Fiangonana no nanontany tena hoe nahoana ireo ezaka natao hananganana ny fanjakan' Andriamanitra no voasakantsakana hatrany.

Lasa ihany ilay loza nony farany ka nohadiana sy notiliana ireo fototry ny tempoly. Tamin'izany indrindra no nahafantaran'ireo mpamaky lay mpanorina fa maro tamin'ireo vatovary tany am-piandohana no tresaka ka tsy mety atao fototra.

Vokatr'izany dia nasain'i Brigham namboarina ny fototra mba hahafahan'izany mazaka tsara ny rindrina vita amin'ny granita[1] an'ny tempoly mijoalajoalan'i Salt Lake.[2] Nony farany dia afaka nihira ilay fihirana hoe "Fototra mafy orina"[3] ihany ireo Olomasina ary nahafantatra fa ny tempolin'izy ireo dia naorina teo ambony fototra mafy orina izay holovain'ny taranaka maro.

Io tantara io dia afaka mampianatra antsika ny fomba ampiasan' Andriamanitra ny fahoriana hanatanterahana ireo tanjony.

### Valanaretina maneran-tany

Raha toa ka tsy vaovao aminareo izany raha jerena ny toe-javatra misy antsika ankehitriny dia satria izany tokoa no izy.

Tsy mino aho hoe misy olona iray izay mandre ny feoko na mamaky ny teniko ka tsy voakasik'ilay valanaretina maneran-tany.

Te hiteny aminareo izay misaona ny fahalasanana havana sy namana izahay hoe miara ory aminareo izahay. Mitalaho ny Ray any An-danitra izahay mba hampionona sy hanafaka ny halahelonareo.

Mihoatra ny fahasalamana arabatana ny voka-dratsy maharitra naterak'ity tsimok'aretina ity. Fianakaviana maro no very fidiram-bola ka ambanan'ny hanoanana, sy ny ahiahy, ary ny tahotra. Derainay ireo ezaka feno fitsinjovana ny hafa ataon'ny olona maro tokoa mba hisorohana ny fiparitahan'ity aretina ity. Mampanetry tena anay ny fanolorantena mangina sy ireo ezaka mendri-kaja ataon'ireo izay manao sorona ny fiarovana ny tenany mba hanampiana, sy hanasitranana ary hanohanana ireo olona sahirana. Heniky ny fankasitrahana ny amin'ny hatsaram-ponareo sy ny fangorahana ananareo ny fonay.



*Lo Narváez, Valparaíso, Chili*

Mivavaka mafy izahay mba hanokafan' Andriamanitra ny varavaran'ny lanitra ka hamenoany ny fiainanareo amin'ireo fitahiana mandrakizay avy amin' Andriamanitra.

### Toy ny voa isika

Mbola betsaka ny zavatra tsy fantatra momba io tsimok'aretina io. Saingy raha misy zavatra iray fantatro dia ny hoe tsy zavatra tsy nampoizina hoan'ny Ray any An-danitra akory io tsimok'aretina io. Tsy nila nampivondrona tafik'anjely fanampiny Izy, na nila nampiantso fivoriana vonjy taitra, na nila namindra ny sasany amin' ireo izay natao hisahana ny fahariana tontolo mba hiatrika ny fandraisana an-tanana filana iray tsy nampoizina.

Ny hafatro anio dia hoe na dia tsy izao valanaretina izao aza no niriantsika na nantenaintsika, Andriamanitra kosa dia efa nanomana ireo zanany sy ny Fiangonana ho amin'izao fotoana izao.

Eny, haharitra izany isika. Saingy hanao zavatra mihoatra noho ny mihidy vazana, sy ny maharitra ary ny miandry ny hiverenan'ny zavadrehetra amin'ny laoniny fotsiny isika. Handroso isika, ary ho lasa tsaratsara kokoa ho vokatr'izany.

Azo lazaina hoe toy ny voa isika. Ary mba hahafahan'ny voa hanatratra ny fitomboana tokony ho tratrany dia tsy maintsy alevina anaty tany izy vao afaka hitrebona. Mijoro ho vavolombelona aho fa na dia misy fotoana aza isika mety hahatsapa ho tototr'ireo fitsapan'ny fiainana na voahodidin'ny olana ara-pihetseham-po, ny fitiavan' Andriamanitra sy ireo fitahian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny dia hampitranga zavatra tsy takatry ny saina.

### Avy amin'ny zava-tsarotra no ipoiran'ny fitahiana

Samy niatrika ny anjara fitsapana sy fotoan-tsarotra nozakainy avy ny fotoampitantanana rehetra.

I Enoka sy ny vahoakany dia niaina tanatina fotoana nisian'ny faharatsiana, sy ady ary fandatsahan-drà. "Fa tonga ny Tompo ary niara-nonina tamin'ny vahoakany." Nanana zavatra tsy takatry ny saina nokasainy ho azy ireo Izy. Nampiany izy ireo hanangana an'i Ziona, dia vahoaka "iray fo sy iray saina" izay "niaina tamim-pahamarinana."[4]

I Josefa zazalahy, zanak'i Jakoba dia natsipy tanaty lava-drano, namidy ho andevo, sy nivadihana, ary nilaozana.[5] Tsy maintsy ho nanontany tena i Josefa ndrao adinon' Andriamanitra izy. Nanana zavatra tsy takatry ny saina nokasainy ho an'i Josefa Andriamanitra. Nampiasainy io fotoampitsapana io mba hampatanjahana ny toetran'i Josefa ka nametrahany azy amin'ny toerana hahafahany mamonjy ny fianakaviany[6]



*Montegrotto Terme, Padoue, Italie*

Eritrereto i Joseph Smith Mpaminany nandritra ny namonjana azy tao amin'ny fonjan'i Liberty, ny fomba nitalahoany fanamaivanana ho an'ireo Olomasina nijaly. Tsy maintsy ho nanontany tena izy hoe amin'ny fomba ahoana no mbola hahafahan'i Ziona ho tafatsangana tao anatin'ireny toe-javatra ireny. Saingy ny Tompo dia nanambara fiadanana taminy, ary ilay fanambarana be voninahitra izay tonga taorian' izay dia nitondra fiadanana ho an'ireo Olomasina—ary manohy mitondra fiadanana ho anao sy ho ahy izany.[7]

Impiry moa ireo Olomasina nandritra ireo taona voalohany nisian' Ny Fiangonanan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no kivy sy nanontany tena sao adinon' Andriamanitra izy ireo? Saingy tao anatin'ny fanenjehana, sy famoizana ary fandrahonana fandringanana, ny Tompo Andriamanitr'i Isiraely dia nanana zavatra hafa tao an-tsainy ho an'ireo ondriny vitsy. Zavatra tsy takatry ny saina.

Inona no ianarantsika avy amin'ireo ohatra ireo—sy ireo ohatra nasehon'ireo olona an-jatony hafa ao amin'ny soratra masina?

Voalohany, ireo olo-marina dia tsy ilaozan'izay tsy hiaina fitsapana sy fahasarotana. Tsy maintsy mandalo fotoan-tsarotra isika rehetra satria ao anatin'ireny fotoam-pahoriana ireny no ianarantsika ireo fitsipika izay manamafy orina ny toetrantsika ary mahatonga antsika hanatona kokoa an' Andriamanitra.

Faharoa, ny Ray any An-danitra dia mahafantatra fa mijaly isika, ary satria zanany isika dia tsy handao antsika Izy.[8]

Eritrereto ilay olona feno fangorahana, dia ny Mpamonjy izany, izay nampiasa ny ampahany lehibe tokoa tamin'ny fiainany nanompoana ny marary, ny manirery, sy ny mpiahiahy, ary ny mamoy fo.[9] Heverinao ve fa tsy mitaintaina firy momba anao Izy ankehitriny?

Ry namako malala isany, ry rahalahy sy anabaviko malala, Andriamanitra dia hiahy sy hitarika anareo mandritra ireny fotoana mampanahy

sy mampatahotra ireny. Fantany ianao. Reny ny fitalahoanao. Mahatoky sy azo ianteherana Izy. Hotanterahiny ireo fampanantenany.

Manana zavatra tsy takatry ny saina kasainy ho anao manokana sy ho an' ny Fiangonana iray manontolo Izy—asa iray mahatalanjona sy mahagaga.

### Misaotra Anao noho ny Mpaminany

Mbola ho avy ireo androntsika tsara indrindra, fa tsy hoe efa lasa akory. Izany no antony anomezan' Andriamanitra antsika fanambarana *maoderina*! Raha tsy misy izany, dia mety ho toy ireny fiaramanidina mihazohazo eny amin'ny habakabaka ireny ny fiainana ka miandry ny hisindan'ny rahona mba hahafahana midina tsy amin'ahiahy. Mihoatra lavitra noho izany ireo tanjon'ny Tompo ho antsika. Koa satria Fiangonan'ilay Kristy velona ity, ary koa satria mitarika ireo mpaminaniny Izy dia mandeha mandroso sy miakatra isika, mankany amin'ireo toerana tsy nodiavintsika hatrizay, mankany amin'ny toerana avo izay zara raha azontsika an-tsaina!

Izany anefa tsy midika fa tsy handalo fotoana mampisamboaravoara isika mandritra ny sidina hamakivakiantsika ny fiainana an-tany. Tsy midika akory izany fa tsy hisy fahasimbana fitaovana, sy tsy fahatomombanana ara-mekanika, na toetr'andro ratsy tsy ampoizina. Raha ny marina dia mety hiharatsy aza ny fandehanjavatra mialohan'ny hihatsarany.

Tamin'ny naha-mpanamory fiaramanidina mpiady sy tamin'ny nahakapiteny ahy, dia nianatra aho fa na dia tsy afaka misafidy ny olana ho atrehiko aza aho mandritra ny sidina iray dia afaka misafidy kosa ny fomba hiomanako sy ny fomba hiatrehako izany. Fahatokiana ao anatin'ny fahatoniana sy saina mitombina no ilaina mandritra ireo fotoana isian'ny hamehana.

Amin'ny fomba ahoana no hananana izany?

Atrehana ny zava-misy ary miverina amin'ireo fitsipika fototra, ireo fitsipika fototry ny filazantsara, ireo zavatra manan-danja indrindra. Hamafisina ireo fihetsika ara-pivavahana manokana, toy ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina ary ny fitandremana ireo didin' Andriamanitra. Mandray fanapahan-kevitra araka ireo fomba fiasa efa voasedra tsara indrindra.

Mifantoka amin'ireo zavatra azonao atao fa tsy amin'ireo zavatra tsy azonao atao.

Mampivondrona ny finoanao. Mihaino ny teny izay mitantana avy amin'ny Tompo sy ireo mpaminany mitarika anao mba hieren-doza.

Tsarovy fa Fiangonan'i Jesoa Kristy ity—Izy no Mpanamory.


*Temecula, Californie, Etazonia*

Eritrereto ireo fivoarana maro nentanim-panahy izay nitranga tato anatin'ny folo taona lasa monja. Ohatra vitsy monja amin'izany ireto:

- Nohamafisina ny maha-ivon'ny fitandremantsika ny andro Sabata ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo.
- Nomena ny *Avia, hanaraka Ahy* mba ho fitaovana hianarana sy hiainana ny filazantsara any an-tokantrano sy tohanan'ny Fiangonana mba hampatanjahana ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana.
- Nanomboka fomba avo lenta sy masina kokoa isika hanompoana ny rehetra.
- Ny fampiasana ny teknôlôjia hizarana ny filazantsara sy hanaovana ny asan'ny Tompo dia efa miparitaka manerana ny Fiangonana.

Na dia itony fivorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany itony aza dia tsy ho tanteraka raha tsy teo ireo fitaovana ara-teknôlôjika mahatalanjona.

Ry rahalahy sy anabavy, miaraka amin'i Kristy eo amin'ny fanamoriana, tsy vitan'ny hoe ho tomombana ny zava-drehetra, fa tsy ho takatry ny saina mihitsy.

### Mandroso hatrany ny asa fanangonana an'i Isiraely

Amin'ny voalohany dia mety ho toy ny sakana amin'ny asan'ny Tompo ny valanaretina iray maneran-tany. Ohatra, tsy azo natao ireo fomba mahazatra entina izarana ny filazantsara. Kanefa ilay valanaretina dia nahafahana nahita hevitra sy fomba vaovao misokatra kokoa hitoriana amin'ireo tso-po. Mitombo hery sy mampientanentana kokoa hatrany ny asa fanangonana an'i Isiraely. Tantara an-jatony sy an'arivony no manaporofo izany.

Misy namana tsara iray mipetraka any amin'ny firenena mahafinaritr'i Norvège nanoratra tamiko sy Harriet momba ny tranga vao tsy ela ny amin'ny fitomboan'ny isan'ny olona atao batisa. "Amin'ireo toerana izay tsy dia niroboroboan'ny Fiangonana," hoy izy, "ireo vondrona dia hivadika ho sampana ary ireo sampana dia ho lasa paroasy!!"

Tany Letonia indray, ny vehivavy iray izay nahita ny Fiangonana tamin' ny alalan'ny fijerena dokambarotra tao amin'ny internet dia lasa liana aok'izany hianatra momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy hany ka tonga adiny iray mialoha ny fotoana hampianarana



azy, ary talohan'ny namaranan'ireo misiônera ny lesona voalohany dia nangataka datina batisa izy.

Tany Eorôpa Atsinanana, vehivavy iray nantsoina misiônera vavy antelefaonina no nihiaka hoe: "Fa maninona ianareo no izao vao miantso? Efa niandry anareo foana aho!"

Maro amin'ireo misiônerantsika no lasa be atao kokoa noho izay nisy hatrizay. Maro no manana olona ampianarina maro kokoa noho izay nisy hatrizay. Lasa miara-miasa kokoa ny mpikambana sy ny misiônera.

Taloha dia mety ho variana loatra tamin'ireo fomba tranainy isika ka nila hoe nisy valanaretina vao nisokatra ny masontsika. Mety hoe mbola nanorintrano tamin'ny vatovary isika kanefa efa nisy vato granita teo. Koa rehefa latsaka an-katerena, ankehitriny isika dia mianatra mampiasa fomba isankarazany, anisan'izany ny teknôlôjia, hanasana olona, amin'ny fomba tsotra sy mandeha ho azy, mba ho avy ka hahita, ho avy ka hanampy, ary ho avy ka hiombona.

### Satria asany, dia amin'ny fombany

Asan'ny Tompo ity. Manasa antsika Izy hahita ireo fomba fanaovany izany, ary mety ho samy hafa amin'ny zavatra niainantsika taloha izany.

Nitranga tamin'i Simona Petera sy ireo mpianatra hafa izay nandeha nanarato teo amin'ny ranomasin'i Tiberiasy izany.

"Tamin'iny alina iny dia tsy nahazo na inona na inona akory izy.

"Ary nony efa nazava ratsy ny andro, dia nitsangana teo amorondranomasina Jesosy. . . .

"Ary hoy Izy taminy: Alatsaho eo amin'ny sisiny [*ilan'*] ny sambokely ny haratonareo, dia hahazo ianareo."

Koa dia nalatsak'izy ireo tany amin'ny sisiny ilany ny haraton'izy ireo ka "tsy zakany nakarina noho habetsahan'ny hazandrano."[10]

Nanambara ny sitrapony Andriamanitra ary hanohy hampiseho ny sandriny mahery. Ho avy ny andro hanaovantsika jery todika ka hahafantarantsika fa nandritra ity fotoampahoriana ity, dia nanampy antsika Andriamanitra hahita fomba tsara kokoa, dia ny fombany, hanangana ny fanjakany eo amina fototra mafy orina.

Mijoro ho vavolombelona aho fa asan' Andriamanitra ity ary hanohy hanao zavatra maro tsy takatry ny saina Izy eo anivon'ireo zanany izay vahoakany. Mihazona antsika ampelatanany feno fiahiana sy fangorahana Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminanin' Andriamanitra ho an'izao androntsika izao.

Amin'ny maha Apôstôlin'ny Tompo ahy dia manasa sy mitsodrano anareo aho mba "hazoto hanao ny zavadrehetra izay tratry ny herina[reo]; ary rehefa izany dia enga anie ka hahajoro [ianareo] omban'ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny famonjen' Andriamanitra ary ny fampisehoana ny sandriny."[11] Ary mampanantena aho fa ny Tompo dia hampisy zavatra tsy takatry ny saina vokatry ny asanareo feno fahamarinana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Vato karangana koartsa, izay mitovy amin'ny granita, nalaina tany amin'ny fihadiam-bato iray eo amin'ny fidirana ny Little Cottonwood Canyon, 32 kilaometatra atsimo-atsinanan'io tanàna io.
2. Raha hijery lalindalina kokoa io fotoana nisy teo amin'ny tantara io dia jereo ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days,* vol. 2, *No Unhallowed Hand, 1846–1893* (2020), toko 17, 19, ary 21.
3. Jereo ny "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* pejy 12.

Azo atao ho toy ny hira faneva ho an'izao fotoana iainantsika izao ireo andinin'io fihirana io ary, rehefa henointsika amin'ny sofina vaovao ireo tonony, dia manome hevi-baovao mahakasika ireo olana atrehintsika izany:

*Na finaritra na marary ianao,*
*Na mitombo harena na ory koa.*
*Na mandeha lavitra na ao an-trano.*
*Ny Tompo manampy anao hatrany.*

*Aza kivy na matahotra ianao,*
*'Zaho Andriamanitra manampy anao.*
*'Zaho hampahatanjaka sy hampitraka.*
*Hijoro ianao, eo anatrehako.*

*Raha tojo ny ady sarotra ianao,*
*'Zaho tsy hampitondra 'zay tsy zakanao.*
*Izaho hiambina, hiara-dia aminao.*
*Hanome fitahiana . . . fitahiana ho anao.*

*Raha tojo fahoriana ny fiainanao,*
*Dia ampy ho anao ny fahasoavako.*
*Handresy ny sakantsakana ianao.*
*Fadio ny ota . . . ka mitsahara.*

*Tolory an'i Jesoa ny fiainanao,*
*Fa tsy handao anao mandrakizay Izy.*
*Na manangoly aza i Satana,*
*Na oviana na oviana, tsy ho foiny ianao!*

4. Jereo ny Mosesy 7:13–18.
5. Tokony ho 17 taona teo angamba i Josefa tamin'ny fotoana namarotan'ireo rahalahiny azy ho andevo (jereo ny Genesisy 37:2). Telopolo taona izy raha nirotsaka ho mpanompon'i Farao (jereo ny Genesisy 41:46). Azonao sary an-tsaina ve ny hasarotan'izany hoe zatovolahy tao amin'ny tanjany mihitsy izy no nivadihana, sy namidy ho andevo, sy nendrikendrehina, ary avy eo naiditra am-ponja? Azo antoka fa i Josefa dia maodely tsy ho an'ireo zatovon'ny Fiangonana ihany fa ho an'ireo lehilahy, sy vehivavy, ary ankizy rehetra ihany koa izay maniry ny hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka ny Mpamonjy.
6. Jereo ny Genesisy 45:4–11; 50:20–21. Mamaky isika ao amin'ny Salamo 105:17–18, hoe: "Naniraka lehilahy hialoha azy Izy; Josefa namidy ho andevo; Nampijaliany tamin'ny fatorana ny tongony; Nogadrany vy izy." Ao amin'ny dikan-teny iray hafa ny andininy 18 dia mivaky toy izao: "Nampijaliany tamin'ny fatorana ny tongony, ary nihamafy toy ny vy ny fanahiny" (jereo ny Young's Literal Translation). Amiko izany dia midika fa ireo fahoriana natrehan'i Josefa dia nanome azy fanahy mahery sy matanjaka toy ny vy, hatsarana izay hilainy ho amin'ny hoavy izay lehibe sy tsy takatry ny saina izay nomanin'ny Tompo ho azy.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121–23.
8. Matoa Andriamanitra mandidy ireo zanany hiraharaha sy ho feno fangorahana amin'ireo noana, sy ny sahirana, ny tsy manan-kotafiana, sy ny marary, ary ny ory, dia azo antoka fa miraharaha sy feno famindram-po amintsika zanany Izy (jereo ny Môrmôna 8:39).
9. Jereo ny Lioka 7:11–17.
10. Jereo ny Jaona 21:1–6.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17.



Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany | 3 Ôktôbra 2020

Nataon'i Sharon Eubank
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany*

# Amin'ny alalan'ny fiombonam-pihetseham-po no ahazoantsika hery amin' Andriamanitra

*Rehefa mikatsaka fiombonam-pihetseham-po isika, dia hiantso ny herin' Andriamanitra hahatontosa ny ezaka ataontsika.*

Nilaza tamin'i Gordon ny reniny fa raha vitany ny raharahany dia hanamboatra tarte ho azy izy. Ilay karazany tiany indrindra. Ho azy irery ihany. Nandeha namita ireo raharaha ireo i Gordon, ary nikosoka ny tarte ny reniny. Niditra tao an-trano niaraka tamin'ny namany i Kathy zokiny vavy. Nahita ilay tarte izy dia nanontany raha afaka mahazo silany iray izy sy ilay namany.

"Tsia," hoy i Gordon, "ahy io tarte io. Namboarin'i Neny ho ahy io, ary niasa aho mba hahazoako izany."

Naneho fihetsika tezitra tamin'ny zandriny lahy i Kathy. Tena tia tena sy tsy malala-tanana izy. Fa ahoana no hitazonany izany ho azy irery?

Ora vitsy taty aoriana, rehefa nosokafan'i Kathy ny varavaran'ny fiara hitondrany ny namany hody, dia indreo teo ambony seza nisy serviette de table roa nivalona tsara niaraka tamin'ny sotrorovitra roa teo amboniny, ary tartes roa lehibe teo ambony lovia. Notantarain'i Kathy tamin'ny fandevenana an'i Gordon io tantara io mba hampisehoana ny fahavononany hiova sy haneho hatsaram-panahy amin'ireo izay tsy mendrika izany matetika.

Tamin'ny 1842 dia niasa mafy ny Olomasina hananganana ny Tempolin'i Nauvoo. Taorian'ny nananganana ny Fikambanana Ifanampiana ny volana martsa, dia nanatrika matetika ny fivorian'izy ireo ny Mpaminany Joseph mba hanomanana azy ireo amin'ireo fanekempihavanana masina sy mampiray hina izay hataon'izy ireo tsy ho ela ao amin'ny tempoly.

Ny 9 jona ny Mpaminany dia "nilaza fa hitory momba ny famindram-po [.] Raha ohatra moa i Jesoa Kristy sy ny anjely ka tezitra amintsika amin'ny zavatra tsy misy dikany, dia inona no hiafarantsika? Tokony hamindra fo isika ary tsy hanisy lanja ireo zavatra kely." Notohizan'ny Filoha Smith hoe: "Mampalahelo ahy ny tsy fisian'ny firaisan-kina feno kokoa—raha mijaly ny mpikambana iray dia tokony ho tsapan'ny rehetra izany— amin'ny fiombonam-pihetseham-po no hahazoantsika hery amin' Andriamanitra."[1]

Nanaitra ahy toy ny varatra io fehezan-teny kely io. *Amin'ny alalan' ny fiombonam-pihetseham-po no ahazoantsika hery amin' Andriamanitra.* Tsy araka izay aniriako azy ity tontolo ity. Betsaka ny zavatra tiako hovaina sy hatsaraina kokoa. Ary tsoriko aloha fa be ny fanoherana ireo zavatra antenaiko, ary indraindray aho dia mahatsiaro ho tsy afa-manoatra. Tato ho ato aho dia nametraka fanontaniana mampandini-tena tamin'ny tenako hoe: Ahoana no ahafahako mahatakatra ny zavatra tsapan' ny olona manodidina ahy? Ahoana no hamoronako izany "fiombonam-pihetseham-po" izany kanefa samy hafa tanteraka ny olona rehetra? Hery inona avy amin' Andriamanitra no afaka ho azoko raha toa aho ka miray hina kokoa amin'ny hafa? Manana sosokevitra telo avy



*Saint-Domingue, République dominicaine*

amin'ny tombantombana nataoko momba ny tenako aho. Hanampy anareo koa angamba ireo.

### Manàna famindram-po

Mivaky toy izao ny Jakôba 2:17: "Hevero ho toy ny tenanareo ny rahalahinareo, ary mihavàna amin'ny rehetra, ary aoka ianareo ho malala-tanana amin'ny fananareo mba hahatonga azy ho mpanankarena toa anareo." Andeha ny teny hoe *fananana* hosolointsika amin'ny teny hoe *famindram-po*—aoka ianareo ho malala-tanana amin'ny *famindram-po* mba hahatonga azy ho mpanankarena toa anareo.

Matetika isika dia mieritreritra sakafo na vola rehefa miteny hoe fananana, fa angamba ny famindram-po no ilaintsika rehetra bebe kokoa amin'ny fanompoantsika.

Vao tsy ela akory izay ny Filohanay ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana no nilaza hoe: "Ny zavatra . . . ampanantenaiko anareo dia hoe hotandremako tsara mba tsy ho voaloto ny anaranareo. . . . Horaisiko araka izay tsara indrindra vitanareo ianareo. . . . Tsy hiteny na oviana na oviana zavatra ratsy momba anareo aho, izay tsy hampahery anareo. Mangataka anareo aho mba hanao toy izany amiko koa satria matahotra mafy ny handiso fanantenana anareo aho, raha ny tena marina."

Hoy i Joseph Smith tamin'ireo rahavavy tamin'io andro iray tamin'ny Jona 1842 io hoe:



*Rexburg, Idaho, Etazonia*

"Rehefa maneho hatsaram-panahy sy fitiavana amiko na faran'izay kely aza ny olona dia tena misy fiantraikany lehibe amiko izany. . . .

". . . Arakaraka ny hanakaikezantsika kokoa ny Raintsika any An-danitra no hahafahantsika manana fangorahana bebe kokoa an'ireo izay manana olana ara-panahy. [mahatsapa ho] te hilanja azy ireo eny an-tsorontsika isika ary hanary ny fahotany any an-damosintsika any. [Natao ho an'ity] Fikambanana manontolo [ity ny lahateniko]— raha tianareo hanana famindram-po aminareo Andriamanitra, dia mifamindrà fo ianareo".[2]

Torohevitra ho an'ny Fikambanana Ifanampiana manokana izany. Aoka isika tsy hifampitsara na hamela ny tenintsika handratra. Andao hiaro hatrany ny anaran'ny tsirairay tsy haloto ary hanome ny fanomezan'ny famindram-po.[3]

### Ataovy misosa amin'ny *fironana mirindra* ny lakanao

Tamin'ny 1936 dia nisy ekipa mpivoy lakana tsy dia fantatra loatra avy tany amin'ny Oniversiten'i Washington nandeha nankany Alemana handray anjara tamin'ny Lalao Olaimpika. Tao anatin'ny fotoan-tsarotra indrindra tamin'ny Fahaketrahana Lehibe ara-toekarena izany. Zazalahy mpiasa madinika izy ireo ary ny tanàna kelin'izy ireo izay mpitrandraka harena an-kibon'ny tany sy mpanao hazo no nanome vola kely mba hahafahany mandeha mankany Berlin. Toa nilahatra nanohitra azy ireo ny lafiny rehetra tamin'ilay fifaninanana, saingy nisy zavatra nitranga tao amin'ilay hazakazaka. Antsoin'ireo ao amin'ny tontolon'ny mpivoy lakana hoe "firindram-pirona" izany. Henoy ity famaritana ity araka ilay boky hoe *The Boys in the Boat:* (Ireo zazalahy tao anaty lakana)

Misy zavatra mitranga indraindray izay sarotra tontosaina ary sarotra faritana. "Firindram-pirona" no iantsoana azy. Tsy miseho izany raha tsy rehefa mivoy anaty firaisan-kina tanteraka ny rehetra ka tsy misy fihetsika na iray monja aza tsy mifanaraka.

Tsy maintsy sady maneho ny fahaleovantenany tanteraka ireo mpivoy no mijanona ho mahatoky amin'ny fahaiza-manao ananan'ny tsirairay avy. Tsy noho ny fitovian'ny fahaizan'ny olona rehetra ao anatin'ny ekipa no handresena amin'ny fifaninanana. Ny ekipa mahay dia voarafitry ny fahaiza-manao mifangaro—misy olona iray mitarika ny zavatra atao, olona iray mitsitsy aina mba hatanjaka, olona iray mitolona mafy, olona iray mampihavana. Tsy misy mpivoy sarobidy kokoa noho ny iray hafa fa ilain'ilay lakana avokoa izy rehetra, kanefa raha te-hiarahivoy tsara izy ireo, dia samy tokony hampifanaraka izay ataony amin'ny filana sy ny fahaiza-manaon'ny tsirairay—ny olona fohy tanana hanakatra lavidavitra kokoa, ny olona lava tanana tsy maninjitra be loatra ny tanany.

Ny fahasamihafana dia azo avadika ho tombontsoa fa tsy fatiantoka. Amin'izay vao ho tsara fa toy ny mandeha irery ilay lakana. Amin'izay vao miala tanteraka ny fanaintainana ka hivadika ho fifaliana. Toy ny tononkalo ny "firindram-pirona" tsara.[4]

Nahavita firindram-pirona tonga lafatra nanoloana ireo sakana goavana ity ekipa ity ka nandresy. Nampientampo ny medaly volamena ôlaimpika, fa ny firaisan-kina niainan'ny mpivoy tsirairay tamin'izany andro izany dia fotoana masina tsy niala tao am-pon'izy ireo tamin'ny androm-piainany rehetra.

### Rantsano ny ratsy arakaraka ny fitomboan'ny tsara

Tao amin'ilay fanoharana mahafinaritra ao amin'ny Jakôba 5, ny Tompon'ny tanimboly dia namboly hazo tsara tamin'ny tany tsara, saingy simba izany rehefa nandeha ny fotoana ary namoa voa ratsy. Nilaza im-balo ny Tompon'ny tanimboly hoe: "Mampahory ahy ny hamoizako ny hazo."

Hoy ilay mpanompo tamin'ny Tompon'ny tanimboly: "Tsimbino [ilay hazo] mandritra ny fotoana fohy. Ary hoy ny Tompo: Eny, hitsimbina azy Aho mandritra ny fotoana fohy."[5]

Dia nomena aorian'izay ny torolalana izay azo ampiharina amintsika rehetra izay miezaka mihevo ny hazo ka mahazo voa tsara ao amin'ny tanimboly kelintsika: "Ianareo dia

handratsana ny ratsy arakaraka ny fitomboan'ny tsara."[6]

Ny mitranga ho azy ny firaisan-kina; mila asa izany. Misavoritaka, sy tsy mampahazo aina izany indraindray, ary mitranga tsikelikely rehefa esorintsika ny ratsy arakaraka ny fitomboan'ny tsara.

Tsy irery velively isika amin'ny ezaka ataontsika hampisy firaisan-kina. Hoy ihany ny Jakôba 5 hoe: "Nandeha ary niasa tamin'ny heriny ireo mpanompo; ary niara-niasa taminy koa ny Tompon'ny tanimboly."[7]

Hiaina zavatra tena mandratra lalina isika tsirairay avy, zavatra izay tsy tokony hitranga mihitsy. Hisy fotoana koa isika tsirairay avy hamela ny avonavona sy ny fieboeboana hanimba ny voankazo vokarintsika. Fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika amin'ny zavatra rehetra. Mahavita manampy antsika na amin'ny zavatra sarotra indrindra aza ny heriny ary azontsika ianteherana rehefa miantso Azy isika. Samy mangataka famindram-po avokoa isika noho ny fahotantsika sy ny tsy fahombiazantsika. Omeny maimaim-poana izany. Ary mangataka amintsika Izy raha toa ka afaka mifanome izany famindram-po sy fahatakarana izany isika.

Nolazainy tamin-kitsimpo izany hoe: "Aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy."[8] Kanefa raha iray isika—raha afaka manome sombina tarte isika na hampifanentana ny talentantsika manokana mba hampisosa ny lakana amin'ny firindram-pirona tonga lafatra—dia Azy isika izay. Ary Izy hanampy antsika handratsana ny ratsy arakaraka ny fitomboan'ny tsara.

## Fampanantenana nambaran'ny mpaminany

Mety mbola tsy eo amin'ny toerana tiantsika hisy antsika isika, ary amin'izao fotoana izao dia tsy mbola eo amin'ny toerana hisy antsika amin'ny ho avy. Mino aho fa ny fiovana tadiavintsika ao anatintsika sy ireo vondrona misy antsika dia tsy ho tonga amin'ny alalan'ny fanentanana ho amin'ny fiovana fa ho tonga kosa amin'ny alalan'ny fahazotoana miezaka isan'andro mba hifankahazo. Nahoana? Satria manangana an'i Ziona isika—vahoaka iray izay "iray fo sy iray saina."[9]

Amin'ny maha-vehivavy mpitandrina fanekempihavanana antsika dia manana hery lehibe ahafahana mitaona ny hafa.isika. Io fitaomana io dia ampiharina amin'ny fotoana andavanandro rehefa miaara-mianatra amin'ny namana iray isika, rehefa mampatory zanaka, rehefa miresaka amin'ny olona mipetraka eo akaikintsika ao anaty fiara fitaterana, rehefa manomana famelabelaran-kevitra miaraka amin'ny mpiara-miasa iray. Manana hery hanafoana ny fitsarana an-tendrony sy hanangana firaisan-kina isika.

Tsy kilasy tsotra fotsiny ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy. Mety ho traikefa tsy hay hadinoina izany ka vehivavy samy hafa be daholo no miditra amin'ny lakana iray dia miara-mivoy izany mandrapahavitantsika *mampirindra ny fironantsika*.. Atolotro ity fanasana ity: midira ao anatin'ny hery iraisana iray izay manova an'izao tontolo izao ho lasa tsara. Ny andraikitsika izay nekentsika hatao dia ny hanompo, hampakatra ireo tanana miraviravy, hibaby sy hitrotro ary hitondra ireo olona manana fahasahiranana. Tsy sarotra ny mahafantatra izay tokony hatao, saingy matetika izany no mifanohitra amin'ireo tombontsoantsika feno fitiavan-tena ka mila manandrana isika. Ny vehivavy ato amin'ity Fiangonana ity dia manana ny fahaiza-manao tsy manam-petra hanova fiaraha-monina. Manana fahatokian-tena tanteraka ara-panahy aho fa, rehefa mitady fiombonam-pihetseham-po isika, dia hiantso ny herin' Andriamanitra hahatontosa ny ezaka ataontsika.

Rehefa nankalaza ilay fanambarana momba ny fisoronana tamin'ny 1978 ny Fiangonana dia nanome tsodrano mahery vaika avy amin'ny mpaminany ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ny vavaka ataoko *sy tsodrano* apetrako amin'ireo rehetra izay mihaino dia ny handresentsika izay mety ho



Provo, Utah, Etazonia

enta-mavesatra ateraky ny fitsarana antendrony ka handeha araka ny marina miaraka amin' Andriamanitra—sy hiaraka amin'ny tsirairay—ao anatin'ny fiadanana sy filaminana tanteraka."[10]

Enga anie isika ka handray io tsodrano nomen'ny mpaminany io ary hampiasa ny ezaka ataontsika tsirairay sy iombonantsika hampitomboana ny firaisan-kina eo amin'izao tontolo izao. Mizara ny fijoroako ho vavolombelona aho amin'ny alalan'ny tonon' ny vavaka feno fanetrentena nataon'i Jesoa Kristy Tompo aho: "Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao amintsika koa izy."[11] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Minutes and Discourse, 9 June 1842," 61, Joseph Smith Papers, josephsmithpapers.org/paper-summary/minutes-and-discourse-9-june-1842/1.
2. "Minutes and Discourse, 9 June 1842," 62, Joseph Smith Papers, josephsmithpapers.org/paper-summary/minutes-and-discourse-9-june-1842/2.
3. Jereo ny Cree-L Kofford, "Your Name Is Safe in Our Home," *Liahona,* July 1999, 96–98.
4. Jereo ny Daniel James Brown, *The Boys in the Boat: Nine Americans and Their Epic Quest for Gold at the 1936 Berlin Olympics* (2013), 161, 179.
5. Jakôba 5:50–51.
6. Jakôba 5:66.
7. Jakôba 5:72.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
9. Mosesy 7:18.
10. Russell M. Nelson, "Building Bridges," *Liahona,* Dec. 2018, 51; nampiana fanamafisana.
11. Jaona 17:21.



**Nataon'i Becky Craven**
*Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany*

# Tazony ny fiovana

*Omena antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy ny hery hanaovantsika fiovana maharitra. Rehefa mitodika Aminy amim-panetren-tena isika dia hampitomboiny ny fahafahantsika miova.*

Rahavavy isany, tena fifaliana ho ahy ny miaraka aminareo.

Eritrereto hoe misy olona iray mankany an-tsena hividy zavatra iray. Raha omenao vola mihoatra ny vidin'ilay entana ilay olona handoavambola, dia hanome azy fameriny izy.

Nampianarin' i Benjamina Mpanjaka tamin'ny olony tany Amerika fahiny ireo fitahiana goavana raisintsika avy amin'ny Mpamonjintsika Jesoa Kristy. Nahary ny lanitra, sy ny tany, ary ny zavatra kanto rehetra izay ankafizintsika Izy.[1] Manolotra fomba iray ho antsika Izy amin'ny alalan'ny Sorompanavotany mba hanavotana antsika amin'ny fahotana sy ny fahafatesana.[2] Rehefa maneho fankasitrahana Aminy isika amin'ny fiainana amim-pahazotoana ireo didiny, dia mitahy antsika avy hatrany Izy ka lasa raiki-trosa Aminy mandrakariva isika.

Nanome antsika zavatra betsaka Izy, betsaka lavitra noho ny tombambidin'izay azontsika averina Aminy. Koa inona ary no azontsika omena Azy izay nanefa ilay sarany tsy hay sandaina noho ny fahotantsika? Azontsika omena Azy ny *famerim-bola*. Azontsika omena Azy ny *fiovan*-tsika. Mety ho fiovan'ny fisainana izany, fiovan'ny fahazarana na fanovana ny lalana izay hizorantsika. Ho valin'ny fanefany ilay sarany tsy hay sandaina ho antsika tsirairay avy, dia mangataka antsika hiova fo ny Tompo. Tsy ho tombontsoa ho Azy ilay fiovana angatahiny fa ho antsika. Noho izany, ny Mpamonjintsika be fahasoavana, izay tsy mitovy amin'ilay mpividy izay handray ny famerim-bola omentsika, dia maneho amintsika amin'ny fihetsika hoe *tazony ho anao ny famerim-bola*.

Rehefa avy nandre ny teny nolazain'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany dia nihiaka ary nanambara fa niova ny fon'izy ireo ka nilaza hoe: "Noho ny amin'ny Fanahin'ny Tompo Tsitoha izay efa nahatonga fiovana mahery vaika tao aminay, . . . tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalandava kosa."[3] Tsy milaza ny soratra masina hoe avy hatrany dia lasa tonga lafatra izy ireo, ny fanirian'izy ireo hiova no nanosika azy hanao asa. Ny fiovampon'izy ireo dia nidika ho fialana tamin'ny maha-lehilahy na vehivavy araka ny nofo sy fihainoana ny Fanahy teo am-piezahan'izy ireo hitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy.

Mampianatra ny Loholona Henry B. Eyring fa: "Ny fiovam-po marina dia miankina amin'ny fikatsahana amin-pahalalahana ao anatin'ny finoana, omban'ny ezaka lehibe sy fanaintainana. Ary avy eo dia ny Tompo no afaka manome . . . ny fahagagan'ny fanadiovana sy ny finovana."[4] Rehefa manambatra ny ezaka ataontsika amin'ny fahafahan'ny Mpamonjy hanova antsika isika dia tonga olom-baovao.

Fony aho mbola tanora kokoa dia naka sary an-tsaina ny tenako mandeha manaraka lalana mahitsy miakatra, mizotra mankamin'ny tanjoko ho any amin'ny fiainana mandrakizay. Isaky ny nanao na niteny zavatra ratsy aho dia nahatsapa ny



*Guatemala City, Guatemala*



*Murrieta, Californie, Etazonia*

tenako ho nibolisatra aty ambany mba hanomboka ny diako indray. Toy ireny tafapetraka eo amin'ilay dingana iray ao anatin'ilay kilalaon'ankizy antsoina hoe Migorisa sy Mianika ireny ilay izy, dingana izay mampigorisa anao avy eny an-tampony ka miverina any amin'ny fiaingain'ilay lalao indray! Tena nahakivy izany! Saingy rehefa nanomboka takatro ny fotopampianaran'i Kristy[5] sy ny fomba hampiharana izany teo amin'ny fiainako andavanandro dia nahazo fanantenana aho.

Nomen'i Jesoa Kristy lamina mitohy ho an'ny fiovana isika. Manasa antsika Izy mba hampiharantsika finoana Azy, izay mitaona antsika hibebaka—"dia finoana sy fibebahana mitondra fiovam-po."[6] Rehefa mibebaka isika ary mampitodika ny fontsika Aminy, dia mahazo faniriana lehibe kokoa ny hanao sy hiaina fanekempihavanana masina. Maharitra hatramin'ny farany isika amin'ny alalan'ny fanohizana mampihatra ireo fitsipika ireo mandritra ny andrompiainantsika sy ny fanasana ny Tompo hanova antsika. Ny hoe maharitra hatramin'ny farany dia midika ho *fiovana* hatramin'ny farany. Ankehitriny dia takatro fa tsy miverina hatrany amboalohany aho isaky ny manandrana ka tsy mahomby, fa ao anatin'ny andrana tsirairay dia mitohy ny fizotry ny fiovako.

Misy andinin-teny iray nentanim-panahy ao amin'ny Fanevan'ny ny Zatovovavy izay milaza hoe: "Mankamamy ny fanomezana, dia ny fahafahana mibebaka aho, ary mikatsaka ny hivoatra isan'andro."[7] Mivavaka aho mba tena hankamamy an'io fanomezana kanto io isika ary tena hanam-piniavana hikatsaka fiovana. Indraindray ny fiovana mila ataontsika dia mifandraika amin'ireo fahotana goavana. Saingy matetika dia miezaka isika manantsara ny toetrantsika mba hifanaraka amin'ireo toetra ananan'i Jesoa Kristy. Ny safidy ataontsika isan'andro dia na hanampy na hanakana ny fivoarantsika. Ireo fiovana iniana atao, kely nefa maharitra dia hanampy antsika hivoatra. Aza mora kivy. Dingana atao mandritra ny androm-piainana manontolo ny fiovana. Feno fankasitrahana aho fa manam-paharetana amintsika ny Tompo ao anatin'ireo tolona ataontsika mba hiova.

Omena antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy ny hery hanaovantsika fiovana maharitra. Rehefa mitodika Aminy amim-panetren-tena isika dia hampitomboiny ny fahafahantsika miova.

Ho fanampin'ny hery manova entin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjintsika dia hanohana antsika ny Fanahy Masina sy hitarika antsika rehefa miezaka isika. Afaka mihitsy aza Izy manampy antsika hahafantatra ireo fiovana ilaintsika atao. Afaka mahazo fanampiana sy fampaherezana isika amin'ny alalan'ireo tsodranonin'ny fisoronana, ny vavaka sy ny fifadian-kanina ary ny fankanesana any amin'ny Tempoly.

Tahaka izany ihany koa ireo olona mahatoky ao amin'ny fianakaviana, ireo mpitarika, ary ireo namana dia mety hanampy ao anatin'ireo ezaka ataontsika mba hiova. Fony aho 8 taona dia niaraka tamin'ireo namanay izaho sy i Lee zokiko lahy mba hilalao teny ambony hazon'olona mpiray monina aminay. Tinay ny niaraka tao anatin'ny firaisankinan'ny mahampinamana anay teo amin'ny alokalok'izany hazo izany. Indray andro dia nianjera avy teny ambony hazo i Lee ary tapaka ny tanany. Noho izy tapatanana dia sarotra taminy ny niakatra irery teo ambonin'ny hazo. Saingy tsy nitovy tamin'ny teo aloha ny fiainana teo ambony hazo tsy nisy azy. Noho izany ny sasany taminay dia nanohana azy avy ato aoriana raha ny sasany kosa nisintona azy tamin'ilay tanany tsy tapaka, dia tafaverina teny ambonin'ilay hazo izy na tsy nanao ezaka firy aza. Mbola tapaka ilay tanany, saingy tafaraka taminay indray izy nankafy ny finamananay sady nihasitrana ihany.

Nieritreritra matetika mikasika an'io zavatra niainako momba ny filalaovana teny ambony hazo io aho ho toy ny karazan'ny zavatra ataontsika eo amin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mankafy ireo fitahiana maro izay mifanjohy amin'ireo fanekempihavanana isika eo ambany alokaloky ny rantsan-kazon'ny filazantsara. Ny sasany da mety nianjera avy teo amin'ny fiarovan'ny fanekempihavanan'izy ireo ary mila ny fanampiantsika hiakatra indray ho ao anatin'ny fiarovan'ireo rantsan'ny filazantsara. Mety sarotra ho azy ireo ny miverina irery. Azontsika atao ve ny misintona kely etsy na manosika kely eroa mba hanampiana azy ireo ho sitrana eo am-pankafizan'izy ireo ny finamanantsika?

Raha toa ianao ka tratran'ny ratra vokatry ny fianjerana, dia avelao ny hafa hanampy anao hiverina amin'ny fanekempihavananao sy ireo fitahiana atolotr'izy ireny. Afaka manampy anao ho sitrana sy hiova ny Mpamonjy sady hanotrona anao ireo olona tia anao.

Indraindray aho no mifanena amin'ireo namako izay tsy hitako efa an-taonany maro. Indraindray izy ireo miteny hoe: "Tena tsy miova mihitsy ianao!" Isaky ny maheno izany aho dia sadaikatra kely satria nantenaiko

fa *niova aho* tao anatin'ireo taona maro. Nantenaiko fa efa niova aho hatramin'ny omaly! Nantenaiko fa efa nihatsara fanahy kely kokoa aho, tsy dia nitsaratsara olona ary mangoraka kokoa. Nantenaiko fa haingana kokoa aho mamaly ireo hafa izay mila fanampiana ary nantenaiko fa nitombo kely ny faharetana nananako.

Tiako ny mihanika tendrombohitra eo akaikin'ny tranonay. Mazàna no misy vato kely tafiditra anaty kiraroko rehefa mandeha amin'ilay lalana. Mijanona aho nony farany dia manintsana ny kiraroko. Saingy mahagaga ahy ny faharetan'ny fotoana hamelako ny tenako hianika amim-panaintainana alohan'ny hijanonako ka hanalako ilay vatokely.

Rehefa mandeha amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika,dia misy vato tafiditra ao anaty kirarontsika indraindray, ary izany dia miseho amin'ny endrika fahazaran-dratsy, na fahotana, na toetra ratsy. Rehefa ahintsantsika haingana hiala amin'ny fiainantsika izy ireny dia hahafinaritra kokoa ny diantsika eto an-tany.

Milla ezaka ny fihazonana ny fiovana. Tsy vitako ny mieritreritra ahy mijanona eny an-dalana mba hanofoka fotsiny ao anaty kiraroko indray ilay vato mahasorena sy mampanaintaina izay vao avy nalako. Tsy te hanao izany intsony aho, tahaka ny tsy hitiavan'ny lolo tsara tarehy iray hiverina ao anatin'ny akorany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa noho i Jesoa Kristy dia *afaka* miova isika. Afaka manamboatra ny fahazarantsika isika sy manova ny eritreritsika ary manatsara ny toetratsika mba hitovy kokoa Aminy. Ary noho ny fanampiany dia afaka ny *hitazona ny fiovana* isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Môzià 4:9.
2. Jereo ny Môzià 3:5–12.
3. Môzià 5:2.
4. Henry B. Eyring, "We Must Raise Our Sights, "We Must Raise Our Sights *Ensign,* Sept. 2004, 18.
5. Jereo ny 2 Nefia 31:213 Nefia 27:13–21.
6. Helamàna 15:7.
7. Ny fanevan'ny Zatovovavy, ChurchofJesusChrist.org.



**Nataon'i Cristina B. Franco**
*Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

# Ny hery manasitran'i Jesoa Kristy

*Rehefa manatona an'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana Azy, sy ny fibebahana, ary ny fanaovana sy ny fitandremana fanekempihavanana dia afaka ny hositranina izay zavatra mety ho simba eny amintsika na inona na inona anton'izany.*

Hatramin'ny fiantombohan'ity taona ity dia niaina trangan-javatra tsy nampoizina maro isika. Nisy fiantraikany goavana teo amin'ny fiarahamonina sy ny toekarena maneran-tany ny famoizana aina sy ny fahaverezan'ny



*Belfast, Irlande du Nord*

fidiram-bola noho ilay valanaretina maneran-tany.

Ireo horohoron-tany sy afo ary tondradrano tany amin'ny toerana samihafa teto amin'izao tontolo izao, sy ireo loza hafa mifandray amin'ny toetrandro dia nahatonga ny olona hahatsapa ho tsy afa-manoatra, kivy, ary nalahelo, nanontany tena raha toa ka mbola hiverina amin'ny laoniny ny fiainan'izy ireo.

Mamelà ahy hitantara aminareo tantaram-piainana iray momba ny zavatra simba.

Fony mbola kely ireo zanakay dia nanapa-kevitra ny hianatra hitendry pianô izy ireo. Te hanome izany fahafahana izany an'ireo zanakay izaho sy ny vadiko, saingy tsy nanana pianô izahay. Tsy afaka nividy pianô vaovao izahay ka dia nanomboka nitady iray efa niasa i Rudy.

Ho fanomezana ho an'ny Krismasy tamin'io taona io, dia nanampoka anay rehetra tamin'ny pianô izy, ary

nianatra nitendry izany ireo zanakay nandritra ny taona maro.

Rehefa lehibe ireo zanakay lahy ary nandao ny tokantrano, dia nanangona vovoka fotsiny ilay pianô tranainy ka dia namidinay. Lasana ny taona vitsivitsy dia nahangona vola izahay. Hoy i Rudy indray andro hoe: "Fotoana izao angamba mba hividianantsika pianô vaovao."

Nanontany aho hoe: "Fa nahoana isika no hividy pianô vaovao, kanefa isika sy ianao tsy misy mitendry?"

Hoy izy hoe: "Fa afaka mividy pianô mitendry tena anie isika e! Azonao baikoina amin'ny alalan'ny iPad ilay pianô mba hitendry hira 4.000 mahery, anisan'izany ny fihirana, ny hiran'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely, ny hiran'ny Kilonga rehetra, sy ny maro hafa."

Tena mahay mivarotra i Rudy ka nahavita nandresy lahatra ahy.

Nividy pianô vaovao tsara tarehy mitendry tena izahay, ary andro vitsy taty aoriana, dia nisy lehilahy roa ranjanana sy matanjaka nanatitra izany tao an-tranonay.

Natoroko azy ireo ny toerana tiako asiana azy dia nikisaka aho mba tsy hibahan-dalana.

Pianô quart de queue ilay izy, ary mba hahatafidiran'ilay izy teo amin'ny varavarana dia nesorin'izy ireo ny tongony ary nataon'izy ireo izay hametrahana ilay pianô hijoro mihorirana teo ambonin'ilay kalesy fitondrana entana izay nentin'izy ireo.

Teo ambony toerana somary misolampy ny tranonay, ary nampalahelo fa nisy oram-panala ny marainan'io andro io, ka mando sy malama ny lalana. Azonareo an-tsaina ve ny niafaran'ilay izy?

Rehefa nampakarin'ireo lehilahy teo amin'ilay lalana kely misolampy ilay pianô, dia nisolifatra, ary nahare zavatra nianjera mafy tokoa aho. Nianjera avy eo ambonin'ilay kalesy fitondrana entana ilay pianô dia nianjera mafy tamin'ny tany ka namela diany lehibe teo amin'ny bozaka maitsonay.

Hoy aho hoe: "Ry lanitra ô! Tsy naninona ve ianareo?"

Soa ihany fa samy tsy naninona izy roalahy.


*Provo, Utah, Etazonia*

Nipitrapitra ny mason'izy ireo rehefa nifampijery, ary nijery ahy izy ireo avy eo dia niteny hoe: "Miala tsiny izahay. Hoentinay miverina any amin' ny tranom-barotra ilay izy dia asainay miantso anao ny talenay.

Vetivety dia niresaka tamin'i Rudy ilay tale mba handamina fotoana hanaterana pianô vaovao. Malemy fanahy sy tia mamela heloka i Rudy ka dia niteny tamin'ilay tale fa tsy maninona raha amboarin'izy ireo fotsiny izay simba, saingy nisisika nilaza ilay tale fa hanome vaovao ho anay izy.

Hoy i Rudy namaly hoe: "Mety tsy dia simba akory ilay izy. Amboary fotsiny dia atero aty."

Hoy ilay tale hoe: "Vaky ilay hazo, ary raha vao ny hazo no simba, dia tsy mitovy intsony ny feo avoakany. Hahazo pianô vaovao ianareo."

Ry rahavavy sy ranadahy, tsy mitovy amin'io pianô io ve isika rehetra, tresaka kely, triatra, ary simba, dia mahatsapa fa tsy ho tafaverina amin'ny laoniny intsony isika? Kanefa rehefa manatona an'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana Azy, sy ny fibebahana, ary ny fanaovana sy ny fitandremana fanekempihavanana dia afaka ny hositranina izay zavatra mety ho simba eny amintsika na inona na inona anton'izany. Izany dingana manasa ny herin'ny fanasitranan'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika izany dia tsy vitan'ny hoe mamerina amin'ny laoniny fotsiny ihany fa mahatonga antsika ho tsara kokoa noho ny teo aloha. Fantatro fa amin'ny alalan'ny Mpamonjy antsika isika dia afaka ny ho amboarina, hositranina, sy hahatontosa ny tanjontsika tahaka ilay pianô vaovao mamoaka feo kanto.

Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Rehefa tonga eo amintsika ireo fitsapana tena sarotra, dia tonga izay ny fotoana hampitomboantsika ny finoantsika an'Andriamanitra, sy hiasana mafy, ary hanompoana ny hafa. Dia hanasitrana ny fontsika maratra Izy. Hanome antsika fiadanana sy fiononana ho an'ny tena manokana Izy. Tsy hisy hamotika ireo fanomezana lehibe ireo, na dia ny fahafatesana aza."[1]


Hoy i Jesoa:

"Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.

"Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo."

"Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako" (Matio 11:28–30).

Mba hanasitranana ny fahasimbana amin'ny alalan'ny fankanesana any Aminy dia mila manana finoana an'i Jesoa Kristy isika. "Ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy dia midika ho fiankinana Aminy tanteraka—fahatokiana ny heriny, . . . ary ny fitiavany tsy manam-petra. Tafiditra ao anatin'izany



São Paulo, Brésil

koa ny finoana ny fampianarany. Izany dia midika hoe, mino fa na dia tsy takatrao aza ny zava-drehetra dia takany izany. Mahafantatra ny fomba hanampiana anao handresy ireo fahasarotana eo amin'ny fiainanao andavanandro Izy satria efa niaina ny fanaintainanao, sy ny fahorianao ary ny fahalemenao rehetra."[2]

Rehefa mankany Aminy isika dia "afaka ny ho feno fifaliana sy fiadanana ary fiononana. "Ireo zavatra rehetra [mafy sy sarotra] eo amin'ny fiainana dia afaka ahitsy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."[3] Nanoro hevitra antsika Izy hoe: "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36).

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, rehefa saika ho trotraky ny enta-mavesatra nampitondraina azy ireo i Almà sy ny vahoakany, dia nitalaho fanamaivanana. Tsy nesorin'ny Tompo ny enta-mavesatr'izy ireo, fa nampanantena azy ireo kosa Izy hoe:

"Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo antsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin'ny famatorana aza ianareo; ary izany no hataoko dia ny mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona ny Amiko rahatrizay sy mba hahazoanareo mahalala marina tokoa fa Izaho, Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny oloko ao amin'ny fahoriany.

"Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an'i Alma sy ny rahalahiny; eny, nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo rehetra" (Môzià 24:14–15).

Nampianatra toy izao ny Loholona Tad.R. Callister mahakasika ny fahafahan'ny Mpamonjy manasitrana sy manamaivana ny enta-mavesatra:

"Isan'ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana ny hoe afaka mandray ireo hery manampy avy amin'ny Mpamonjy isika. Namerimberina niresaka momba ny fitaomana manasitrana sy mampitonin'ny Tompo i Isaia. Nijoro ho vavolombelona izy fa ny Mpamonjy dia -fiarovana mafy ho an'ny malahelo amin'ny fahoriany, fierena amin'ny ranonoram-baratra, fialokalofana amin'ny hainandro- (Isaia 25:4). Mahakasika ireo malahelo dia nanambara i Isaia fa ny Mpamonjy dia manana ny hery -hampionona ny malahelo rehetra- (Isaia 61:2), sy -hamafa ny ranomaso amin'ny tava rehetra- (Isaia 25:8; jereo koa ny Apokalypsy 7:17); -hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena- (Isaia 57:15); ary -hahasitrana ny torotoro fo- (Isaia 61:1; jereo koa ny Lioka 4:18; Salamo 147:3). Lehibe tokoa ny hery manampy avy Aminy ka nahafahany nanakalo ny -hamama ho solon'ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon'ny fahalelovana, ary fitafiana fiderana ho solon'ny fanahy reradreraka- (Isaia 61:3).

"Endrey ny halehiben'ny fanantenana afaka ny ho azontsika ao anatin'ireo fampanantenana ireo! . . . Manasitrana, manatsara, mankahery ary manome fanantenana vaovao ho an'ny fo izay kivy ny Fanahiny. Manana hery hanovana izay rehetra ratsy sy loza be ary tsy misy lanjany eo amin'ny fiainana izany mba ho lasa zavatra manana famirapiratana faratampony sy feno voninahitra. Manana hery hamadihana ny lavenon'ny fiainana an-tany ho hakanton' ny mandrakizay Izy."[4]

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika be fitiavana, ny Tompo Mpanasitrana, ary namantsika mahatoky. Raha miantehitra Aminy isika dia hanasitrana antsika indray Izy Mijoro ho vavolombelona aho fa Fiangonany ity ary miomana ny hiverina indray Izy mba hanjaka amin-kery sy voninahitra eto amin'ity tany ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Russell M. Nelson, "Jesus Christ—the Master Healer," *Liahona,* Nov. 2005, 87.
2. "Foi, La foi au Seigneur Jésus Christ" Sujets de l'évangile, topics.ChurchofJesusChrist.org.
3. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* ed. nohavaozina (2018), 48.
4. Tad R. Callister, *The Infinite Atonement* (2000), 206–7.




# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

## NY FIADIDIANA VOALOHANY


Dallin H. Oaks
Mpanolotsaina Voalohany


Russell M. Nelson
Filoha



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



M. Russell Ballard


Jeffrey R. Holland


Dieter F. Uchtdorf


David A. Bednar



Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen


Ronald A. Rasband



Gary E. Stevenson



Dale G. Renlund



Gerrit W. Gong


Ulisses Soares


## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



Patrick Kearon



Carl B. Cook


Robert C. Gay


Terence M. Vinson


José A. Teixeira


Carlos A. Godoy


Brent H. Nielson

# FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Aidukaitis · Rubén V. Alliaud · Jose L. Alonso · Jorge M. Alvarado · Ian S. Ardern · Steven R. Bangerter · W. Mark Bassett · David S. Baxter · Jorge T. Becerra · Randall K. Bennett · Hans T. Boom · Shayne M. Bowen · Mark A. Bragg · Matthew L. Carpenter · Yoon Hwan Choi · Craig C. Christensen · Weatherford T. Clayton

Valeri V. Cordón · J. Devn Cornish · Joaquin E. Costa · LeGrand R. Curtis Jr. · Dean M. Davies · Massimo De Feo · Benjamín De Hoyos · Edward Dube · Kevin R. Duncan · Timothy J. Dyches · David F. Evans · Randy D. Funk · Eduardo Gavarret · Jack N. Gerard · Ricardo P. Giménez · Taylor G. Godoy · Christoffel Golden

Walter F. González · Brook P. Hales · Kevin S. Hamilton · Allen D. Haynie · Mathias Held · Matthew S. Holland · David P. Homer · William K. Jackson · Jeremy R. Jaggi · Kelly R. Johnson · Paul V. Johnson · Peter M. Johnson · Larry S. Kacher · Jörg Klebingat · Joni L. Koch · Erich W. Kopischke · Hugo E. Martinez

James B. Martino · John A. McCune · Kyle S. McKay · Peter F. Meurs · Hugo Montoya · Thierry K. Mutombo · Marcus B. Nash · K. Brett Nattress · S. Gifford Nielsen · Adrián Ochoa · Adeyinka A. Ojediran · S. Mark Palmer · Adilson de Paula Parrella · Kevin W. Pearson · Anthony D. Perkins · Paul B. Pieper · John C. Pingree Jr.

Rafael E. Pino · James R. Rasband · Michael T. Ringwood · Lynn G. Robbins · Gary B. Sabin · Ciro Schmeil · Evan A. Schmultz · Joseph W. Sitati · Vern P. Stanfill · Benjamin M. Z. Tai · Brian K. Taylor · Michael John U. Teh · Juan A. Uceda · Arnulfo Valenzuela · Moisés Villanueva · Juan Pablo Villar · Takashi Wada



Taniela B. Wakolo · Alan R. Walker · Scott D. Whiting · Chi Hong (Sam) Wong · Kazuhiko Yamashita · Jorge F. Zeballos

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Voalohany · Gérald Caussé, Eveka Mpiahy · L. Todd Budge, Mpanolotsaina Faharoa

## MPIANDRAIKITRA AMBONY



### SEKOLY ALAHADY

Milton Camargo, Mpanolotsaina Voalohany · Mark L. Pace, Filoha · Jan E. Newman, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY

Michelle D. Craig, Mpanolotsaina Voalohany · Bonnie H. Cardon, Filoha · Becky Craven, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA

Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany · Jean B. Bingham, Filoha · Reyna I. Aburto, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA

Lisa L. Harkness, Mpanolotsaina Voalohany · Joy D. Jones, Filoha · Cristina B. Franco, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY

Ahmad S. Corbitt, Mpanolotsaina Voalohany · Steven J. Lund, Filoha · Bradley R. Wilcox, Mpanolotsaina Faharoa

Ôktôbra 2020





**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Mpirahavavy ao Ziona

*Ianareo no ho andry iankinana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely sy ny fananganana vahoakan'i Ziona.*

Ry anabaviko malala isany, fitahiana ho ahy ny miresaka mandritra ity fotoana mahafinaritra eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao ity. Isan' andro isika dia miha-manakaiky ilay fotoana be voninahitra izay hiavian'ny Mpamonjy, Jesoa Kristy, eto an-tany indray. Fantatsika ny sasany amin'ireo trangan-javatra mahatsiravina izay hialoha ny fiaviany, saingy vontompifaliana sy fahatokiana ny fontsika mahafantatra ihany koa ireo fampanantenana be voninahitra izay ho tanteraka mialoha ny hiverenany.

Amin'ny maha-zanakavavy malalan'ny Ray any An-danitra, ary amin'ny maha-zanakavavin'i Jesoa Kristy Tompo anareo ao amin'ny fanjakany,[1] dia hanana andraikitra manan-danja ianareo ao anatin'ireo fotoana manan-danja ho avy. Fantatsika fa ny Mpamonjy dia ho tonga eo anivon'ny vahoaka iray izay voangona sy voaomana hiaina tahakan'ireo vahoaka tao amin'ny tanànan'i Enoka. Ny vahoaka tao dia niray hina tao amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy ary lasa nadio tanteraka tokoa ka nakarina ho any an-danitra.

Toy izao ny famaritan'ny Tompo araka ny fanamabarana mikasika izay hitranga amin'ny vahoakan'i Enoka sy izay hitranga amin' *ity* fotoampitantanana farany amin'ny fotoam-pahafenoana ity:

"Ary ho avy ny andro izay hitsaharan'ny tany saingy, mialohan'izany andro izany dia hohamaizinina ny lanitra ary ny voalin'ny haizina dia hanarona ny tany; ary hihozongozona ny lanitra, ary koa ny tany; ary fahoriana be no hanjo ny zanak'olombelona, *fa ny oloko dia hotsimbiniko;*

"Ary fahamarinana no haidiko avy any an-danitra; ary ny marina no halefako *avy eto an-tany* mba ho vavolombelona manambara ny Lahitokako; ny fitsanganany tamin'ny maty; eny, ary koa ny fitsanganan'ny olondrehetra amin'ny maty, ary fahamarinana sy marina no hasaiko mipaoka ny tany toy ny amin'ny tondra-drano, ka hanangona ny olom-boafidiko avy amin'ny vazan-tany efatra ho amin'ny toerana izay homaniko, ny Tanàna Masina, mba hahazoan'ny oloko misikina ny valahany ary miandrandra ny fotoana *hiaviako;* fa *eo* no ho tabernakeliko ary hatao hoe i Ziona izany, dia Jerosalema Vaovao.

"Ary hoy ny Tompo tamin'i Enoka: Amin'izay no hihaonanao sy ny tanànanao rehetra aminy eo ary ho raisintsika ho eo an-tratrantsika izy ireo, dia ho hitany isika; ary hofihinintsika ny vozony, dia hofihininy ny vozontsika ka hifanoroka isika;

"Ary ho *eo* ny fonenako ary izany no ho Ziona izay hivoaka avy amin'ny voary rehetra izay efa nataoko; ary mandritra ny arivo taona, dia hitsahatra ny tany."[2]

Ianareo rahavavy, ny zanakareo vavy, ny zafikelinareo vavy sy ireo vehivavy izay nokolokoloinareo no ho ivon'ny fanorenana io fiarahamonin'olona io izay hitambatra ao anatin'ny fiarahana amim-boninahitra amin'ny Mpamonjy. Ianareo no ho andry iankinana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely sy ny fananganana vahoakan'i Ziona izay hitoetra am-piadanana ao amin'ilay Jerosalema Vaovao.

Nanome fampanantenana anareo ny Tompo tamin'ny alalan'ireo



*Temecula, Californie, Etazonia*

mpaminaniny. Tany amin'ny fiandohan'ny Fiakambanana Ifanampiana, dia nilaza tamin'ireo rahavavy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Raha toa ka miaina mendrika ireo tombontsoanareo ianareo, dia tsy ho azo sakanana tsy ho *namanareo*[3] ireo anjely."

Efa ao anatinareo izany fahafahana mahatalanjona izany ary efa omanina ho amin'izany ianareo.

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley:

"Ianareo rahavavy . . . dia tsy atao anjorom-bala ao anatin'ny drafitry ny Ray ho an'ny fahasambarana mandrakizain'ireo zanany sy ny fiadanan'izy ireo. Ampahany tena manan-danja ao amin'izany drafitra izany ianareo.

"Raha tsy eo ianareo dia tsy afaka handeha ilay drafitra. Raha tsy eo ianareo dia ho voasembana ilay drafitra manontolo. . . .

"Ianareo tsirairay dia zanak' Andriamanitra, nomena fizokiana masina."[4]

Ny mpaminanintsika ankehitriny, Filoha Russell M. Nelson, dia nanome izao famaritana izao mikasika ny anjara andraikitra sahaninareo ho fanomanana ny fiavian'ny Mpamonjy:

"Tsy hay ny handrefy ny hery fitaomana ananan'ny vehivavy . . ., tsy eo amin'ny fianakaviana ihany fa eo amin'ny Fiangonan'ny Tompo koa, amin'ny maha-vady sy reny ary renibe, amin'ny maha-rahavavy sy nenitoa; amin'ny maha-mpampianatra sy mpitarika ary indrindra amin'ny maha-ohatra sy mpiaro ny finoana feno fanolorantena azy ireo.

"Marina hatrany izany tao amin'ireo fotoampitantanan'ny filazantsara hatramin'ny andron'i Adama sy i Eva. Kanefa miavaka amin'ireo vehivavy tamin'ny fotoampitantanana *hafa* ireo vehivavin' *ity* fotoampitantanana ity, satria miavaka amin'ny hafa ity fotoampitantanana ity. Sady mitondra tombontsoa no mitondra andraikitra izany fiavahana izany."[5]

Ity fotoam-pitantanana ity dia miavaka satria ny Tompo no hitarika antsika ho vonona ho tahaka ny tanànan'i Enoka. Nofaripariitany tamin'ny alalan'ireo apôstôly sy mpaminaniny izay ho votoatin'izany fanovana ho tonga vahoakan'i Ziona izany.

Nampianatra ny Loholona Bruce R. McConkie hoe:

"Andron'ny ratsy sy ny faharatsiana ny andron'i [Enoka], andron'ny haizina sy ny fikomiana, andron'ny ady sy fahavana, andro izay nitarika ho amin'ny fanadiovana ny tany tamin'ny rano.

"I Enoka anefa dia nahatoky. -Nahita ny Tompo izy,- ary niresaka taminy -nifanatrika- toy ny olona iray miresaka amin'ny iray hafa.. (Mosesy 7:4.) Naniraka azy ny Tompo hiantso an'izao tontolo izao hibebaka, ary nanome andraikitra azy -hanao batisa amin'ny anaran'ny Ray sy ny an'ny Zanaka izay feno fahasoavana sy fahamarinana, ary ny an'ny Fanahy Masina izay vavolombelona manambara ny Ray sy ny Zanaka.- (Mosesy 7:18.) Nanao fanekempihavanana i Enoka ary nahavory vondron'olona tena mpino, ka izy rehetra ireo dia *lasa* nahatoky tokoa ka -tonga ny Tompo ary niara-nonina tamin'ny vahoakany, ary niaina tamimpahamarinana izy ireo,- ary notahian' ny Tompo. -Ary ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe i Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina ary niaina tamim-pahamarinana; ary tsy nisy mahantra teo anivony.- (Mosesy 7:18.)

"Rehefa nantsoin'ny Tompo hoe Ziona ny vahoakany, dia manambara ny soratra masina fa i Enoka dia -[nanorina] tanàna izay nantsoina hoe ny Tanànan'ny fahamarinana, dia Ziona.- Io Ziona io dia -nakarina ho any an-danitra- ary tany dia -noraisin' Andriamanitra ho eo an-tratrany izany; ary hatramin'izay fotoana izay no nielezan'ny fiteny hoe: Lasa i Ziona.- (Mosesy 7:19 AM, 21, 69.) . . .

"Io Ziona io ihany izay nakarina ho any an-danitra, dia hiverina . . . rehefa ho entin'ny Tompo indray i Ziona, ka ny mponina ao aminy dia hitambatra amin'ilay Jerosalema vaovao, izay ho aorina amin'izany."[6]



*Chiba, Japana*

Raha toa ka fampidirana fotsiny ny lasa, amin'ny fotoana hiavian' ny Mpamonjy, ireo zanaka vavy izay manolotena lalina amin'ny fanekempihavanan'izy ireo amin' Andriamanitra dia hihoatra noho ny antsasa-manilan'ireo izay ho vonona hitsena Azy rehefa ho avy Izy. Fa na firy na firy ny isanareo, ny anjara birikinareo eo amin'ny fanorenana firaisan-kina eo anivon'ny vahoaka vonona amin'io Ziona io dia ho lehibe lavitra noho ny antsasa-manila.

Ho lazaiko anareo ny antony hinoako hoe izany no ho izy. Ny Bokin'i Môrmôna dia mitatitra momba ny vahoakan'i Ziona anankiray. Tsaroanareo izany fa rehefa avy nampianarin'ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty izy ireo, sy notiaviny ary notahiany, dia "Tsy nisy fifandirana teo amin' ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao ampon' ny vahoaka."[7]

Ny zavatra niainako dia nampianatra ahy fa ireo zanakavavin'ny Ray any An-danitra dia manana fanomezam-pahasoavana hanaisotra ny fifandirana sy hampivelatra ny fahamarinana noho ny fitiavan'izy ireo an' Andriamanitra sy noho ny fitiavana an' Andriamanitra izay aterak'izy ireo ao amin'ireo izay tompoiny.

Hitako fony aho zatovo izany, fony tao amin'ny tranon'ny fahazazako no nivory ny sampana kely nisy anay. Izaho sy ny rahalahiko no hany mpihazona Fisoronana Aharôna ary ny raiko no hany mpihazona Fisoronana Melkizedeka tamin'izany. Ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana tao amin'ilay sampana tamin'izany dia olona niova fo ary tsy faly ny vadin'izy io noho ny asa fanompoana nataony

tao am-piangonana. Ireo mpikambana dia vehivavy zokiolona avokoa ary tsy nisy mpihazona fisoronana tao an-tranon'izy ireo. Hitako ny reniko sy ireo rahavavy ireo nifankatia sy nifankahery ary nifampikarakara mandrakariva. Takatro ankehitriny fa nomena topimaso mialoha aho mikasika izany hoe Ziona izany.

Ny fampianarana ahy mikasika ny fitaomana entin'ireo vehivavy mahatoky dia nitohy tao amin'ny sampana kely iray an'ny Fiangonana tao Albuquerque, Nouveau Mexique. Hitako ny vadin'ny filohan'ny sampana, ny vadin'ny filohan'ny distrika, ary ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana nanafana ny fon'izay vahiny vao tonga sy izay vao niova fo rehetra. Ny alahady izay nandaozako an'i Albuquerque, taorian'ny roa taona nandinihana ny fitaomana nananan' ireo rahavavy tao, dia nitsangana ny tsatòka voalohany. Ankehitriny dia nametrahan'ny Tompo tempoly tany.

Nifindra tany akaikin'i Boston aho, ka tany aho dia nanompo tao amin'ny fiadidian'ny distrika, izay niahy sampana kely maro niparitaka manerana ny fanjakana roa. Nisy ny fifandirana izay im-betsaka no voavahan'ireo vehivavy feno fitiavana sy tia mamela heloka izay nanampy nanalefaka ny fon'olona. Ny alahady izay nandaozako an'i Boston, dia natsangan'ny olona iray avy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ny tsatòka voalohany tany Massachusetts. Misy tempoly any ankehitriny, akaikin'ny toerana nonenan'ilay filohan'ny distrika. Lasa nazoto tao am-piangonana izy ary taty aoriana nantsoina ho filohan'ny tsatòka, ary avy eo filohan'ny misiôna, noho ny fitaomana nananan'ny vadiny mahatoky sy be fitiavana.

Ry anabavy isany, nomena tombontsoa ianareo ho zanakavavin' Andriamanitra manana fanomezam-pahasoavana manokana. Nentinareo niaraka taminareo tety an-tany ny fahaizana ara-panahy hikolokoloina ny hafa sy hanampiana azy ireo hanana kokoa ilay fitiavana sy fahadiovampo izay hahamendrika azy ireo hiara-hiaina ho vahoakan'i Ziona.


*San Lucas Sacatepéquez, Guatemala*

Tsy kisendrasendra ny Fikambanana Ifanampiana, ilay rafitra voalohany tato amin'ny Fiangonana natokana ho an' ireo zanakavavin'ny Ray any An-danitra, raha manana teny filamatra hoe "Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay."

Ny fiantrana dia ny fitiavana madion'i Kristy. Ary ny finoana Azy sy ny fiantraikan'ny Sorompanavotany tsy manam-petra no hahamendrika anao sy ireo tianao sy tompoinao, ho amin' ilay fanomezam-pahasoavana mahagaga tsy mampino dia ny hiaina ao amin'io fiaraha-monin'i Ziona efa ela nandrandraina sy nampanantenaina efa ela io. Amin'izay ianareo dia ho mpirahavavy ao Ziona, tian'ny Tompo mivantana, ary tian'ireo izay notompoinareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa olom-pirenena ao amin'ny fanjakan'ny Tompo eto an-tany ianareo. Ianareo dia zanakavavin'ny Ray any An-danitra be fitiavana izay nandefa anareo ho eo amin'izao tontolo izao niaraka tamin'ny fanomezam-pahasoavana manokana izay nampanantenainareo fa ho ampiasainareo hitahiana ny hafa. Mampanantena anareo aho fa hitantana anareo ny Tompo, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Andeha eo alohanareo Izy raha hanampy Azy ianareo hanomana ny vahoakany ho tonga tahaka an'i Ziona araka ny nampanantenainy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:1.
2. Mosesy 7:61–64; nampiana fanamafisana.
3. *Enseignements des Presidents de l`Eglise: Joseph Smith* (2007), 311; nampiana fanamafisana.
4. Gordon B. Hinckley, "Women of the Church," *Ensign,* Nov. 1996, 67.
5. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015,95–96; nampiana fanamafisana.
6. Bruce R. McConkie, "Building Zion," *Tambuli,* Sept. 1977, 13; nampiana fanamafisana.
7. 4 Nefia 1:15.



**Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks**
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Matokia

*Ny finoantsika tsy voahozongozona ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny dia mitarika ny dingana ataontsika ary manome fifaliana ho antsika.*

Rehefa nifaramparana ny fiainany tety an-tany dia nilaza tamin'ireo Apôstôly ny amin'ireo fanenjehana sy fotoan-tsarotra hianjady amin'izy ireo i Jesoa Kristy.[1] Nofaranany tamin'ity fanomezan-toky tena tsara ity izany:

"Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao" (Jaona 16:33). Izany no hafatry ny Mpamonjy ho an'ireo zanaky ny Raintsika any Andanitra rehetra. Izany no vaovao tsara indrindra ho antsika amin'izao fiainantsika ety an-tany izao.



*Kuala Lumpur, Malaisie*

Ny hoe "matokia" dia fanomezan-toky nilaina ihany koa tao amin'ilay tontolo izay nandefasan'i Kristy efa tafatsangana tamin'ny maty an'ireo Apôstôliny. "Voageja manodidina izahay," hoy i Paoly Apôstôly tamin'ireo Korintiana taty aoriana, "nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy, potraka, nefa tsy maty" (2 Korintiana 4:8–9).

Roa arivo taona taty aoriana dia "voageja manodidina" ihany koa isika, ary mila izany hafatra hoe aza mamoy fo fa matokia izany ihany koa isika. Manana fitiavana sy fiahiana manokana ho an'ireo zanakavavy sarobidiny ny Tompo. Fantany ny zavatra irinareo, ilainareo ary atahoranareo. Manana ny hery rehetra ny Tompo. Matokia Azy.

Nampianarina ny Mpaminany Joseph Smith fa "ny asa sy ny fikasana ary ny zava-kendren' Andriamanitra dia tsy azo sakanana ary tsy azo foanana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:1). Ho an'ireo zanany ianjadian'ny olana dia nanome ireto fanomezan-toky tena tsara ireto ny Tompo:

"Indro, izany no fampanantenan'ny Tompo ho anareo, ô ianareo ry mpanompoko isany.

"Koa mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo; ary ianareo dia ho vavolombelona hanambara Ahy, Jesoa Kristy, fa Izaho no Zanak' ilay Andriamanitra velona" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:5–6).

Mijoro eo anilantsika ny Tompo, ary efa niteny Izy hoe:

"Izay lazaiko amin'ny anankiray dia lazaiko amin'ny rehetra, mahereza rankizy madinika; fa eo afovoanareo Aho ary tsy nahafoy anareo" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:36).

"Fa tonga aorian'ny fahoriana be ny fitahiana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:4).

Ranabavy isany, mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fampanantenana ireo, izay nomena ny olona iray niaina tao anaty fanenjehana sy zavamahory dia mihatra amin'ny tsirairay amintsika ao amin'ny toe-java-mahory misy antsika ankehitriny. Sarobidy izy ireo ary mampahatsiahy antsika tsirairay avy mba hatoky sy hanana fifaliana ao amin'ny fahafenoan'ny filazantsara eo am-pibosesehantsika mandroso eo anatrehan'ireo olana eo amin'ny fiainana ety an-tany.

Ny fitsapana sy olana dia zavatra tsy maintsy iainan'ny rehetra mandritra ny fiainana an-tany. Ny fanoherana dia ilaina ao amin'ny drafitra masina hanampiana antsika hivoatra,[2] ary ao anatin'izany lamina izany dia manana ny fanomezan-tokin' Andriamanitra isika fa rehefa banjinina lavitra ny mandrakizay dia tsy havela handresy antsika ny fanoherana. Noho ny fanampiany sy noho ny fahatokisana



*Provo, Utah, Etazonia*

sy faharetantsika dia handresy isika. Ireo fitsapana rehetra dia mandalo fotsiny ihany, tahaka ilay fiainana an-tany izay hitrangan'izy ireny. Nandritra ireo fifanolanana izay nialoha ny ady nitera-doza iray dia nampahatsiahy tamim-pahendrena i Abraham Lincoln filohan'i Etazonia fa "ity ihany koa dia mandalo fotsiny."[3]

Araka ny fantatrareo, ny fisedrana amin'ny fiainana ety an-tany resahako eto—izay manasarotra ny hananana fatokiana—dia indraindray tonga amintsika tahaka ny amin'ny olona maro, tahaka ireo olona an-tapitrisany amin'izao izay miady mafy amin'ireo vokadratsy mandrava naterak'ilay valanaretina COVID-19. Toy izany ihany, dia olona maro eto Etazonia no mijaly noho ny fifankahalana sy fifandirana izay toa mitranga foana rehefa misy fifidianana filoham-pirenena, fa saingy tamin'ity izany no tena nahakivy indrindra raha izay tsaroan'ireo efa nahazoazo taona toa anay.

Raha ny isam-batan'olona kosa no resahina, dia mianjady amintsika tsirairay avy ny sasany amin'ireo fisedrana maro amin'ny fiainana an-tany, toy ny fahantrana, ny fanavakavahana, ny tsy fahasalamana, ny fahaverezan'ny asa na fahakiviana amin'izany, ny zanaka mania, ny fanambadiana mikorontana na ny tsy fanambadiana, ary ny vokadratsin'ny fahotana—na ny antsika izany na ny an'ny hafa.

Ao anatin'izany rehetra izany anefa dia manana ilay torohehitra avy amin'Andriamanitra mba hatoky ary hahita fifaliana ao amin'ireo fitsipika sy fampanantenan'ny filazantsara ary ny voka-tsoan'ireo asantsika isika.[4] Izany torohevitra izany dia efa toy izany hatramin'izay, na ho an'ireo mpaminany izany na ho antsika rehetra Fantatsika avy amin'ny traikefan'ireo olona nialoha antsika sy ny zavatra notenenin'ny Tompo azy ireo izany.

Tadidio ny toe-javatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Raha ny fisedrana nahazo azy no dinihana akaiky dia fiainam-pahantrana, fanenjehana, fahasorenana, alahelo ao amin'ny fianakaviana, ary fahafatesana ho maritiora no fiainany. Raha niaritra fanagadrana izy dia nisedra fahoriana tsy mampino ihany koa ny vady aman-janany ary ireo Olomasina hafa rehefa noroahina hiala an'i Missouri izy ireo.

Rehefa nitalaho fanamaivanana ny enta-mavesany i Joseph dia namaly ny Tompo hoe:

"Anaka, fiadanana anie ho an'ny fanahinao; ny fahorianao sy ny fijalianao dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy;

"Ary rehefa izany, raha iaretanao tsara izany, dia hanandratra anao ho amin'ny avo Andriamanitra; ary ho resinao avokoa ny fahavalonao" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8).

Izany no torohevitra manokana sy mandrakizay nanampy ny Mpaminany Joseph hihazona ilay toetra ravoravo ahafantarana azy sy ny fitiavana sy tsy fivadihan'ireo olony. Ireo toetra ireo ihany no nampatanjaka ireo mpitarika sy mpamaky lay taty aoriana, ary izany dia afaka mampatanjaka anao ihany koa.

Eritrereto ny momba ireo mpikambana tany aloha ireo! Voaroaka avy tamin'ireo toerana nisy azy ireo ombieny ombieny izy ireo. Tamin'ny farany izy ireo dia niatrika ny fanamby hanorina ny fonenany sy ny Fiangonana ao amin'ny tany karakaina.[5] Roa taona taorian'ny nahatongavan'ny andiana mpamaky lay voalohany tao amin'ny lemak'i Salt Lake lehibe dia mbola sarotra be ho an'ireo mpamaky lay ny nivelona tao amin'izany toerana sarotra iainana izany. Ny ankabeazan'ireo mpikambana dia mbola teny an-dalana namakivaky ny lohasaha na sahirana tamin'ny fitadiavana vatsy mba hanaovana izany. Na dia izany aza dia mbola nanana fanantenana sy natoky ireo mpitarika sy mpikambana.

Na dia mbola tsy tafapetraka tsara tao amin'ny fonenany vaovao aza ireo Olomasina, dia nisy andiana misiônera vaovao nalefa tany Skandinavia, Frantsa, Alemana, Italia, ary Pasifika Atsimo tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ny taona 1849.[6] Tamin'ny fotoana izay noheverina fa naha fadiranovana azy ireo indrindra dia nahavita zavatra tena mahatalanjona ireo mpamaky lay. Ary telo taona monja taty aoriana dia 98 hafa no voantso ihany koa hanomboka ny fanangonana an'i Isiraely naely patrana. Nanazava ny iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana fa ireo dia fitoriana ireo "amin'ny ankapobeny dia tsy dia lava loatra; mety hoe eo amin'ny 3 ka hatramin'ny 7 taona eo raha ny lava indrindra ny lehilahy iray no tsy eo akaikin'ny fianakaviany."[7]

Ranabavy isany, manahy ny amin'ireo olana atrehanareo ny Fiadidiana Voalohany. Tia anareo izahay ary mivavaka ho anareo. Velompankasitrahana matetika ihany koa izahay satria ireo fisedrana ara-batana



São Paulo, Brésil

mahazo antsika—ankoatra ireo horohoron-tany, dorotanety, tondra-drano, ary rivo-doza—dia tsy mafy noho ny nahazo an'ireo izay nialoha antsika amin'ny ankapobeny.

Rehefa ao anatin'ny fisedrana, ny fanomezan-toky avy amin' Andriamanitra dia izao foana hoe "matokia fa hitari-dalana anareo Aho. Anareo ny fanjakana, ary anareo ny fitahiany, ary anareo ny haren'ny mandrakizay" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:18). Ahoana no hitrangan'izany? Ahoana no nitrangan'izany tamin'ireo mpamaky lay? Ahoana no hitrangan'izany amin'ireo vehivavin' Andriamanitra amin'izao fotoana izao? Amin'ny alalan'ny fanarahantsika ny fitarihan'ny mpaminany hoy ny Tompo tao amin'ny fanambarana tamin'ny aprily 1830, "ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy [antsika]." "Eny," hoy Izy, ". . . ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin'ny haizina eo anoloanareo ary hampihozongozona ny lanitra mba ho soa ho anareo sy ho voninahitry ny anarany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:6). "Koa aza matahotra ry ondry vitsy; manaova soa; avelao hitambatra ny tany sy ny helo hanohitra anareo, fa raha miorina amin'ny vatolampiko ianareo, dia tsy afaka mandresy izy ireo" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:34).

Omban'ny fampanantenan'ny Tompo dia "[manandratra] ny fon[tsika] ary mifal[y]" isika (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:13), ary "amin'ny fo falifaly sy ny tarehy miramirana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:15) no handrosoantsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Ny ankamaroantsika dia tsy miatrika fanapahan-kevitra goavana toy ny hoe mandao ny tokantranontsika mba ho mpamaky lay ao amin'ny tany tsy fantatra. Ny ankamaroan'ny fanapahan-kevitra raisintsika dia eo amin'ireo zavatra fanao amin'ny fiainana andavanan'andro, saingy ny Tompo dia nilaza hoe, "Aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33).

Misy hery tsy manam-petra ao amin'ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Ny finoantsika tsy voahozongozona amin'izany fotopampianarana izany dia mitarika ny dingana ataontsika ary manome fifaliana ho antsika. Manazava ny saintsika izany ary



Provo, Utah, Etazonia

manone hery sy fahatokiana eo amin' ny asa ataontsika. Izany fitarihana sy fanazavana sy hery izany dia fanomezana nampanantenaina nomen'ny Raintsika any An-danitra. Rehefa mahatakatra sy mampifanaraka ny fiainantsika amin'izany fotopampianarana izany isika, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanomezam-pahasoavana masin'ny fibebahana, dia afaka hatoky isika eo am-pijanonantsika eo amin'ny lalana mankany amin'ny tanjontsika mandrakizay—dia ny fihaonana indray sy ny fisandratana miaraka amin'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra be fitiavana izany.

"Mety miatrika olana toa tsy hay zakaina ianao," hoy ny Loholona Richard G. Scott nampianatra. "Indraindray izy ireny dia tena mafy be, tena mampivarahontsana, hany ka mety hahatsapa ianao fa mihoatra ny azonao fehezina izy ireny. Aza atrehana irery izao tontolo izao. –Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao– [Ohabolana 3:5]. . . . Natao ho mafy ny fiainana, tsy hoe mba tsy hahombiazanao, fa mba hahitanao fahombiazana kosa rehefa mandresy ianao."[8]

Ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany avokoa izany, izay ijoroako ho vavolombelona, sady mivavaka aho ny mba haharetantsika rehetra amin'ny diantsika mankany an-danitra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Jaona 13–16.
2. Jereo ny 2 Nefia 2:11.
3. Abraham Lincoln, lahateny tao amin'ny Wisconsin State Agricultural Society, Milwaukee, Sept. 30, 1859, ao amin'ny John Bartlett, *Bartlett's Familiar Quotations,* ed. faha-18 (2012), 444.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:31.
5. Jereo ny Lawrence E. Corbridge, "Surviving and Thriving like the Pioneers," *Ensign,* jolay 2020, 23–24.
6. Jereo ny "Minutes of the General Conference of 6 October 1849," General Church Minutes Collection, Church History Library, Salt Lake City.
7. George A. Smith, ao amin'ny Journal History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, Aug. 28, 1852, 1, Church History Library, Salt Lake City.
8. Richard G. Scott, *Finding Peace, Happiness, and Joy* (2007), 248–49.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson
*Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

# Raiso amim-pinoana ny hoavy

*Ho feno voninahitra ny hoavy ho an'ireo izay vonona sy manohy miomana mba ho fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo.*

Ity dia takariva tsy ho hay hadinoina. Ry anabaviko malala isany, voninahitra ho ahy ny miaraka aminareo. Matetika tokoa aho no nahatsiaro anareo tato an-tsaiko nandritra izay volana vitsivitsy lasa izay. Maherin'ny valo tapitrisa izao ianareo. Tsy ny *isanareo* ihany dia ampy hanovana an'izao tontolo izao fa ny *hery arapanahy* anananareo koa. Izay mihitsy no hitako nataonareo nandritra ity valanaretina ity.

Ny sasany taminareo tampoka teo dia lasa nitady vatsy izay tsy ampy, na koa asa iray vaovao. Maro no nampianatra ankizy tao an-trano ary nanara-maso hoe manao ahoana ireo mpifanolobodirindrina. Ny sasany dia nandray misiônera izay nody mialoha noho ny neritreretina, raha ny hafa taminareo kosa nanova ny tokantranonareo ho foibe fanofanana misiônera. Nampiasa teknôlojia ianareo hifandraisana amin'ny fianakaviana sy ireo namana, sy hanompoana ireo izay tsapanareo fa nitoka-monina, ary hiarahana mandalina ny *Avia, hanaraka Ahy* amin'ny hafa. Nahita fomba vaovao ianareo hanaovana ny Sabata ho tonga fahafinaretana ho anareo. Ary nanamboatra aro-vava ianareo, an-tapitrisany!

Amim-pangorahana sy fitiavana avy ao am-po no hanehoako fiarahamiory amin'ireo vehivavy maro maneran-tany izay namoy ireo malalany. Miara-ory aminareo izahay. Ary mivavaka ho anareo izahay. Midera anareo izahay sy mivavaka ho an'ireo rehetra izay miasa tsy mitandro hasasarana mba hiarovana ny fahasalaman'ny hafa.



*Sugar City, Idaho, Etazonia*

Ianareo zatovovavy dia nampiaiky ihany koa. Na dia tondraky ny fifandirana aza ny tambajotran-tserasera, dia maro aminareo no nahita fomba hampaherezana ny hafa sy hizarana ny fahazavan'ny Mpamonjy.

Ry anabavy isany, tena nahery fo tokoa ianareo! Talanjona aho mahita ny tanjakareo sy ny finoanareo. Nasehonareo fa na tao anatin'ny toe-javatra sarotra aza dia nataonareo taminkerim-po izay tokony hatao. Tiako ianareo, ary manome toky anareo aho fa tia anareo ny Tompo ary mahita ny asa lehibe tanterahinareo. Misaotra indrindra! Mbola noporofoinareo indray fa ianareo no fanantenana ho an'i Isiraely ara-bakiteny!

Ianareo no maneho fahatanterahan'ny zavatra nantenain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ho anareo tamin' izy nampahafantatra "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 25 taona lasa izay, tamin'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany volana septambra 1995.[1] Misy dikany ny nisafidianany ireo rahavavy ato amin'ny Fiangonana tamin'ny nampahafantatra an'io fanambarana manan-danja io. Izany fomba izany no nanantitranteran'ny Filoha Hinckley ny anjara toerana tsy azo soloina sahanin'ny vehivavy eo amin'ny drafitry ny Tompo.

Ankehitriny dia tiako ho fantatra izay nianaranareo tamin'ity taona ity. Nanatona kokoa ny Tompo ve ianareo, sa ve mahatsiaro ho lavitra Azy kokoa? Inona no tsapanareo mikasika ny hoavy noho ireo zava-mitranga amin'izao fotoana izao?

Marina fa tamin'ny fomba hentitra no niresahan'ny Tompo mikasika izao androntsika izao. Nampitandrina Izy fa amin'izao androntsika izao dia "[ho] reraka ny fon'ny olona"[2] ary na dia ny olom-boafidy aza dia mety ho voafitaka.[3] Nilaza tamin'ny Mpaminany Joseph Smith Izy fa "[ho] hanesorana ny fiadanana eto an-tany"[4] ary antambo maro no hanjo ny zanak'olombelona.[5]

Kanefa ny Tompo dia nanolotra ihany koa fahitana ny amin'ny mahamiavaka an'ity fotoampitantanana ity.

Nanainga ny fanahin'ny Mpaminany Joseph Smith Izy hanambara fa "ny asa amin'. . . izao andro farany izao dia goavana aok'izany. . . . Tsy hay fariparitana ny voninahiny, ary tsy misy mahatoraka ny habeny."[6]

Marina fa mety tsy ny teny hoe *lehibe* no hosafidianao hamaritana izay volana vitsivitsy lasa izay! Ahoana ary *no* fomba samy hiatrehantsika na ireo faminaniana manjombona na ireo fanambarana be voninahitra mikasika izao androntsika izao? Nolazain'ny Tompo izany tamin'ny fanomezan-toky tsotra kanefa mahagaga hoe: "raha efa miomana ianareo dia tsy hatahotra."[7]

*Fampanantenana tsy misy ohatr' izany!* Fampanantenana izay afaka manova ara-bakiteny ny fomba fijerintsika ny hoavy. Vao tsy ela aho no naheno vehivavy iray manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka niaiky fa ilay valanaretina niampy horohoron-tany tao amin'ny Lohasahan'i Salt Lake dia nanampy azy hahita fa tsy vonona arak'izay noheveriny izy. Rehefa nanontaniako izy hoe ny tahirin-tsakafony ve *sa* ny fijoroany ho vavolombelona no tiany holazaina, dia nitsiky izy ka nilaza hoe, "Eny!"

Raha ny fiomanana izany no fanalahidy handraisantsika amim-pinoana ity fotoam-pitantanana ity, ahoana ary no fomba tsara indrindra hiomanantsika?

Efa am-polo taonany ireo mpaminanin'ny Tompo no nanentana antsika hitahiry sakafo sy rano ary tahiry ara-bola ho amin'ny fotoana ilàna izany. Ny valanaretina amin'izao fotoana izao dia mbola nanamafy ny fahendren'izany torohevitra izany.



*Bangalore, Inde*

Mamporisika anareo aho handray fepetra hivononana ara-batana. Saingy vao mainka aho sahiran-tsaina raha ny mikasika ny fiomananareo ara-panahy sy ara-pihetseham-po.

Mahakasika izany dia betsaka no azontsika ianarana avy amin'ny Kapiteny Môrônia. Tamin'ny naha mpitari-tafika Nefita azy izy dia nifanehitra tamina hery mpanohitra izay natanjaka kokoa sy maro kokoa ary masiaka kokoa. Noho izany Môrônia dia nanomana ny vahoakany tamin'ny fomba telo manan-danja.

**Voalohany,** nampiany izy ireo hanangana toerana izay hahatsapan' izy ireo ho voaro—"toeram-piarovana" no niantsony azy ireo.[8] **Faharoa,** nomaniny "ny sain'ny vahoaka ho mahatoky amin'ny Tompo Andriamaniny."[9] Ary **fahatelo,** tsy nitsahatra mihitsy izy nanomana ny vahoakany, na ara-batana na ara-panahy.[10] Andeha hodinihantsika ireo fitsipika telo ireo.

### Fitsipika voalohany: Manangana toeram-piarovana.

Nohamafisin'i Môrônia ny tanàna Nefita tsirairay tamin'ny ampiantany sy ny manda ary ny rindrina.[11] Rehefa tonga hifanehitra tamin'izy ireo ny Lamanita dia "talanjona izaitsizy tokoa noho ny fahendren'ny Nefita tamin'ny fanomanany ny *toeram-piarovany.*"[12]

Tahaka izany koa, rehefa mandravarava manodidina *antsika* ny korontana dia mila manangana toerana isika izay hahavoaro *antsika* sady ara-batana no ara-panahy. Rehefa lasa toera-masin'ny finoana ho anareo manokana, izay hanjakan'ny Fanahy, ny tokantranonareo, dia io no hanjary ho fiarovana eny amin'ny lohalaharana.

Tahaka izany koa, ireo tsatòkan'i Ziona dia "fialofana amin'ny tafiodrivotra"[13] satria izy ireny dia tarihin'ireo izay mihazona fanalahidin'ny fisoronana sy mampiasa fahefan'ny fisoronana. Rehefa manohy manaraka ny torohevitr'ireo izay nomen'ny Tompo fahefana hitarika anareo ianareo dia hahatsapa ho voaro kokoa.

Ny tempoly na tranon'ny Tompo no toeram-piarovana tsy mitovy na amin'inona na amin'inona. Any

ianareo ry ranabavy no tafiana herin' ny fisoronana amin'ny alalan'ny fanekempihavanana masin'ny fisoronana izay ataonareo.[14] Any no hamehezana ny fianakavianareo ho mandrakizay. Eny fa na tamin'ity taona ity aza, raha voafetra aok'izany ny fahafahana miditra ao amin'ireo tempolintsika dia ny fanafiana masina natao anareo no nanome anareo fahafahana hahazo tsy tapaka ny herin' Andriamanitra rehefa nanaja ireo fanekempihavanana izay nataonareo Taminy ianareo.

Raha tsorina, ny toeram-piarovana dia *na aiza na aiza* toerana hahafahanareo mahatsapa ny fisian'ny Fanahy Masina sy hahafahanareo hotarihany.[15] Rehefa miaraka aminareo ny Fanahy Masina dia afaka mampianatra fahamarinana ianareo eny fa na dia mifanohitra amin'ireo hevitra manjaka eo amin'izao tontolo izao aza izany. Ary afaka mandalina ireo fanontaniana avy ao am-po mikasika ny filazantsara ianareo, ao anatin'ny tontolo ahafahana mandray fanambarana.

Manasa anareo aho, ry anabaviko malala isany, hanorina tokantrano izay ho toeram-piarovana. Ary havaoziko ny fanasako anareo hampitombo ny fahatakaranareo ny herin'ny fisoronana sy ireo fitahiana ary fanekempihavanan'ny tempoly. Ny fananana toeram-piarovana izay hahafahanareo mialokaloka dia hanampy anareo handray ny hoavy amim-pinoana.

**Fitsipika faharoa: Omano ny sainareo ho mahatoky amin' Andriamanitra.**

Nanatanteraka tetik'asa goavana isika hanitarana ny fahatezan'ny Tempolin'i Salt lake sy ny habeny.

Nisy ny nametra-panontaniana ny ilàna ny andraisana fepetra tsy mahazatra tahaka izany. Kanefa rehefa niharan'ny horohoron-tany nahatratra 5.7 teo amin'ny mari-drefy ny Lohasahan'i Salt Lake tany amin' ny voalohandohan'ity taona ity, dia nihozongozona mafy ity tempoly mendri-kaja ity ka ampy hampianjera ny trômpetra teo amin'ny sarivongan' ny anjely Môrônia![16]

Tsy misy hafa amin'ny tsy maintsy ananan'ny fototry ny Tempolin'i Salt



*São Paulo, Brésil*

Lake tanjaka ampy hahatantesany loza voajanahary no tsy maintsy hahamafy tsara koa ny fototsika *ara-panahy*. Ka rehefa manozongozona ny fiainantsika ny horohoron-tany ara-tsarinteny dia ho "mafy sy tsy azo hozongozonina" isika noho ny finoantsika.[17]

Nampianarin'ny Tompo antsika ny fomba hampitomboana ny finoantsika amin'ny fikatsahana "*fianarana,* amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana."[18] Manamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika rehefa miezaka mitandrina ireo didiny sy "mahatsiaro azy mandrakariva."[19] Ankoatr'izay dia mitombo ny finoantsika isaky ny *mampihatra* ny finoantsika Azy isika. Izany no dikan'ny hoe mianatra amim-pinoana.

Ohatra, isaky ny manana finoana isika hankatoavana ireo lalàn' Andriamanitra, eny fa na manambany antsika aza ny hevitr'izao tontolo izao, na koa isaky ny mahatohitra ny fampifalifaliana na hevi-dravina izay manindrahindra fandikana fanekempihavanana, dia *mampihatra* ny finoantsika isika, ary izany indray avy eo no *mampitombo* ny finoantsika.

Ankoatr'izay, vitsy ihany ny zavatra izay mampiorina finoana kokoa noho ny fandalinana tsy tapaka ny Bokin'i Môrmôna. Tsy misy boky hafa mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy amin'ny fomba mahery sy mazava tahaka azy. Ireo mpaminany ao, rehefa nobitsihin' Andriamanitra dia nahita izao androntsika izao ary nifantina ireo fotopampianarana sy fahamarinana izay hanampy *antsika* indrindra. Ny Bokin'i Môrmôna *no* boky torolalana fiavotana ho antsika *amin'izao andro farany izao*.

Mazava ho azy fa tonga ny fiarovana antsika faratampony rehefa mifamatotra amin'ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy isika! Ny fiainana *tsy misy* an' Andriamanitra dia fiainana feno tahotra. Ny fiainana *miaraka* amin' Andriamanitra dia fiainana feno fiadanana. Izany dia satria fitahiana arapanahy no tonga amin'ireo mahatoky. Ny fandraisana fanambarana ho an'ny tena manokana no anisan'ny goavana indrindra amin'izany fitahiana izany.

Nampanantena ny Tompo fa raha mangataka isika dia handray "fanambarana miampy fanambarana."[20] Mampanantena aho fa raha mampitombo ny fahafahanareo mandray fanambarana ianareo dia hotahian'ny Tompo hahazo fitarihana mihavosa ho an'ny fiainanareo sy fanomezampahasoavan'ny Fanahy tsy misy fetra.

**Fitsipika fahatelo: Aza mitsahatra miomana.**

Na dia nizotra *tsara* aza ny zavadrehetra dia nanohy nanomana ny vahoakany hatrany ny Kapiteny Môrônia. Tsy nitsahatra mihitsy izy. Tsy nety ho afa-po *mihitsy* izy.

Tsy mitsahatra manafika ny fahavalo. Ka noho izany dia tsy afaka mitsahatra miomana *mihitsy* isika! Arakaraka ny mampizaka tena antsika, ara-nofo sy ara-pihetseham-po ary ara-panahy, no maha vonona kokoa antsika hanohitra ny fanafihana tsy an-kiato ataon'i Satana.

Ry anabavy malala isany, havanana ianareo amin'ny fanorenana toerampiarovana ho an'ny tenanareo sy ho an'ireo olona tianareo. Ankoatra izany dia nahazo fanafiana masina ianareo izay hahafahanareo manorina finoana ao amin'ny hafa amin'ny fomba tena mahasarika.[21] Ary *ianareo* dia tsy mitsahatra mihitsy. Mbola nasehonareo indray izany tamin'ity taona ity.



*Guatemala City, Guatemala*

Miangavy aho, tohizo hatrany izany! Ny fahamailoanareo hiaro ny tokantranonareo sy hampitsiry finoana ao am-pon'ireo izay tianareo no hitondra valisoa ho an'ireo taranaka ho avy.

Ry anabaviko malala isany, *zavatra betsaka* tokoa no azontsika andrandraina! Napetraky ny Tompo ety ianareo ankehitriny satria fantany fa ianareo dia manana ny fahaizana miatrika ireo olan-tsarotra iainana amin' izao ampahany faramparany amin'izao andro farany izao. Fantany ianareo fa hahatakatra ny maha goavana ny asany ary hanam-paniriana hanampy hahatanteraka izany.

Tsy milaza akory aho hoe ho mora ireo andro izay miandry, saingy mampanantena anareo aho fa ho feno voninahitra ny hoavy ho an'ireo izay vonona sy manohy miomana mba ho fitaovana eo am-pelantanan'ny Tompo.

Ry anabaviko malala isany, aoka isika tsy hoe *hiaritra* fotsiny mandritra ity vanim-potoana ity. Fa andeha isika *handray amim-pinoana ny hoavy*! Ireo fotoan-tsarotra dia fotoana ahafahantsika miezaka ara-panahy. Misy fotoana izay hoe afaka hampahomby lavitra kokoa ny fitaomantsika noho ny amin'ny fotoana tony kokoa.

Mampanantena aho fa rehefa manorina toeram-piarovana isika, sy manomana ny saintsika ho mahatoky amin' Andriamanitra, ary tsy mitsahatra miomana mihitsy, dia hotahin' Andriamanitra. "Hanafaka [antsika] Izy; eny, hany ka [h]anambara fiadanana Izy ho an'ny fanahin[tsika], ary [h]otoviny [amintsika] ny finoana lehibe, ary . . . ataony izay [hahafahantsika manantena] ny fanafahana an[tsika] ao Aminy."[22]

Eo am-piomananareo handray am-pinoana ny hoavy, dia *hihatra* aminareo ireo fampanantenana ireo! Izany no ijoroako ho vavolombelona, miaraka amin'ny fanehoako ny fitiavako *ho* anareo sy ny fatokiako *anareo*, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo," ChurchofJesusChrist.org. Tamin'ny lahateny izay tafaraka tamin'ity fanambarana ity ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza tamin'ireo rahavavy: "Feno fankasitrahana aho noho ny tanjakareo sy ny fatokianareo, ny finoanareo ary ny fitiavanareo. Feno fankasitrahana aho noho ny finiavana ao am-ponareo handeha am-pinoana, sy hitandrina ny didy ary hanao ny tsara amin'ny fotoana rehetra sy ny toe-javatra rehetra" ("Stand Strong against the Wiles of the World," *Ensign,* Nov. 1995, 98–99).
2. Lioka 21:26; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26.
3. Jereo ny Matio 24:24; Joseph Smith—Matio 1:22.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:35.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17. Naminany ny Apôstôly Paoly fa "any am-parany any dia hisy andro mahory." Mihatra amin'ny androntsika izany, izay ho feno loza ara-panahy. (Jereo ny 2 Timothy 3:1–5.)
6. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 512.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:30.
8. Jereo ny Almà 49:5; 50:4.
9. Almà 48:7.
10. Jereo ny Almà 49–50.
11. Jereo ny Almà 48:8.
12. Almà 49:5; nampiana fanamafisana.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6.
14. Jereo ny Russell M. Nelson, "Ireo harena ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2019, 76–79.
15. Nampianatra i Eliza R. Snow fa ny Fanahy Masina dia "manome fahafaham-po sy manatanteraka an'izay zavatra rehetra tadiavin'ny fon'olombelona. . . .. Rehefa henik'io Fanahy io aho, dia afa-po ny fanahiko, ary afaka milaza amimpahatokiana aho, fa ireo zava-misarika anio dia toa tsy mitoetra eo amin'ny lalako mihitsy. . . . Moa va tsy tombontsoa ho antsika ny miaina amin'ny fomba izay ahafahantsika manana izany mikoriana tsy tapaka mankao amin'ny fanahintsika?" (ao amin'ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'œuvre de la Société de Secours* [2011], 46).
16. Jereo ny Daniel Burke, "Utah Earthquake Damages Mormon Temple and Knocks Trumpet from Iconic Angel Statue," Mar. 18, 2020, cnn.com.
17. Môzià 5:15.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118; nampiana fanamafisana.
19. Môrônia 4:3.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:61.
21. Nanamarika an'io toe-javatra io ny Apôstôly Paoly raha nilaza fa ny finoana tsy mihatsaravelatsihy nananan'i Timoty dia avy amin'ny reniny (i Eonika) sy ny renibeny (i Loisa) (jereo ny 2 Timoty 1:5).
22. Almà 58:11.



Fivoriana alahady maraina | 4 Ôktôbra 2020

Nataon'ny Filoha M. Russell Ballard
*Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Miambena ka mivavaha mandrakariva

*Anio aho dia manitatra ny antso ataoko ho an'ny olona rehetra avy amin'ny firenena rehetra maneran-tany mba hivavaka.*

Ry rahalahiko sy ranabaviko malala, nandritra ny herinandro farany tamin' ny asa fanompoany teto an-tany, dia nampianatra ny mpianany i Jesoa hoe: "*Miambena ka mivavaha mandrakariva,* mba hahery hianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona"[1]

Anisan'ireo "zavatra hitranga" alohan'ny Fiaviany Fanindroany ny "handre ady sy filazana ady[,]. . . mosary, areti-mandringana, horohoron-tany, amin'ny tany samy hafa."[2]

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia nilaza ny Mpamonjy hoe: *"Ary hisamboaravoara ny zava-drehetra; . . . fa ho tonga amin'ny olon-drehetra ny tahotra."*[3]

Mazava ho azy fa miaina ao anatin'ny fotoana misamboaravoara isika. Betsaka ny olona matahotra ny hoavy, ary maro ny fo no nivily tamin'ny finoany an' Andriamanitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy.

Feno tantarana herisetra ireo vaovao. Avoaka amin'ny internet ny fanalam-baraka ara-pitondrantena. Novingavingaina ireo fasana, fiangonana, moske, sinagoga ary toerana masina ara-pivavahana.

Ny areti-mandringana maneran-tany dia efa saika tonga tany amin' ny vazan-tany rehetra—olona an-tapitrisany no voan'ilay aretina, efa mihoatra ny iray tapitrisa no maty. Nikatso ny fizarana diplaoma tany an-tsekoly, ny fotoam-pivavahana tany am-piangonana, ny fanambadiana, ny asa fitoriana ary ny hetsika maro hafa manan-danja eo amin'ny fiainana. Fanampin'izany, olona tsy tambo isaina no tavela irery sy natokana.



*Nairobi, Kenya*

Ny fikorontanana ara-toekarena dia niteraka olana ho an'ny maro, indrindra ho an'ireo marefo indrindra amin'ireo zanaky ny Raintsika any An-danitra.

Nahita olona mazoto mampiasa ny zon'izy ireo hanao fihetsiketsehana am-pilaminana isika, ary nahita korontana feno vahoaka romotra.

Mandritra izany fotoana izany dia manohy mahita fifandonana eran'izao tontolo izao isika.

Mieritreritra matetika anareo izay mijaly, mitebiteby, matahotra na mahatsiaro ho manirery aho. Manome toky aminareo tsirairay avy aho fa mahafantatra anareo ny Tompo, fantany ny fiahiahianao sy ny fijalianao ary tiany ianao—akaiky, manokana, lalina ary mandrakizay.

Isaky ny mivavaka aho ny alina dia mangataka amin'ny Tompo mba hitahy ireo rehetra vesaran'ny alahelo, fanaintainana, ireo manirery ary malahelo. Fantatro fa ny mpitarika hafa ato amin'ny Fiangonana dia manao izany vavaka izany koa. Ny fonay, tsirairay sy miaraka, dia mankany aminareo ary ny vavakay dia mankany amin' Andriamanitra ho anareo.

Nandany andro maromaro tany amin'ny faritra avaratra atsinanan'i Etazonia aho tamin'ny taon-dasa nitsidika ireo toerana ara-tantara an'ny Amerikana sy ny Fiangonana, nanatrika fivoriana niaraka tamin'ireo misiônerantsika sy ireo mpikambana ato amintsika aho, ary nitsidika mpitarika fanjakana sy orinasa.

Ny alahady 20 ôktôbra dia nanao lahateny tamin'ny fivoriana lehibe iray tany akaikin'i Boston, Massachusetts aho. Nandritra ny fotoana nitenenako, dia voatosika aho hiteny hoe: "Miangavy anareo aho. . . hivavaka ho an'ity firenena ity, ho an'ny mpitondra antsika, ho an'ny vahoakantsika, ary ho an'ireo fianakaviana izay monina ato amin'ity firenena lehibe naorin' Andriamanitra ity."[4]

Nolazaiko ihany koa fa, toy ny taloha, i Amerika sy ny firenena maro ambonin'ny tany dia eo amin'ny sampanan-dalana lehibe iray hafa ary mila ny vavaka ataontsika.[5]



*Salzbourg, Autriche*

Tsy tao anatin'ny lahateny nomaniko ilay fiangaviako. Tonga tamiko ireo teny ireo rehefa nahatsapa aho fa nanosika ahy ny Fanahy hanasa ireo izay nanatrika teo mba hivavaka ho an'ny fireneny sy ireo mpitarika azy ireo.

Anio aho dia manitatra ny antso ataoko ho an'ny olona rehetra avy amin'ny firenena rehetra maneran-tany mba hivavaka. Na manao ahoana fomba fivavahanareo, na iza no ivavahanareo, mba ampiharo ny finoanareo—na inona na inona finoanareo—ary mivavaha ho an'ny firenenareo sy ho an'ireo mpitondra ny firenenareo. Araka ny nolazaiko tamin'ny volana ôktôbra lasa teo tany Massachusetts, mijoro eo amin'ny sampanan-dalana lehibe amin'ny tantara isika ankehitriny, ary ireo firenena eto an-tany dia tena mila fitaomam-panahy sy fitarihana avy amin' Andriamanitra tokoa. Tsy resaka politika na fenitra mihefy izany. Izany dia momba ny fiadanana sy ny fanasitranana izay mety hitranga amin'ny fanahin'ny tsirairay ary koa amin'ny fanahin'ny firenena—ny tanànany, sy ny vohitra misy azy—amin'ny alalan'ilay Andrian'ny Fiadanana sy loharanon'ny fanasitranana rehetra, dia Jesoa Kristy Tompo.

Nandritra izay volana vitsy lasa izay dia nahatsapa aho fa ny fomba tsara indrindra hanampiana ny toe-draharaha eto amin'izao tontolo izao ankehitriny dia ny fiankinan'ny olona rehetra bebe kokoa amin' Andriamanitra ary ny fampitodihany ny fony any Aminy amin'ny alalan'ny vavaka marina. Ny fanetrentena sy ny fikatsahana fitaomam-panahy avy any an-danitra mba haharitra na handresy izay eo alohantsika no ho fomba azo antoka indrindra handrosoantsika am-pahatokisana mandritra izao fotoan-tsarotra izao.

Manasongadina ny vavaka natolotr'i Jesoa ary koa ny fampianarany momba ny vavaka nandritra ny asa fanompoany teto an-tany ny soratra masina. Hotsaroanareo ny vavaky ny Tompo:

"Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.

"Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra."

"Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.

"Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.

"Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy: Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena."[6]

Ity vavaka mahafinaritra mifantoka ity izay averimberina matetika ao amin'ny tontolo Kristiana manontolo dia manazava fa mety ny mangataka mivantana hoe "Rainay Izay any an-danitra" mba hamaly izay manahirana antsika. Noho izany, ndao isika hivavaka mba hahazo ny fitarihan' Andriamanitra.

Manasa anareo aho hivavaka mandrakariva aho.[7] Mivavaha ho an'ny fianakavianareo. Mivavaha ho an'ireo mpitondra firenena. Mivavaha ho an'ireo olona be herim-po izay eo amin'ny laharana voalohany amin'ny ady atao amin'ny loza ara-tsosialy, tontolo iainana, politika ary biolojika izay misy fiantraikany amin'ny olona rehetra maneran-tany, ny manan-karena sy ny mahantra, ny tanora sy ny antitra.

Nampianatra antsika ny Mpamonjy mba tsy hametra izay hivavahantsika. Hoy Izy: "Tiava ny fahavalonareo, tsofirano ireo izay manozona anareo, manaova soa amin'ireo izay mankahala anareo, ary mivavaha ho an'ireo izay ratsy fitondra anareo sy manenjika anareo."[8]

Teo amin'ny hazofijalian'i Kalvary, toerana nahafatesan'i Jesoa noho ny fahotantsika, dia nampihariny ny zavatra nampianariny rehefa nivavaka Izy hoe: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."[9]

Ny fivavahana amin-kitsim-po ho an'ireo izay mety heverina ho fahavalontsika dia maneho ny finoantsika fa Andriamanitra dia afaka manova ny fontsika sy ny fon'ny hafa. Ny vavaka toy izany dia tokony hanamafy ny fanapahan-kevitsika hanao izay fanovana ilaina eo amin'ny fiainantsika, ny fianakaviantsika ary ny fiarahamonina misy antsika manokana.

Na aiza na aiza onenanao, na fiteny firesahanao, na ireo fanamby atrehanao, Andriamanitra dia mihaino sy mamaly anao amin'ny fombany sy amin'ny fotoany. Satria zanany isika, dia afaka manatona azy hitady fanampiana, fampiononana ary faniriana vaovao hitondra fanovana tsara eto amin'izao tontolo izao.

Matetika no tsy ampy ny fivavahavana momba ny fahamarinana, fandriampahalemana, ny mahantra ary ny marary. Rehefa avy *mandohalika* mivavaka isika dia mila mitsangana avy eo am-pandohalihana ary manao izay azontsika atao entina manampy—hanampy ny tenantsika sy ny hafa.[10]

Feno ohatra amin'ny olona manam-pinoana izay nanambatra ny vavaka sy ny asa mba hanisy fiovana teo amin'ny fiainany manokana sy teo amin'ny fiainan'ny hafa ny soratra masina. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ohatra, dia mamaky momba an'i Enôsa isika. Voamarika fa "manodidina ny roa ampahatelon'ny bokiny fohy dia mamariparitra vavaka, na andiana vavaka, ary ilay fifandanjana dia milaza ny zavatra nataony vokatry ny valiny azony."[11]

Manana ohatra maro isika ny amin' ny fomba nitondran'ny vavaka fiovana teo amin'ny tantaram-piangonantsika manokana, manomboka amin'ny vavak'i Joseph Smith notononiny mafy voalohany tao anaty ala iray teo akaikin'ny tranohazon'ny ray aman-dreniny tamin'ny lohataona 1820. Raha nikatsaka famelan-keloka

sy fitarihana ara-panahy i Joseph dia nanokatra ny lanitra ny vavaka nataony. Ankehitriny isika dia mpahazo tombotsoa avy amin'i Joseph ilay Mpaminany sy ireo lehilahy sy vehivavy Olomasin'ny Andro Farany mahatoky izay nivavaka sy niasa hanampiana amin'ny fananganana Ny Fiangonan'i Jesosy Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Matetika aho no mieritreritra ny vavaky ny vehivavy mahatoky toa an'i Mary Fielding Smith izay, niaraka tamin'ny fanampian' Andriamanitra, nitaona ny fianakaviany tamim-pahasahiana avy tamin'ny fanenjehana goavana tany Illinois hatrany amin'ny toerana azo antoka teo amin'ity lohasaha ity izay nirobo-roboan'ny fianakaviany teo amin'ny ara-panahy sy ara-batana. Rehefa avy nandohalika nivavaka mafy izy dia niasa mafy mba handresena ireo olany sy hitahiana ny fianakaviany.

Ny vavaka dia hampitraka antsika ary hampivondrona antsika isambatan'olona, fianakaviana, Fiangonana, ary izao tontolo izao. Ny vavaka dia hitaona ny mpahay siansa ary hanampy azy ireo hahita vaksiny sy fanafody hamaranana ity valan'aretina ity. Ny vavaka dia hampionona ireo izay namoy havan-tiana. Hitarika antsika hahalala izay tokony hatao mba hiarovana antsika manokana ihany koa izany.

Ry rahalahy sy ranabavy, mamporisika anareo aho mba hampitombo ny fanolorantenanao hivavaka. Mamporisika anareo aho hivavaka ao amin'ny toera-miafinareo, amin'ny dianareo isan'andro, any an-tokantranonareo, any amin'ny paroasinareo, ary ao amponareo mandrakariva.[12]

Amin'ny anaran'ireo mpitarika Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, misaotra anareo aho noho ny vavaka nataonareo ho anay. Mamporisika anareo aho hanohy hivavaka mba hahazoantsika ny fitaomam-panahy sy ny fanambarana hitarika ny Fiangonana mandritra izao fotoan-tsarotra izao.

Afaka manova ny fiainantsika manokana ny vavaka. Raha taomin'ny vavaka amin-kitsim-po isika, dia afaka mampivoatra sy manampy ny hafa hanao toy izany koa.

Fantatro ny herin'ny vavaka tamin' ny alalan'ny zavatra niainako manokana. Vao haingana aho no irery tao amin'ny biraoko. Vao avy nandalo fitsaboana teo amin'ny tanako aho. Mainty sy mangana izany, nivonto sady narary. Rehefa nipetraka teo amin'ny latabatro aho dia tsy afaka nifantoka tamin'ireo raharaha manan-danja sy lehibe satria variana tamin'io fanaintainana io.

Nnandohalika nivavaka aho ary nangataka tamin'ny Tompo mba hanampy ahy hifantoka hahavitako ny asako. Nijoro aho ary niverina teo amin'ireo antontan-taratasy teo ambony latabatro. Vetivety dia tonga tao an-tsaiko ny fahazavana sy ny fifantohana ary afaka namita ireo raharaha maika teo anoloako aho.

Ny toe-javatra misavorovoro ankehitriny dia mety toa mampatahotra rehefa mandinika ireo olana sy fanamby marobe isika. Fa fijoroako ho vavolombelona mahery vaika ny hoe raha mivavaka sy mangataka amin'ny Ray any An-danitra ireo fitahiana sy fitarihana ilaina isika dia ho fantatsika ny fomba ahafahantsika mitahy ny fianakaviantsika, ny mpifanolobodirindrina amintsika, ny vondrom-piarahamonina misy antsika eny na dia ny firenena onenantsika aza.

Nivavaka ny Mpamonjy ary avy eo dia "nandeha nanao soa"[13] tamin'ny alalan'ny famahanana ny mahantra, tamin'ny fanomezana herim-po sy fanampiana ireo mila fanampiana, ary tamin'ny fanolorana fitiavana, famelan-keloka, fiadanana ary fitsaharana ho an'izay rehetra nanatona Azy. Manohy manolo-tanana antsika Izy.

Manasa ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra aho, ary koa ny mpifanolobodirindrina amintsika sy sakaizantsika amin'ireo vondrona finoana hafa maneran-tany, mba hanao araka ny torohevitry ny Mpamonjy tamin'ny mpianany hoe: "*Miambena ka mivavaha mandrakariva* hahazoana fiadanana, fampiononana, fiarovana, ary fahafahana hifanompo.[14]

Endrey ny halehiben'ny herin'ny vavaka ary ilaina tokoa ny vavaka amim-pinoana amin' Andriamanitra sy ny Zanaka Malalany eto amin'izao tontolo izao ankehitriny! Handeha isika hahatsiaro sy hankasitraka ny herin'ny vavaka. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



*Temecula, Californie, Etazonia*

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 21:36; nampiana fanamafisana.
2. Matio 24:6, 7.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:91; nampiana fanamafisana.
4. M. Russell Ballard, ao amin'ny Sarah Jane Weaver, "President Ballard Pleads with Latter-day Saints to 'Pray for This Country' as United States Is at 'Another Crossroad,' " *Church News,* Oct. 21, 2019, thechurchnews.com.
5. Jereo ny Weaver, "President Ballard Pleads with Latter-day Saints."
6. Matio 6:9–13. Diniho fa ny Dikantenin'i Joseph Smith dia manazava ny andininy 13 hoe: "Ary *aza avela ho voatarika* ho amin'ny fakam-panahy izahay, fa manafaha anay amin'ny ratsy" (Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 6:14 [ao amin'ny Matio 6:13, *Torolalana ho an'ny Soratra Masina*]).
7. Jereo ny Lioka 18:1–8; 21:36; Efesiana 6:18; 2 Nefia 32:9; 3 Nefia 18:15, 18–21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5; 19:38; 33:17; 61:39; 88:126; 90:24.
8. Matio 5:44.
9. Lioka 23:34.
10. Jereo ny Almà 34:27–29.
11. Sharon J. Harris, *Enos, Jarom, Omni: A Brief Theological Introduction* (2020), 18.
12. Jereo ny Almà 33:3–11; 34:17–27.
13. Asan'ny Apostoly 10:38.
14. Lioka 21:36, nampiana fanamafisana; jereo ihany koa ny 3 Nefia 18:15.



Nataon'i Lisa L. Harkness
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

# Mangina, mitsahara

*Mampianatra antsika ny fomba ahatsapana fiadanana sy fitoniana ny Mpamonjy na dia rehefa mitsoka amim-pangirifiriana manodidina antsika aza ny tafiotra ary manambana ny handentika ny fanantenantsika ireo onjan-drano mahery.*

Fony mbola kely ireo zanakay dia niara-nankafy andro vitsivitsy teny amoron'ny farihy tsara tarehy iray ny fianakavianay. Indray tolakandro dia nampiditra salotra mampitsinkafona ny ankizy sasany, dia nitsambikina tao anaty rano. Ny zanakay faravavy dia nijery izany tamim-pisalasalana, nandinika tsara ireo mpiray tam-po aminy. Nanangona ny herim-po rehetra tao aminy izy, nanampina ny orony tamin'ny tanany ilany, dia nitsambikina. Nivoaka avy tao amin'ny rano avy hatrany ny lohany ary somary raikitahotra izy niantso mafy hoe: "Vonjeo aho! Vonjeo aho!"

Tsy hoe notandindomin-doza goavana izy akory; ilay salotra mampitsinkafona dia nanao tsara ny asany ary nitsingevaheva tsara izy. Azonay natao tsara ny naka azy ary nisintona azy hiala ny rano tsy an-kasarotana. Raha ny fijeriny anefa dia nila vonjy izy. Mety hoe ny hatsiakan'ilay rano na ilay izy zava-baovao taminy no nahatonga izany. Na izany na tsy izany dia nitsambikina niala ny rano izy, nofonosinay lamba famaohana maina ary nodokafanay tamin'ny risim-pony.

Na antitra isika na tanora dia betsaka amintsika tao anaty fotoampahoriana no namoaka teny miantso vonjy toy ny hoe "Vonjeo aho!" "Avoty aho!" na "Mba valio moa re ny vavako!"

Ny toe-javatra toy izany dia nitranga tamin'ireo mpianatr'i Jesoa nandritra ny fanompoany tety an-tany. Mamaky isika ao amin'ny Marka fa i Jesoa dia "nampianatra teo amoron' ny ranomasina indray . . . ; ary nisy vahoaka betsaka nanatona Azy."[1] Lasa betsaka izaitsizy ilay vahoaka hany ka "niditra teo an-tsambokely"[2] i Jesoa ary niresaka avy teo amin'ny lakalintsambo. Manontolo andro no nampianarany tamin'ny alalan'ny fanoharana ny olona izay nipetraka teo amorondrano teo.

"Ary . . . rehefa hariva ny andro," dia hoy Izy tamin'ireo mpianany: "Andeha isika hita ho eny am-pita. Ary rehefa nampodin'ny mpianany ny vahoaka,"[3] dia nandao ny moron-drano izy ireo ka nandeha teny am-pitan'ny Ranomasin'i Galilia. Nahita toerana kely tao amin'ny faritra ariana an'ny sambo i Jesoa dia nandry ary resy tory vetivety foana. Vetivety dia "nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno"[4] rano.

Maro tamin'ireo mpianatr'i Jesoa no mpanjono efa za-draharaha ka nahafantatra ny fomba fanamoriana sambo ao anaty tafiotra. Izy ireo dia mpianany natokisany ary malalany. Nandao ny asany sy ny zavatra mahaliana azy ireo, ary ny fianakaviany izy ireo mba hanaraka an'i Jesoa. Ny finoan'izy ireo Azy dia niharihary noho izy ireo tao amin'ilay sambo Izao ilay sambo dia tafiditra ao anaty tafiotra mahery ary mby hilentika.

Tsy fantatsika hoe hafiriana izy ireo no nitolona mba tsy hampilentika ilay sambo noho ilay tafiotra, saingy nofohazin'izy ireo i Jesoa no somary raikitahotra izy ireo niteny taminy hoe:

"Mpampianatra ô, tsy mampanino-na Anao va izao hahafatesanay izao?"[5]

"Tompoko, vonjeo, fa maty izahay!"[6]

Nantsoin'izy ireo hoe "Mpampianatra" Izy, ary izany tokoa no izy. Izy ihany koa no "Jesoa Kristy . . . , Ilay Zanak' Andriamanitra, ny Rain'ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zavadrehetra hatrany am-piandohana."[7]

Nitsangana avy tamin'ny nisy Azy tao amin'ilay sambo i Jesoa dia noteneniny mafy ny rivotra sy ny onjandrano hoe: "Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro."[8] Amin'ny maha-Tompo Mpampianatra Azy amin'ny fotoana rehetra dia nampianatra ireo mpianany i Jesoa avy eo tamin'ny alalan'ny fanontaniana anankiroa tsotra nefa feno fitiavana. Hoy Izy nanontany.

"Nahoana no saro-tahotra hianareo?"[9]

"Aiza ny finoanareo?"[10]

Misy ilay fironana araka ny nofo, izay fakam-panahy mihitsy aza, ahitantsika ny tenantsika ao anaty fisedrana, olana, na fahoriana ka hitalahoantsika hoe: "Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesako izao? Vonjeo aho." Na i Joseph Smith aza dia niangavy tao amin'ilay fonja mahatsiravina hoe: "Andriamanitra ô, Aiza no misy Anao? Ary aiza no misy ny lay izay mandrakotra ny toerana fiafenanao?"[11]

Azo antoka fa ilay Mpamonjy izao tontolo izao dia mahatakatra tsara ireo zavatra mametra antsika ety an-tany,

satria Izy dia mampianatra antsika ny fomba hahatsapana fiadanana sy fitoniana na dia rehefa mitsoka amimpangirifiriana manodidina antsika aza ny tafiotra ary manambana ny handentika ny fanantenantsika ireo onjan-drano mahery.

Ho an'ireo izay sedraina ny finoany, ka manana finoana tahaka ny an'ny zaza, na sombiny amin'ny finoana fotsiny aza,[12] dia manasa i Jesoa milaza hoe, "Mankanesa atý amiko."[13] "[Inoy] ny anarako."[14] "Mianara Amiko ary henoy ny teniko."[15] Mandidy am-pitiavana Izy mba "[h]ibebaka sy atao batisa amin'ny anara[ny],"[16] "ny mba hifankatiava[ntsika]; . . . tahaka ny fitiava[ny antsika],"[17] ary ny "[h]ahatsiaro [Azy] mandrakariva."[18] Manome toky i Jesoa raha nanazava hoe: "Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."[19]

Azoko an-tsaina fa noho ny toe-javamisy, ireo mpianatr'i Jesoa tao amin'ilay sambo natopatopan'ny tafio-drivotra dia variana nijery ny onjan-drano nitopa nankao anaty lakaly ary sahirana nanala ny rano amin'ilay sambo. Azoko sary an-tsaina izy ireo mihazona ny lain-tsambo ary manao izay mba kely azo natao mba hifehezana ilay sambo. Ny mba tsy ho faty an-drano no nifantohan'izy ireo ary tena avy amin'ny fo ny fiangavian'izy ireo vonjy.

Tsy misy hafa amin'izany ny maro amintsika amin'izao androntsika izao. Ireo tranga maneran-tany tato ho ato sy ao amin'ireo firenentsika, fiarahamonina misy antsika ary ao amin'ny fianakaviantsika dia namely antsika tsy an-kiato tamin'ny fisedrana tsy voavinavina. Mandritra ny fotoana misafotofoto dia mety hahatsapa ho voasedra mafy hatramin'izay fara-zakan'ny faharetantsika sy ny fahatakarantsika ny finoantsika. Ireo onjan-dranon'ny tahotra dia hanohintohina antsika, ka hahatonga antsika hanadino ny hatsaran' Andriamanitra, ka noho izany dia ho lasa manjavozavo sy voafetra ny fijerintsika. Mandritra ireny fotoana lavareny ao amin'ny diantsika ireny



São Paulo, Brésil

anefa no hahafahan'ny finoantsika ho voasedra ary ampatanjahana.

Na inona na inona toe-javatra misy antsika dia afaka manao ezaka amin-kitsim-po hanorina sy hampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika. Ankaherezina ny finoantsika rehefa mahatadidy isika fa zanak' Andriamanitra isika ary tia antsika Izy. Mitombo ny finoantsika rehefa manandrana ny tenin' Andriamanitra amim-panantenana sy fahazotoana isika, miezaka amin'izay tsara indrindra vitantsika hanaraka ny fampianaran'i Kristy. Mihamahery ny finoantsika rehefa misafidy ny hino isika fa tsy hisalasala, hamela fa tsy hitsara, hibebaka fa tsy hikomy. Ary hamirapiratra ny finoantsika rehefa miantehitra amim-paharetana amin'ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'i Mesia Masina isika. [20]

"Na tsy fahalalana tomombana aza ny finoana," hoy ny Loholona Neal A. Maxwell, "dia mitondra fatokisana lalina an' Andriamanitra izay manana fahalalana tomombana izany!"[21] Na dia amin'ny fotoana mampisafotofoto aza dia mampitraka sy mampijoro tsara ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Manampy antsika hanaisotra ireo zavatra manelingelina tsy manandanja izany. Mankahery antsika mba hizotra hatrany eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izany. Ny finoana dia manome tosika rehefa ao anaty fahakiviana ary mamela antsika hiatrika ny hoavy ka hijoro sy tsy ho voahozongozona isika. Mitaona antsika hiantso vonjy sy fanampiana izany rehefa mivavaka amin'ny Ray amin'ny anaran'ny Zanany isika. Ary rehefa toa tsy voavaly ireo fitalahoana am-bavaka nataontsika, ny finoantsika maharitra an'i Jesoa Kristy dia hiteraka faharetana, fanetrentena, ary ny fahafahana hamoaka amim-panajana ireo teny hoe: "Hatao anie ny sitraponao".[22]

Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe:

"Kanefa tsy tokony havelantsika handresy ny finoantsika ny tahotsika. Afaka miady amin'ny tahotra isika amin'ny alalan'ny fampatanjahantsika ny finoantsika.

"Atombohy amin'ny zanakareo izany. . . . Avelao izy ireo hahatsapa ny finoanareo, na dia mandritra ny fahoriana mafy mianjady aminao aza. Aoka ny finoanao hifantoka amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany. . . . Ampianaro ireo zazalahy sy zazavavy sarobidy fa zanak' Andriamanitra izy ireo, nohariana araka ny endriny, miaraka amin' ny antony masina sy ny fahafahana masina. Ny tsirairay avy dia teraka niaraka tamin'ny fitsapana izay horesena ary finoana izay hampiroboroboana."[23]

Vao tsy ela aho no nahare zaza efa-taona roa nizara ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy rehefa namaly ny fanontaniana hoe: "Ahoana no hanampian'i Jesoa Kristy anao?" Ilay ankizy voalohany dia niteny hoe, "Fantatro fa i Jesoa dia tia ahy satria maty ho ahy Izy. Tiany ihany koa ireo olon-dehibe." Niteny ilay ankizy faharoa hoe: "Manampy ahy Izy rehefa malahelo na kizitina aho. Manampy ahy koa Izy rehefa miaina zava-tsarotra aho."

Nilaza i Jesoa hoe: "Koa na zovy na zovy no mibebaka sy mankaty Amiko toy ny ankizy madinika, dia izy no horaisiko, fa an'ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra."[24]

"Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."[25]


Vao haingana ny Filoha Nelson no nampanantena fa "hihena ny tahotra ary hitombo ny finoana" rehefa "[m]

anavao ny fanolorantenan[tsika isika] ka *tena* handre sy hihaino ny tenin' ny Mpamonjy."[26]

Ry rahavavy sy anadahy isany, tsy ho fiafarantsika mandrakizay ireo toe-javatra mafy iainantsika amin' izao. Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia mitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanekempihavanana isika. Manam-pinoana ny hery manavotra ao Aminy isika ary manantena ireo fampanantenany lehibe sy sarobidy. Manana ny antony rehetra hiravoravoana isika, satria ilay Tompo sy Mpamonjy antsika dia tena mahafantatra tsara ireo olana sy zava-manahirana ary alahelo mianjady amintsika. Toy ny tamin'i Jesoa niaraka tamin'ireo mpianany dia ao amin'ny sambo misy antsika ihany koa Izy! Mijoro ho vavolombelona aho fa natolony ny fiainany mba tsy hahavery ahy sy anao. Enga anie isika hatoky Azy, hankatò ireo didiny, ary handre Azy : amim-pinoana hiteny Izy hoe: "Mangina, mitsahara."[27] Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Marka 4:1.
2. Marka 4:1.
3. Marka 4:35–36.
4. Marka 4:37.
5. Marka 4:38.
6. Matio 8:25.
7. Môzià 3:8.
8. Marka 4:39.
9. Marka 4:40.
10. Lioka 8:25.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1.
12. Jereo ny Almà 32:27.
13. Matio 11:28.
14. Etera 3:14.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:23.
16. 3 Nefia 18:11.
17. Jaona 13:34.
18. 3 Nefia 18:7.
19. Jaona 16:33.
20. Jereo ny 2 Nefia 2:8.
21. Neal A. Maxwell, "Lest Ye Be Wearied and Faint in Your Minds," *Ensign,* May 1991, 89.
22. Lioka 11:2.
23. Russell M. Nelson, "Hatreo am-pinoana ny ho avy," *Liahona,* mey 2011, 34.
24. 3 Nefia 9:22.
25. Jaona 3:16.
26. Russell M. Nelson, "Mandrosoa hatrany amim-pinoana," *Liahona,* mey 2020, 114.
27. Marka 4:39.



**Nataon'ny Loholona Ulisses Soares**
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Mikatsaka an'i Kristy amin'ny eritreritra rehetra

*Ny fiadiana amin'ny fakam-panahy dia mitaky fahazotoana sy fahatokiana mandritra ny fiainana manontolo. Saingy aoka ho fantatrareo fa ny Tompo dia vonona ny hanampy antsika.*

Tao anatin'ilay tononkalom-piderana nataony dia nilaza ny mpanao Salamo hoe:

"Jehovah ô, efa nandinika ahy Hianao ka mahalala ahy.

"Hianao no mahalala ny fipetrako sy ny fitsangako; Sady mahafantatra ny hevitro eny lavitra eny.

"Voadinikao ny toetrako, na mandeha aho, na mandry; Ary fantatrao ny alehako rehetra.[1]

Ao anatin'ny hakanton'io tononkalo io ny mpanao Salamo dia midera ny toetra masin'ny Tompo amin'ny fahalalana ny zava-drehetra satria tena mahalala marina ny lafiny rehetra amin'ny fanahintsika Izy.[2] Noho ny fahafantarany ny zavatra rehetra izay ilaintsika eto amin'ity fiainana ity, ny Tompo dia manasa antsika mba hikatsaka Azy amin'ny eritreritra rehetra sy hanaraka Azy amin'ny fontsika manontolo.[3] Izany dia manome antsika ilay fampanantenana fa afaka mandeha ao amin'ny fahazavany isika, ary ny fitarihany dia misoroka antsika amin'ny vokatry ny haizina eo amin' ny fiainantsika.[4]

Ny fikatsahana an'i Kristy amin'ny eritreritra rehetra sy ny fanarahana Azy amin'ny fontsika manontolo dia mitaky ny hampifanarahantsika ny saintsika sy ny faniriantsika amin' ny Azy.[5] Io fampifanarahana io no lazain'ny soratra masina hoe "[mitoetra] tsara ao amin'ny Tompo."[6] Izany fomba fanao izany dia midika fa mampifanaraka tsy tapaka ny fiainantsika



*Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili*

amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika ary mifantoka isan'andro amin'izay tsara.[7] Amin'izay irery ihany isika vao hahatakatra ilay "fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra" sy "hiaro ny fon[tsika] sy ny hevi[tsika] ao amin'i Kristy Jesosy."[8] Ny Mpamonjy mihitsy no nilaza tamin'ireo loholona tao amin'ny Fiangonana tamin'ny febroary 1831 hoe: "Raketo ao am-ponareo ireo zavatra ireo, ary aoka ny fahamasinan'ny zavatry ny mandrakizay hitoetra ao an-tsainareo."[9]

Na dia eo aza ny fiezahana tsy tapaka ataontsika hikatsaka ny Tompo dia mety hisy eritreritra ratsy hiditra ao an-tsaintsika. Rehefa avelantsika hijanona sy asaintsika miditra mihitsy ny eritreritra toy izany dia afaka manova ny fanirian'ny fontsika ary mitarika antsika amin'izay hahatongavantsika amin'ity fiainana ity ary amin'ny farany dia ho amin'izay holovaintsika mandrakizay.[10] Indray mandeha ny Loholona Neal A. Maxwell dia nanazava io fitsipika io raha nilaza hoe: "Ny faniriana no mamaritra ireo karazana vokatra mety ho azo, ao anatin'izany ny mahatonga ny hoe -maro no voantso fa vitsy no voafidy.-"[11]

Ireo mpaminanintsika fahiny sy maoderina dia nampahatsiahy antsika tsy tapaka mba hanohitra ny fakam-panahy hisorohana ny fahaverezan' ny herintsika ara-panahy ka ho lasa mikorontan-tsaina sy very lalana ary hivalaketraka amin'ny fiainana.

Raha atao fanoharana ny fanekena fakam-panahy dia toy ny manatona andriamby sady mitondra vy. Hisintona ilay vy ny hery tsy hita maso ao amin'ilay andriamby ary hitazona izany mafy. Rehefa apetraka lavitra azy ihany ilay vy vao tsy manan-kery aminy intsony ilay andriamby. Noho izany, tahaka ny andriamby izay tsy afaka mampihatra ny heriny amin'ny vy izay lavitra azy, rehefa manohitra fakam-panahy isika dia hihena izany ary tsy hanana hery amin'ny saintsika sy ny fontsika intsony, ka tsy hihatra amin'ny zavatra ataontsika.

Izany fampitahana izany dia mampahatsiahy ahy zavatra iray niainako



*São Paulo, Brésil*

niaraka tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana iray tena mahatoky efa elaela izay. Nilaza tamiko ilay mpikambana fa rehefa taitra izy indray maraina, dia nisy eritreritra ratsy izay mbola tsy nananany hatrizay tonga tsy nampoizina tao an-tsainy. Na dia tena tampoka taminy aza izany, dia ny mifanohitra amin'ilay toe-javatra no avy hatrany dia nataony, nilaza tamin'ny tenany sy ilay eritreritra hoe: "Tsia!" ary nanova izany ho zavatra tsara mba hanalana ny sainy amin' izay eritreritra tsy tsara. Nilaza tamiko izy fa rehefa nampiasa ny fahafahany misafidy tamim-pahamarinana izy dia nanjavona avy hatrany izany eritreritra ratsy sy tsy nahy izany.

Rehefa niantso ny vahoaka mba hino an'i Kristy sy hibebaka i Môrônia, dia namporisihiny izy ireo mba hanatona ny Mpamonjy amin' ny fon'izy ireo rehetra, sady miala amin'ny fahalotoana rehetra. Ankoatra izay dia nanasa azy ireo i Môrônia hangataka amin' Andriamanitra, amin'ny fahatapahan-kevitra tsy azo hozongozonina, mba tsy ho azon'ny fakam-panahy.[12] Ny fampiharana ireo fitsipika ireo amin'ny fiainantsika dia mitaky mihoatra ny hoe mino fotsiny, fa mila manitsy kosa ny fontsika sy ny saintsika ho amin'ireo fitsipika masina ireo. Izany fampifanitsiana izany dia mitaky ezaka manokana isan'andro tsy tapaka, ankoatra ny fianteherana amin'ny Mpamonjy, satria tsy hanjavona ho azy ny fironantsika eto an-tany. Ny fiadiana amin'ny fakam-panahy dia mitaky fahazotoana sy fahatokiana mandritra ny fiainana manontolo. Saingy fantaro fa ny Tompo dia vonona hanampy antsika amin'ireo ezaka manokana ataontsika ary mampanantena fitahiana mahatalanjona raha maharitra hatramin'ny farany isika.

Nandritra ny fotoana miavaka tena mafy iray, rehefa tsy nanana fahafahana tamin'ny zavatra rehetra afa-tsy ny eritreriny i Joseph Smith sy ireo gadra namany, dia nanome torohevitra nanampy sy fampanantenana azy ireo ny Tompo, ka izany dia ho antsika rehetra ihany koa:

"Aoka ny kibonao koa ho feno fiantrana ny olon-drehetra sy ny mpianakavin'ny finoana, ary aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy; dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra; . . .

"Ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava, ary ho tehim-piandrianan'ny fahamarinana sy ny marina ka tsy hiovaova ny tehim-piandriananao."[13]

Rehefa manao izany dia ho feno eritreritra masina ny saintsika ary hitarika antsika hanao zavatra ampahamarinana ny faniriana tsara.

Nampahatsiahy ny vahoakany ihany koa i Môrônia mba tsy hofehezin'ny filan-dratsiny.[14] Ny teny hoe

*filan-dratsy* dia milaza fitsiriritana mafy sy faniriana ratsy zavatra iray.[15] Voafaokan'izany izay eritreritra maizina sy fanirian-dratsy rehetra mahatonga ny olona iray hifantoka amin'ny fomba fanao feno fitiavan-tena na ny zavatr'izao tontolo izao fa tsy manao ny tsara, tsara fanahy, mitandrina ny didin' Andriamanitra, sy ny sisa. Matetika izany dia miseho amin'ny fahatsapana farany izay ara-nofo ao amin'ny fanahy. Ny Apôstôly Paoly dia namaritra ny sasany amin'ireo fahatsapana ireo toy ny "fahalotoana, fijejojejoana, . . . fandrafiana, . . . fiafonafonana, fifampiandaniana, . . . fialonana, . . . ary ny toy izany.[16] Ankoatra ny maha-ratsy ny filan-dratsy dia tsy azontsika hadinoina fa ny fahavalo dia mampiasa izany ho fitaovana miafina sy mamitaka entina miady amintsika rehefa maka fanahy antsika hanao zavatra ratsy izy.

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa miantehitra amin'ny vatolampin'ny famonjena, dia ilay Mpamonjy ny fanahintsika isika, sy manaraka ny torohevitr'i Môrônia, dia hitombo be ny fahafahantsika mifehy ny eritreritsika. Afaka manome toky anareo aho fa hitombo haingana ny fahamatorantsika ara-panahy, ka hanova ny fontsika, ary hahatonga antsika ho tahaka an'i Jesoa Kristy bebe kokoa. Ankoatra


*Peñablanca, Valparaíso, Chili*

izany, ho lehibe kokoa ary tsy ho tapaka ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Avy eo dia hihena ny herin'ny fakam-panahin'ilay fahavalo eo amintsika, ka izany dia hiteraka fiainana sambatra sy madio ary masina kokoa.

Ho an'ireo izay latsaka ao anatin' ny fakam-panahy, na inona na inona antony, ary manohy manao asa tsy am-pahamarinana, dia manome toky anareo aho fa misy ny lalana miverina, misy ny fanantenana ao amin'i Kristy. Taona vitsy lasa izay dia nanana fahafahana aho nitafasiry niaraka tamin'ny mpikambana malala iray ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izay nandalo fotoana tena sarotra teo amin'ny fiainany rehefa avy nanao fahotana goavana iray. Tamin'ny nahitako azy voalohany dia afaka nahita alahelo tao amin'ny masony, niaraka tamin'ny fanantenana mamirapiratra teo amin' ny endriny aho. Ny fomba firesany dia manome taratra fo iray mietry sy niova. Kristiana be fanoloran-tena izy ary efa nahazo fitahiana betsaka avy amin'ny Tompo. Kanefa dia namela eritreritra ratsy iray monja niditra ny sainy izy, izay nitarika zavatra maro hafa avy eo. Rehefa nihanitombo hatrany ny fanekeny ireo eritreritra ireo dia tsy ela akory izany no namaka tao an-tsainy ary lasa nihalalina tao am-pony. Lasa nanao zavatra araka ireo faniriana tsy mendrika ireo izy nony farany, izay nahatonga azy nandray fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izay rehetra sarobidy taminy teo amin'ny fiainany. Nilaza tamiko izy fa raha tsy namela izany eritreritra feno hadalana izany hanomboka hiseho izy dia tsy ho lasa marefo sy mora azon'ny fakam-panahin'ny fahavalo, fakam-panahy izay nitondra alahelo betsaka teo amin'ny fiainany, nandritra ny fotoana elaela.

Soa ihany fa tahaka ilay zanaka adala ao amin'ilay fanoharana malaza hita ao amin'ny filazantsaran'i Lioka dia "nody ny sainy" ary nifoha avy tao amin'izany alina maizina izany.[17] Nanavao ny fatokiany ny Tompo izy sy nahatsapa fanenenana lehibe ary nanana faniriana ny hiverina tao amin'ny valan'ondrin'ny Tompo nony farany. Tamin'izay andro izay dia samy nahatsapa ny fitiavana manavotry ny Mpamonjy izahay. Tamin'ny faran'ny fihaonana fohy nataonay dia samy heniky ny fihetseham-po izahay, ary hatramin'izao dia tsaroako ilay fifaliana mamiratra teny amin'ny endriny rehefa niala ny biraoko izy.

Ry namako malala, rehefa mahatohitra ireo fakam-panahy kely isika, izay matetika tonga tsy nampoizina eo amin'ny fiainantsika, dia ho afaka kokoa isika ny hisoroka ireo fahotana goavana. Araka ny nolazain'ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Vitsy izany hoe olona manao fahotana goavana izany ka tsy nanaiky ireo fahotana kely kokoa aloha, izay manokatra ny varavarana ho an'ny lehibe kokoa. . . . -Ny saha madio tsy ho feno ahitra tampoka eo.-"[18]

Rehefa niomana hanatanteraka ny iraka masina nampanaovina azy teto an-tany i Jesoa Kristy Mpamonjy dia naneho ohatra ny amin'ny fanoherana tsy tapaka izay rehetra mandresy lahatra antsika tsy hahatontosa ny tanjontsika mandrakizay. Rehefa niharan'ny fanafihana tsy nahomby nataon'ny fahavalo, izay niezaka nanelingelina azy tsy hifantoka amin'ny iraka nampanaovina Azy ny Mpamonjy dia nandroaka tamin'ny fomba hentitra ny devoly nanao hoe: "Mandehana hianao, ry Satana. . . . Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy."[19]

Azonareo sary an-tsaina ve ry rahalahiko sy anabaviko ny zavatra hitranga rehefa mahazo tanjaka sy herim-po avy amin'ny Mpamonjy isika ka hiteny amin'ireo eritreritra tsy mendrika hoe "Tsia" sy hoe "Mandehana hianao" amin'ny fotoana voalohany ahatongavan'izany ao an-tsaintsika? Inona no ho vokatr'izany amin'ny fanirian'ny fontsika? Amin'ny fomba ahoana ny zavatra ataontsika vokatr' izany no hihazona antsika ho akaiky ny Mpamonjy sy hamela ny fitaomana tsy tapaky ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainantsika? Fantatro fa rehefa manaraka ny ohatr'i Jesoa isika dia




hisoroka loza maro sy toetra tsy tsara izay mety hiteraka olana sy fifandirana eo amin'ny fianakaviana, fihetseham-po sy fironana ratsy, fanaovana zavatra tsy rariny sy manararaotra, fanandevozan'ny fiankinan-doha ratsy, ary izay zavatra hafa rehetra mifanohitra amin'ny didin'ny Tompo.

Tao anatin'ilay hafatra manantantara sy manentana ny fanahy nataony ny volana aprily tamin'ity taona ity ny Filoha Russell M. Nelson dia nanome fampanantenana fa izay rehetra vonona ny "hihaino Azy", dia ny hihaino an'i Jesoa Kristy izany, ary hankatò ireo didiny, dia "hotahiana amin'ny hery lehibe kokoa . . . hahafahana miatrika ny fakam-panahy sy ny ady ary ny fahalemena" ary hitombo ny fahafahantsika mahatsapa fifaliana, eny fa na dia mandritra ireo zavatra mampisafotofoto tsy mitsahamitombo ankehitriny aza.[20]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fampanantena nomen'ny mpaminany malalantsika dia fampanantenana nomen'ny Mpamonjy antsika mihitsy. Manasa antsika rehetra aho mba "hihaino Azy" amin'ny eritreritra rehetra sy hanaraka Azy amin'ny fontsika manontolo mba hahazoana ny tanjaka sy ny herim-po hiteny amin'ireo zavatra izay mety hitondra tsy fahasambarana eo amin'ny fiainantsika hoe "Tsia" sy hoe "Mandehana hianao." Raha manao izany isika dia mampanantena aho fa handefa misimisy kokoa ny Fanahiny Masina ny Tompo mba hampahery sy hampatanjaka antsika, ary mety ho lasa olona araka ny fon'ny Tompo isika.[21]

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona i Jesoa Kristy ary amin'ny alalany no ahazoantsika mandresy ny fitaoman-dratsin'ny fahavalo sy ho mendrika ny hiaina mandrakizay miaraka amin'ny Tompo sy eo anatrehan'ny Ray any An-danitra malalantsika. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny fitiavako rehetra anareo sy ho an'ny Mpamonjy antsika mahafinaritra, izay omeko dera sy voninahitra ary hoby mandrakizay ny anarany. Izany dia ataoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Salamo 139:1–3.
2. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Heni-pahalalana," scriptures.ChurchofJesusChrist.org; jereo koa ny Matio 6:8; 2 Nefia 2:24; 3 Nefia 28:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:16.
3. Jereo ny Salamo 119:2; Isaia 45:22; Môzià 7:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
4. Jereo ny Jaona 8:12.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4.
6. Filipiana 4:1.
7. Jereo ny Filipiana 4:8.
8. Filipiana 4:7.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:34.
10. Jereo ny Ohabolana 23:7; Jeremia 17:10; 2 Nefia 9:39; Môzià 4:30; Almà 12:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9.
11. Neal A. Maxwell, "According to the Desire of [Our] Hearts," *Ensign,* Nov. 1996; jereo koa ny Matio 22:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:5.
12. Jereo ny Môrmôna 9:27–29; jereo koa ny Môzià 2:41.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45–46.
14. Jereo ny Môrmôna 9:28.
15. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Mitsiriritra," scriptures.ChurchofJesusChrist.org.
16. Galatiana 5:19–21.
17. Lioka 15:17.
18. *Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* (2006), 106; jereo koa ny 2 Samoela 11.
19. Matio 4:10–11.
20. Russell M. Nelson, "Henoy Izy," *Liahona,* mey 2020, 90.
21. Jereo ny 1 Samoela 13:14.



Nataon'ny Loholona Carlos A. Godoy
*Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy*

# Mino ny fisian'ny anjely aho

*Mahafantatra ireo fanamby atrehanao ny Tompo. Fantany ianao, tiany ianao, ary mampanantena aho fa handefa anjely Izy hanampy anao.*

Ry rahalahy sy anabavy, mino ny fisian'ny anjely aho ary mba tiako ny hizara aminareo ireo zavatra niainako momba azy ireo. Eo am-panaovako izany dia manantena sy mivavaka aho mba hamantarantsika ny hasarobidin' ny anjely eo amin'ny fiainantsika.

Toy izao ny teny voalazan'ny Loholona Jeffrey R. Holland tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny lasa: "Rehefa miresaka momba ireo izay fitaovana eo am-pelan-tanan' Andriamanitra isika dia aoka hotsaroantsika fa tsy avy any ambadiky ny voaly daholo ny anjely rehetra. Ny sasany amin'izy ireo dia miara-mandeha sy miara-miresaka amintsika eto, anio sy isan'andro. Eo amin'ny tananantsika ny sasany amin'izy ireny. . . . Raha ny tena izy, ny fotoana tena ahatsapantsika fa akaiky ny lanitra dia rehefa hitantsika ny fitiavan' Andriamanitra amin'ny alalan'ny hatsarana sy ny fanolorantenan'ny olona tena tsara sy madio tokoa ka dia tahaka ny *anjely* mihitsy ny fahitantsika azy ireny" ("The Ministry of Angels," *Liahona,* nôv. 2008, 30).

Momba ireo anjely eto an-tany no tiako horesahina. Ireo anjely izay mandeha eo anivontsika eo amin'ny fiainantsika isan'andro dia fampahatsiahivana mahery vaika ny amin'ny fitiavan' Andriamanitra antsika.

Ny anjely voalohany horesahiko dia ireo misiônera vavy anankiroa izay nampianatra ahy ny filazantsara fony aho mbola zatovolahy, ny Rahavavy Vilma Molina sy ny Rahavavy Ivonete Rivitti. Nasaina hanatrika fiarahamientana iray tany am-piangonana izaho sy ny zandriko vavy ka tany no nihaonanay tamin'ireo anjely roa ireo. Tsy takatry ny saina mihitsy ny fomba nanovan'izany fiaraha-mientana tsotra izany ny fiainaiko.

Tsy liana tamin'ny fianarana misimisy kokoa momba ny Fiangonana ireo ray aman-dreniko sy ireo mpiray tampo amiko tamin'izany fotoana izany. Tsy nazoto akory aza izy ireo hanasa ireo misiônera ho any an-tranonay, noho izany aho dia nianatra ireo lesona misiônera tany amin'ny tranompiangonana. Izany efitrano kely iray tao amin'ny tranom-piangonana izany no lasa "alakely masina" ho ahy.

Iray volana taorian'ny nampahafantaran'ireo anjely ireo ny filazantsara ahy dia natao batisa aho. 16 taona aho tamin'izany. Indrisy anefa fa tsy manana ny sarin'izany tranga masina izany aho, saingy manana ny sariko sy ny anabaviko tamin'ny fotoana nandraisanay anjara tamin'ilay fiarahamientana kosa aho. Mety mila manazava aho hoe iza no iza eto amin'ity sary ity. Izaho ilay lava kokoa eo amin'ny ankavanana.

Mety ho azonareo an-tsaina fa fanamby ho an'ny zatovo iray izay vao nanova ny fomba fiainany sy nanana fianakaviana tsy nanaraka lalana nitovy tamin'ny azy ny fijanonana ho mazoto ao amin'ny Fiangonana.

Tsy nahazo aina aho teo ampiezahako nizatra tamin'ilay fiainako vaovao, sy ny kolontsaina vaovao ary ireo namana vaovao. Imbetsaka aho no nahatsapa ho irery sy kivy. Fantatro fa marina ny Fiangonana kanefa sarotra tamiko ny nahatsapa fa tao anatin'izany aho. Raha nahatsapa ho tsy nahazo aina sy nisy ahiahy aho momba ilay fivavahako vaovao dia nahita ny herim-po handray anjara amina fihaonamben'ny zatovo naharitra telo andro ary nieritreritra aho fa hanampy ahy hahita namana vaovao izany. Tamin'izay aho no nihaona tamin'ny anjely iray nitondra fanavotana ho ahy izay antsoina hoe Mônica Brandão.

Vaovao izy tao amin'ilay faritra raha nifindra avy tany amin'ny faritra hafa tany Brésil. Vetivety aho dia liana taminy ary soa ihany fa nanaiky ahy ho namany izy. Angamba ny



*Misaotra an'ireo anjely izay nihaona tamiko nandritra ireo taona voalohany nanan-danja tamiko tato am-piangonana, nahazo hery betsaka aho hijanonana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.*

maha-izaho ahy fa tsy ny endriko ivelany no nojereny.

Koa satria lasa mpinamana izahay dia nampahafantariny tamin' ireo namany aho, ary lasa namako ireo avy eo raha niara-nankafy ireo fiaraha-mientana maro ho an'ny zatovo natrehako taty aoriana izahay. Nanan-danja lehibe tamin'ny fidirako tamin'io fiainam-baovao io ireo fiaraha-mientana ireo.

Nanova zavatra betsaka ny fisian'ireo namako akaiky ireo saingy ny tsy fananako ny fampianarana ny filazantsara tao amin'ny tokantrano nisy ahy tamin'ny alalan'ny fianakaviana izay afaka nanampy dia mbola mety ho nanakana ny fitohizan'ny fiovam-poko. Ireo fifandraisako noho ny filazantsara tao am-piangonana dia vao maika lasa nanan-danja kokoa ho an'ny fitomboan'ny fiovam-poko. Avy eo dia nisy anjely anankiroa fanampiny nalefan'ny Tompo mba hanampy.

Ny iray amin'izy ireo dia i Leda Vettori, ilay mampianatra seminera vao maraina ahy. Nanome ahy ilay anjarako isan'andro ny amin'ny "teny soan' Andriamanitra" (Môrônia 6:4) izy tamin'ny alalan'ilay fitiavana nandraisany ahy sy ireo kilasy notaomim-panahy nampianariny, izay tena nilaiko tamin'ny tontolo androko. Nanampy ahy handray hery arapanahy mba handroso hatrany izany.

Ny anjely iray hafa nalefa mba hanampy ahy dia ny Filohan'ny Zatovolahy, dia i Marco Antônio Fusco izany. Voatendry ho mpampianatra isan-tokantrano zokiny niaraka tamiko koa izy. Na dia teo aza ny tsy fahampiako traikefa sy ny tsy fitovian'ny endrika ivelany dia nomeny anjara fampianarana aho tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona nisy ahy sy nandritra ireo fampianarana isan-tokantrano. Nomeny fahafahana aho hanao asa sy hianatra fa tsy ho mpandinika ny filazantsara fotsiny ihany. Natoky ahy mihoatra noho ny fahatokiako ny tenako izy.

Misaotra ireo anjely rehetra ireo aho ary ireo maro hafa izay nihaona tamiko nandritra ireo taona manandanja voalohany ireo, nandray hery ampy aho hitoerako eo amin'ny


Saint-Domingue, République dominicaine

lalan'ny fanekempihavanana raha naharay vavolombelona ara-panahy ny amin'ny fahamarinana.

Eo ihany izany fa tadidinareo ve i Mônica, ilay anjely zatovovavy noresahiko tany aloha? Rehefa samy avy nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno izahay dia lasa vadiko izy.

Mino aho fa tsy kisendrasendra ny hoe ireo namana akaiky sy ny andraikitra ao amin'ny Fiangonana ary ny famahanana amin'ny teny soan' Andriamanitra dia tafiditra ao anatin'izany dingana izany. Nampianatra tamim-pahendrena ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Tsy zavatra mora ny manao fanavaozana noho ny fahalasana ho mpikambana ato amin' ity Fiangonana ity. Midika izany fa hisy fanapahana ireo fifandraisana taloha. Midika izany fa hisy namana hilaozana. Mety midika izany fa mila mahafoy finoana nankamamiana. Mety hitaky fanovana fahazarana sy fanafoanana filàna izany. Ary amin'ny tranga maro dia midika fahatsapana ho irery sy tahotra ny amin'ny zavatra tsy fantatra mihitsy aza izany. Tokony hisy fikarakarana sy fampaherezana mandritra ireny vanim-potoana sarotra amin'ny fiainan' ny olona niova fo ireny" ("There Must Be Messengers," *Ensign,* Oct. 1987, 5).

Taty aoriana dia nampianatra ihany koa izy hoe, "Mila zavatra telo ny tsirairay avy amin'izy ireo: namana, andraikitra, ary famahanana amin'ny -teny soan' Andriamanitra-" ("Converts and Young Men," *Ensign,* May 1997, 47).

Nahoana aho no mizara ireo zavatra niainana ireo aminareo?

Voalohany dia te-hampita hafatra ho an'ireo izay mandalo dingana mitovitovy amin'izany amin'izao ankehitriny izao aho. Mety ho mpikambana niova fo vao haingana ianao na vao niverina tao amin'ny Fiangonana rehefa avy nirenireny nandritra ny fotoana elaela na koa tsy dia tamana loatra. Miangavy anao aho, aza atsahatra ireo ezaka ataonao mba ho lasa anisan'ity fianakaviambe ity. Ity no Fiangonana marina an'i Jesoa Kristy!

Raha ny fahasambaranao sy ny fanavotana anao no resahina dia mendrika ny hanohizanao ny ezaka ataonao foana izany. Mendrika ny hanaovanao ezaka mba hanovana ny fomba fiainanao sy ny fomba amam-panaonao izany. Mahafantatra ireo fanamby atrehanao ny Tompo. Fantany ianao, tiany ianao, ary mampanantena aho fa handefa anjely Izy hanampy anao.

Tamin'ny fiteniny manokana dia hoy ny Tompo hoe: "Izaho handeha eo aloha[nao]. Ho eo ankavana[nao] sy eo ankavia[nao] Aho, . . . ho ao am-po[nao] ny Fanahiko, ary hanodidina [anao] ny anjeliko mba hanohana [anao]" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88).

Ny tanjoko faharoa amin'ny fizarana ireo zavatra niainana ireo dia ny hampita hafatra ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana rehetra, isika rehetra. Tokony hotsaroantsika fa tsy mora ho an'ny mpikambana vao niova fo sy ireo namana vao niverina ary ireo izay hafa fomba fiainana ny mahatsapa avy hatrany ho amin'ny toerana tokony hisy azy. Mahafantatra ireo fanamby atrehan'izy ireo ny Tompo ary eo am-pitadiavana anjely izay vonona hanampy Izy. Eo ampitadiavana tsy tapaka olona manolotena mba ho anjely eo amin'ny fiainan'ny hafa ny Tompo.

Ry rahalahy sy anabavy, vonona ve ianareo ho fitaovana eo ampelan-tanan' Andriamanitra? Vonona ny mba ho iray amin'ireo anjely ireo ve ianareo? Ho iraka alefan' Andriamanitra, avy eto amin'ity lafy ilan'ny voaly ity, ho an'olona iray izay mampiasa saina Azy? Mila anao Izy. Mila anao izy ireo.

Mazava ho azy fa afaka miankina amin'ireo misiônerantsika foana isika. Eo foana izy ireo, voalohany amin'ny

firotsahana ho amin'ity asan'ny anjely ity. Saingy tsy ampy izy ireo.

Raha mijery tsara ny manodidina ianao dia hahita olona maro mila ny fanampian'ny anjely. Mety tsy manao lobaka fotsy na akanjo lava na akanjo fanao isaky ny alahady ireo olona ireo. Mety mipetraka irery izy ireo any amin'ny seza faran'ny efitra fiangonana na ny kilasy, ary indraindray mety hahatsapa ho toy ny tsy hita maso izy ireo. Mety ho hafahafa ny taovolon'izy ireo na mety ho hafa ny voambolana ampiasainy kanefa dia eo izy ireo ary miezaka.

Ny sasany dia mety manontany tena hoe: "Tokony mbola hiverina ve aho? Tokony hanohy ny fiezahako ve aho?" Ny hafa dia mety manontany tena raha mba hahatsiaro ho ekena sy ho tiana ihany indray andro any. Ilaina ny anjely, amin'izao ankehitriny izao; anjely vonona ny hiala amin'ny mahazatra mba hamihina azy ireo; "[olona izay] tena tsara sy madio tokoa ka dia tahaka ny *anjely* mihitsy ny [fahitantsika azy ireny]" (Jeffrey R. Holland, "The Ministry of Angels," 30).

Ry rahalahy sy anabavy isany, mino ny fisian'ny anjely aho! Eto avokoa isika rehetra anio, tafik'anjely lehibe notendrena ho an'izao andro farany izao mba hanompo ho toy ny sandrin'ilay Mpahary be fitiavana. Mampanantena aho fa raha toa isika ka vonona hanompo dia hanome fahafahana antsika ny Tompo ho lasa anjely mpanompo. Fantany ireo izay mila ny fanampian'ny anjely ary ho apetrany eo amin'ny lalantsika izy ireny. Mametraka ireo izay mila ny fanampian'ny anjely eo amin'ny lalantsika isan'andro ny Tompo.

Tena feno fankasitrahana aho ho an'ireo anjely maro napetraky ny Tompo teo amin'ny lalako teo amin'ny fiainako. Nilaina izy ireo. Feno fankasitrahana ihany koa aho noho ny filazantsarany izay manampy antsika hiova sy manome antsika fahafahana ho tsaratsara kokoa.

Filazantsaran'ny fitiavana ity, filazantsaran'ny fanompoana. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Miresaka an'i Kristy isika

*Raha toa ka mihena ny firesahan'izao tontolo izao an'i Kristy dia ndeha isika hiresaka bebe kokoa momba Azy.*

Maneho ny fitiavako anareo aho, ry namana sy mpiray finoana malalanay. Talanjona aho tamin'ny finoana sy ny herim-po nanananareo nandritra izay volana maromaro lasa izay, raha nanakorontana ny fiainantsika sy naka ireo havantsika sy namantsika sarobidy ity valanaretina maneran-tany ity.

Nandritra ity fotoana nampisavorovoro saina ity dia nahatsapa fankasitrahana tsy toy ny mahazatra aho noho ny fahalalako azo antoka fa i Jesoa no Kristy. Efa nanana fahatsapana toy izany ve ianao? Maro ireo zava-tsarotra mivesatra eo amintsika tsirairay avy, saingy eo anoloantsika foana Izy manambara am-panetrentena hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana."[1] Na dia miaritra fotoana ifanalavirana ara-batana amin'ny hafa aza isika dia tsy tokony hiaritra mihitsy fotoana ifanalavirana amin'ny lafiny ara-panahy Aminy, Izy izay miantso antsika am-pitiavana hoe: "Mankanesa atỳ amiko."[2]

Tahaka ny kintana fitarik'andro eny amin'ny lanitra mazava no anazavan'i Jesoa Kristy ny lalantsika. Tonga tety an-tany tao an-tranon'omby tsotra iray Izy. Nanana fiainana lavorary Izy. Nanasitrana ny marary Izy ary nanangana ny maty. Naman'ireo izay tsy noraharahiana Izy. Nampianatra antsika hanao ny tsara Izy, sy hankatò, ary hifankatia. Nohomboana tamin'ny hazofijaliana Izy, nitsangana tamimboninahitra telo andro taty aoriana, izay nanome fahafahana antsika sy ireo izay tiantsika hiaina any ankoatry ny fasana. Tamin'ny alalan'ny famindrampony sy ny fahasoavany dia nitondra teo Aminy ny fahotantsika sy ny fijaliantsika Izy, sady nitondra famelana rehefa mibebaka isika ary fiadanana ao anatin'ireo tafiotry ny fiainana. Tiantsika Izy. Deraintsika Izy. Arahintsika Izy. Izy no vatofantsiky ny fanahintsika.

Mahavariana fa na dia tsy mitsahamitombo ao anatintsika aza io faharesen-dahatra ara-panahy io dia misy ny maro eto amin'izao tontolo izao izay tena kely no fantany momba an'i Jesoa Kristy, ary any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao izay efa nanambarana ny anarany nandritra ny taonjato maro, dia mihena ny finoana an'i Jesoa Kristy. Ireo Olomasina be herim-po tao Eorôpa dia nahita ny fihenan'ny finoana tao amin'ny firenena misy azy ireo nandritra ny taona maro.[3] Mampalahelo fa eto Etazonia dia mihena ihany koa ny finoana. Nisy fandalinana vao tsy ela nanambara fa tao anatin'ny 10 taona lasa dia 30 tapitrisa ny olona eto Etazonia no niala tamin'ny finoana ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy.[4]

Raha manerana an'izao tontolo izao no jerena dia nisy fikarohana iray hafa naminavina fa ao amin'ireo am-polo taonany maro ho avy dia ho mihoatra ny avo roa heny ny isan'ny olona hiala amin'ny Kristianisma mihoatra ireo izay hanaiky izany.[5]

Isika mazava ho azy dia manaja ny zon'ny tsirairay hisafidy, kanefa ny Raintsika any An-danitra dia nilaza hoe: "Ity no Zanako malalako, Izy no henoy."[6] Mijoro ho vavolombelona aho fa ho avy ny andro izay handohalihan'ny lohalika rehetra sy hianianan' ny lela rehetra fa i Jesoa no Kristy.[7]

Ahoana no tokony hasetrintsika izao tontolo misy antsika izay miova izao? Na tsy miraharaha ny finoany aza ny sasany, ny hafa kosa dia mikatsaka ny fahamarinana. Efa nitondra eo amintsika ny anaran'ny Mpamonjy isika. Inona no zavatra fanampiny mila ataontsika?

### Ny fiomanan'ny Filoha Russell M. Nelson

Mety ho tonga angamba ny ampahany amin'ny valin-tenintsika rehefa tsaroantsika ny fomba nampianaran' ny Tompo ny Filoha Russell M. Nelson tao anatin'ireo volana nialoha ny niantsoana azy ho Filohan'ny Fiangonana. Raha niresaka taona iray talohan'ny niantsoana azy ny Filoha Nelson dia nanasa antsika izy mba handalina lalina tokoa ireo filazana miisa 2200 milaza ny anaran'i *Jesoa Kristy* voatanisa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.[8]



*Raha toa ka nanampy ny Filoha Nelson hiomana ny fanavaozana ny fandalinana momba ny Mpamonjy, moa ve tsy hanampy antsika hiomana ihany koa izany?*

Telo volana taty aoriana tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana manerantany volana aprily dia niresaka izy fa nisy fiantraikany lehibe taminy io fandalinana lalina kokoa momba an'i Jesoa Kristy io, na dia efa mpanara-dia mahafatra-po am-polo taonany aza izy. Nanontany azy ny fiantraikan'izany ny Ranabavy Wendy Nelson. Dia novaliany hoe: "Niova aho!" Niova izy? Efa 92 taona dia niova? Dia nanazava ny Filoha Nelson hoe:

"Rehefa manokana fotoana hianarana momba ny Mpamonjy sy ny sorona fanavotana nataony isika dia manjary voasarika [ho any Aminy]. . . .

" . . . [Lasa] eo amin'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany ny fifantohantsika."[9]

Hoy ny Mpamonjy: "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra."[10]

Ao anatin'ny tontolon'ny asa sy ahiahy ary fanaovana ezaka mendrika, dia afantotsika any Aminy, izay fanantenana sy famonjena ho antsika, ny fontsika sy ny saintsika ary ny eritreritsika.

Raha toa ka nanampy ny Filoha Nelson hiomana ny fanavaozana ny fandalinana momba ny Mpamonjy, moa ve tsy hanampy antsika hiomana ihany koa izany?

Raha nanamafy ny anaran'ny Fiangonana ny Filoha Nelson dia nampianatra hoe: "Raha toa isika te-higoka ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy . . . mba hanadio sy hanasitrana antsika, hankahery sy hanome lanja antsika, ary amin'ny farany dia hanandratra antsika, dia mazava ho azy fa mila manaiky Azy ho ny loharanon' izany hery izany isika."[11] Nampianatra antsika ny Filoha Nelson fa ny fampiasana foana ny tena anarana marin'ny Fiangonana, zavatra izay toa kely, dia tsy kely mihitsy, ary tena hisy fiantraikany amin'ny hoavin'izao tontolo izao.

### Fampanantenana iray ho an'ny fiomananareo

Mampanantena anareo aho fa rehefa manomana ny tenanareo tahaka ny nataon'ny Filoha Nelson ianareo, dia hiova ihany koa ianareo, hieritreritra bebe kokoa momba ny Mpamonjy, hiresaka Azy imbetsaka kokoa ary tsy am-pihambahambana.



*San Lucas Sacatepéquez, Guatemala*

Rehefa mihamahafantatra sy tia Azy lalina kokoa ianareo, dia hisosa tsara kokoa ny teninareo toy ireny miresaka momba ny iray amin'ireo zanakareo na namanareo malala ireny ianareo. Hanana fahatsapana ny tsy hiady hevitra na handà anareo kokoa ary te hianatra bebe kokoa avy aminareo ireo izay mihaino anareo.

Miresaka an'i Jesoa Kristy izaho sy ianao saingy angamba afaka manao tsaratsara kokoa isika. Raha hihena ny firesahan'izao tontolo izao momba Azy, iza no handeha hiresaka betsaka momba Azy? Isika! Miaraka amin'ireo Kristiana hafa mahafatra-po!

### Miresaka an'i Kristy ao an-tokantranontsika

Misy sarin'ny Mpamonjy ve ao an-tokantranontsika? Moa ve miresaka matetika amin'ireo zanatsika momba ireo fanoharana nataon'i Jesoa isika? "Ny tantaran'i Jesoa dia toy ny rivotra mitsoka mamakivaky ny afon'ny finoana ao am-pon'ireo zanatsika."[12] Rehefa mametraka fanontaniana aminao ireo zanakao dia eritrereto ampahatsiarovan-tena ny hampianatra ny zavatra izay nampianarin'ny Mpamonjy. Ohatra, raha manontany ny zanakao hoe: "Dada a, nahoana isika no mivavaka?" Dia azonao valiana hoe: "Tsara izany fanontaniana izany. Tadidinao ve i Jesoa rehefa nivavaka? Andeha hiresaka momba ny antony nivavahany sy ny fomba nivavahany isika."

"Miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, . . . mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."[13]

## Miresaka an'i Kristy ao amin'ny Fiangonana

Ampian'io soratra masina io ihany hoe "mitory an'i Kristy" isika.[14] Ao anatin'ny fotoam-pivavahana ataontsika dia aoka isika hifantoka amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny fanomezampahasoavan'ny sorompanavotany. Tsy midika izany fa tsy afaka miresaka traikefa tamin'ny fiainantsika manokana isika na hizara hevitra avy amin'ny hafa. Na dia mikasika ny fianakaviana na fanompoana na tempoly na iraka nampanaovina vao tsy ela aza ny lohahevitsika dia tokony hifantoka any amin'ny Jesoa Kristy Tompo ny zavatra rehetra ao amin'ny fitsaohantsika.

Telopolo taona lasa izay ny Filoha Dallin H. Oaks dia niresaka momba ana taratasy izay voarainy "avy tamina lehilahy iray izay nilaza fa namonjy fivoriana [fanasan'ny Tompo] iray ary nihaino fijoroana ho vavolombelona miisa fito ambin'ny folo tsy naharenesana fanononana ny Mpamonjy."[15] Dia nomarihin'ny Filoha Oaks avy eo hoe: "Mety nampitomboana izany filazana izany saingy tononiko eto satria manome fampahatsiahivana mafy ho antsika."[16] Avy eo izy dia nanasa antsika hiresaka bebe kokoa an'i Jesoa Kristy ao amin'ireo lahateny sy fifanakalozan-kevitra ao amin'ny kilasy ataontsika. Nahita aho fa mihamifantoka bebe kokoa amin'i Kristy isika ao amin'ireo fivoriampiangonantsika. Aoka isika hanohy hatrany am-pahatsiarovan-tena ireo ezaka tena tsara ireo.

## Miresaka an'i Kristy amin'olon-kafa

Amin'ireo manodidiana antsika isika dia aoka hisokatra bebe kokoa sy hazoto bebe kokoa hiresaka an'i Kristy. Hoy ny Filoha Nelson hoe : "Ny mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy dia manam-piniavana ny hijoro sy hanambara amim-pahasahiana ny filazantsara, ary hiavaka amin'ny olon'izao tontolo izao."[17]

Indraindray isika dia mieritreritra fa rehefa miresaka aman'olona dia tokony hahatonga azy ireo ho any am-piangonana na hahita ireo misiônera izany. Avelao ny Tompo hitarika azy ireo rehefa vonona izy ireo, fa isika kosa hieritreritra kokoa momba ny andraikitra amin'ny maha feony antsika, misaintsaina sy miresaka malalaka momba ny finoantsika. Nampianatra antsika ny Loholona Dieter F. Uchtdorf fa rehefa misy olona manontany antsika momba ny faran'ny herinandrontsika dia tokony hamaly am-pitsikiana isika fa tiantsika ny nihaino ireo ankizy tao amin'ny Kilonga nihira ny "Miezaka aho ho toa an'i Jesoa."[18] Aoka isika hijoro ho vavolombelona amin-katsaram-panahy ny finoantsika an'i Kristy. Raha misy olona mizara momba ny olana iray eo amin'ny fiainany manokana dia afaka miteny isika hoe: "Jaona, Maria, fantatrao fa mino an'i Jesoa Kristy aho. Nieritreritra zavatra iray nolazainy aho izay mety hanampy anao."

Miresaha malalaka kokoa eny amin'ny tambajotran-tserasera momba ny fatokianao an'i Kristy. Hanaja ny finoanareo ny ankamaroan'ny olona, fa raha misy olona manao tsinontsinona rehefa miresaka momba ny Mpamonjy ianareo dia ento hankahery anareo ilay fampanantenany hoe: "Sambatra hianareo, raha haratsin'ny olona . . . noho ny amiko. . . . Fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra."[19] Miahiahy bebe kokoa ny amin'ny fanarahantsika Azy isika mihoatra ny hoe mahazo "J'aime" avy amin'ireo mpanaraka antsika. Nampianatra i Petera hoe: "Aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly [noho] ny fanantenana ao anatinareo."[19] Andeha isika hiresaka an'i Kristy.

Ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray mahery vaika momba an'i Jesoa Kristy. Saika ny pejy rehetra dia mijoro ho vavolombelona arabakiteny ny Mpamonjy sy ny iraka masina nampanaovina Azy.[21] Ahitana fahatakarana ny sorompanavotany sy ny fahasoavany manenika ireo pejy ao anatiny. Amin'ny maha-mpiara-miasa amin'ny Testamenta Vaovao azy dia manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny antony nahatongavan'ny Mpamonjy hanavotra antsika sy ny fomba ahafahantsika manatona Azy bebe kokoa ny Bokin'i Môrmôna.

Tsy mazava amin'ireo Kristiana namantsika sasany indraindray ny zavatra inoantsika sy manosika antsika. Andeha isika hiara-paly tokoa amin'izy ireo ao amin'ny finoantsika iraisana an'i Jesoa Kristy sy ao amin'ireo soratra masina Testamenta Vaovao izay tiantsika rehetra. Ao anatin'ireo andro ho avy dia mila mifampinamana sy mifanohana ireo izay mino an'i Jesoa Kristy.[22]

Raha toa ka mihena ny firesahan' izao tontolo izao an'i Kristy dia ndeha isika hiresaka bebe kokoa momba Azy. Rehefa miseho ny tena maha-mpianany antsika, dia maro amin'ireo manodidina antsika no ho vonona hihaino. Rehefa mizara ny hazavana voaraintsika taminy isika dia hamiratra amin'ireo izay vonona ny hanokatra ny fony ny



*Rehefa miseho ny tena maha-mpianatry ny Mpamonjy antsika, dia maro amin'ireo manodidina antsika no ho vonona hihaino.*

hazavany sy ny heriny manavotra lehibe. Hoy i Jesoa: “Izaho tonga amin’izao tontolo izao ho fahazavana.”[23]

## Manandratra ny faniriana ao amintsika hiresaka an’i Kristy

Tsy misy zavatra manosika ahy hiresaka an’i Kristy mihoatra noho ny fakana sary an-tsainy ny fiverenany. Na dia tsy fantatsika aza hoe rahoviana Izy no ho tonga, dia ho mahavariana tokoa ny zavatra hitranga amin’ny fiverenany! Ho avy eo amin’ny rahon’ny lanitra amin’ny halehibeny sy ny voninahitra Izy miaraka amin’ny anjeliny masina rehetra. Tsy anjely vitsy fotsiny fa ny anjeliny masina *rehetra* . Tsy ireo kerobima mena takolaka nataon’i Raphael sary hosodoko hita ao amin’ireny karatra firarian-tsoa amin’ny fetin’ny mpifankatia ireny no resahina eto. Ireo no anjelin’ny taonjato maro, ny anjely nalefa hanakombona ny vavan’ny liona,[24] hamoha ny varavaran’ny tranomaizina,[25] hanambara ny fahaterahany izay efa nandrasana hatry ny ela,[26] hampahery Azy tao Getsemane,[27] hanome toky ireo mpianatra tamin’ny fiakarany tany an-danitra,[28] ary hanokatra ilay Famerenana amin’ny laoniny tamim-boninahitra ny filazantsara.[29]

Azonareo sary an-tsaina ve ny hoe hakarina hitsena Azy, na eto amin’ity lafiny ity na any amin’ny lafiny ilan’ny voaly?[30] Izany no fampanantenany ho an’ny olo-marina. Izany traikefa mahatalanjona izany dia hanamarika ny fanahintsika mandrakizay.

Tena feno fankasitrahana isika noho ny mpaminany malalantsika dia ny Filoha Russell M. Nelson, izay nampitombo ny fanirìantsika hitia ny Mpamonjy sy hanambara ny fahamasinany. Vavolombelona nahita maso ny tanan’ny Tompo eo aminy aho sy ny fanomezampahasoavan’ny fanambarana izay mitarika azy. Ry Filoha Nelson, tsy andrinay ny haheno ny hafatrao.

Ry namana malala manerana izao tontolo izao, aoka isika hiresaka an’i Kristy, ary hiandrandra ny fampanantenana be voninahitra nomen’ny Mpamonjy hoe: “Na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan’ny olona, dia hekeko . . . izy eo anatrehan’ny



*Tsy misy zavatra manosika ahy hiresaka an’i Kristy mihoatra noho ny fakana sary an-tsaina ny fiverenany.*

Raiko.”[30] Mijoro ho vavolombelona aho fa Izy no Zanak’ Andriamanitra. Amin’ ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 14:6.
2. Matio 11:28.
3. Jereo ny Niztan Peri-Rotem, “Religion and Fertility in Western Europe: Trends across Cohorts in Britain, France and the Netherlands,” *European Journal of Population,* May 2016, 231–65, ncbi.nlm.nih.gov/pmc/articles/PMC4875064.
4. “[Dimy amby enim-polo isan-jaton’] ny Amerikana no milaza ny tenany ho Kristiana rehefa nanontaniana momba ny fivavahany, ka izany dia 12 isan-jato latsaky ny tamin’ny folo taona lasa. Fa ireo izay mitonona ho tsy manam-pivavahana, izay ahitana olona milaza ho tsy mino an’ Andriamanitra, tsy mino na inona na inona na -tsy mino zavatra iray manokana- dia 26%, niakatra 17% hatramin’ny 2009” (Pew Research Center, “In U.S., Decline of Christianity Continues at Rapid Pace,” Oct. 17, 2019, pewforum.org).
5. Jereo ny Pew Research Center, “The Future of World Religions: Population Growth Projections, 2010–2050,” Apr. 2, 2015, pewforum.org.
6. Marka 9:7; Lioka 9:35; jereo ihany koa ny Matio 3:17; Joseph Smith—Tantara 1:17.
7. Jereo ny Filipiana 2:9–11.
8. Jereo ny Russell M. Nelson, “Prophets, Leadership, and Divine Lawfampaherezam-panahy ho an’ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 8 jan. 2017), broadcasts.ChurchofJesusChrist.org.
9. Russell M. Nelson, “Misintona ny herin’i Jesoa Kristy ho eo amin’ny fiainantsika,” *Liahona,* mey 2017, 40–41.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
11. Russell M. Nelson, “Ny anarana marin’ny Fiangonana,” *Liahona,*nôv. 2018, 88.
12. Neil L. Andersen, “Raconte-moi les histoires de Jésus*Liahona,* mai 2010, 108.
13. 2 Nefia 25:26.
14. 2 Nefia 25:26.
15. Dallin H. Oaks, “Another Testament of Jesus Christ” (takariva amorom-patan’ny Oniversite Brigham Young, 6 jona 1993), 7, speeches.byu.edu.
16. Dallin H. Oaks, “Witnesses of Christ,” *Ensign,* Nov. 1990.
17. Russell M. Nelson, “Misintona ny herin’i Jesoa Kristy ho eo amin’ny fiainantsika,” 40.
18. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, “Asa fitoriana: Mizara ny zavatra tena inoana sy tsapanao,” *Liahona,* mey 2019, 17; “Miezaka aho ho toa an’i Jesoa,” *Bokin-kiran’ny ankizy,* 40.
19. Matio 5:11–12.
20. 1 Petera 3:15.
21. “Rehefa nanoratra ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny [Zanaka Malalan’ Andriamanitra ireo mpaminany mpanoratra ao amin’ny Bokin’i Môrmôna] dia manonona ny anarany amin’ny salan’isa 1.7 isan’andininy amin’ny endrika samihafa izy ireo. Miantso an’i Jesoa Kristy amina anarana 101 ara-bakiteny isan-karazany [izy ireo]. . . . Rehefa hitantsika fa ny andinintsoratra masina iray mazàna dia ahitana fehezan-teny iray, amin’ny ankapobeny, isika dia tsy afaka . . . hamaky fehezanteny roa ao amin’ny Bokin’i Môrmôna . . . ka tsy hahita karazana fiantso milaza an’i Kristy” (Susan Easton Black, *Finding Christ through the Book of Mormon* [1987], 5, 15).
    “Raha miseho indray mandeha ihany ao amin’ny dikantenin’ny Testamenta Vaovao amin’ny teny Anglisy nataon’i King James ny teny hoe *nanao sorompanavotana* na *sorompanavotana* amin’ny endriny samihafa, izy ireo dia hita in-35 avo heny ao amin’ny Bokin’i Môrmôna. Noho ny maha-Testamenta iray hafa momba an’i Jesoa Kristy azy dia manome fanampimpahazavana sarobidy momba ny Sorompanavotany izany” (Russell M. Nelson, “The Atonement,” *Ensign,* Nov. 1996.)
22. Ireo izay miala amin’ny maha-Kristiana ao Etazonia dia olona tanora. “Mihoatra ny olona valo amin’ny folo ao amin’ny Génération silencieuse (ireo izay teraka teo anelanelan’ny 1928 sy 1945) no mamaritra ny tenany ho Krisitiana (84%), tahaka ireo telo ampahaefatr’ireo izay ao amin’ny Génération du baby-boom (76%). Lavitra tanteraka anefa raha ampitahaina, ny antsasaky ny Génération du millénaire (49%) ihany no milaza ny tenany ho Krisitiana, ny efatra amin’ny folo dia -tsy miraharaha- fivavahana, ary olona ao amin’ny Génération du millénaire iray amin’ny folo no mitonona ny tenany ho tsy Kristiana” (“Ao amin’ny U.S., Decline of Christianity Continues,” pewforum.org).
23. Jaona 12:46.
24. Jereo ny Daniela 6:22.
25. Jereo ny Asan’ny Apostoly 5:19.
26. Jereo ny Lioka 2:2–14.
27. Jereo ny Lioka 22:42–43.
28. Jereo Asan’ny Apôstôly 1:9–11.
29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13; 27:12–13; 110:11–16; Joseph Smith—Tantara 1:27–54.
30. Jereo ny 1 Tesaloniana 4:16–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:96–98.
31. Matio 10:32.



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
*Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

# Aoka Andriamanitra no hanjaka

*Vonona ve ianao hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanao? Vonona ve ianao hamela an' Andriamanitra ho ny hery mitaona anao indrindra eo amin'ny fiainanao?*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, tena feno fankasitrahana aho noho ireo hafatra mahatalanjona amin'ity fihaonambe ity sy noho ny fahafahako miresaka aminareo izao.

Nandritra ny 36 taona mahery naha-Apôstôly ahy dia nanintona ahy foana ny fotopampianaran'ny fanangonana an'Isiraely.[1] Ny *zavatra rehetra* momba izany dia nahaliana ahy avokoa, anisan'izany ireo fanompoana sy anaran'[2] i Abrahama, sy Isaka ary i Jakoba; ny fiainan'izy ireo sy ny vadiny; ny fanekempihavanana nataon' Andriamanitra tamin'izy ireo sy nitariny tamin'ny taranany;[3] ny fielezan'ireo foko roa ambin'ny folo; ary ireo faminaniana maro momba ny fanangonana amin'izao androntsika izao.

Nandalina ilay fanangonana aho, nivavaka momba izany, nivoky tamin' ny soratra masina rehetra miresaka momba izany, ary nangataka ny Tompo mba hampitombo ny fahatakarako.

Koa alaivo sary an-tsaina ary ny hafaliako raha voatarika tamina fahatakarana vaovao aho vao tsy ela. Noho ny fanampian'ny manampahaizana Hebreo anankiroa dia nianatra aho fa iray amin'ireo dikan'ny teny hoe *Isiraely* dia ny hoe "aoka Andriamanitra no hanjaka."[4] Noho izany ilay anarana hoe *Isiraely* dia milaza olona iray izay *vonona* ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany. Nanentana mafy ny fanahiko izany hevitra izany!



Curitiba, Paraná, Brésil

Tena manan-danja ilay teny hoe *vonona* amin'ny fandikana ny teny hoe *Isiraely.*[5] Samy manana ny fahafahany misafidy isika rehetra. Afaka misafidy ny ho Isiraely isika na tsia. Afaka misafidy ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainantsika isika, na tsia. Afaka misafidy ny hamela an' Andriamanitra ho ny hery mitaona indrindra eo amin'ny fiainantsika isika na tsia.

Andeha hotadidiantsika vetivety ny fiovana lehibe nitranga teo amin'ny fiainan'i Jakoba zafikelin'i Abrahama. Teo amin'ny toerana iray izay nantsoin'i Jakoba hoe *Peniela* (izay midika hoe "ny tavan' Andriamanitra"),[6] dia nitolona tamina fanamby lehibe iray i Jakoba. Nozahan-toetra ny fahafahany misafidy. Tamin'ny alalan'io tolona io no nanaporofoan'i Jakoba ny zavatra tena manandanja indrindra taminy. Nasehony fa vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany izy. Ho valin'izany dia novan' Andriamanitra ho *Isiraely*[7] ny anaran'i Jakoba, izay midika hoe "aoka Andriamanitra no hanjaka." Dia nampanantena an'i Isiraely Andriamanitra avy eo fa ny fitahiana *rehetra* izay notononina teo ambony lohan'i Abrahama dia ho azy ihany koa.[8]

Mampalahelo anefa fa nandika ny fanekempihavanana nataon'izy ireo tamin' Andriamanitra ny taranak'i Isiraely. Nitora-bato ny mpaminany izy ireo ary *tsy* vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka teo amin'ny fiainan'izy ireo. Vokatr'izany dia naelin' Andriamanitra eraky ny vazan-tany efatra izy ireo.[9] Soa ihany fa nampanantena Izy taty aoriana ny hanangona azy ireo, araka ny notaterin'i Isaia hoe: "Fa fotoana fohy no efa nahafoizako anao [ry Isiraely]; fa amin'ny famindrampo lehibe kosa no hampodiako anao."[10]

Raha atao ao an-tsaina ilay famaritana amin'ny teny Hebreo ny hoe *Isiraely* dia misy dikany fanampiny ny hoe fanangonana an'i Isiraely. Manangona ireo izay vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany ny Tompo. Manangona ireo izay hisafidy ny hamela an' Andriamanitra ho ny hery mitaona indrindra eo amin'ny fiainany ny Tompo.

Nandritra ny taonjato maro dia nanambara mialoha an'io fanangonana io ny mpaminany,[11] ary efa mitranga izany amin'izao! Amin'ny maha-tranga manan-danja hialoha ny Fiavian'ny Tompo fanindroany azy dia io no asa manan-danja *indrindra* eto amin'izao tontolo izao!

Ho an'ny olona an-tapitrisany maro io fanangonana alohan'ny arivotaona io dia trangam-piainana manokana mampivelatra finoana sy herim-po ara-panahy. Ary amin'ny maha-mpikambana ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika, na "Isiraelin'ny andro farany nanao fanekempihavanana,"[12] dia nomena andraikitra isika hanampy ny Tompo amin'io asa lehibe io.[13]

Rehefa miresaka momba ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny lafiny roa amin'ny voaly isika dia mazava ho azy fa miresaka momba ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa atao any amin'ny tempoly ary ny asan'ny tantaram-pianakaviana. Miresaka momba ny fanorenana finoana sy fijoroana ho vavolombelona ao am-pon'ireo izay miaramiaina sy miasa ary manompo amintsika ihany koa isika. Isaky ny manao zavatra izay hanampy olona isika, eo amin'ny lafy roa amin'ny voaly, mba hanao dingana mitondra any amin'ny fanaovana fanekempihavanana amin' Andriamanitra dia manampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely izay isika.

Vao tsy ela akory izay dia sahirana ara-panahy ny vadin'ny iray amin'ireo zafikelinay lahy. Hoantsoiko hoe "Jill" izy. Na dia teo aza ny fifadian-kanina sy ny vavaka ary ny tsodranon'ny fisoronana dia teo an-dalam-pahafatesana ny rainy. Natahotra mafy izy ny handao ny rainy sy ny ho very fijoroana ho vavolombelona.

Indray harivariva dia nolazain'ny vadiko, Rahavavy Wendy Nelson, ahy ny zavatra nanjo an'i Jill. Ny ampitso marainan'io dia nahatsapa i Wendy ny hizara tamin'i Jill fa ny valinteniko tamin'ny tolona ara-panahy izay niainany dia andian-teny tokana ihany!



Izany andian-teny izany dia hoe *tsy mahita lavitra*.

Namboraka tamin'i Wendy i Jill taty aoriana fa nahaketraka azy ny valinteniko. Hoy izy: "Nanantena an'i Dadabe hampanantena fahagagana ho an'i Dada aho. Nanontany tena foana aho hoe nahoana no ny andianteny hoe *tsy mahita lavitra* no hany mba tsapany tokony hotenenina."

Rehefa lasana ny rain'i Jill dia niverimberina tao an-tsainy ilay andianteny hoe *tsy mahita lavitra*. Nanokatra ny fony izy ka nahatakatra lalina kokoa fa ilay hoe *tsy mahita lavitra* dia nidika hoe "fohy fijery." Dia nanomboka niova ny fijeriny. Hoy i Jill: "Nampijanona sy nampieritreritra ary nanasitrana ahy ilay hoe *tsy mahita lavitra*. Mahafeno fiadanana ahy izao izany andian-teny izany. Mampahatsiahy ahy mba hampivelatra ny fomba fijeriko sy hikatsaka ny mandrakizay izany. Mampahatsiahy ahy izany fa misy ny drafitr' Andriamanitra ary ny raiko dia mbola velona sy tia ary mijery ahy. Nitondra ahy any amin' Andriamanitra ilay hoe *tsy mahita lavitra*.

Tena mampirehareha ahy ilay vinantovavinay sarobidy. Mandritra izany fotoana nahatriatra fo eo amin'ny fiainany izany i Jill malala dia mianatra ny hanaiky ny sitrapon' Andriamanitra ho an'ny dadany, miaraka amin'ny fomba fijery mibanjina amin'ny mandrakizay ho an'ny fiainany. Rehefa *misafidy* ny hamela an' Andriamanitra hanjaka izy dia mahita fiadanana.

Raha avelantsika izany dia misy fomba maro ahafahan'io fandikana avy amin'ny fiteny hebreo ny *Isiraely* io manampy antsika. Alaivo sary antsaina ny mety hampiova ny vavaka ataontsika ho an'ireo misiônera, sy ho an'ny ezaka ataontsika manokana hanangona an'i Isiraely, raha io fotokevitra io no ao an-tsaina. Mivavaka matetika isika mba hahavoatarika antsika sy ireo misiônera ho any amin'ireo izay efa vonona handray ny fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Manontany tena aho hoe any amin'iza no hitarihana antsika rehefa mitalaho isika mba hahita an'ireo izay vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany?

Mety ho voatarika amin'ny sasany izay mbola tsy nino an' Andriamanitra na i Jesoa Kristy mihitsy isika, izay maniry mafy ny hianatra momba Azy Ireo sy ny drafitr' Izy Ireo ho an'ny fahasambarana. Ny sasany mety efa "teraka tao anatin'ny fanekempihavanana"[14] kanefa ninia niala teo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Mety efa

vonona ny hibebaka sy hiverina ary hamela an' Andriamanitra hanjaka izy ireo amin'izao. Afaka manampy azy ireo isika amin'ny fandraisana azy ireo an-tanan-droa sy amin'ny fo. Ary ny sasany izay mety hitarihana antsika dia mety efa nahatsapa foana fa misy zavatra tsy ampy eo amin'ny fiainany. Mangetaheta ny fahafenoana sy ny fifaliana azon'ireo izay vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fianany ihany koa izy ireo.

Ngeza velarana ny haraton'ny filazantsara manangona an'i Isiraely miely patrana. Misy toerana ho an'ny olona tsirairay izay tena hanaiky tanteraka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao. Izay niova fo rehetra dia lasa zanaky ny fanekempihavanan' Andriamanitra,[15] na nateraka izy na natsangana. Lasa mpandova feno an'izay rehetra nampanantenain' Andriamanitra ny zanak' Isiraely ny tsirairay![16]

Manana anjara araka an' Andriamanitra isika tsirairay avy, satria samy zanak' Andriamanitra avokoa ny tsirairay. Mitovy daholo ny tsirairay eo imasony. Tena lalina ny fiantraikan'io fahamarinana io. Ry rahalahy sy ranabavy, henoy tsara ny zavatra holazaiko izao. Tsy manavakavaka firazanana Andriamanitra. Mazava ny fotopampianarany momba io lohahevitra io. Manasa ny *rehetra* hanatona Azy Izy, " na mainty na fotsy, na andevo na olon'afaka, na lehilahy na vehivavy."[17]

Manome toky anareo aho fa ny toeranareo eo imason' Andriamanitra dia tsy voafaritry ny lokon'ny fihodiranareo. Ny hoe ankasitrahana na tsy ankasitrahan' Andriamanitra dia miankina amin'ny fanoloran-tenanareo amin' Andriamanitra sy ny didiny, fa tsy ny lokon'ny fihodiranareo.

Malahelo aho fa miaritra ny fijaliana avy amin'ny fanavakavahana sy ny fitsarana an-tendrony ireo rahalahintsika sy ranabavintsika mainty hoditra manerana izao tontolo izao. Anio aho dia manao antso avo amin'ireo mpikambana manerana izao tontolo izao mba hitarika ny lalana amin'ny fialana amin'ireo toe-tsaina sy fihetsika manavakavaka. Miangavy anareo aho mba hamporisika ny fanajana ireo zanak' Andriamanitra rehetra.

Ny fanontaniana ho antsika tsirairay, na inona na inona firazanantsika, dia mitovy. Vonona ve *ianao* hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanao? Vonona ve *ianao* hamela an' Andriamanitra ho ny hery mitaona anao indrindra eo amin'ny fiainanao? Moa ve ianao hamela ny teniny sy ny didiny ary ny fanekempihavanany hitarika ny zavatra ataonao isan'andro? Moa ve hoavelanao ho lohalaharana eo amin'ny zavatra hafa rehetra ny feony? *Vonona* ve ianao hamela izay rehetra ilainy ataonao ho lohalaharana mihoatra ny fanirianao hafa rehetra? *Vonona* ve ianao hanao izay hahavoatelina ny sitraponao ao amin'ny sitrapony?[18]



*Saint-Pétersbourg, Russie*

Eritrereto ny fitahiana entin'ny fahavononana toy izany eo aminao. Raha toa ianao ka tokan-tena ary mikatsaka vady mandrakizay, ny fanirianao ho anisan'i "Isiraely" dia hanampy anao hanapa-kevitra ny hoe iza no tokony hiarahanao ary amin'ny fomba ahoana.

Raha toa ianao ka manambady olona nandika ny fanekempihavanany, ny fahavononanao hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanao dia hamela ny fanekempihavanana nataonao tamin' Andriamanitra tsy ho voakitikitika. Hanasitrana ny fonao torotoro ny Mpamonjy. Hisokatra ny lanitra rehefa mikatsaka ny hahafantatra ny fomba hirosoana ianao. Tsy voatery hirenireny na ho be fanahiana ianao.

Raha manana fanontaniana avy amin'ny fo momba ny filazantsara na ny Fiangonana ianao, rehefa misafidy ny hamela an' Andriamanitra hanjaka ianao dia ho voatarika ianao hahita sy hahatakatra ny tena fahamarinana mandrakizay izay hitarika anao eo amin'ny fiainanao sy hanampy anao hijanona ho mafy orina eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Raha tojo fakam-panahy ianao, na dia efa reraka na mahatsapa ho irery na diso fandraisana aza ianao no tonga ilay fakam-panahy, dia alaivo sary antsaina ny hery mety ho azonao rehefa misafidy ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanao sy mangataka Azy mba hankahery anao ianao.

Raha toa ka ny hamela an' Andriamanitra hanjaka, ny ho anisan'i Isiraely, no fanirianao lehibe indrindra, dia fanapahan-kevitra maro no ho lasa mora. Olana maro no ho lasa tsy misy dikany. Ho hainao ny hikarakara ny tenanao. Ho fantatrao izay tokony hojerenao sy hovakianao, aiza no tokony handanianao ny fotoanao, ary iza no tokony hataonao namana. Fantatrao izay tianao hotratrarina. Fantatrao ny karazan'olona tena tianao hahatongavana.

Izao ry rahalahy sy ranabavy malalako, mitaky finoana sy herim-po ny

mamela an' Andriamanitra hanjaka. Mitaky asa ara-panahy tsy tapaka sy henjana ny mibebaka sy manala ny maha-olona araka ny nofo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.[19] Mitaky ezaka tsy tapaka isan'andro ny mamolavola fahazaran'ny tena manokana handalina ny filazantsara, hianatra bebe kokoa momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy, ary hikatsaka sy hamaly ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Mandritra izao fotoan-tsarotra izay efa novinanian'i Paoly Apôstôly[20] izao dia efa tsy *miezaka* manafina ny fanafihany ny drafitr' Andriamanitra intsony mihitsy i Satana. Efa betsaka ny ratsy tsy afenina intsony. Noho izany ny hany fomba ahafahana ho velona ara-panahy dia ny fahavononana hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainantsika, sy hianatra ny hihaino ny feony, ary hampiasa ny herintsika hanangonana an'i Isiraely

Inona ary ny *fahatsapana* ananan' ny Tompo momba ireo olona izay hamela an' Andriamanitra hanjaka? Nofintinin'i Nefia izany hoe: "Ary [ny Tompo dia] *tia* ireo izay hanana Azy ho Andriamaniny. Indro Izy dia nitia ny razantsika sy nanao fanekempihavanana taminy, eny, dia i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba; ary [tsaroany] ny fanekempihavanana izay efa nataony."[21]


Ary inona no tian'ny Tompo *hatao* ho an'i Isiraely? Nampanantena ny Tompo fa Izy "no hiady ny [adintsika] sy ny adin'ny zanany ary ny an'ny zanaky ny zanan[tsika] . . . hatrany amin'ny zafiafy sy ny zafindohalika"![22]

Eo am-pandalinanareo ny soratra masina mandritra ireo enim-bola manaraka dia mamporisika anareo aho mba hanao lisitra mitanisa ny zavatra rehetra izay nampanantenain'ny Tompo fa hataony amin'i Isiraely nanao fankempihavanana. Ho talanjona tokoa ianareo! Saintsaino ireo fampanantenana ireo. Miresaha momba izany miaraka amin'ny fianakavianareo sy ny namanareo. Avy eo dia iaino ary jereo ny fahatanterahan'ireo fampanantenana ireo eo amin'ny fiainanareo.

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, rehefa misafidy ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanareo ianareo dia hahita manokana ianareo fa Andriamanitra dia "Andriamanitry ny fahagagana."[23] Isika no zanany vita fanekempihavanana, ary hoantsoina amin'ny anarany isika. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Niresaka momba an'i Isiraely aho tao anatin'ny 378 farafahakeliny tamin'ireo hafatra mihoatra ny 800 nozaraiko nandritra ny 36 taona naha-Apôstôly ahy.
2. Amin'ny teny Hebreo ny hoe *Abram* dia anarana mihaja midika hoe "ray nasandratra." Fa rehefa novain' Andriamanitra ho *Abrahama* io anarana io dia nanana lanjany lehibe kokoa, izay midika hoe "rain'ny maro." Eny tokoa, i Abrahama dia "rain'ny firenena maro." (Jereo ny Genesisy 17:5; Nehemia 9:7.)
3. I Jehovah Tompo Andriamanitra dia nanao fanekena tamin'i Abrahama fa ny Mpamonjin'izao tontolo izao dia ho teraka ao amin'ny taranak'i Abrahama, holovaina ny tany sasany, ary ny firenena rehetra dia hotahiana amin'ny alalan'i Abrahama (jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanekempihavanan'i Abrahama").
4. Jereo ny Bible Dictionary, "Israel."
5. Ny teny hoe *Isiraely* dia miseho mihoatra ny in-arivo ao amin'ny soratra masina. Azo iantsoana ny fianakavian'i Jakoba (Isiraely) izay manana zanaka lahy 12 izany, miampy ireo zanany vavy (jereo ny Genesisy 35:23–26; 46:7). Ankehitriny izany dia azo ampiasaina ho amin'ny toerana iray eto amin'ny tany. Fa ny fampiasana izany ao amin'ny fotopampianarana dia ampiharina amin'ireo olona izay vonona ny hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany.
6. Jereo ny Genesisy 32:30Genesisy 32:31.
7. Jereo ny Genesisy 32:28.
8. Jereo ny Genesisy 35:11–12.
9. Raha handalina misimisy kokoa dia jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Isiraely."
10. Isaia 54:7.
11. Jereo ny Isaia 11:11–12; 2 Nefia 21:11–12; Môzià 15:11.
12. Jereo ny *Encyclopedia of Mormonism* (1992), "Covenant Israel, Latter-Day," 1:330–31.
13. Eo am-pandraisantsika anjara amin'ny fanangonana an'Isiraely dia manana fomba mahatalanjona hamaritana ireo izay angonina ny Tompo. Antsoiny miaraka hoe "rakitra soa" ho Azy isika (Eksodosy19:5; Salamo 135:4), ny "vatosoany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:3), ary "firenena masina" (Eksodosy 19:6); jereo koa ny Deoteronomia 14:2; 26:18).
14. Io fehezan-teny io dia miresaka momba ilay fanekempihavanana nataon' Andriamanitra tamin'i Abrahama, manao hoe: "Amin'ny taranakao no hitahiana ny foko rehetra ambonin'ny tany" (3 Nefia 20:27). Ny hoe "teraka ao anatin'ny fanekempihavanana" dia midika fa talohan'ny nahaterahan'ny olona iray dia efa nofehezina tany amin'ny tempoly ny ray aman-drenin'ilay olona.
15. Nampianarin' Andriamanitra an'i Abrahama izany fampanantenana izany manao hoe: "Izay rehetra mandray ity Filazantsara ity dia hantsoina araka ny anaranao ary hisaina ho isan'ny taranakao, ka hitsangana sy hitso-drano anao ho toy ny rainy" (Abrahama 2:10; jereo koa ny Romana 8:14–17; Galatiana 3:26–29).
16. Afaka mangataka tsodranon'ny patriarika ny mpikambana mahatoky. Amin'ny alalan'ny fanentanan'ny Fanahy Masina dia manambara ny firazanan'izany olona izany ao amin'ny mpianakavin'i Isiraely ilay patriarika. Tsy voatery ho filazana ny karazany, na ny firenena niaviany, na ny rafitra zenetikany izany fanambarana izany. Fa ny firazanana ambara amin'izany dia mamaritra ny fokon'i Isiraely izay handraisan'izany olona izany ireo fitahiany.
17. 2 Nefia 26:33.
18. Jereo ny Môzià 15:7. Tsy natao ho an'ny olona mora tohina ny hoe isan'i Isiraely. Mba handraisana ireo fitahiana rehetra izay nomanin' Andriamanitra ho an'ny taranak'i Abrahama dia afaka manantena ny hahazo ny "fitsapan'i Abrahama" ho antsika manokana isika. Hitsapa antsika Andriamanitra, araka ny nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith, amin'izay tena maharary antsika mihitsy. (Jereo ny fahatsiarovan'i John Taylor ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 231.)
19. Jereo ny Môzià 3:19.
20. Jereo ny 2 Timoty 3:1–13.
21. 1 Nefia 17:40; nampiana fanamafisana.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:37; jereo ihany koa ny Salamo 31:23; Isaia 49:25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:14.
23. Môrmôna 9:11.



*Salzbourg, Autriche*



Fivoriana alahady tolakandro | 4 Ôktôbra 2020

**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Notsapaina, nosedraina ary notefena

*Ny fitahiana lehibe indrindra ho avy rehefa mampiseho isika fa mahatoky ao amin'ny fanekempihavanantsika mandritra ny fisedrana antsika dia ny fiovan'ny tenantsika.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, feno fankasitrahana aho afaka miresaka aminareo anio. Ny fanantenako dia ny hitondra fankaherezana indrindra rehefa toa sarotra sy maloka ny fiainana. Ho an'ny sasany aminareo dia amin'izao fotoana izao izany. Raha tsy izany no izy dia mbola ho avy ny fotoana toy izany.

Tsy hoe fomba fijery mahakivy izany. Fa izany no zava-misy—izay mankahery ihany koa anefa—noho ny tanjon' Andriamanitra amin'ny Fahariana ity izao tontolo izao ity. Izany tanjona izany dia ny hanome ny zanany ny fahafahana haneho ny fahatokiany ka ho afaka ary ho vonona ny hisafidy ny marina rehefa sarotra ny fanaovana izany. Hiova izy ireo amin'ny alalan'ny fanaovana izany ary ho lasa tahaka Azy kokoa. Fantany fa hitaky finoana tsy azo hozongozonina Aminy izany.

Ny ankabeazan'ny zavatra fantatro dia avy amin'ny fianakaviako. Fony aho valo taona dia nangataka ahy sy ny rahalahiko ny reninay feno fahendrena hanongotra ahidratsy miaraka aminy ao amin'ny zaridainan'ny fianakaviana ao an-damosin'ny tranonay. Toa azo lazaina hoe asa tsotra izany, saingy tany New Jersey izahay no nipetraka. Avy matetika ny orana. Feno fotaka ny tany. Naniry haingana kokoa noho ny legioma ny ahidratsy.


Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili

Tsaroako ny fahasorenako rehefa tapaka tao amin'ny tanako ny ahidratsy, ny fakany tafalentika mafy ao amin'ilay fotaka matevina. Vetivety foana dia nahavita betsaka lavitra amin'ny anjarany ny reniko sy ny rahalahiko. Arakaraka ny niezahako mafy no nahataraiky ahy.

"Mafy loatra ity!" Hoy aho nitalaho.

Tsy naneho fitserana tamiko ny reniko fa nitsiky tamiko kosa ary niteny hoe: "Ô ry Hal a, mazava ho azy fa sarotra ilay izy. Natao ho sarotra ilay izy. Fisedrana ny fiainana."

Tamin'io fotoana io dia fantatro fa marina ny teniny ary ho marina foana amin'ny ho avy.

Ny anton'ny tsikitsiky feno fitiavan'i Neny dia lasa nazava tamiko kokoa taona maro taty aoriana rehefa namaky momba ny Ray any An-danitra sy ny Zanany Malala niresaka momba ny tanjon' Izy Ireo tamin'ny fahariana ity tontolo ity sy ny fanomezana ireo fanahy zanaka fahafahana hitoetra ety an-tany aho:

"Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo;

"Ary ireo izay mitana ny toetrany voalohany no homena fanampiny; ary ireo izay tsy mitana ny toetrany voalohany dia tsy hanana voninahitra ao amin'ny fanjakana iraisana amin'ireo izay mitana ny toetrany voalohany; ary ireo izay mitana ny toetrany faharoa dia hanana voninahitra anampy eo ambony lohany mandrakizay mandrakizay."[1]

Izaho sy ianao dia nanaiky izany fanasana hitsapana sy hisedrana ny hisafidianantsika ny hitandrina ny didin' Andriamanitra rehefa tsy ho eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra izany.

Na dia nisy aza izany fanasana feno fitiavana avy amin'ny Raintsika any An-danitra izany dia nandresy lahatra ny iray ampahatelon'ny fanahy zanaka mba hanaraka azy sy hitsipaka ny drafitry ny Ray ho an'ny fivoarana sy fahasambarana mandrakizaintsika i Losifera. Vokatry ny fikomian'i Satana dia noroahina niaraka tamin'ireo mpanaradia azy izy. Izao izy dia miezaka hampivily lalana izay maro indrindra vitany mba hivadika amin' Andriamanitra mandritra ity fiainana an-tany ity.

Ireo tamintsika izay nanaiky ilay drafitra dia nanaiky izany noho ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, izay nanolo-tena ny ho lasa Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Tsy maintsy hoe nino isika tamin'izany fa ho lehibe kokoa foana ny herin'ny tsara, na inona na inona fahalemena mety ho ananantsika ety an-tany, ary na inona na inona herin'ny ratsy hifanehitra amintsika.

Ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia mahafantatra sy tia anao. Tian' Izy Ireo ianao hiverina any amin' Izy Ireo ary ho lasa tahaka Azy Ireo. Ny fahombiazanao no fahombiazan' Izy Ireo. Tsapanao ny fanamafisan'ny Fanahy Masina izany fitiavana izany rehefa namaky na nahare ireto teny ireto ianao: "Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."[2]

Andriamanitra dia manana ny hery hahatonga ny lalantsika ho mora diavina. Nanome mana ny zanak'i Isiraely Izy rehefa nirenireny nandia ny tany nampanantenaina izy ireo. Ny Tompo tao amin'ny asa fanompoana nataony tety an-tany dia nanasitrana ny marary, nampitsangana ny maty, ary nampitony ny ranomasina. Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nanokatra ny "[t]ao an-tranomaizina ho an'ireo izay nifatotra" Izy.[3]

Na dia ny Mpaminany Joseph Smith, iray amin'ireo mpaminaniny lehibe indrindra aza dia nijaly tao an-tranomaizina ary nampianarina ilay lesona izay nahazoantsika rehetra tombontsoa sy ilaintsika mandritra ireo fisedrana ny finoantsika izay mitranga tsy tapaka : "Ary raha hatsipy any


*Salzbourg, Autriche*

an-davaka ianao na eo an-tanan'ireo mpamono olona, ary handalo aminao ny fanamelohana ho faty; raha hatsipy any amin'ny lalina ianao; raha mikomy aminao ny alon-drano misamboaravoara; raha manjary fahavalonao ny rivotra mahery; raha manangona haizina ny lanitra, ary miray tsikombakomba ny singa rehetra mba hamefy ny lalana; ary ambonin'izany rehetra izany, raha ireo valanoranon'ny helo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany."[4]

Mety hanontany tena ara-drariny ianao hoe nahoana ny Andriamanitra be fitiavana sy mahefan'ny zava-drehetra no mamela ny fisedrana antsika ety an-tany ho tena mafy tokoa. Izany no izy satria fantany fa tsy maintsy mitombo ao amin'ny fahadiovana sy tanjaka ara-panahy isika vao afaka miaina eo anatrehany ao anaty fianakaviana mandrakizay. Mba hahatanteraka izany, ny Ray any Andanitra dia nanome antsika Mpamonjy ary ny hery mba hisafidy ho an'ny tenantsika amin'ny alalan'ny finoana ny hitandrina ireo didiny ary ny hibebaka ka hanatona Azy avy amin'izany.

Ny ivon'ny drafitry ny Ray ho an'ny fahasambarana dia ny hahalasa antsika bebe kokoa hatrany tahaka an'i Jesoa Kristy Zanany Malala. Amin'ny zava-drehetra dia ny ohatry ny Mpamonjy no tari-dalana tsara indrindra ho antsika. Tsy navahana Izy fa nila nosedraina ihany koa. Niaritra ho an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra Izy, nanefa ny saran'ny fahotantsika rehetra. Nahatsapa ny fijalian'izay rehetra niaina sy mbola hiaina ety an-tany Izy.

Rehefa manontany tena ianao hoe hatraiza ny fanaintainana azonao zakaina dia tsarovy Izy. Niaritra ny zavatra ijalianao Izy mba hahafahany mahafantatra ny fomba hannkaherezana anao. Mety tsy hanaisotra ilay enta-mavesatra Izy fa hanome anao kosa tanjaka, fampiononana ary fanantenana. Fantany ny lalana. Nisotro ilay kapoaka mangidy Izy. Niaritra ny fijalian'ny rehetra Izy.

Voakolokolo sy ampiononin'ny Mpamonjy be fitiavana mahafantatra ny fomba hamonjena anao amin'izay mety ho fisedrana atrehanao ianao. Nampianatra i Almà hoe:

"Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony Izy.

"Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran'ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny."[5]

Ny fomba iray hamonjeny anao dia ny manasa anao hatrany hahatsiaro Azy lalandava sy hanatona Azy. Namporisika antsika Izy tamin'ny alalan'ilay hoe:

"Mankanesa aty amiko, hianareo izay mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana.

"Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho: dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo."[6]



*Bangalore, Inde*

Ny fomba hanatonana Azy dia ny mivoky amin'ny teniny, mampihatra finoana hibebaka, misafidy ny hatao batisa sy horaisina ho mpikambana amin'ny alalan'ireo mpanompony nahazo fahefana, ary ny mitandrina ireo fanekempihavanana nataonao tamin' Andriamanitra. Mandefa ny Fanahy Masina Izy mba ho namanao, mpampionona anao, ary mpitari-dalana anao.

Rehefa miaina mba ho mendrika ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao dia hitarika anao mba ho voaro ny Tompo na dia rehefa tsy afaka mahita ny lalana tokony haleha aza ianao. Ho ahy manokana dia matetika Izy no nampiseho ny dingana iray na roa manaraka tokony nodiavina. Mahalana no hanomezany ahy topimaso ny amin'ny hoavy any aoriana any, nefa na dia ireo topimaso tsindraindray ireo aza dia mibaiko ny safidiko eo amin' ny andavanandro eo amin'ny fiainana.

Nanazava ny Tompo hoe:

"Tsy hainareo jerena amin'ny masonareo voajanahary amin'izao fotoana izao ny fikasan' Andriamanitrareo momba ireo zavatra izay ho avy rahatrizay ireo, ary ny voninahitra izay hanaraka aorian'ny . . . fahoriana be.

"Fa tonga aorian'ny fahoriana be ny fitahiana."[7]

Ny fitahiana lehibe indrindra ho avy rehefa mampiseho isika fa mahatoky ao amin'ny fanekempihavanantsika mandritra ny fisedrana antsika dia ny fiovan'ny tenantsika. Amin'ny alalan'ny fisafidianantsika ny hitandrina ny fanekempihavanantsika dia afaka miasa ao amintsika ny herin'i Jesoa Kristy sy ireo fitahian'ny Sorompanavotany. Azo alefahina ny fontsika ka hitia sy hamela ary hanasa ny hafa hanatona ny Mpamonjy. Hitombo ny fahatokiantsika ny Tompo. Ary hihena ny tahotra ao amintsika.

Fa izao, na dia eo aza ny fitahiana lehibe toy izany izay ampanantenaina aorian'ny fisedrana dia tsy mitady fahoriana isika. Mandritra ny fiainana an-tany dia hanana fahafahana ampy isika ny haneho ny fahatokiantsika, hisedra fitsapana mafy ary ampy mba hahatonga antsika ho lasa tahaka ny Mpamonjy sy ny Raintsika any Andanitra kokoa hatrany.

Ankoatra izany dia tsy maintsy mahatsikaritra ny fisedrana mahazo ny hafa isika ary miezaka manampy. Ho sarotra tokoa izany indrindra indrindra rehefa mahamay izaitsizy ny fisedrana mahazo antsika. Saingy ho hitantsika fa rehefa milanja ny entamavesatry ny hafa isika, na dia kely fotsiny aza dia ho ampatanjahana ny lamosintsika ary hahatsapa fahazavana ao amin'ny haizina isika.

Ny Tompo no Ohatra ho antsika momba izany. Teo ambony hazofijaliana tao Golgota, taorian'ny niaretany fanaintainana tena mafy izay ho nahafaty Azy raha tsy Izy no Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, dia nijery ireo mpamono Azy Izy ary nilaza tamin'ny Rainy hoe: "Mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."[8] Teo am-pijaliana ho an'ireo olona rehetra izay niaina sy mbola hiaina dia nijery an'i Jaona sy ilay reniny vonton'alahelo avy teo amin'ny hazofijaliana Izy ka nanompo azy tao amin'ny fisedrana nahazo azy:

"Ary nony hitan'i Jesosy ny reniny sy ilay mpianatra tiany nijanona teo, dia hoy Izy tamin'ny reniny: Ravehivavy, indro ny zanakao!

"Dia hoy koa Izy tamin'ilay mpianatra: Indro ny reninao! Ary tamin'izany ora izany dia noraisin'ilay mpianatra ho any aminy izy."[9]

Tamin'ny alalan'ny zavatra nataony tamin'izany fotoana masina indrindra izany dia nanolo-tena hanolotra ny ainy ho antsika tsirairay avy Izy, tsy famonjena ho an'ity fiainana ity ihany no natolony fa fiainana mandrakizay ho an'ny fiainan-koavy ihany koa.

Izaho dia nahita olona nasandratra avo tokoa noho ny fahatokian'izy ireo tamin'ny fisedrana mahatsiravina nahazo azy ireo. Manerana ny Fiangonana ankehitriny dia ahitana ohatra. Mitolefika ao anatin'ny fahoriana mahazo azy ireo ny olona. Fa avy amin'ny faharetana sy ezaka ataon'izy ireo amim-pahatokiana dia lasa mitovy kokoa amin'ny Mpamonjy sy ny Raintsika any An-danitra izy ireo.

Nianatra lesona iray hafa aho avy amin'ny reniko. Fony izy zazavavy dia voan'ny difiteria ary efa saika maty. Taty aoriana dia voan'ny méningite tao amin'ny hazondamosiny izy. Mbola tanora dia maty ny rainy, ka ny reniko sy ireo anadahiny dia nanampy tamin' ny famelomana ny renin'izy ireo.

Ny fiainany manontolo dia nahatsapany ny vokatry ny fisedran'ny aretina. Nandritra ireo 10 taona farany teo amin'ny fiainany dia tsy maintsy nandalo fandidiana imbetsaka izy. Saingy tao anatin'izany rehetra izany



*São Paulo, Brésil*

dia naneho ny fahatokiany tamin'ny Tompo izy, na dia rehefa lasa narary mafy tsy tafatsangana am-pandriana intsony aza. Ny hany sary teo amin'ny rindrin'ny efitra fatoriany dia sarin' ny Mpamonjy. Izao no teny farany nolazainy tamiko teo am-pandriany talohan'ny nahafatesany: "Hal a! Ohatra an'ny voan'ny gripa ianao izany. Mila mitandrin-tena tsara ianao."

Tamin'ny fivoriam-bavaka fanaovam-beloma farany azy dia ny Loholona Spencer W. Kimball no mpandahateny farany. Taorian'ny firesahana momba ny fahoriany sy ny fahatokiany dia izao no zavatra tena nolazainy: "Ny sasany aminareo dia mety hanontany tena hoe nahoana i Mildred no tsy maintsy nijaly mafy nandritra ny fotoana ela. Holazaiko anareo ny antony. Satria tian'ny Tompo hotefena misimisy kokoa izy."

Maneho fankasitrahana aho noho ireo mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy maro izay mizaka entamavesatra amin'ny finoana matanjaka ary manampy ny hafa hizaka ny azy eo am-pikatsahan'ny Tompo ny hanefy azy ireo misimisy kokoa. Maneho fitiavana sy fiderana ho an' ireo izay mikarakara sy ireo mpitarika manerana izao tontolo izao ihany koa aho, ireo izay manampy ny hafa ao anatin'ny fanefena azy ireo sy ny fianakaviany amin'ny fisedrana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa isika dia zanaky ny Ray any An-danitra tia antsika. Tsapako ny fitiavan'ny Filoha Russell M. Nelson antsika rehetra. Izy no mpaminanin'ny Tompo eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Abrahama 3:25–26.
2. Mosesy 1:39.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:42.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
5. Almà 7:11–12.
6. Matio 11:28–29.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:3–4.
8. Lioka 23:34.
9. Jaona 19:26–27.



Nataon'ny Loholona Jeremy R. Jaggi
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, ary raiso ho fifaliana ny zava-drehetra!

*Mitombo ny finoantsika rehefa mampihatra faharetana isika. Ary rehefa mitombo ny finoantsika, dia mitombo ihany koa ny fifaliantsika.*

Roa taona lasa izay no niampita ny voaly i Chad, zandriko faralahy. Namela banga tao am-pon'i Stephanie zaobaviko, sy i Brayden sy i Bella zanak'izy ireo anankiroa kely, ary koa ny fianakaviana sisa ny fifindrany nankany ambadiky ny voaly. Nampionona anay ireo tenin'ny Loholona Neil L. Andersen nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ny herinandro mialoha ny nahafatesan'i Chad: "Manàna faharetana miaritra ao anatin'ny memin'ireo fitsapana eto an-tany, dia hitondra hazavana, fahatakarana, fiadanana, ary fanantenana ny hery manasitran'ny Mpamonjy" (Maratra," *Liahona,* Nôv. 2018).

Manam-pinoana an'i Jesoa Kristy izahay, fantatray fa hiaraka amin'i Chad indray izahay, saingy mafy tamin'ny fandaozana ara-batana! Olona maro no mamoy olon-tiana. Sarotra amintsika ny hanana faharetana sy hiandry ny fotoana izay hiarahana amin'izy ireo indray.

Ny taona taorian'ny nahafatesany dia toy ireny nisy zavona maizina nanarona ireny izahay. Nikatsaka fialofana tamin'ny fandalinana ny soratra masina izahay, nivavaka mafy ary nandeha tany amin'ny tempoly matetika kokoa. Maneho ny fahatsapana nanananay tamin'izany fotoana izany ny andalana avy amin'ity hira ao amin'ny fihirana ity, "Tonga ihany ny andro, mifoha izao tontolo izao, nisinda ny haizin'ireo zavon'ny alina" ("Du grand Millénium," *Cantiques,* lah. 26).



*Taboão de Serra, São Paulo, Brésil*



*Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili*

Nanapa-kevitra ny fianakavianay fa ho taona hitondra fanavaozana ny 2020! Teo am-pandalinana ny lesona tao amin'ny bokin'i Jakoba ao amin'ny Testamenta Vaovao tao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* tany am-piafaran'ny volana nôvambra 2019 izahay no nambara taminay ny lohahevitra iray. Ny Jakoba toko 1 andininy faha 2 dia manao hoe: "Ry rahalahy, raiso ho fifaliana ny fahoriana maro mianjady aminareo" (Dikantenin'i Joseph Smith, Jakoba 1:2 [ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina]). Tao anatin'ny fanirianay hanokatra ny taona vaovao, ny folo taona vaovao amim-pifaliana, dia nanapa-kevitra izahay fa amin'ny 2020 dia ho "rais[inay] ho fifaliana" ny zava-drehetra. Tena tsapanay mafy tokoa izany hany ka dia nomenay akanjo ambony izay nisy soratra matevina hoe "Raiso ho fifaliana ny zava-drehetra" ireo mpiray tampo aminay tamin'ny Noely farany teo. Nanantena izahay fa tena ho taona feno fifaliana sy firavoravoana ny taona 2020.

Indrisy anefa—valanaretina COVID-19 maneran-tany sy fikorontanana ara-piarahamonina ary olana ara-toekarena no nentin'ny taona 2020. Mety manome antsika fotoana hisaintsainana sy hiheverana momba ny fahatakarantsika ny hoe faharetana sy ny fisafidianantsika am-pahatsapan-tena ny fifaliana ny Raintsika any An-danitra.

Nanomboka tamin'io fotoana io dia nitondra fampianarana vaovao taminay ny bokin'i Jakoba. Ny Jakoba toko 1 andininy faha-3 sy faha-4 dia mitohy manao hoe:

"Satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana.

"Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra hianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona."

Ao amin'ny fiezahantsika hahita fifaliana eo anivon'ny fizahantoetra lalovantsika dia lasa hadinontsika fa ny fananana faharetana no fanalahidy hahafahana mamela ireo fisedrana hitondra soa ho antsika.

I Benjamina Mpanjaka dia nampianatra antsika ny tokony hialana amin'ny maha-olona araka ny nofo sy "tonga olomasina amin'ny alalan' ny sorompanavotan'i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin'ny zava-drehetra." (Môzià 3:19).

Ny toko faha-6 ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako* dia mampianatra toetra fototra tahaka ny an'i Kristy izay azontsika alain-tahaka: "Ny faharetana dia fahaizana miaritra tsy am-pahatezerana, na am-pahadisoampanantenana, na am-piahiahiana ny fanemorana, ny olana, ny fanoherana, na ny fijaliana. Izany dia midika fahavitana manao ny sitrapon' Andriamanitra sy fahaizana manaiky ny fandaminam-potoany. Rehefa maharitra ianao dia mahazaka izay fitsapana mitranga ary afaka miatrika fahoriana amin'ny fo tony sy fanantenana" (*Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera,* rev. ed. [2019], 145).

Hita soritra tao amin'ny fiainan'i Simona Kananeana, iray tamin'ireo mpianatr'i Kristy fahiny ny asa tanteraky ny faharetana. Ireo Zelota dia vondrona Jiosy nasiônalista nanohitra mafy ny fanjakana Romana. Ireo Zelota dia nanohana ny herisetra hanoherana ny Romana sy ireo Jiosy niara-niasa tamin'izy ireo ary ny Sadoseo tamin'ny alalan'ny fanafihana mba handrobana vatsy sy ny fanaovana hetsika hafa hanatrarana ny tanjon'izy ireo (jereo ny *Encyclopedia Britannica,* "Zealot," britannica.com). Zelota i Simona Kananeana (jereo ny Lioka 6:15). Alaivo sary an-tsaina i Simona miezaka ny handresy lahatra ny Mpamonjy mba handray fitaovam-piadiana, hitarika vondrona mpikomy na hiteraka fikorontanana tao Jerosalema. Nampianatra i Jesoa hoe:

"Ary sambatra ny malemy fanahy, fa izy no handova ny tany. . . .

"Ary sambatra ny mamindra fo, fa izy no hahazo famindram-po. . . .

"Sambatra ny mpampihavana: fa izy no hatao hoe zanak' Andriamanitra" (Matio 5:5, 7, 9).

Mety nankamamy sy nanohana ny filôzofiany tamin'ny zotom-po i Simona saingy ny soratra masina dia milaza fa noho ny akon'ny Mpamonjy sy ny ohatra nasehony dia niova ny fifantohany. Ny maha-mpanara-dia an'i Kristy azy no lasa ivon'ny fifantohan'ny ezaka nataony teo amin'ny fiainany.

Rehefa manao sy mitandrina ireo fanekempihavanan' Andriamanitra isika dia afaka hanampy antsika mba "ateraka indray; eny, aterak' Andriamanitra, ovaina avy amin'ilay toetra manarambatana sy lavo, ho amin'ny toetry ny fahamarinana, rehefa navotan' Andriamanitra ka tonga zanany lahy sy vavy" ny Mpamonjy (Môzià 27:25).

Aoka ny hoe *mpanaradia an'i Jesoa Kristy* no firehana manan-danja sy ahitana taratra antsika indrindra eo anatrehan'ireo zavatra mampazoto antsika ara-tsôsialy sy ara-pinoana ary ara-pôlitika ataontsika amin'izao androntsika izao. "Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao" (Matio 6:21). Aoka tsy ho adinontsika ihany koa fa na dia "efa nahavita ny sitrapon' Andriamanitra" aza ireo mpanaradia mahatoky dia mbola "tokony hanana faharetana" (Hebreo 10:36).

Mitovy amin'ny hoe ny fizahan-toetra ny finoantsika dia miteraka faharetana ao anatintsika, rehefa mampiasa faharetana isika dia mitombo ihany koa ny finoantsika. Ary rehefa mitombo ny finoantsika, dia mitombo ihany koa ny fifaliantsika.

Tamin'ny martsa lasa teo dia voatery nanao fihibohana i Emma zanakay vavy faharoa, toy ireo misiônera n'ny Fiangonana maro. Maro ny misiônera nandeha nody. Maro ny misiônera niandry fanovana teo amin'ny misiônany. Maro no tsy nandray ireo fitahian'ny tempoly mialoha ny nandehanany tany amin'ny sahan'ny misiônany. Misaotra anareo ry misiônera lahy sy vavy isany. Tianay ianareo.

I Emma sy ny namana mpiaramanompo taminy tao Hôlandy dia nandalo fitsapana ara-pihetseham-po nandritra ireo herinandro maromaro voalohany—matetika izy ireo no latsa-dranomaso mihitsy. Nitombo ny fianteheran'i Emma tamin' Andriamanitra rehefa tsy dia nanana fahafahana ny hihaona mivantana mba hifanerasera aman'olona izy ary voafetra ny fahafahany nandeha tany ivelan'ny trano. Niara-nivavaka taminy tamin'ny alalan'ny internet izahay ary nangataka ny fomba ahafahanay manampy. Nangataka anay mba hifandray amin'ny alalan'ny internet amin'ireo namana izay ampianariny izy!

Nanomboka nifandray tsirairay tamin'ireo naman'i Emma tany Hôlandy ny fianakavianay. Nasainay hiaraka amin'ny fianakavianay izy ireo handalina ny *Avia, hanaraka Ahy* isan-kerinandro. Lasa namanay avokoa i Floor, Laura, Renske, Freek, Benjamin, Stal ary i Muhammad. Ny sasany amin'ireo namanay avy ao Hôlandy dia niditra ilay "vavahady ety" (3 Nefia 14:13). Ny sasany dia nampisehoana fa "ety ny lalana, ary tery ny vavahady izay tokony hidirany" (2 Nefia 31:9). Mpiray tampo amintsika ao amin'i Kristy izy ireo. Isan-kerinandro isika dia manatanteraka ny hoe "Raiso ho fifaliana [ny zava-drehetra]" rehefa miara-miasa amin'ny ezaka ataontsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Nanatanteraka ny hoe "Aoka ny faharetana hisy asa tanteraka" (Jakoba 1:4) isika rehefa tsy afaka nihaona nivantana ny fianakaviamben'ny paroasy misy antsika nandritra ny fotoana voafetra. Saingy raisintsika ho fifaliana ny fitomboan'ny finoan'ny fianakaviantsika amin'ny fifandraisana amin'ny alalan'ny teknôlôjia vaovao sy ny *Avia Hanaraka Ahy* fandalinana ny Bokin'i Môrmôna.

Nampanantena ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ny ezaka tsy tapaka ataonareo amin'io tanjona io, na dia mandritra ireo fotoana izay hahatsapanareo ho tsy mahomby aza, dia hanova ny fiainanareo sy ny an'ny fianakavianareo ary izao tontolo izao" ("Mandrosoa amim-pinoana," *Liahona,* mey 2020, 114).

Nikatona tsy maharitra ny toerana fanaovantsika fanekempihavanana masina amin' Andriamanitra—dia ny tempoly izany. Fa misokatra hatrany ny toerana fitandremantsika ireo fanekempihavanana amin' Andriamanitra—dia ny tokantrano izany! Ao an-tokantrano isika no manana fahafahana handalina sy hisaintsaina ny hatsarana miavak'ireo fanekempihavanan'ny tempoly. Na dia tsy afaka miditra ara-bakiteny ao amin'izany toerana masina izany aza isika, "ny fon[tsika] . . . dia hifaly fatratra tokoa noho ny fitahiana izay harotsaka" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:9).

Maro no very asa; ary ny hafa dia very fahafahana hanao zavatra. Na izany aza dia miara-paly amin'ny Filoha Nelson isika, izay nilaza vao haingana fa: "Nitombo tokoa ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina an-tsitrapo avy tamin' ireo mpikambana ao amintsika, sy ny fandraisana anjara an-tsitrapo ho an'ny vatsim-bola ho an'ny asa fanasoavana sy ny fanampiana olona. . . . Hiaraka handresy an'ity fotoan-tsarotra ity isika. Ny Tompo dia hitahy anareo eo ampanohizanareo ny fitahiana ny hafa" (Pejy Facebook an'i Russell M. Nelson, hafatra navoakany tamin'ny 16 aog. 2020, facebook.com/russell.m.nelson).



*Kuala Lumpur, Malaisie*

Ny didy avy amin' Andriamanitra dia hoe "matokia" fa tsy hoe matahora (Matio 14:27).

Indraindray dia lasa tsy manampaharetana isika rehefa mieritreritra fa isika dia "efa manao ny zava-drehetra araka ny tokony ho izy" nefa mbola tsy mahazo ny fitahiana izay iriantsika. Niara-nandeha tamin' Andriamanitra nandritra ny 365 taona i Enoka mialoha ny nakana azy sy ny vahoakany ka tsy nandalo fahafatesana. Niezaka nanao ny marina tamin'ny zava-drehetra nandritra ny dimy amby enim-polo sy telon-jato taona izy izay vao nitranga ilay izy! (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:49.)

Nitranga volana vitsivitsy monja taorian'ny nisaorana anay tamin'ny fiahiana ny misiônan'i Ogden Utah ny nahafatesan'i Chad, rahalahiko. Tena feno fahagagana fa fony izahay nipetraka tao atsimon'i Californie, raha ny misiôna 417 rehetra mety nandefasana anay tamin'ny 2015, dia notendrena hanompo tao avaratr'i Utah izahay. Vita 30 minitra monja amin'ny fiarakodia ny tranon'i Chad. Fantatra fa voan'ny homamiadana i Chad taorian'ny nandraisanay ny fanendrena anay hanao asa fitoriana. Fantatray fa niahy anay sy nanampy anay mba hahita fifaliana ny Raintsika any An-danitra na dia nandritra ny fotoana faran'izay sarotra aza.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny herin'i Jesoa Kristy Mpamonjy izay manavotra, manadio, mitondra fanetren-tena ary mitondra fifaliana. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mivavaka amin'ny Raintsika any An-danitra amin'ny anaran'i Jesoa isika dia hamaly antsika Izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mihaino sy manaraka ny feon'ny Tompo sy ny mpaminaniny velona, ny Filoha Russell M. Nelson, isika dia afaka "[hahatonga] ny faharetana hisy asa tanteraka," ary "[handray] ho fifaliana [ny zava-drehetra]." Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo

*Ny fotoam-pahoriana sy fahadisoam-panantenana dia tsy manova ny fitsimbinan'ny Tompo antsika tsy tapaka satria mijery sy mitahy antsika amim-pankasitrahana Izy.*

Indray andro, taona maro lasa izay, raha misiônera tanora niasa tao amina sampana kely tao amin'ny nosy kelin'i Amami Oshima, Japana izaho sy ny mpiara manompo tamiko dia faly ery rehefa nahafantatra fa hitsidika an'i Azia ny Filoha Spencer W. Kimball ary nasaina ho any Tôkyô daholo ny mpikambana sy ny misiônera rehetra tao Japana mba hihaino mivantana ny mpaminany tany amin'ny fihaonamben'ny vondrom-paritra iray. Nanomboka nanao drafitra tamim-pahadodonana hanatrika ilay fihaonambe ireo mpikambana tao amin'ny sampana sy izaho sy ny mpiara-mitory tamiko, izay mitaky ny hitaingenana sambo mandritra ny adiny 12 miampita ny Ranomasin'i Sina Atsinanana mankao amin'ny faritanin'i Japana, ary avy eo dia handehanana fiaran-dalamby adiny 15 mankany Tôkyô. Indrisy anefa fa tsy natao hitranga izany. Naharay hafatra avy amin'ny filohan'ny misiônanay izahay fa tsy ho afaka ny hanatrika ilay fihaonambe tany Tôkyô izaho sy ny mpiara-mitory tamiko noho ny halavirana sy ny fotoana.

Raha nanainga ho any Tôkyô ireo mpikamban'ilay sampana kelinay dia izahay kosa nijanona. Toa nangina sy banga ireo andro manaraka. Nanao fivoriana fanasan'ny Tompo irery tao amin'ilay trano fiangonana kely izahay, raha toa kosa ka nanatrika ilay fihaonambe ireo Olomasin'ny Andro Farany sy ireo misiônera tao Japana.



*Orem, Utah, Etazonia*

Nihamafy kokoa ny fahatsapako fahadisoam-panantenana rehefa nihaino tamim-pifaliana ireo mpikamban' ny sampana niverina avy any amin'ilay fihaonambe andro vitsy taty aoriana izay nitatitra fa nanambara tempoly iray haorina tao Tôkyô ny Filoha Kimball. Niresaka tamin-kafanam-po izy ireo teo am-pizarany ny fahatanterahan'ny nofinofiny. Nofariparitan'izy ireo ny tsy nahavitan'ireo mpikambana sy misiônera nihazona ny hafaliany, rehefa nahare ilay fanambarana tempoly, ka niara-nitehaka.

Taona maro izay no lasana, fa mbola tadidiko foana ny fahadisoam-panantenana tsapako raha tsy nandray anjara tamin'ilay fivoriana manan-tantara aho.

Tao anatin'ireo volana faramparany dia nieritreritra lalina momba io zavatra niainana io aho, rehefa nahita ny olona hafa niaina fahadisoam-panantenana lalina sy alahelo, mbola lehibe sy lalina lavitra noho ny ahy fony aho misiônera tanora, izay nentin'ny valanaretina maneran-tany COVID-19.

Tamin'ny fiandohan'ity taona ity, rehefa niparitaka haingana ilay valanaretina, dia nampanantena ny Fiadidiana Voalohany fa "ny Fiangonana sy ny mpikambana ao aminy dia haneho ny fanoloran-tenantsika mba ho olom-pirenena vanona sy ho mpiara-monina mahafinaritra"[1] ary "hampiasa fitandremana lehibe."[2] Noho izany dia niainantsika ny fampiatoana ireo fivoriam-piangonana maneran-tany, ny fiverenan'ny antsasa-manila maherin'ireo andian-tafika misiôneran'ny Fiangonana, ary ny fikatonan'ireo tempoly rehetra manerana ny Fiangonana. An'arivony taminareo no niomana ny hiditra ny tempoly hanao ôrdônansy ho an'ny velona, isan'izany ny famehezana ao amin'ny tempoly. Ny sasany taminareo dia nahavita mialoha ny fanompoanareo tamin'ny naha-misiônera anareo na nisaorana vetivety dia nomena antso vaovao.

Nandritra io fotoana io dia nanakatona ireo sekoly ireo mpitondra fanjakana sy mpitantana sekoly, izay nanova ireo fahavitana fianarana noho izany ary niteraka ny tsy maintsy

nanafoanana ireo hetsika ara-panatanjahan-tena, ara-tsôsialy, ara-kolontsaina ary ireo hetsika sy atrikasa mifandray amin'ny sekoly. Maro taminareo no niomana handray anjara amina hetsika izay tsy natrehana na hanao fifaninanana izay tsy re izay tohiny na niomana tamin'ireo fotoana fanaovana fanatanjahan-tena izay tsy notanterahina.

Ary mbola mampalahelo noho izany ny fieritreretana ireo fianakaviana izay namoy havan-tiana nandritra ity fotoana ity. Tsy afaka nanao fotoampandevenana na fiaraha-mivory hanehoana fitiavana araka izay nantenainy ny ankamaroany.

Raha fintinina,dia be dia be taminareo no niaina fahadisoam-panantenana sy alahelo ary fahakiviana izay nahavaky fo. Koa ahoana ary no hahasitranatsika sy hahareantsika ary handrosoantsika rehefa toa rava ireo zavatra manodidina antsika?

Ny mpaminany Nefia dia nanomboka nisokitra ireo takelaka kely rehefa lasa lehilahy lehibe izy. Rehefa nanao jery todika ny fiainany sy ny fanompoany izy dia nisaintsaina tamin'ny fomba manan-danja momba ny andininy voalohany indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Io andininy io dia maneho fitsipika manan-danja tokony hodinihantsika amin'izao androntsika izao. Aorian'ilay teniny tsy zoviana hoe "Izaho Nefia, noho izaho nateraka ray aman-dreny tsongoin' olom-bolo . . . ," dia nanoratra izy hoe "ary rehefa nahita fahoriana betsaka aho tamin'ny androko, dia nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo ihany koa aho tamin'ny androko rehetra"[3]

Noho isika mpianatra ny Bokin'i Môrmôna, dia maro amin'ireo fahoriana noresahan'i Nefia no fantatsika tsara. Kanefa taorian'ny nanekeny ny fisian'ireo fahoriany tamin'ny androny, dia nizara ny fomba fijeriny araka ny filazantsara i Nefia fa nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo tamin'ny androny rehetra izy. Ny fotoam-pahoriana sy fahadisoam-panantenana dia tsy manova ny fitsimbinan'ny Tompo antsika tsy tapaka satria mijery sy mitahy antsika amim-pankasitrahana Izy.

Vao haingana izaho sy i Lesa no tafiaraka tamin'ny misiônera 600 teo ho eo tany Australie tamin'ny fivoriana iray natao tamin'ny alalan'ny teknôlôjia ka ny ankamaroan'izy ireo dia nanaraka fepetra sasantsasany noho ny fihibohana na famerana mifandray amin'ny COVID-19 ary maro amin'izy ireo no nitory avy tao amin'ny trano hipetrahan'izy ireo. Niara-nandinika ireo olona ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny Bokin'i Môrmôna, ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izahay izay notahian'ny Tompo mba hanatanteraka zavatra lehibe tao anatin'ny fahoriana. Izy rehetra dia nofaritana bebe kokoa tamin'ny alalan'ny zavatra azon'izy ireo natao niaraka tamin'ny fanampian'ny Tompo, fa tsy tamin'ny alalan'ny zavatra tsy azony natao vokatry ny fihibohany sy famerana ny zavatra azony natao.

Mamaky momba an'i Paoly sy i Silasy isika, izay na dia nogadraina tamin'ny hazo teo amin'ny tongony aza, dia nivavaka, nihira, nampianatra, nijoro ho vavolombelona, ary nanao batisa ireo gadra mihitsy aza.[4]

Dia mbola momba an'i Paoly ihany, tao Rôma, izay tsy navela nivoaka ny tranony nandritra ny roa taona, ka nandritra izany fotoana izany, dia nanohy "nilaza sy nanambara . . . ny fanjakan' Andriamanitra,"[5] sy "nampianatra ny amin'i Jesosy Kristy Tompo"[6] tsy tapaka izy.

Momba an'i Nefia sy i Lehia, zanakalahin'i Helamàna, izay rehefa avy nanaovana herisetra sy nogadraina dia nohodidinin'ny afo niaro azy ireo rehefa "nandoaka na dia hatrany amin'ny aty fanahy aza" ilay "feo malefaka sy tony tantera[ky ny Tompo.]"[7]

Momba an'i Almà sy i Amioleka tao Amônihà, izay nahita fa maro "no nino . . . sy nanomboka nibebaka ary nandinika ny soratra masina,"[8] na dia nesoina sy tsy nomena sakafo, rano, na fitafiana azy izy ireo tamin' izany, nofatorana sy nahiboka tao am-ponja.[9]

Ary farany dia momba an'i Joseph Smith, izay, nandritra ny fijaliany mafy tao amin'ny fonjan'i Liberty, dia nahatsapa ho navela irery sy nafoy,


*Guatemala City, Guatemala*

ka naheno ny tenin'ny Tompo nanao hoe: "ireo zavatra . . . ireo dia . . . ho soa ho anao"[10] ary "homba anao mandrakizay . . . Andriamanitra."[11]

Ny tsirairay amin'izy ireo dia nahatakatra ny zavatra fantatr'i Nefia: hoe na dia nahita fahoriana betsaka aza izy ireo tamin'ny androny, dia nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo izy ireo.

Azontsika faritana ho miaina zavatra mitovy amin'izany koa isika amin'ny maha-mpikambana antsika tsirairay avy sy amin'ny maha-fiangonana antsika noho ny nahitantsika sitraka fatratra tamin'ny Tompo nandritra ireo fotoantsarotra nolalovantsika tao anatin'ireo volana maromaro lasa. Eo am-pitanisako ireo ohatra ireo dia avelao ihany koa izy ireo hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona anananareo amin' ny maha-mpahita ny mpaminanintsika velona, izay nanomana antsika tamin'ny fanovana maro talohan'ny nitrangan'izay mety ho famantarana momba ny fisian'ny valanaretina iray, ka nahatonga antsika afaka niaritra ireo zava-tsarotra izay tonga teo.

Voalohany: **lasa mifototra kokoa amin'ny tokantrano sy tohanan'ny Fiangonana.**

Roa taona lasa izay dia hoy ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Efa

zatra isika mieritreritra ny -fiangonana- ho toy ny zavatra izay miseho ao anatin' ireo trano fivoriantsika ary hamafisin' ireo zavatra miseho any an-tokantrano. Ilaina ny hanaovantsika fanovana an' izany lamina izany. . . . Dia *Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano,* izay hamafisin' ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangona[ntsika]."[12] Izany ka tena fanovana avy amin'ny faminaniana! Ny fianarana ny filazantsara mifototra amin'ny ao an-tokantrano dia nampiharina tao anatin'ny fikatonan'ireo trano fiangonana nandritra ny fotoana tsy maharitra. Na dia manomboka miverina amin'ny laoniny aza izao tontolo izao ary miverina any amin'ireo trano fiangonana isika, dia ho tiantsika ny hihazona ireo lamina mifototra amin'ny ao an-tokantrano momba ny fandalinana sy ny fianarana ny filazantsara izay novolavolaina nandritra ilay valanaretina.

Ny ohatra faharoa amin'ny fahazoana sitraka fatratra amin'ny Tompo dia ny fanambarana mikasika ny fanompoana **amin'ny fomba ambony sy masina kokoa.**

Tamin'ny 2018 ny Filoha Nelson dia nampahafantatra ny fanompoana ho fanovana "ny fomba hifanompoa[ntsika]."[13] Ilay valanaretina dia nitondra fahafahana maro hanatsarana ny fahaizantsika manompo. Ireo rahalahy sy rahavavy mpanompo, sy ireo zatovovavy ary zatovolahy, sy ireo olona hafa dia nanolo-tanana mba hanome fifandraisana, fifampiresahana, fikarakarana zaridaina, hanome sakafo, hafatra amin'ny alalan'ny teknôlojia, ary ny ôrdônansy masin'ny fanasan'ny Tompo mba hitahiana ireo izay sahirana. Ny Fiangonana manokana dia nanompo ny hafa ihany koa nandritra ilay valanaretina tamin'ny fizarana tsy mbola nisy toy izany ireo zavatra ilaina andavanandro tany amin'ireo toerana fitehirizana sakafo, toeram-pialofana ho an'ny tsy manan-kialofana, sy ireo ivon-toerana mpanampy ny mpifindra monina ary tamin'ireo tetikasa natao manokana mba hiatrehana ny mosary tena mafy indrindra eto amin'izao tontolo izao. Nanaiky ny fanamby mba hanamboatra aro tava an-tapitrisany ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny fianakaviany.


*Kuala Lumpur, Malaisie*

Ny ohatra farany amin'ny hoe voatahy ao anatin'ny fahoriana dia ny **fahazoana fifaliana mihoa-pampana amin'ny fiverenan'ireo ôrdônansin'ny tempoly.**

Misy tantara iray mahalaza tsara izany. Rehefa nahazo ny antsony hanao asa fitoriana Rahavavy Kaitlyn Palmer ny aprily lasa teo, dia faly ery izy nantsoina ho misiônera, saingy nahatsapa ihany koa fa manan-danja sy miavaka ny fankanesana any amin'ny tempoly mba handray ny fanafiana masiny sy hanao fanekempihavanana masina. Fotoana fohy taorian'ny namandrihany ny fotoana hanaovana ny fanafiana masiny, dia nivoaka ilay fanambarana fa hikatona mandritra ny fotoana voafetra ny tempoly rehetra noho ilay valanaretina maneran-tany. Taorian'ny nandrenesany io vaovao mampalahelo io dia nampahafantarina azy avy eo fa amin'ny alalan'ny teknôlôjia avy ao an-tranony no hanatrehany ny Ivontoerana Fanofanana Misiônera. Na dia teo aza ireo fahadisoam-panantenana ireo dia nifantoka tamin'ny fanantenana zavatra tsara i Kaitlyn.

Tao anatin'ireo volana nialoha ny fandehanany dia mbola nanantena hatrany ny ho any amin'ny tempoly Rahavavy Palmer. Nifady hanina sy nivavaka ny fianakaviany mba hisokafan'ny tempoly alohan'ny hiaingany. Hoy i Kaitlyn isaky ny nanomboka ny Ivontoerana Fanofanana Misiônera isa-maraina nataony tao an-trano hoe: "Sao dia androany ary ilay andro hahazoantsika fahagagana dia hiverina hisokatra ny tempoly?"

Ny 10 aogositra dia nanao filazana ny Fiadidiana Voalohany fa hisokatra ny tempoly tokony halehan'i Kaitlyn mba hanaovana ôrdônansy ho an'ny velona amin'ilay andro izay nametrahana ny fotoan'ny sidina vao maraina hankanesany any amin'ny misiônany mihitsy. Tsy afaka sady ho any amin'ny tempoly izy no handray ilay sidina. Noho ny fanantenany sao hahomby ihany, dia nifandray tamin'i Michael Vellinga filohan'ny tempoly ny fianakaviany mba hijerena raha misy fomba hahatanterahan'ilay fahagagana izay nentin'izy ireo am-bavaka. Novaliana ny fifadian-kanina sy ny vavak'izy ireo!

Tamin'ny 2 maraina, ora vitsy talohan'ny hiaingan'ny sidina hitondra azy, dia noarahabain'ilay filohan'ny tempoly nitsikitsiky teo am-baravaran'ny tempoly Rahavavy Palmer sy ny fianakaviany, izay latsa-dranomaso, tamin'ny teny

hoe: "Manahoana ry Palmer mianakavy. Tonga soa eto amin'ny tempoly!" Rehefa nahavita ny fanafiana masiny izy dia namporisihina izy ireo handeha haingana satria efa niandry tao ambaravaran'ny tempoly ny fianakaviana manaraka. Nandeha haingana tany amin'ny seranam-piaramanidina izy ireo ary tonga mihitsy tamin'ny fotoana handraisany ny sidina mankany amin' ny misiônany.

Ireo ôrdônansin'ny tempoly izay tsy azontsika notanterahina tao anatin'ny volana maro dia toa hiavaka kokoa noho izay niheverantsika azy teo aloha rehefa mifandimby misokatra ireo tempoly manerana izao tontolo izao.

Eto am-pamaranako dia mba henoy ireo tenin'ny Mpaminany Joseph Smith izay mamporisika, feno hafanam-po, ary mankahery. Tsy hisy hahafantatra mihitsy hoe izany teny izany dia nosoratany tao anatin'ny fahoriana sy fitokana-monina, tratran' ny an-tery sy ny fameperana hijanona tao amina trano iray tao Nauvoo, niafina mba tsy ho hitan'ireo izay nikatsaka ny hisambotra azy tsy ara-dalàna:

"Ankehitriny, inona no rentsika ao amin'ny filazantsara izay efa noraisintsika? Feon'ny fifaliana! Feon'ny famindram-po avy any an-danitra; ary feon'ny fahamarinana avy ao amin'ny tany; vaovao mahafaly ho an'ny maty; ny feon'ny fifaliana ho an'ny velona sy ny maty; vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe. . . .

". . . Tsy hitozo ao amin' ity tanjona lehibe tokoa ity va isika? Andeha handroso fa tsy hihemotra. Mahereza. . . . dia mandrosoa, mandrosoa mankamin'ny fandresena! Aoka hiravoravo ny fonareo ary ho faly fatratra tokoa. Aoka ny tany hamelona hoby."[14]


Villa Alemana, Grand Valparaíso, Chili


Due Carrare, Padoue, Italie

Ry rahalahy sy ranabavy, mino aho fa indray andro any ianareo tsirairay avy dia hahatsiaro ireo hetsika nofoanana sy ny alahelo, ny fahadisoam-panantenana, ary ny fanirery nifandray tamin'ireo fotoana feno fanamby izay atrehantsika dia hahatakatra fa voasaron'ireo fitahiana soa indrindra sy finoana ary fijoroana ho vavolombelona nitombo izany. Mino aho fa eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny fiainana ho avy, ireo fahorianareo, ny Amônihà anareo, ny Fonjan'i Liberty anareo, dia hatokana ho tombontsoanareo.[15] Mivavaka aho mba ho ekentsika, tahaka an'i Nefia, ireo fahoriana betsaka eo amin'ny androntsika no sady ho takantsika fa mahita sitraka fatratra tokoa amin'ny Tompo isika.

Faranako amin'ny fijoroako ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, izay tsy vahiny tamin'ny fahoriana ary ampahany tamin'ny Sorompanavotany tsy misy fetra ny fidinany tambanin'ny zava-drehetra.[16] Mahatakatra ny alahelontsika sy ny fanaintainantsika ary ny fahakiviantsika Izy. Izy no Mpamonjy, Mpanavotra, fanantenantsika, fampiononana ho antsika ary ilay Mpanafaka antsika. Izany dia ijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 16 apr. 2020.
2. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 19 mey 2020.
3. 1 Nefia 1:1.
4. Jereo ny Asan'ny Apostoly 16:24–33.
5. Asan'ny Apostoly 28:23.
6. Asan'ny Apostoly 28:31.
7. Helamàna 5:30.
8. Almà 14:1.
9. Jereo ny Almà 14:22.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9.
12. Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 7.
13. Russell M. Nelson, "Ndao handroso hatrany," *Liahona,* mey 2018, 118.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:19, 22.
15. Jereo ny 2 Nefia 2:2.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:8.



Nataon'i Milton Camargo
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany*

# Mangataha, mitadiava, ary dondòny

*Ampahany iray manan-danja amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ny fahafahana mifandray Aminy amin'ny fotoana rehetra izay itiavantsika izany.*

Efa-bolana lasa izay tao anatin'ny fandalinako ny soratra masina dia namaky momba ny iraka notanterahin'i Almà tany Amônihà aho ka tonga tamin'ireto sosokevitra ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* ireto: "Eo am-pamakianao momba ireo fitahiana lehibe nomen' Andriamanitra ireo vahoakan'i Nefia (jereo ny Almà 9:19–23), dia saintsaino ireo fitahiana lehibe izay efa nomeny anao."[1] Nanapa-kevitra ny hanao listr'ireo fitahiana nomen' Andriamanitra ahy aho ary nanoratra izany tao amin'ny boky torolalako elektrônika. Tao anatin'ny minitra vitsy dia nahavoatanisa fitahiana miisa 16 aho.

Ny tena manan-danja indrindra tamin'izany dia ny fitahian'ny famindrampon'ny Mpamonjy sy ny sorona nataony ho fanavotana ahy. Nanoratra ny fitahiana izay nananako ihany koa aho tamin'ny nisoloako tena ny Mpamonjy fony aho misiônera tanora tany Portugal sy niaraka tamin'i Patricia vady malalako mandrakizay tao amin' ny Misiônan'i Porto Alegre Atsimo, Brésil, izay nanompoanay misiônera matanjaka sy mahatalanjona miisa 522. Raha niresaka momba an'i Patricia dia fitahiana niarahanay nisitraka nandritra ny 40 taona naha-mpivady anay no fitahiana nosoratako, tafiditra amin' izany ny famehezana anay tao amin'ny tempolin'i São Paulo, Brésil, ireo zanakay telo mahafinaritra, ny vadin'izy ireo, ary ireo zafikelinay 13.

Nitodika tany amin'ireo ray amandreniko izay marin-toetra ihany koa ny eritreritro, izay nanabe ahy tao anatin'ireo fitsipiky ny filazantsara.



*Sugar City, Idaho, Etazonia*

Tsaroako manokana ny fotoana iray izay niarahan'ny reniko be fitiavana nandohalika tamiko mba hivavaka teo anilako fony aho 10 taona. Mety nahatsapa izy fa raha natao ho tonga any amin'ny Ray any An-danitra ny vavaka ataoko dia nila nohatsaraina. Koa hoy izy: "Izaho aloha no hivavaka voalohany, dia rehefa vita ny vavaka ataoko, dia mivavaka ianao." Notohizany izany fomba izany nandritra ny alina maro, mandrapahazoany antoka fa nianatra ny fomba firesahana amin' ny Ray any An-danitra aho tamin'ny alalan'ny fitsipika sy fampiharana. Feno fankasitrahana azy mandrakizay aho noho ny nampianarany ahy nivavaka, satria nianatra aho fa mihaino ny vavaka ataoko ny Ray any An-danitra ary mamaly azy ireny.

Eny tokoa, izany no fitahiana iray hafa nampidiriko tao amin'ilay lisitra nataoko, dia ilay fanomezam-pahasoavana ahafahana mandre sy mianatra ny sitrapon'ny Tompo. Ampahany iray manan-danja amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ny fahafahana mifandray Aminy amin'ny fotoana rehetra izay itiavantsika izany.

### Fanasana avy amin'ny Tompo

Rehefa nitsidika an'i Amerika ny Mpamonjy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia namerimberina fanasana izay nomeny an'ireo mpianany tao Galilea Izy. Hoy izy:

"Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondòny, dia hovohana ianareo.

"Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana" (3 Nefia 14:7–8; jereo koa ny Matio 7:7–8).

Ny mpaminanintsika, Filoha Russell M. Nelson, dia nanome fanasana mitovy amin'izany amin'izao androntsika izao. Hoy izy: "Mivavaha amin'ny anaran'i Jesoa Kristy momba ny zavatra manahirana ny sainareo, ny tahotrareo, ny fahalemenareo, eny, ny zavatra tena irin'ny fonareo. Dia mihainoa avy eo! Soraty ny eritreritra izay tonga ao an-tsainareo. Raketo an-tsoratra ny zavatra tsapanareo ary

araho asa izay bitsihin'ny Fanahy aminareo fa tokony hataonareo. Rehefa mamerimberina izany dingana izany ianareo isan'andro, isam-bolana, ary isan-taona, dia -hitombo ny fahaizanareo mampihatra ny fitsipiky ny fanambarana.-"[2]

Dia nampian'ny Filoha Nelson hoe: "Ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka."[3]

Nahoana ny fanambarana no tena manan-danja torak'izany ho an'ny fiveloman'ny fanahintsika? Satria mety hampisafotofoto sy be fitaomana izao tontolo izao, feno fitaka sy zavatra mahavariana. Ny fifandraisantsika amin'ny Raintsika any An-danitra dia manome fahafahana antsika hanavaka ny marina sy ny diso, izay manan-danja amin'ny drafitry ny Tompo sy izay tsy manan-danja aminy. Mety ho henjana sy mandratra fo ihany koa izao tontolo izao. Saingy rehefa manokatra ny fontsika isika ao anatin'ny vavaka, dia hahatsapa ilay fankaherezana izay avy amin'ny Raintsika any An-danitra isika, sy ilay fahazoana antoka fa tia antsika sy manome lanja antsika Izy.


*Lotopa, Samoa*

### Mangataha

Nilaza ny Tompo fa "izay rehetra mangataka no mahazo." Toa mora ny mangataka, kanefa mahery vaika izany satria mamboraka ny faniriantsika sy ny finoantsika izany. Mila fotoana sy faharetana anefa ny mianatra mahatakatra ny feon'ny Tompo. Mihaino tsara ireo eritreritra sy fahatsapana izay tonga ao an-tsaintsika sy ao ampontsika isika, dia soratantsika izany, araka ny nanoroan'ny mpaminanintsika azy. Ny firaketana ireo fahatsapana voaraintsika dia ampahany manan-danja amin'ny fandraisana. Manampy antsika hahatsiaro sy hamerina hijery ary hahatsapa indray ny zavatra izay ampianarin'ny Tompo antsika izany.

Vao tsy ela ny olon-tiana iray no nilaza tamiko hoe: "Mino ny fahamarinan'ny fanambarana manokana aho. Mino aho fa hasehon'ny Fanahy Masina ahy daholo ny zavatra rehetra tokony hataoko.[4] Mora ny mino rehefa mahatsapa ny tratrako mafanan'ny fahare-sen-dahatra tsy am-pisalasalana aho.[5] Saingy ahoana no ahafahako manana ny Fanahy Masina miresaka amiko amin'izany fomba izany hatrany?"

Ho an'ilay olon-tiako, sy ho anareo rehetra, dia te hilaza aho fa izaho koa dia maniry ny hahatsapa tsy tapaka ireo fahatsapana matanjaka avy amin'ny Fanahy ireo ka hahita foana mazava tsara ny lalana tokony harahina. Saingy tsy izany no izy. Na izany aza anefa, ny zavatra mety ho tsapantsika matetika kokoa dia ilay feo tony sy malefaky ny Tompo mibitsika ao an-tsaintsika sy ny fontsika manao hoe: "Eto Aho. Tiako ianao. Tohizo ary ataovy izay tsara indrindra vitanao. Hanohana anao aho." Tsy voatery ho mila mahafantatra sy mahita ny zava-drehetra foana isika.

Ilay feo tony sy malefaka no manamafy sy mamporisika ary mankahery, ary amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia izay ihany no ilaintsika. Tena misy ny Fanahy Masina, ary tena misy ny fahatsapana azo avy Aminy, na ny lehibe izany na ny kely.

### Mitadiava

Dia notohizan'ny Tompo ny fampanantenany hoe: "Izay rehetra mitady no mahita." Tafiditra ao amin'ny hoe mitady ny ezaka atao ara-tsaina sy ara-panahy: fisaintsainana, fitsapana, fanandramana, ary fandalinana. Mitady isika satria matoky ireo fampanantenan'ny Tompo. "Fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy" (Hebreo 11:6). Rehefa mitady isika, dia manaiky amim-panetrentena fa mbola manana zavatra maro tokony hianarana, dia hampivelatra ny fahatakarantsika ny Tompo, hanomana antsika handray misimisy kokoa. "Nefa indro, izao no lazain'ny Tompo Andriamanitra: Hanome ny zanak'olombelona andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra Aho, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely; . . . fa izay mandray no homeko bebe kokoa" (2 Nefia 28:30).

### Dondòny

Farany dia nilaza ny Tompo hoe: "Izay mandondòna no hovahana." Ny mandondòna dia manao zavatra



*Salzbourg, Autriche*

am-pinoana. Rehefa mavitrika manaraka Azy isika, dia sokafan'ny Tompo ny lalana eo anoloantsika. Misy fihirana iray izay mampianatra antsika hoe "mitsangàna ary manaova bebe kokoa mihoatra noho ny manonofy miandrandra ny lanitra. Fahafinaretana ny fanaovan-tsoa, fifaliana tsy hita noanoa."[6] Nanazava ny Loholona Gerrit W. Gong ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa matetika ny fanambarana dia tonga eo ampanaovantsika soa. Hoy izy: "Rehefa miezaka manolo-tanana amin'ny alalan'ny fanompoana ireo manodidina antsika isika, dia mino aho fa manome antsika ny fitiavany azy ireo bebe kokoa Izy ary noho izany dia ny fitiavany antsika koa. Mieritreritra aho fa mandre ny feony isika, mahatsapa Azy amin'ny fomba hafa isika, rehefa mivavaka mba hanampy ireo manodidina antsika satria izany no anisan'ireo vavaka izay tiany valiana indrindra."[7]

### Ohatra nasehon'i Almà

Io sosokevitra tsotra tao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* mba hieritreritra momba ireo fitahiana io dia nitondra fanahy mahafinaritra sy hevi-baovao ara-panahy tsy nampoizina. Raha nanohy namaky momba an'i Almà sy ny asa fanompoany tao Amônihà aho dia nahita aho fa i Almà dia manome ohatra tsara ny amin'ny dikan'ny hoe mangataka sy mitady ary mandondòna. Mamaky isika hoe "Niasa am-panahy fatratra i Almà, nifampitolona tamin' Andriamanitra tamin'ny faherezana nivavaka mba handatsahany ny fanahiny amin'ny mponina." Tsy novaliana araka ny fomba nantenainy anefa io vavaka io, dia voaroaka avy tao amin'ilay tanàna i Almà. Raha "nivesatra alahelo" i Almà dia efa saika hilavo lefona izy no nitondra hafatra ho azy ny anjely iray nanao hoe: "Hotahiana anie ianao ry Almà; koa andrandrao ny lohanao ary miravoravoa, fa manana antony lehibe hiravoana ianao." Dia nilaza taminy ilay anjely mba hiverina tany Amônihà ka hanandrana indray, dia "niverina faingana" i Almà.[8]

Inona no ianarantsika avy amin'ny Almà momba ny hoe mangataka sy mitady ary mandondòna? Mianatra isika fa ny vavaka dia mitaky asa ara-panahy, ary tsy voatery hitondra mankany amin'ny vokany antenaintsika foana izany. Saingy rehefa mahatsapa ho kivy isika, na vesaran'alahelo, dia manome fankaherezana sy tanjaka ho antsika amin'ny fomba hafa ny Tompo. Mety tsy hamaly ny fanontaniantsika rehetra Izy, na hamaha eo noho eo ny olantsika rehetra, fa mamporisika antsika kosa anefa Izy mba hanohy hatrany ny ezaka ataontsika. Rehefa mampifanaraka avy hatrany ny drafitsika amin'ny drafiny isika avy eo, dia hosokafany ny lalana ho antsika, tahaka ny nataony tamin'i Almà.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny filazantsara. Afaka misitraka ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika eo amin'ny fiainantsika. Manana ny soratra masina malalaka ho antsika isika. Tarihin'ny mpaminany isika izay mampianatra antsika ny sitrapon'ny Tompo ho an'ny fotoan-tsarotra izay iainantsika. Ho fanampin'izany dia afaka mahazo avy hatrany ny fanambarana ho an'ny tenantsika manokana isika, mba hahafahan'ny Tompo mankahery sy mitarika antsika manokana. Araka ny nolazain'ilay anjely tamin'i Almà hoe manana "antony lehibe hiravoana" isika (Almà 8:15). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana: Bokin'i Môrmôna 2020* (2019), 91.
2. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95; teny nalaina tao amin`ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 132.
3. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," 96.
4. Jereo ny 2 Nefia 32:5.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8.
6. "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223.
7. "How I #HearHim: Elder Gerrit W. Gong" (video), ChurchofJesusChrist.org/media.
8. Jereo ny Almà 8:10–18.



Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Hanao ny marina sy ho tia famindrampo ary hanaraka an' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena

*Ny hoe manao ny marina dia midika hoe manao asa am-pahamendrehana. Manao asa amim-pahamendrehana amin' Andriamanitra isika rehefa miara-mamindra Aminy amim-panetren-tena. Manao asa amim-pahamendrehana amin'ny hafa isika rehefa mankamamy ny famimdrampo.*

Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesoa Kristy antsika, ary amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia miezaka isika—ary ankeherezina hiezaka—ny hanao tsaratsara kokoa hatrany.[1] Efa nanontany tena toa ahy angamba ianareo nanao hoe: "Moa ve ampy ny zavatra ataoko?" Inona koa no tokony hataoko? na "Ahoana no ahafahako, izaho izay olona tsy tonga lafatra, ho mendrika ny hiaina –miaraka amin' Andriamanitra ao anatin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana–?"[2]

Tamin'izao fomba izao no nametrahan'i Mika, mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha an'izany fanontaniana izany: "Inona no ho entiko manatona an'i Jehovah sy miondrika eo anatrehan' Andriamanitra Izay any amin'ny avo?"[3] Nanontany tena tamin' ny fomba somary naneso i Mika raha toa ka mety ho ampy hanonerana ny fahotana ireo fanatitra mihoa-pampana raha nilaza izy hoe: "Ho sitrak'i Jehovah va ny ondrilahy [arivoarivo], na renirano diloilo iray alina? Hanolotra ny lahimatoako . . . noho ny fahotan'ny fanahiko?"[4]

Tsia no valiny. Tsy ampy ny asa tsara. Tsy tambin-javatra iray ny famonjena.[5] Na ireo fanatitra sesehena izay fantatr'i Mika aza dia tsy afaka manonitra ny fahotana bitika indrindra. Raha ireo fitaovana ananantsika ihany dia tsy misy fanantenana ny mety hiverenana hiaina eo anatrehan' Andriamanitra.[6]

Raha tsy eo ireo fitahiana avy amin' ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia tsy afaka hanao izay ampy sy ho tonga olona ampy araka ny tenantsika na oviana na oviana isika. Ny vaovao mahafaly anefa dia afaka ny ho tonga olona ampy isika noho i Jesoa Kristy sy amin'ny alalany.[7] Hovonjena amin' ny fahafatesana ara-batana ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fahasoavan' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fahafatesana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty.[8] Ary raha mampitodika ny fontsika amin' Andriamanitra isika dia ho azon'ny olona rehetra ny famonjena amin'ny fahafatesana ara-panahy "noho ny Sorompanavotana nataon'i [Jesoa] Kristy . . . amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara."[9] Afaka ny ho avotana amin'ny fahotana isika mba hijoro ho madio sy tsy misy pentina eo anoloan' Andriamanitra. Araka ny nohazavain'i Mika hoe: "Ry olombelona, efa naseho[n'Andriamanitra] anao izay tsara sy izay ilain'i Jehovah aminao dia izao ihany: ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo ary hanaraka an' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena?"[10]

Ahitana singa telo mifaningotra ny torolalan'i Mika amin'ny fampitodihana ny fontsika amin' Andriamanitra sy ny ho mendrika ny famonjena. Ny hoe *manao ny marina* dia midika hoe manao asa amim-pahamendrehana amin' Andriamanitra sy amin'ny olona hafa. Manao asa amim-pahamendrehana amin' Andriamanitra isika rehefa miara-mamindra Aminy amim-panentren-tena. Manao asa amim-pahamendrehana amin'ny hafa isika rehefa mankamamy ny famimdrampo. Ny hoe *manao ny marina* araka izany dia tena fampiharana ireo didy lehibe voalohany sy faharoa: ny "[hitia] an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra . . . [ary ny hitia] ny namanao tahaka ny tenanao."[11]

Ny *manao ny marina* sy *manaraka an' Andriamanitra amim-panetren-tena* dia ny manaisotra an-tsitrapo ny tanantsika amin' ireo faharatsiana ka manaraka ireo fitsipiny, ary mitoetra ho mahatoky tanteraka.[12] Ny atao hoe olo-marina dia olona iray miala amin'ny fahotana ka mitodika amin' Andriamanitra, sy manao fanekempihavanana Aminy, ary mitandrina an'ireo fanekempihavanana ireo. Misafidy ny hitandrina ireo didin' Andriamanitra, sy mibebaka rehefa solafaka, ary manohy miezaka izany olo-marina izany.

Rehefa nitsidika ireo Nefita i Kristy nitsangana tamin'ny maty dia nohazavainy fa ny lalàn'i Mosesy dia nosoloina lalàna ambonimbony kokoa. Nampianatra azy ireo Izy mba tsy "hanatitra . . . sorona sy . . . fanatitra hodorona" intsony, fa "fo torotoro sy ny fanahy manenina." Nampanantena ihany koa Izy hoe: "Ary na zovy na zovy no mankaty Amiko amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, dia izy no hataoko batisa amin'ny afo sy ny Fanahy Masina."[13] Rehefa mandray sy mampiasa ny fanomezana ny Fanahy Masina isika aorian'ny batisa dia afaka mankamamy ny finamanana tsy tapaky ny Fanahy Masina sy hampianarina ny zavatra rehetra tokony hataontsika,[14] anisan'izany ny fomba hanarahana an' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena.

Ho an'ny olona rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina toy izany ny sorona nataon'i Jesoa ho an'ny fahotana sy ny famonjeny amin'ny fahafatesana ara-panahy.[15] Mamporisika antsika mba hibebaka amim-pifaliana sy hiezaka ny ho tonga tahaka ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy bebe kokoa ny fo torotoro sy fanahy manenina. Rehefa manao izany isika dia mandray ny herin'ny Mpamonjy izay manadio sy manasitrana ary mampatanjaka. Tsy manao ny marina sy miaraka amin' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena fotsiny isika fa mianatra ihany koa ny ho tia famindrampo araka ny fomba itiavan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

Andriamanitra dia mifaly amin' ny famindrampo ary dia tsy mitana lolom-po amin'ny fampiasana izany Izy. Araka ny tenin'i Mika tamin'i Jehovah hoe: "Iza no Andriamanitra tahaka Anao, izay mamela heloka, . . . hamindra fo amintsika," ary "[hanary] . . . any amin'ny ranomasina lalina ny fahotana rehetra."[16] Ny hoe tia famindrampo dia mifandray tsy misaraka amin'ny fanaovana ny marina amin'ny hafa sy ny tsy fanaovan-dratsy amin'izy ireo.

Nasongadina ao amin'ny fanoharana momba an'i Hillel ilay Loholona, mpampianatra mpikaroka jiosy iray izay niaina tamin'ny taonjato voalohany talohan'i Kristy ny lanjan'ny tsy fanaovan-dratsy amin'ny hafa. Kivy tamin'ny fahasarotan'ny Torah—ireo boky dimin'i Mosesy miaraka amin' ireo didy 613 ao aminy sy ireo rakitsoratr'ireo raby mifanaraka amin' izany—ny iray tamin'ireo mpianatr'i Hillel. Nanome fanamby an'i Hillel ilay mpianatra mba hanazava ny Torah ka hampiasa fotsiny ihany ny fotoana ahafahan'i Hillel mijoro amin'ny tongotra iray monja. Mety hoe tsy nahay nihilangilana tsara i Hillel kanefa nanaiky ilay fanamby izy. Nitanisa ny Levitikosy izy nanao hoe: "Aza mamaly ratsy na manao lolompo amin'izay iray firenena aminao: fa tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[17] Dia nofaranan'i Hillel hoe: "Izay halanao dia aza atao amin'ny namanao. Izay no Torah iray manontolo. Fanampinampin-javatra ny ambiny. Mandehana ary halalino."[18]

Ampahany amin'ny famindrampo feno fitiavana ny fanaovan-javatra amim-pahamendrehana hatrany miaraka amin'ny hafa. Saintsaino ny resadresaka sendra henoko am-polo taonany maro lasa izay tao amin'ny departemantan'ny vonjy taitra tao amin'ny Hopitaly Johns Hopkins tao Baltimore Maryland, any Etazonia. Lehilahy be fanajana sy nahafinaritra fantatry ny mpiasan'ny hopitaly tsara Atoa Jackson, izay marary iray. Efa naiditra hopitaly imbetsaka izy teo aloha ho fitsaboana ireo aretina nifandray tamin'ny fisotroana toaka. Tamin'io fotoana io dia niverina tao amin'ny hopitaly Atoa Jackson noho ireo fambara izay nolazaina fa fivontosan'ny sarakaty vokatry ny fisotroana toaka.

Rehefa hifarana ny fotoam-piasan'i Dr Cohen, mpitsabo miasa mafy sy tena mamin'ny olona, dia nandinika ny fahasalan'Atoa Jackson izy ka nilaza fa ilaina ny fampidirana hopitaly. I Dr Jones, mpitsabo mandray ny fihodinana manaraka no nasain'i Dr Cohen nampiditra azy sy nanara-maso ny fitsaboana.

Nianatra tany amin'ny sekoly fianarana ho mpitsabo malaza i Dr Jones ary vao nanomboka ny fianarany taorian'ny fahazoana diplaoma mihitsy. Matetika izany fiofanana mafy izany dia niaraka tamin'ny tsy fahampian'ny torimaso, izay mety nandray anjara tamin'ny tsy fahalavorarian'ny fiasan'i Dr Jones. Raha niatrika ny fampidirana hopitaly fahadimy tamin'io alina io i Dr Jones dia nitaraina mafy tamin'i Dr Cohen izy. Nahatsapa izy fa tsy rariny ny handaniany ora maro hikarakarana an'Atoa Jackson satria izy ihany no nahatonga ny zavatra nanjo azy.

Saika ho tamin'ny bitsika no nilazan'i Dr Cohen ny valinteniny feno fitserana. Nilaza izy hoe: "Dr Jones,



*São Paulo, Brésil*

lasa mpitsabo ianao mba hikarakara ny olona sy hiasa hanasitrana azy ireo. Tsy lasa mpitsabo ianao mba hitsara azy ireo. Raha toa ka tsy takatrao ny fahasamihafan'izany dia tsy manana zo hiofana ato amin'ity hopitaly ity ianao." Taorian'io fanitsiana io dia nikarakara tamim-pahazotoana an' Atoa Jackson i Dr Jones nandritra ny fijanonany tany amin'ny hopitaly.

Nodimandry Atoa Jackson tamin'izany. Samy nanana fiainana arak'asa namiratra i Dr Jones sy Dr Cohen. Nila nampahatsiahivina mba hanao ny marina, sy ho tia famindrampo, ary hikarakara an'Atoa Jackson fa tsy hitsaratsara azy i Dr. Jones tamin'ny fotoantsarotra iray teo amin'ny fiofanany.[19]

Nahazo tombontsoa avy tamin'izany fampahatsiahivana izany aho nandritra ny taona maro. Ny famindrampo feno fitiavana dia midika fa tsy ho tia fotsiny ihany ny famindrampo atolotr'Andriamanitra ho antsika isika, fa ho finaritra fa manolotra izany famindrampo izany koa amin'ny hafa Andriamanitra. Ary manaraka ny ohatra nasehony isika. "Ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra,"[20] ary mila fitsaboana ara-panahy avokoa isika rehetra mba ho ampiana sy ho sitrana. Nilaza ny Tompo hoe: "Ianareo tsy hihevitra ny nofo iray ho ambony noho ny iray hafa, na ny olona iray dia tsy hihevitra ny tenany ho ambony noho ny iray hafa."[21]

Nanome ohatra ny amin'ny hevitry ny hoe manao ny marina sy mitia famindrampo i Jesoa Kristy. Niaraka tamin-kalalahana tamin'ireo mpanota Izy, nitondra azy ireo tamim-panajana. Nampianatra ny fifaliana avy amin'ny fitandremana ireo didy Izy ary nikatsaka ny hankahery fa tsy hanameloka ireo izay sahirana kosa. Nomelohiny ireo izay nandiso Azy tamin'ny fanompoana ny olona noheverin'izy ireo ho tsy mendrika.[22] Nanafintohina Azy ny fanamarinan-toetra toy izany ary mbola manafintohina Azy foana.[23]

Mba ho toa an'i Kristy, ny olona iray dia manao ny marina sady mitondra an' Andriamanitra sy ny olona hafa amim-panajana. Ny olo-marina iray dia feno fanajana amin'ny teny sy fihetsika ary manaiky fa ny fahasamihafana eo amin'ny endrika ivelany na finoana dia tsy manakana ny hatsaram-panahy sy ny finamanana tena izy. Ny olona tsirairay izay manao ny marina dia "tsy ho ao an-tsai[ny] ny hifandratra fa ny hiaina kosa amim-pilaminana"[24] miaraka.

Mba ho toa an'i Kristy, ny olona iray dia tia famindrampo. Tsy mitsaratsara ny olona tia famindrampo. Maneho indrafo amin'ny hafa izy ireo, indrindra amin'ireo izay niangaran'ny vintana. Feno fanajana, tsara fanahy, ary mendri-kaja izy ireo. Ireny olona tsirairay ireny dia mitondra ny rehetra amim-pitiavana sy fahatakarana, tsy mijery toe-tena toy ny fahasamihafana amin'ny volon-koditra, vehivavy na lehilahy, fivavahana, fironana mikasika ny firaisana ara-nofo, saranga sôsialy sy ekônômika, foko, vondrona, na firenena. Asehon'ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy izany.

Mba ho toa an'i Kristy, ny olona iray dia misafidy an' Andriamanitra,[25] manaraka Azy amin'ny fanetren-tena, ary mitandrina ireo fanekempihavanana natao Taminy. Ireo olona tsirairay izay miaraka amin' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena dia mahatsiaro ny zavatra nataon'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ho azy ireo.

Ampy ve ny zavatra ataoko? Inona koa no tokony hataoko? Ivon'ny fahasambarantsika eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny mandrakizay ny asa ataontsika ho setrin'ireo fanontaniana ireo. Tsy tian'ny Mpamonjy handray ny famonjena ho zo isika. Na dia aorian'ny nanaovana fanekempihavanana masina aza dia mety "ho lavo hiala amin'ny fahasoavana [isika] ka hiala amin'ilay Andriamanitra velona." Koa tokony "hiambina sy hivavaka mandrakariva" isika fandrao "ho lavo ao amin'ny fakam-panahy."[26]

Fa amin'izany fotoana izany koa, ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia tsy maniry ny tsy hahafahantsika mihetsika noho ny fisalasalana mandavan-taona mandritra ny diantsika eto an-tany, manontany tena raha toa ka nanao ny ampy isika mba ho voavonjy sy hasandratra. Azo antoka fa tsy tian'Izy ireo hotambesaran'ny fahadisoana nibebahantsika isika, mihevitra azy ireo ho ratra izay tsy ho sitrana na oviana na oviana,[27] na hatahotra fatratra sao mety ho lavo indray.



*Chiba, Japana*

Afaka manao tombana ny fivoarantsika manokana isika. Afaka ho fantatsika fa ny "diam-piainana izay lalovan[tsika] dia araka ny sitrapon'Andriamanitra"[28] rehefa manao ny marina sy tia famindrampo ary manaraka an' Andriamanitra amim-panetren-tena isika. Ampidirintsika ao amin'ny toetrantsika ny toetran'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia mifankatia isika.

Rehefa manao ireo zavatra ireo ianareo dia hanaraka ilay lalan'ny fanekempihavanana ka ho mendrika ny "hiaina miaraka amin' Andriamanitra ao anatin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[29] Ho vonton'ny voninahitr'Andriamanitra sy ny fahazavan'ny fiainana mandrakizay ny fanahinareo.[30] Ho heniky ny fifaliana tsy takatry ny saina ianareo.[31] Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ary i Jesoa no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ary manolotra ny famindrampony amim-pitiavana sy amim-pifaliana amin'ny olona rehetra Izy. Tsy tianareo ve izany? Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* mey 2019, 67, 68.
2. Môzià 2:41.
3. Mika 6:6.

4. Mika 6:7.
5. Jereo ny Efesiana 2:8; 2 Nefia 31:19; Almà 22:14; 42:14; 3 Nefia 18:32; Morônia 6:4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:20.
6. Jereo ny 3 Nefia 27:19.
7. Jereo ny Almà 41:8; Morônia 10:32–33.
8. Jereo ny 1 Korintiana 15:22; Almà 11:42–45.
9. Fanekem-pinoana 1:3.
10. Mika 6:8; jereo ireo fampitandremana mitovy amin'izany ao amin'ny Almà 41:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12; Fanekem-pinoana 1:13.
11. Jereo ny Matio 22:35–40. Mba ahitana fifanakalozan-kevitra momba ny fifandraisana eo amin'ny didy lehibe voalohany sy faharoa dia jereo ny Russell M. Nelson,"Teach Us Tolerance and Love," *Ensign,* mey 1994, 69–71; Dallin H. Oaks, "Ireo didy *roa* lehibe," *Liahona,* nôv. 2019, 73–76.
12. Jereo ny Ezekiela 18:8–9.
13. 3 Nefia 9:19–20; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8.
14. Jereo ny 2 Nefia 32:5.
15. Jereo ny 2 Nefia 2:7.
16. Mika 7:18–19.
17. Levitikosy 19:18.
18. Jereo ny Babylonian Talmud, Shabbat 31a:6; jereo ihany koa ny jewishvirtuallibrary.org/rabbi-hillel-quotes-on-judaism-and-israel. Ho fampahafantarana,i Hillel ilay Loholona dia raiben'i Gamaliela, izay voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly 5:34. I Gamaliela no mpampianatra an'i Saoly avy ao Tarsosy. Jereo ny Isidore Singer, ed., *The Jewish Encyclopedia* (1903), "Gamaliel I," 5:558–59.
19. Tsy tena anaran'izy ireo ny anaran'Atoa Jackson, Dr. Cohen, ary Dr. Jones.
20. 2 Nefia 26:33.
21. Môzià 23:7.
22. Jereo ny Joseph Smith, "History, 1838–1856, volume D-1 [1 August 1842–1 July 1843]," 1459, josephsmithpapers.org.
23. Jereo ny Lioka 15:1–2.
24. Môzià 4:13.
25. Jereo ny Mosesy 7:33.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:32–34.
27. Jereo ny Boyd K. Packer,"Ny drafitry ny fahasambarana," *Liahona,* mey 2015. Hoy ny Filoha Packer: "Rehefa vita ny dingan'ny fibebahana dia tsy mba misy holatra tavela noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. . . . Ny Sorompanavotana . . . dia afaka manadio ny pentina rehetra na sarotra manao ahoana aza izany ary na naharitra manao ahoana ary na impiry na impiry niverimberenan'izany. Ny Sorompanavotana dia afaka manolotra fahafahana ho anao indray mba handroso hatrany, omban'ny fahadiovana sy fahamendrehana, hanohy ilay lalana nosafidianao eo amin'ny fiainana."
28. *Lectures on Faith* (1985), 38.
29. Môzià 2:41.
30. Jereo ny Almà 19:6.
31. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13.





Nataon'ny Loholona Kelly R. Johnson
*Ao amin'ny Fitopololahy*


# Hery maharitra

*Ny finoana sy ny tenin' Andriamanitra izay mameno ny atifanahintsika irery ihany no ampy mba hanohana antsika—sy hamela antsika hahazo ny heriny.*

Rehefa namerina nijery ireo fampianaran'ny Filoha Russell M. Nelson, mpaminany malalantsika aho dia nahita teny iray izay nampiasainy matetika tao amin'ny lahateny maro. *Hery* izany teny izany.

Niresaka momba ny hery ny Filoha Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany voalohany taorian'ny nanohanana azy ho Apôstôly.[1] Nanohy nampianatra momba ny hery izy nandritra ny taona maro. Hatramin'ny nanohanantsika ny Filoha Nelson ho mpaminanintsika dia efa nampianatra momba ny fitsipiky ny hery izy—indrindra fa ny herin'



*San Lucas Sacatepéquez, Guatemala*

Andriamanitra—sy ny fomba ahafahantsika mahazo izany. Nampianatra ny fomba ahafahantsika mahazo sy mampiasa ny herin' Andriamanitra rehefa eo am-panompoana ny hafa izy,[2] ny fomba hanasan'ny fibebahana ny herin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ho ao amin'ny fiainantsika,[3] ary ny fomba hitahian'ny fisoronana—ilay hery sy fahefan' Andriamanitra—ny olon-drehetra izay manao fanekempihavanana Aminy sy mitandrina izany.[4] Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Nelson fa ny herin' Andriamanitra dia azon'ireo rehetra izay nandray ny fanafiana masina tao amin'ny tempoly raha toa ka mitandrina ny fanekempihavanana nataon'izy ireo izy ireo.[5]

Tena nampihetsi-po ahy manokana ny fanamby iray izay nomen'ny Filoha Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily 2020. Nanoro lalana antsika izy mba "[handalina sy hivavaka] mba hianatra bebe kokoa momba ny hery sy ny fahalalana izay nanaovana fanafiana masina anao, na izay hanaovana fanafiana masina anao amin'ny ho avy."[6]

Ho valin'izany fanamby izany dia efa nandalina sy nivavaka ary efa nianatra zavatra mitondra soa momba ny hery sy ny fahalalana izay nanaovana fanafiana masina ahy aho, na

izay hanaovana fanafiana masina ahy amin'ny ho avy.

Tsy mora ny hahatakarana ny zavatra izay tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ny herin' Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika, saingy fantatro fa azo atao izany amin'ny alalan'ny fandinihana izany ao an-tsaintsika sy ny fivavahana mba hanazavan'ny Fanahy Masina antsika.[7] Ny Loholona Richard G. Scott dia nanolotra famaritana mazava ny amin'ny atao hoe herin' Andriamanitra: izany dia ny "hery ahafahana manao zavatra bebe kokoa noho izay azon'ny tenantsika manokana atao."[8]

Ny famenoana ny fontsika sy ny fanahintsika ihany koa amin'ny tenin' Andriamanitra ary ny fanorenana ny finoana ao amin'i Jesoa Kristy dia tena zava-dehibe amin'ny fahazoana sy fampiasana ny herin' Andriamanitra mba hanampiana antsika amin'izao fotoana tena sarotra izao. Raha tsy mahazo ny tenin' Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesoa Kristy lalina ao ampontsika isika dia mety tsy hatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona sy ny finoana ao amintsika, ary mety tsy afaka hahazo ny hery izay tian' Andriamanitra homena antsika intsony isika. Tsy ampy ny finoana tsy amin-kitsimpo. Ny finoana sy ny tenin' Andriamanitra izay mameno ny atifanahintsika irery ihany no ampy mba hanohana antsika—sy hamela antsika hahazo ny heriny.

Raha nitaiza ireo zanakay izaho sy Rahavavy Johnson dia namporisihinay ny tsirairay tamin'izy ireo mba hianatra hitendry zava-maneno. Saingy tsy namela ny zanakay hianatra ireo lesona momba ny mozika izahay raha tsy nanao ny anjarany izy ireo ka nanazatra tena manokana tamin'ny zavamanenon'izy ireo isan'andro. Indray sabotsy izay dia nientanentana ny handeha hilalao miaraka amin'ireo namany i Jalynn zanakay vavy, saingy tsy mbola nanao fanazaran-tena nitendry pianô izy. Fantany tsara fa nanolo-tena ny hanao fanazaran-tena mandritra ny 30 minitra izy ka dia nikasa ny hampiasa fitaovana mpanisa fotoana, satria tsy te hanao fanazaran-tena na dia mihoatra ny iray minitra monja aza amin'izay notakina taminy izy.

Rehefa nandeha teo akaikin'ilay lafaoro micro onde teo amin'ny lalany mankeo amin'ny pianô izy dia niato ary nanindry bokotra maromaro. Saingy raha toa ka tokony nandefa ny mpanisa fotoana izy dia naleony nandefa ny micro-onde mba hahandro mandritra ny 30 minitra ary nanindry ny fandefasana izany. Rehefa avy nanao fanazaran-tena nandritra ny 20 minitra teo izy dia nandeha niverina tao an-dakozia mba hijery ny fotoana sisa tavela ka nahita fa nirehitra ilay lafaoro micro-onde.

Taorian'izany dia nihazakazaka tany an-tokontany izay nanaovako asan-jaridaina izy sady niantsoantso hoe mirehitra ny trano. Nihazakazaka haingana tao an-trano aho ary tena hitako nirehitra tokoa ilay lafaoro micro-onde.

Mba hiezahana hanavotra ny tranonay tsy hirehitra dia nanakatra ny tao ambadik'ilay lafaoro micro-onde aho, ka notsoahiko ny tsaidrianaratra ary nampiasaiko ny tariby mpitondra herinaratra mba hibatana ilay lafaoro micro-onde mirehitra hiala ny latabatra. Noho izaho nanantena ny ho mahery fo sy hahita vahaolana ary hanavotra ny tranonay dia nahodinkodiko tamin'ilay tariby mpitondra herinaratra ilay lafaoro micro-onde mba hanalavitra ny vatako, nandeha tany an-tokontany, dia nanipy ilay lafaoro micro-onde teny amin'ny bozaka maitso tamin'ny alalan'ny fanodinkodinana izany indray. Teo vao afaka namono ireo afo niredareda tamin'ny alalan'ny fampiasana fantsona fitaritan-drano izahay.

Fa inona no tsy nety? Ny lafaoro micro-onde dia mila zavatra hitsentsitra ny heriny, ary rehefa tsy misy zavatra ao anatiny mba hitsentsitra ilay hery dia ilay lafaoro izy tenany ihany no mitsentsitra ilay hery, lasa mafana, ary mety hirehitra, hanimba ny tenany amin'ny lelan'afo sy lavenona.[9] Nirehitra sy may ilay lafaoro micro-onde iray manontolo satria tsy nisy zavatra tao anatiny.

Torak'izany koa, ireo izay manana finoana sy manana ny tenin' Andriamanitra lalim-paka ao am-pon'izy ireo dia afaka ny hitsentsitra sy handresy ireo zana-tsipika mirehitra izay azo antoka fa halefan'ilay fahavalo mba hamotika antsika.[10] Raha tsy izany, ny finoantsika, ny fanantenana, sy ny faharesen-dahatra ao amintsika dia mety tsy haharitra, ary tahaka ilay lafaoro micro-onde tsy misy zavatra ao anatiny, isika ihany koa dia mety ho lasibatra.

Nianatra aho fa ny fananana ny tenin' Andriamanitra lalim-paka ao amin'ny fanahiko, miampy finoana ny Tompo Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany dia mamela ahy hahazo sy hampiasa ny herin' Andriamanitra mba handresena ny fahavalo sy ny zavadrehetra izay mety hakany fanahy ahy. Rehefa miatrika fanamby isika dia afaka miantehitra amin'ny fampanantenan'ny Tompo izay nampianarin'i Paoly hoe: "Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena."[11]

Fantatsika fa ny Mpamonjy tamin' ny fahazazany "dia nitombo ka nihahery sady feny fahendrena; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no tao aminy."[12] Fantatsika fa rehefa nitombo taona i Jesoa "dia nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona."[13] Ary fantatsika fa tamin'ny fotoana nanombohan'ny asa fanompoany, ireo izay nandre Azy dia "talanjona tamin'ny fampianarany: satria nisy fahefana ny teniny."[14]

Nitombo hery sy afaka nanohitra ireo fakam-panahin'i Satana ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ny fiomanana.[15] Rehefa manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika ary miomana amin' ny alalan'ny fandalinana ny tenin' Andriamanitra sy mampiorim-paka ny finoantsika, dia afaka ihany koa mahazo sy mampiasa ny herin' Andriamanitra mba hanoherana ny fakam-panahy.

Mandritra izao fotoana hamerana ny fivorivoriana izao izay mahatonga ny tsy fahafahana manatrika tsy tapaka ny tempoly dia nanao ezaka manokana aho mba hanohy handalina sy hianatra misimisy kokoa momba ny herin' Andriamanitra izay tonga amintsika rehefa manao sy mitandrina ny fanekempihavanan'ny tempoly isika. Araka ny nampanantenaina tao amin'ny vavaka fanokanana ny Tempolin'i Kirtland dia mitafy ny herin'



*Orem, Utah, Etazonia*

Andriamanitra isika rehefa miala avy ao amin'ny tempoly.[16] Tsy mety lany daty ny herin' Andriamanitra nomena ireo izay manao sy mitandrina ny fanekempihavanana natao tao amin'ny tempoly, no sady tsy misy koa famerana ny fahazoana ilay hery mandritra ny valanaretina. Ny hany mampihena ny heriny eo amin'ny fiainantsika dia rehefa tsy mitandrina ny fanekempihavanana nataontsika sy tsy miaina amin'ny fomba izay mamela antsika ho mendrika hatrany ny handray ny heriny isika.

Nahita maso ny herin' Andriamanitra izay tonga tamin'ireo izay manao sy mitandrina ny fanekempihavanana masin'ny tempoly izaho sy ny vady malalako tamin'ny naha mpitarika misiôna anay tany Thailand, Laos, ary Myanmara. Ny vatsimbola fanampiana ny olona handeha any amin'ny tempoly dia nanampy ny Olomasina maro tany amin'ireo firenena telo ireo mba hahafahan'izy ireo nankany amin'ny tempoly taorian'ny nanaovan'izy ireo izay azon'izy ireo natao tamin'ny alalan' ny fahafoizan-tena manokana sy ny fiomanana. Tsaroako ny nihaonako tamina vondrona Olomasina mahatoky 20 avy any Laos tao amin'ny seranam-piaramanidin'i Bangkok, Thailand mba hanampiana azy ireo hifindra ho any amina seranam-piaramanidina hafa ao Bangkok mba hanatratra ny sidin'izy ireo ho any Hong Kong. Ireo mpikambana ireo dia feno fientanentanana satria afaka nandeha tany amin' ny tranon'ny Tompo ihany nony farany.

Rehefa nihaona tamin'ireo Olomasina tsara ireo izahay tamin'ny fiverenan'izy ireo dia hita nibaribary amin'izy ireo ny fitomboan'ny fahamatorana ao amin'ny filazantsara sy ny hery mifanaraka amin'izany vokatry ny fandraisana ny fanafiana masin'ny tempoly sy ny fanaovana fanekempihavanana amin' Andriamanitra. Tena hita mazava fa nivoaka ny tempoly "nitondra ny heri[ny] izy ireo."[17] Izany hery hahafahana manao zavatra mihoatra izay azon'izy ireo atao manokana izany dia nanome azy ireo hery hiaretana ireo fanamby amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny firenena iavian'izy ireo sy handehanana hitondra "amin'ny fahamarinana tokoa, ireo vaovao lehibe fatratra sy be voninahitra,"[18] rehefa nanohy nanorina ny fanjakan'ny Tompo tany Laos izy ireo.

Nandritra ny fotoana izay tsy nahafahantsika nankany amin'ny tempoly, moa ve isika tsirairay avy niantehitra tamin'ireo fanekempihavanana izay nataontsika tao amin'ny tempoly mba hametrahana lalana mazava sy tsy miova hizorana eo amin'ny fiainantsika? Ireo fanekempihavanana ireo, raha toa ka tandremana dia manome antsika tanjona sy fiandrandrana zavatra momba ny hoavy ary fanapahan-kevitra mazava tsara mba ho mendrika ny handray ny zavatra rehetra izay nampanantenain'ny Tompo amin'ny alalan'ny fahatokiantsika.

Manasa anareo aho mba hikatsaka ny hery izay tian' Andriamanitra homena anareo. Mijoro ho vavolombelona aho fa raha mikatsaka an'io hery io isika dia homena fahatakarana bebe kokoa ny fitiavan'ny Raintsika any An-danitra ho antsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa satria tia ahy sy ianao ny Ray any An-danitra dia nalefany ny Zanakalahiny malalany, i Jesoa Kristy, mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy aho, Izy izay manana ny hery rehetra,[19] ary ataoko izany amin' ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Protect the Spiritual Power Line," *Ensign,* Nov. 1984, 30–32.
2. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2018, 68–75.
3. Jereo ny Russell M. Nelson, "Lahateny famaranana," *Liahona,* nôv. 2019, 112.
4. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo amin'ny Hery sy Fahefan' Andriamanitra," 68–75
5. Jereo ny Russell M. Nelson, "Mandrosoa hatrany amim-pinoana," *Liahona,* mey 2020, 115.
6. Russell M. Nelson, "Mandrosoa hatrany amim-pinoana," 115.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:7–9.
8. Richard G. Scott, "Mba hahazo fiadanana ao an-tokantrano," *Liahona,* mey 2013, 30.
9. "Ny Micro-onde dia mampiasa hery avy amin'ny son micro-onde mba hamanana ny sakafo na tsiranoka. Mila misy zavatra ao anatin'ilay micro-onde mba hitsentsitra ireo son micro-ondes. Raha tsy izany dia ilay lafaoro ihany no hitsentsitra ireo son micro-ondes. Ireo son micro micro-onde dia hamana ny efitra fandrahoana ao amin'ilay lafaoro, sady miezaka ny hitady zavatra hitsentsitra azy. Amin'ny farany ireo son micro micro-onde dia hahatratra ny fantson'ilay lafaoro izay loharanon' ireo son micro-onde. Ilay fantsona dia tsy mahazaka hery lehibe loatra, ka noho izany dia hanohy handefa izany any amin'ny faritra hafa ao amin'ilay lafaoro. Ny fandefasana lafaoro nefa tsy misy zavatra ao anatiny dia hanimba ilay fantsona sy ny faritra hafa ao amin'ilay lafaoro ihany koa. Amin'ny tranga ratsy indrindra dia mety hahamay be ny vatan'ilay lafaoro dia mety hirehitra" (Abacus Appliance Service Corporation, "Will I Destroy My Microwave If It Runs Empty?" Aug. 16, 2012, abacusappliance.com; see also Julie R. Thomson, "13 Things You Should Never Put in the Microwave," June 13, 2014, huffpost.com).
10. Jereo ny 1 Nefia 15:24.
11. 2 Timoty 1:7.
12. Lioka 2:40.
13. Lioka 2:52.
14. Lioka 4:32.
15. Jereo ny Matio 4:1–11; Lioka 4:1–14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:23.
19. Jereo ny Matio 28:18.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Eo am-piandrasana ny Tompo

*Ny finoana dia midika fatokisana an' Andriamanitra na amin'ny fotoana tsara na ratsy na dia midika aza izany fa hisy fijaliana mandra-pahitantsika ny fanehoany ny sandriny hamonjy antsika.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, tsindrian-daona avokoa isika rehetra, indrindra moa fa ny tenako, mba hihaino ny teny famaranana hataon'ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Russell M. Nelson. Fihaonambe nahafinaritra ity kanefa dia fanindroany izao no nanovan'ny COVID-19 ireo fivoriana fanaontsika mahazatra. Sasatra loatra isika noho ity areti-mifindra ity, toy ny hoe te-hanongo-bolo mihitsy aza. Ary hita miharihary izao fa efa nisy nanaraka an'izay ny sasany amin'ireto Rahalahiko ireto. Fantaro fa tsy sasatra mivavaka ho an'ireo izay voakasik'izany na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana izahay indrindra ho an'ireo izay namoy havan-tiana. Samy miombon-kevitra ny rehetra fa efa naharitra ela loatra izany.


Hafiriana isika no miandry ny hohamaivanina amin'ireo zava-tsarotra izay mitranga amintsika? Ary ahoana ny amin'ny fiaretana ireo fitsapana an'ny tena manokana eo ampiandrasantsika hatrany hatrany kanefa toa ela vao tonga ny fanampiana? Nahoana no misy fahatarana rehefa toa tsy zakantsika intsony ireo enta-mavesatra?

Rehefa mametraka fanontaniana toy izany isika dia afaka ny hahare, raha miezaka, ny fitomanian'ny olona iray hafa manako avy amin'ny fonja mangatsiaka sy maizina iray nandritra ny ririnina namirifiry indrindra voarakitra an-tsoratra teo amin'izany toerana iray izany.

"Andriamanitra ô, aiza no misy Anao?" no rentsika avy any amin'ny halalin'ny Fonjan'i Liberty. "Ary aiza no misy ny lay izay mandrakotra ny toerana fiafenanao? Mandra-pahoviana no hihazonanao ny tananao?"[1] Mandra-pahoviana re ry Tompo ô?

Noho izany dia tsy isika no voalohany na ho farany hametraka fanontaniana toy izany rehefa mitambesatra amintsika ireo alahelo na rehefa maharitra ny fanaintainana iray ao am-pontsika. Izao aho dia tsy miresaka momba ny valanaretina na momba ny fonja fa miresaka kosa momba anareo, ny fianakavianareo ary ireo mpiara-belona aminareo izay miatrika olana maro be toy izany. Miresaka momba ny fanirian'ireo maro izay te-hanambady kanefa tsy manana aho na ireo manambady izay maniry ny fifandraisan'izy ireo ho lasa selestialy kokoa. Miresaka momba ireo izay tsy maintsy miatrika ny fisehon'ny aretina mafy iray izay tsy niriana aho, mety ho aretina tsy azo sitranina izany, na koa ireo izay miatrika tolona mandritra ny androm-piainany amin'ny kilema manaranaka iray izay tsy misy fanafany. Miresaka momba ny tolona tsy ankiato amin'ireo olana eo amin' ny fahasalamana ara-pihetseham-po sy ara-tsaina aho izay mitambesatra tokoa amin'ny fanahin'ireo olona maro izay mijaly noho izany sy amin' ny fon'ireo izay tia azy ireny sy miaramijaly aminy. Miresaka momba ireo mahantra aho izay nolazain'ny Tompo fa tsy tokony ho adinointsika na oviana na oviana, ary miresaka momba anareo izay miandry ny fiverenan'ny zanaka iray aho izay nisafidy hanaraka lalana hafa amin'ilay lalana nentinareo am-bavaka mba ho arahiny, na firy taona izy na firy taona.

Ankoatra izany dia manaiky aho fa na ity lisitra lava misy ny zavatra izay mety andrasantsika manokana ity aza dia tsy miresaka akory ireo olana



San Lucas Sacatepéquez, Guatemala

goavana ara-toe-karena, sy ara-pôlitika ary ara-tsôsialy izay atrehantsika miaraka. Tena mazava fa ny Raintsika any An-danitra dia miandry antsika hamaha ireny olana sarotra iraisan'ny dahalobe ireny sy ireo olana an'ny tena manokana, kanefa dia hisy fotoana eo amin'ny fiainantsika izay, na ny ezaka ara-panahy tsara indrindra ataontsika sy ireo vavaka fitalahoana ataontsika amin'ny fo aza dia tsy hitondra ireo fandresana niriantsika, na mahakasika ireo olana lehibe maneran-tany izany na ireo olana an'ny tena manokana. Ka eo am-panaovantsika asa sy iandrasantsika miaraka ny valin'ireo vavaka sasany ataontsika dia manolotra anareo ny fampanantenana amin'ny maha-apostoly ahy aho fa misy mahare izy ireny ary voavaly na dia tsy mitranga amin'ny fotoana na amin'ny fomba tiantsika aza izany. Kanefa dia voavaly *foana* izy ireny amin'ny fotoana sy amin'ny fomba izay tokony hamalian'ny ray amandreny manana ny fahalalana rehetra sy feno fangorahana mandrakizay azy ireny. Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, fantaro fa Izy ilay tsy matory na rendrehana[2] dia miraharaha ny fahasambarana sy ny fisandratana faratampon'ireo zanany ambonin'ny zavatra hafa rehetra tokony ho ataon'ny andriamanitra iray. Izy no fanehoana amim-boninahitra ny fitiavana madio, ary Ray be famindram-po no anarany.


Mety hiteny ianao hoe "Raha izay ary no izy dia tsy tokony hoe


Sugar City, Idaho, Etazonia

hanasaraka ireo Ranomasina Mena eo amin'ny fiainantsika manokana ve ny fitiavany sy ny famindram-pony ary hamela antsika hamindra ao anatin'ireo olantsika toy ny mamindra amin'ny tany maina? Tsy tokony handefa ireo varevaky ny taonjato faha-21 izay manidina avy any ho any ve Izy mba hitelina ireo valala manorisorin'ny taonjato faha-21?

Ny valin'izany fanontaniana izany dia hoe "Eny, Andriamanitra dia afaka ny hanao fahagagana eo no ho eo kanefa na ho ela na ho haingana dia mianatra isika fa Izy ary Izy irery ihany no mandidy ireo fotoana sy ireo tonontaonan'ny fiainantsika an-tany." Izy no mandrindra izany tetiandro izany amin'ny fomba samy hafa ho an'ny tsirairay avy. Isaky ny misy olona iray manana rofy izay nositranina teo no ho eo raha teo am-piandrasana hiditra amin'ny Farihin'i Betesda[3] dia hisy olona iray hafa izay ho any antany foana mandritra ny 40 taona ka miandry mba hahafahany miditra ao amin'ny tany nampanantenaina.[4] Isaky ny misy Nefia sy Lehia voaron' Andriamanitra ka voahodidin'ny afo noho ny finoan'izy ireo [5] dia misy Abinadia iray izay voadoron'ny afo teo amin'ny tsato-kazo noho ny finoany.[6] Ary tsaroantsika fa i Elia ilay niantso teo no ho eo ny afo avy any an-danitra mba hijoroana ho vavolombelona amin' ireo mpaminanin'i Bala[7] no ilay Elia izay niaritra vanim-potoana tsy nisy orana nandritra ny taona maro ary nofahanana tamin'ny sakafo kely dia kely izay tafiditra tamin'ny tongotry ny goaika iray.[8] Raha ny eritreritro dia mety tsy ho zavatra azontsika antsoina hoe "sakafo mafilotra" izany.

Ny tiako hahatongavana? Ny tiako hahatongavana dia hoe ny finoana dia midika fatokisana an' Andriamanitra na amin'ny fotoana tsara na ratsy na dia midika aza izany fa hisy fijaliana mandra-pahitantsika ny fanehoany ny sandriny hamonjy antsika.[9] Mety ho sarotra izany eto amin'izao tontolontsika maoderina izao izay ahitana olona maro lasa mino fa ny zavatra tsara indrindra eto amin'ity fiainana ity dia ny fialana amin'ny fijaliana rehetra


Saonara, Padoue, Italie

ka tsy hisy intsony ny olona hijaly na amin'inona na amin'inona.[10] Saingy izany finoana izany dia tsy hitondra antsika velively amin'ny "ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy."[11]

Ialako tsiny amin'ny Loholona Neal A. Maxwell noho ny fahasahiako nanova sy nanitatra zavatra iray nolazainy indray mandeha, fa izaho koa dia manome sosokevitra fa "Tsy afaka ny ho sady feno finoana no tsy misy rarin-tsaina . . . ny fiainan'ny olona iray." Tsy handaitra tsotra izao ny "tsy firaharahiana ireo fahasarotan'ny fiainana" sy ny fitenenana eo ampisotroantsika citronnade hoe: "Tompo ô, omeo ahy avokoa ireo toetra tsara indrindra anananao kanefa dia makà antoka fa tsy hanome ahy alahelo na fanaintainana na fanoherana Ianao. Miangavy aho hoe aza avela hisy hankahala na hamitaka ahy ary ambonin'ny zava-drehetra dia aza avela hahatsapa mihitsy aho hoe nafoinao na nafoin'ireo olontiako. Raha ny marina ry Tompo, dia tandremo aho sao dia avelanao handalo ireo zavatra niainana izay nahatonga Anao ho Andriamanitra. Avy eo rehefa tapitra ny zava-tsarotra iainan'ny hafa dia mba avelao aho ho any Aminao sy hiara hitoetra Aminao mba hahazoako mirehareha ny amin'ny fitovian'ny heriko sy ny toetrako amin'ny Anao eo

am-pitsingevahevako ambon'ilay rahona mampiadan'ny maha-Krisitianina."[12]

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, ny maha Kristianina dia mampionona kanefa matetika dia tsy mampahazo aina izany. Ny lalana mankany amin'ny fahamasinana sy ny fahasambarana eto sy aorian'izao fiainana izao dia sady lava no feno sakantsakana indraindray. Mitaky fotoana sy fikirizana ny fandehanana amin'izany. Kanefa mazava ho azy fa goavana ny valisoa azo vokatr'izany. Izany fahamarinana izany dia ampianarina amin'ny fomba mazava no sady mandresy lahatra ao amin'ny toko faha-32 ao amin'ny Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ampianarin'ity mpisorona avo lehibe ity ao fa raha novolena tao am-pontsika ny tenin' Andriamanitra tahaka ny voa kely iray ary raha ampy ny fikarakarantsika izany ka manondraka sy manala ireo ahidratsy, mikolokolo ary mankahery izany isika, dia hitondra voa "izay tena sarobidy, . . . izay mamy manoatra noho ny rehetra izay mamy" izany *amin'ny ho avy*, ka ny fihinanana izany dia mitondra ho amin'ny toetry ny tsy fahatsapana hetaheta sy hanoanana intsony.[13]

Maro ireo lesona ampianarina ao amin'ity toko miavaka ity saingy ny ivon'izy rehetra ireo dia ilay filazana fahamarinana voaporofo mazava tsara fa ilay voa dia tsy maintsy karakaraina ary tsy maintsy miandry izany hitombo isika. "*miandrandra* amin' ny masom-pinoana ny voan'[izany]" isika.[14] Ny vokatra otazantsika, hoy i Almà dia tonga "afaka kelikely."[15] Tsy mahagaga raha mamarana ny torolalana miavaka nomeny izy amin'ny famerenana in-telo ny antso ho amin' ny *fahazotoana* sy ny *faharetana* eo am-pikolokoloana ny tenin' Andriamanitra izay ao am-pontsika, *miandry,* hoy izy amin'ny faharipo " . . . ny hazo hitondra voa ho anareo."[16]

Ny COVID sy ny homamiadana, ny ahiahy sy ny fahakiviana, ny olana ara-bola sy ireo fitsapana atrehan'ny fianakaviana. Rahoviana no hoesorina ireo enta-mavesatra ireo? Ny valiny dia hoe "afaka kelikely."[17] Ny hoe ho fotoana fohy sa ho fotoana lava ny faharetan'izany dia tsy anjarantsika ny mamaritra azy fa noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia ho tonga amin'ireo izay mamikitra mafy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo fitahiana. Izany olana izany dia voavaha efa ela tao amin'ny saha tena mitokana iray ary teo amin'ny havoana iray vory olona tao Jerosalema.



Raha hihaino ny mpaminany malalantsika hamarana ity fihaonambe ity isika izao dia enga anie isika hahatsiaro tahaka ny nanehoan'i Russell M. Nelson izany nandritra ny fiainany manontolo fa ireo izay "*miandry an' i Jehovah* dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; . . . handeha izy, nefa tsy ho reraka."[18] Mivavaka aho mba ho tonga amin'ny tsirairay aminareo izay mikatsaka fanamaivanana amin'ny alahelonareo ary fanafahana amin'ny fijalianareo ireo fitahiana ireo "afaka kelikely", na ho ela na ho haingana. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavan' Andriamanitra sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsarany feno voninahitra aho, izay vahaolana amin'ireo olana rehetra atrehantsika amin'ny fiainana na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. Amin'ny anarana manavotr'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1–2.
2. Jereo Salamo 121:4.
3. Jereo ny Jaona 5:2–9.
4. Jereo ny Nomery 32:13; Deteronomia 2:7; Josoa 5:6.
5. Jereo ny Helamàna 5:20–52.
6. Jereo ny Môzià 17.
7. Jereo ny 1 Mpanjaka 18:17–40.
8. Jereo ny 1 Mpanjaka 17:1–7.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17.
10. Jereo ny Rankin Wilbourne and Brian Gregor, "Jesus Didn't Suffer to Prove a Philosophical Point," *Christianity Today,* 20 sept. 2019, christianitytoday.com.
11. Efesiana 4:13.
12. Fanovana nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ny lahatsoratry ny Loholona Neal A. Maxwell; jereo ny Neal A. Maxwell, "Lest Ye Be Wearied and Faint in Your Minds," *Ensign,* May 1991, 88.
13. Almà 32:42.
14. Almà 32:40; nampiana fanamafisana.
15. Almà 32:42.
16. Almà 32:43; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Almà 32:41–42.
17. Almà 32:42.
18. Isaia 40:31; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Isaia 40:28–30.



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
*Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

# Fiaingana vaovao

*Manasa anao aho hampitodika bebe kokoa hatrany ny fonao sy ny sainao ary ny fanahinao any amin'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, heni-boninahitra izay roa andro tamin'ny fihaonambe maneran-tany izay! Miombon-kevitra amin'ny Loholona Jeffrey R. Holland aho. Araka ny voalazany dia nentanin'ny Tompo ireo hafatra sy vavaka ary hira. Feno fankasitrahana an'ireo rehetra izay nandray anjara nanatontosana ity fihaonambe maneran-tany ity aho.


Nandritra ny fizotran'izany dia nalaiko sary tato anatin'ny fanahiko ianareo nihaino ny fihaonambe. Nangataka ny Tompo aho mba hanampy ahy hahatakatra izay zavatra tsapanareo, na mampiahiahy anareo, na ezahinareo vahana. Nanontany tena aho ny amin'izay holazaiko hamaranana ity fihaonambe ity ka handefa anareo miaraka amin'ny fanantenana tsara momba ny hoavy izay fantatro fa tian'ny Tompo ho tsapanareo.

Miaina ao anatin'ny vanim-potoana be voninahitra isika, izay efa hitan'ireo mpaminany mialoha hatry ny taonjato maro. Ity no fotoampitantanana izay tsy azo anakanana ny fitahiana ara-panahy ho an'ireo olo-marina.[1] Na dia eo aza ny korontana[2] eo amin'izao tontolo izao, dia tian'ny Tompo isika hiandrandra ny hoavy amin'ny fanantenana feno fifaliana.[3] Aoka isika tsy hihitsoka ao anatin'ny fahatsiarovana ny lasa. Ny fanangonana an'i Isiraely dia miroso hatrany. I Jesoa Kristy Tompo no mitarika ny raharahan'ny Fiangonany, ary *tsy maintsy* hahatratra ny tanjony masina izany.

Ny fanamby ho anao sy ho ahy dia ny hahazoana antoka fa ho afaka ny hanana ilay hery anaty ho tonga andriamanitra *isika* tsirairay avy. Ankehitriny isika dia mahare matetika momba ny hoe "fiaingana vaovao." Raha tena te-hahazo fiaingana vaovao ianao, dia manasa anao aho hampitodika bebe kokoa hatrany ny fonao sy ny sainao ary ny fanahinao any amin'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany. Aoka ho izany no fiaingana vaovao ho *anao*.

Raiso amin'ny alalan'ny fibebahana isan'andro ny fiainganao vaovao. Katsaho ny ho madio bebe kokoa hatrany amin'ny eritreritra sy ny teny ary ny atao. Manompoa ny hafa. Manàna tanjona ho amin'ny mandrakizay. Milofosa amin'ny antso ananananao. Ary na inona na inona zava-tsarotra iainanareo, ry rahalahy sy ranabavy malalako, dia ataovy izay iainanareo ny isan'andro ka hahatonga *anareo* ho vonona kokoa hihaona amin'ny Mpahary anareo.[4]

Izany no antony hananantsika ny tempoly. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny Tompo dia manomana antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay, ny lehibe indrindra amin'ny fitahian' Andriamanitra rehetra.[5] Araka ny efa fantatrareo dia nitaky ny fanakatonana vonjimaika ny tempoly ilay valanaretina COVID. Avy eo isika dia nanomboka nanokatra izany indray tamim-pitandremana amin'ny fomba mirindra sy manaraka lamina. Ao anatin'ny fanatontosana ny dingana faharoa ho an'ny tempoly maro amin' izao



dia mpivady an'arivony no nandray ny fanafiana masina tao anatin'ireo volana vitsivitsy lasa fotsiny. Miandrandra ilay andro ahafahan'ireo mpikamban'ny Fiangonana mendrika rehetra manompo indray ireo razambeny sy hitsaoka ao amin'ny tempoly isika.

Izao aho dia faly manambara ireo drafitra ho an'ny fanamboarana tempoly vaovao miisa enina izay haorina any amin'ireto toerana manaraka ireto: Tarawa, Kiribati; Port Vila, Vanuatu; Lindon, Utah; Greater Guatemala City, Guatemala; São Paulo Atsinanana, Brésil; ary Santa Cruz, Bolivie.

Eo am-panorenantsika sy hikojakojantsika ireo tempoly ireo dia mivavaka izahay ny mba hanorenanareo sy hikojakojanareo ny tenanareo tsirairay mba hahafahanareo ho mendrika ny hiditra ny tempoly.

Izao ry rahalahy sy ranabavy malalako dia mitsodrano anareo aho mba ho feno ny fiadanan'i Jesoa Kristy Tompo ianareo. Tsy takatry ny sain'olombelona rehetra ny fiadanany.[6] Mitsodrano anareo aho mba hanana faniriana sy fahafahana bebe kokoa hankatò ireo lalàn' Andriamanitra ianareo. Mampanantena aho fa rehefa ataonareo izany dia ho tondraky ny fitahiana ianareo, ao anatin'izany ny herim-po be kokoa, fanambarana bebe kokoa ho an'ny tena manokana, firaisan-kina mamy kokoa ao an-tokantranonareo, ary fifaliana, eny fa na dia eo anivon'ireo zavatra mampiahiahy antsika.

Enga anie isika hiaraka handroso hanatanteraka ny andraikitsika masina, dia ny manomana ny tenantsika sy izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Tompo fanindroany. Izany no ivavahako, miaraka amin'ny fanehoako ny fitiavako anareo, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:26–29.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26; 88:91.
3. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 513.
4. Jereo ny Almà 12:24; 34:32.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
6. Jereo ny Filipiana 4:7.



*Taboão de Serra, São Paulo, Brésil*

## Fanovana nambara eo anivon'ny mpitarika ny Fiangonana


Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2020 dia nambara ny niantsoana mpikambana vaovao iray ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao iray, mpikambana iray vaovao ao amin'ny Episkôpà Mpiahy, ary Fitopololahin'ny Vondromparitra vaovao miisa efatra.

Ny Loholona Brent H. Nielson dia notohanana ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, taorian'ny nisaorana ny Loholona L. Whitney Clayton, izay nomena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra. Ankehitriny ny Loholona Patrick Kearon no Filohan'ny Fitopololahy ela nanompoana indrindra, toerana nohazonin'ny Loholona Clayton teo aloha.

Ny Loholona Dean M. Davies dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony, taorian'ny nisaorana azy tamin'ny naha-Mpanolotsaina Voalohany tao amin'ny Episkôpà Mpiahy azy. Ny Eveka W. Christopher Waddell dia notohanana hanolo ny Loholona Davies ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpà Mpiahy, ary ny Eveka L. Todd Budge, izay nisaorana tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy, dia notohanana ho Mpanolotsaina Faharoa (ilay toerana nohazonin'ny Eveka Waddell teo aloha).

Ny Loholona Enrique Falabella sy ny Loholona Richard J. Maynes dia nisaorana ihany koa tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary nomena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra izy ireo.

Azo jerena manomboka amin'ity pejy ity ny tantaram-piainan'ireo mpitarika voafantina. Nisy ihany koa ny fampilazana ny fisaorana Fitopololahin'ny Vondromparitra miisa 47 ary ny fiantsoana Fitopololahin'ny Vondromparitra miisa efatra (jereo ny pejy 30). ■



## Loholona Brent H. Nielson

*Fiadidian'ny Fitopololahy*

Iray amin'ireo lesona manan-danja nianaran'ny Loholona Brent H. Nielson taorian'ny nandaozan'ny olona iray ao amin' ny fianakaviany ny Fiangonana nandritra ny taona maromaro dia ny hoe mila ny fitiavana sy ny hery manasitran'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy avokoa ny zanak' Andriamanitra *rehetra*.

Rehefa nandalina ny Lioka 15 niaraka tamin'ny fianakaviany tamin'izany fotoana izany dia lasa nahatakatra ny fanorahana momba ilay zanaka adala tamin'ny fomba vaovao ny Loholona Nielson.

"Noho ny antony tsy fantatra loatra dia nahatsapa foana ho toy ilay zanakalahy nijanona tao an-trano aho. . . . Tamin'io maraina io anefa dia tsapako toy ny hoe *izaho* ilay zanaka adala," hoy izy. "Isika rehetra dia tsy manana ny voninahitra avy amin'ny Ray (jereo ny Romana 3:23). Isika rehetra dia mila ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy mba hanasitrana antsika. Olona very isika rehetra ary mila tadiavina."[1]

Ny Loholona Brent Hatch Nielson dia notohanana ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ny 3 ôktôbra 2020 taorian'ny nisaorana ny Loholona L. Whitney Clayton, izay nomena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra.

Teraka tany Burley, Idaho, Etazonia tamin'ny 8 desambra 1954 ny Loholona Nielson. Fony izy tanora dia nanao asa fanompoana tamin'ny fotoana feno tany Failandy. Nanambady an'i Marcia Ann Bradford tamin'ny jona 1978 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy. Manan-janaka enina izy ireo.

Nahazo mari-pahaizana licence en études anglaises tao amin'ny Oniversite Brigham Young izy tamin'ny 1978. Nahazo doctorat tao amin'ny Oniversiten'i Utah izy tamin'ny 1981. Taorian'izay izy dia lasa mpisolovava sy mpiara-mpiasa tao amina cabinet d'avocats tao Twin Falls, Idaho, Etazonia nandritra ny 30 taona latsaka kely.

Efa mpanolotsaina tao amin'ny Vondromparitra Pasifika sy ny Vondromparitra Nosy Filipina ary Filohan'ny Vondromparitra Nosy Filipina ny Loholona Nielson. Nanomboka tamin'ny 2015 ka hatramin'ny 2020 izy dia Tale mpanatanteraky ny Departemanta misahana ny asa Fitoriana.

Talohan'ny niantsoana azy ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny aprily 2009 dia filohan'ny Zatovolahy teo anivon'ny paroasy, eveka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka, ary Fitopololahin'ny Vondromparitra tao amin'ny Vondromparitra Idaho izy. ■

**FANAMARIHANA**

1. Brent H. Nielson, "Miandry ilay nania," *Liahona,* mey 2015, 103.



## Loholona Dean M. Davies

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Raha nitondra fiara avy niasa ny Loholona Dean M. Davies tamin' ny 1989 dia tratry ny horohoron-tany tany San Francisco, Californie, Etazonia izay nampihozongozona mafy ny fiarany izy. Taty aoriana dia nisaintsaina ny voka-dratsy naterak'izany tao amin'ilay faritra izy, ary nampahatsiahivina azy ny lanjan'ny fanorenana ny fiainantsika eo amin'ny fototra azo antoka.

"Tsy misy amintsika hinia hanorina ireo tranontsika, ireo toeram-piasantsika, na ny trano masina fitsaohantsika eo ambony fasika, na poti-bato na potika biriky, na tsy misy drafitra sy fitaovana mifanaraka amin'izany" hoy izy. "'Ndeha isika hanaiky ny fanasan'ny Mpamonjy hanatona Azy. 'Ndeha isika hanorina ny fiainantsika eo ambony fototra voaro sy azo antoka."[1]

Ny Loholona Davies, izay nanompo tao amin'ny Episkôpà Mpiahy nanomboka tamin'ny 2012, dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 3 ôktôbra 2020. Tao amin'ny Episkôpà Mpiahy, ny Loholona Davies dia Mpanolotsaina Faharoan'ny Eveka Gary E. Stevenson hatramin'ny nanohanana ny Eveka Stevenson ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny 3 ôktôbra 2015. Dia notohanana ho Mpanolotsaina Voalohany an'ny Eveka Gérald Caussé, izay nisolo toerana ny Loholona Stevenson teo amin'ny toeran'ny Eveka Mpiahy ny Loholona Davies avy eo.

Teraka tao Salt Lake City, Utah, Etazonia i Dean Myron Davies tamin'ny taona 1951. Taorian'ny naha-misiônera tamin'ny fotoana feno azy tao amin'ny misiônan'i Orogoay/Paragoay dia nanambady an'i Darla James izy tamin'ny 1973 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake. Manan-janaka 5 izy ireo ary zafikely 17.

Tamin'ny jolay 1995 dia nanomboka niasa tao amin'ny Fiangonana izy, ka tamin'izany izy dia tale mpitantana ny Departemanta misahana ireo Tetikasa manokana, izay nisahanany ny andraikitra mahakasika ny tany sy ny trano, ny fandrariana ny endriky ny tempoly ary ny fanorenana tempoly. Talohan'ny niasany tato amin'ny Fiangonana dia niasa tao amin'ny High Industries, Inc., of Lancaster, Pennsylvanie, Etazonia, sy ny Bechtel Investments, Inc., tao San Francisco ny Loholona Davies. Nahazo mari-pahaizana licence mikasika ny haifihariana sy fitantanan-karena ho an'ny tantsaha tao amin'ny Oniversite Brigham Young izy ary nahavita fiofanana avo lenta ho an'ny mpiandraikitra ambony tao amin'ny Oniversiten'i Stanford sy ny Oniversite Northwestern.

Ny Eveka Davies dia efa filohan'ny misiônan'i Porto Rico San Juan, mpanolotsain'ny filohan'ny misiôna, filohan'ny tsatòka, mpanolotsain'ny filohan'ny tsatòka, mpitantsoratra mpanatanteraky ny tsatòka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, ary mpikambana tao amina episkôpà maro. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Dean M. Davies, "Fototra azo antoka," *Liahona,* mey 2013, 9, 11.



## Eveka L. Todd Budge

*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpà Mpiahy*

Rehefa avy nanompo nandritra ny 18 volana tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ny Eveka L. Todd Budge dia notohanana ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Episkôpà Mpiahy izy. Ny Eveka Dean M. Davies, izay voantso ho Fitopololahy Manampahefana Ambony no soloiny.

Nahazo mari-pahaizana licence en économie tao amin'ny Oniversite Brigham Young tamin'ny 1984 ny Eveka Budge. Niasa ho an'ny Bain & Company Japan; Citibank, N.A.; ary ny GE Capital tao Japana sy Atlanta, Georgia, Etazonia izy. Lasa filoha sy tale jeneralin'ny Tokyo Star Bank Limited izy tamin' ny 2003, ary filohan'ny filankevi-pitantanan'ny banky nanomboka tamin'ny 2008 ka hatramin'ny 2011. Mpikambana tao anatin'ny birao mpitantan'ny Hawaiian Airlines ihany koa izy.

Tamin'ny fotoana iray teo amin'ny fiainany, raha nandinika ny hiova asa izy, dia nahazo torohevitra lehibe ny Eveka Budge. "Mila olona manana fahitsian-toetra isika ao amin'ny tontolon'ny fandraharahana," hoy ny mampianatra iray taminy, izay nampiany koa hoe hanome fahafahana betsaka azy hanoro hevitra sy ny hanampy olona ny lalankasa hodiaviny.

Raha ny marina dia nitondra fahafahana betsaka ho an'ny Eveka Budge mba ho hery ho an'ny tsara tao amin'ny tontolon'ny fandraharahana ny asany, ka tafiditra tao anatin'izany ny nanokafana varavarana hizarana ny filazantsara tao Japana, izay nanaovany asa fitoriana tamin'ny fotoana feno taloha tao amin'ny misiônan'i Fukuoka Japana. Taty aoriana izy dia filohan'ny misiônan'i Tokyo.

"Ny vaovao mahafalin'ny filazantsara" hoy izy nampianatra, "dia tsy fampanantenana fiainana tsy misy alahelo sy fahoriana fa fiainana feno tanjona sy manan-danja: fiainana izay ahafahan'ny alahelo sy ny fahoriantsika ho -voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy- [Almà 31:38]."[1]

Teraka tamin'ny 29 desambra 1959 tao Pittsburg, Californie, Etazonia i Lawrence Todd Budge. Nihaona tamin'i Lori Capener izy fony mpianatra taona voalohany tao amin'ny Oniversite Brigham Young. Nivady tamin'ny 1981 tao amin'ny tempolin'i Logan Utah izy ireo. Manan-janaka enina izy ireo.

Talohan'ny niantsoana azy ho Fitopololahy Manampahefana Ambony dia Fitopololahin'ny Vondromparitra, filohan'ny tsatòka, mpitantsoratra mpanatanteraky ny tsatòka, filohan'ny Zatovolahy eo anivon'ny tsatòka, eveka, ary filohan'ny kôlejin'ny loholona ny Eveka Budge. ■

**FANAMARIHANA**

1. L. Todd Budge, "Fitokiana tsy tapaka sy tsy mety lefy," *Liahona,* nôv. 2019, 47.







# Rafitra fanolorana anarana ho an'ireo misiônera: Tsotra, haingana

Amin'izao dia tsotra sy mora kokoa noho ny hatramin'izay ho an'ny mpikambana ny manampy ny namany hihaona amin'ireo misiônera noho ireo fanatsarana natao vao tsy ela mahakasika ny rafitra fanolorana anarana ho an'ireo misiônera. Ilay rafitra fanolorana anarana ho an'ireo misiônera nohavaozina dia natao mba hampifandray haingana ireo misiônera amin'ireo mpikambana natolotra mba hahafahan'ireo misiônera mamolavola drafitra hanampiana ny naman'ny mpikambana hiroso tsaratsara kokoa amin'ireo leson'ny filazantsara izay atolotry ny misiônera.

Toy izao ny fandehan'izany:

1. Rehefa manaiky ny hihaona amin'ireo misiônera ny namanao na ny olona fantatrao dia fenoy fotsiny ny taratasy fenoina momba ny fanolorana anarana ho an'ireo misiônera amin'ny alalan'ny application Outils pour les membres na ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org/referrals. Azonao atao ihany koa ny mamela ny fomba hahafahana mifandray aminao ary fanamarihana iray ho an'ireo misiônera.
2. Rehefa nofenoina en ligne (an-jotra) ilay taratasy dia hifandray aminao ny misiônera vavy iray izay nampandraiketina ny fanampiana amin'ny fanolorana anarana ho an'ireo misiônera. Handefa ilay anarana any amin'ny toerana tokony ho izy ilay misiônera vavy ary hanampy anao hifandray amin'ireo misiônera any an-toerana.
3. Ireo misiônera any an-toerana dia handray ihany koa ny mombamomba anao miaraka amin'ilay anarana natolotra. Izany dia ny mba hahafahanao mifanakalo hevitra momba ny toe-javatra sy ny zavatra ilain'ilay namana natolotra miaraka amin'ireo misiônera. Azonao resahina amin'izy ireo ny fomba hanampiana ilay namanao hiaina zavatra tena tsara. Misy ihany koa ny safidy hahafahanao mandray anjara amin'ireo leson'ny misiônera araka izay irinao.

"Ampianarina ireo misiônera fa ny anarana tsirairay atolotry ny mpikambana iray dia tokony ho zavatra tena sarobidy," hoy ny Loholona Marcus B. Nash ao amin'ny Fitopololahy. "Rehefa mandray anarana natolotra ny misiônera dia ampianarina izy ireo hanontany anao ny fomba tsara indrindra hanampiana ilay namanao. Rehefa miara-miasa ny mpikambana sy ny misiônera dia hanentana azy ireo ny Tompo amin'ny fanomezana zavatra iainana manan-danja entina hanampiana ny namanao hanatona kokoa an'i Jesoa Kristy."

Ity fitaovana fifaneraserana vaovao ity dia misy amin'ny fiteny 33 amin'izao ankehitriny izao. ■

**Tsidiho ny ChurchofJesusChrist.org/referrals mba hianarana bebe kokoa momba ny fomba fanolorana anarana.**

# Fiovana ao amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana

Hisy fiovana lehibe ao amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana manomboka ny janoary 2021. Ny *Liahona* dia ho lasa ny gazetiboky ho an'ny mpamaky olondehibe, izay hanomezana gazetiboky *tokana* hivoaka ho an'ireo olon-dehibe maneran-tany. Ireo gazetiboky ho an'ny zatovo sy ny ankizy, izay ho gazetiboky mahaleo tena, dia hivoaka manerana izao tontolo izao. Ary ireo votoatin-javatra nomerika sy tovana ahitana zavatra vokarina eo an-toerana dia hampivelatra sy hanatsara ny fahatakarana ny filazantsara sy ireo loharanom-pitaovana misy ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana na aiza na aiza misy azy ireo.

Tsy hoampiasaina intsony ny hoe *Ensign* , ny gazetiboky ho an'ny zatovo dia ho fantatra amin'ny hoe *Ho zatovo mahery!* (hanolo ny *New Era*), ary ny *Namana* dia mbola hitohy ho ny lohatenin'ny gazetiboky ho an'ny ankizy.

Ireo fanamboarana eo amin'ny lafiny gazetiboky ireo dia hitondra tombotsoa betsaka ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao:

- Ho voalohany izao ireo fianakaviana any ivelan'ireo firenena miteny Anglisy no hanana fahafahana hamandrika gazetiboky natokana manokana ho an'ny ankizy sy ny zatovo.
- Any amin'ny faritra sy fiteny sasany dia hivoaka matetika kokoa mihoatra noho ny tamin'ny lasa ireo votoatin-javatra.
- Ny fianakaviamben'ny Fiangonana maneran-tany dia samy hahazo avokoa ireo hafatra mampiray hina amin'ny alalan'ireo gazetiboky maneran-tany. ■

Azonao vakina ao amin'ny pejy 39–40 ny fanehoan-kevitra momba ireo fanovana ireo.



## Tempoly vaovao miisa enina nambara

Tempoly vaovao miisa enina no nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fivoriana alahady tolakandron'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Nambara fa hahazo tempoly i:

- **Tarawa, Kiribati.** Ny Kiribati dia firenena iray ao amin'ny Ranomasimbe Pasifika akaiky ny tsipika iraisam-pirenena fanasarahana daty ka izany dia nosy 32 voahodidina haran-dranomasina.
- **Port Vila, Vanuatu.** Ny Vanuatu dia firenena ahitana nosy miisa 80 ao amin'ny Pasifika Atsimo.
- **Lindon, Utah, Etazonia.** Lindon dia 64 km atsimon'i Salt Lake City.
- **Guatemala Renivohitra sy ny manodidina, Guatemala.** Ny Guatemala, ao Amerika Afovoany dia hanana tempoly efatra ato ato.
- **São Paulo Atsinanana, Brésil.** Io no ho tempoly faha-12 nambara ho an'i Brésil.
- **Santa Cruz, Bolivie.** Io no ho tempoly faharoa ho an'ity firenena any Amerika Atsimo ity.

Hatramin'ny naha-lasa azy Filohan'ny Fiangonana tamin'ny 2018 dia nanambara ny hananganana tempoly vaovao miisa 49 ny Filoha Nelson. Ankehitriny ny Fiangonana dia manana tempoly efa nambara, eo an-dalam-panamboarana, na am-perinasa miisa 230. ■

# Filazana mikasika ny fombafomba masina atao any amin'ny tempoly

Ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka izao hafatra manaraka izao tamin'ny 20 jolay 2020, mikasika ireo fanovana mihatra amin'ny fombafomba masin'ny fanafiana masina atao any amin'ny tempoly:

"Ny fiavian'ireo fampianarana sy fampanantenana ary fombafomba masin'ny tempoly dia efa hatramin'ny fahagola, ary izy ireo dia mampitodika ireo zanak' Andriamanitra Aminy rehefa manao fanekempihavanana misimisy kokoa sy mianatra bebe kokoa momba ny drafiny izy ireo, ka tafiditra ao anatin'izany ny anjara asan'i Jesoa Kristy Mpamonjy.

"Avy amin'ny fanentanam-panahy, ireo fomba fampianarana ny zavatry ny tempoly dia niova imbetsaka, ary vao nasiam-panovana vao tsy ela mihitsy izany, mba hanampiana ny mpikambana hahatakatra sy hiaina tsaratsara kokoa ny zavatra ianarany ao amin'ny tempoly.

"Isan'ny zavatra iainana ao amin'ny tempoly ny fanaovana fanekempihavanana, izay fampanantenana masina, amin' Andriamanitra. Ny ankamaroan'ny olona dia mahafantatra tsara ireo fihetsika atao mifono tandindona izay ampiarahana amin'ny fanaovana fanekempihavanana ara-pivavahana (toy ny fivavahana, ny fanasitrihana olona ao anaty rano amin'ny batisa, na ny fihazonana tanana mandritra ny fombafomban'ny fanambadiana). Ny fihetsika tsotra sy mifono tandindona toy izany dia ampiarahana ihany koa amin'ny fanaovana fanekempihavanan'ny tempoly.

"Noho ny fiheverana ny olon-drehetra sy ny faniriana hanatsara ny zavatra ianarana any amin'ny tempoly dia nisy ireo fanovana nankatoavina ho an'ny fombafomba masin'ny fanafiana masina atao any amin'ny tempoly. Noho ny maha-masina ireo fombafomba atao any amin'ny tempoly dia mangataka ny mpikambana sy ireo namana izahay mba tsy hirotsaka amin'ny honohono na ny firesadresahana momba ireo fanovana ireo ampahibemaso. Fa manasa ireo mpikamban'ny Fiangonana kosa izahay hanohy hiandrandra ombam-bavaka sy amim-pankasitrahana ny andro izay hahafahan'izy ireo miverina indray sy mandray anjara feno amin'ny asa masina atao any amin'ny tempoly." ■





# Ny *Manuel général d'instructions* amin'ny endrika nomerika

## Rafitra an-jotra ho an'ny horonan-taratasy fangataham-bavaka ao amin'ny tempoly

Misy ny rafitra an-jotra noforonina mba hahafahan'ireo mpikambana mandefa ny anaran'ny olona ao amin'ny fianakaviany na ny namany any amin'ny tempoly, izay hametrahana ny anaran'ireo olona ireo ao amin'ny horonan-taratasy fangataham-bavaka. Ny fangatahana hametraka anarana iray eo amin'ny horonan-taratasy fangataham-bavaka dia azo atao amin'ny alalan'ny fitsidihana ny pejy misy ny mombamomba ny tempoly tsirairay ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org/temples ary ny fanindriana ny rohy misy ny horonan-taratasy fangataham-bavaka. Azo atao amin'ny alalan'ilay fizarana momba ny tempoly ao amin'ny application mobile Outils pour les membres ihany koa ireo fangatahana. Rehefa tafiditra ireo anarana dia halefa any amin'ilay tempoly (na any amin'ny tempoly am-perinasa akaiky indrindra).

Mivavaka ho an'ny olon-tiany sy ny hafa izay miatrika aretina sy olana hafa ny mpikambana ao amin'ny fivavahana maro. Ny soratra masina dia mamariparitra ohatra maro fony i Jesoa Kristy nivavaka tao anaty vondrona ka namporisika ireo nanatrika mba hivavaka ihany koa. Izany fomba fanao izany dia tanterahina any amin'ny tempoly, ka any ireo mpikambana dia mivondrona am-pinoana sy am-bavaka, mangataka amin' Andriamanitra mba hitahy ireo olona voasoratra anarana eo amin'ny horonan-taratasy fangataham-bavaka. ■

Mbola mitohy ny fanaovana fanitsiana ny *Manuel général d'instructions : Servir dans l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours*, ka hivoaka ato ho ato amin'ny fiteny be mpampiasa miisa 21 ny dikanteni n'ny ampahany voafantina ao amin'izany.

Ilay boky torolalana vaovao dia nivoaka tamin'ny endrika nomerika tamin'ny teny Anglisy tamin'ny febroary 2020, ary nisy ireo fanitsiana fanampiny nampidirina tamin'ny martsa sy jolay. Hatreto dia 16 amin'ireo fizarana 38 ao amin'ilay boky no efa vonona sy navoaka. Ireo fizarana ambiny dia hahitsy mandritra ireo volana ho avy, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanatsarana mahakasika ny fanamorana sy fanatsorana ny famakiana.

Fotoana fohy aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2020 dia hanomboka hivoaka amin'ny fiteny miisa 21 (ankoatra ny fiteny Anglisy) ny fizarana 32, "Repentir et commissions d'examen du statut de membre," sy ampahany amin'ny fizarana 38.6, "Règles concernant les questions de morale" (izay manohana ny fizarana 32). Efa mandalo fandikan-teny ny fizarana fanampiny hafa ary omanina mba hivoaka mandritra ireo volana ho avy, ary any aoriana any dia hivoaka amin'ny fiteny 35 ny boky torolalana manontolo.

Na dia azo jerena ao amin'ny tranokalan'ny Fiangonana sy ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile aza ilay boky torolalana dia ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana no olona kendrena voalohany hampiasa izany. Ilay boky torolalana nasiam-panitsiana dia hisolo ny *Boky torolalana 1* (ho an'ny filohan'ny tsatòka sy ny eveka) sy ny *Boky torolalana 2* (ho an'ny mpitarika rehetra) ka hanambatra ny fampahalalana rehetra ao amin'ny boky torolalana ho ao amina boky tokana.

Ilay boky torolalana vaovao dia horafetina manodidina ny asa famonjena sy ny fisandratana, ka hahitana lafiny efatra ifantohana eo amin'ny fankanesana amin'i Kristy sy amin'ny fanampiana amin'ny asan' Andriamanitra:

1. Miaina ny filazantsaran' i Jesoa Kristy
2. Mikarakara ireo izay sahirana
3. Manasa ny rehetra handray ny filazantsara
4. Mampitambatra ireo fianakaviana ho mandrakizay

Ireo fizarana dia natao hanampy ny mpitarika manerana izao tontolo izao hanompo amin'ny fomban'i Kristy rehefa mampiasa ireo fandaharan'asa isan-karazany sy fenitra arahina, ary sata mifehy ao amin'ny Fiangonana, ary hampifanaraka izany amin'ny toe-javatra ao an-toerana rehefa ilaina izany.

Ny famoahana ny boky torolalana amin'ny endrika nomerika dia mamela ny fanaovana fanitsiana sy fanovana rehefa mitombo ny Fiangonana ary rehefa mila fanamboarana ireo fenitra arahina. Nampidirana fitsipika mahakasika ny fahaizana mampifanaraka amin'ny toe-java-misy ny boky torolalana mba hanampy ny mpitarika hampihatra ireo fitsipika sy fandaharan'asan'ny Fiangonana amin'ny fomba mahomby any amin'ireo vondrona mpiangona amin'ny endrika rehetra sy manerana ny fianakaviamben'ny Olomasina maneran-tany izay samihafa karazana. ■

# Vaovao momba ny fanavaozana ny boky Fihirana

Tamin'ny jona 2018 dia nambara ny hanavaozana ny boky Fihirana an' ny Fiangonana sy ny bokin-kiran'ny ankizy, niaraka tamin'ny fangatahana ireo mpikambana hanolotra fanehoankevitra momba ny hira masina ary antso avo ho an'ireo mpikambana mba handefa fihirana sy hira ary lahatsoratra vaovao. Mpikambana saika ho 50000 isa no namaly ny antso momba ilay fanadihadiana momba ny hira masina ato amintsika amin'izao fotoana izao. Ireo izay nandray anjara dia nizara ihany koa ny fahatsapany momba ireo hira nofantenina avy amin'ny finoana hafa izay eo an-dalam-pandinihana ny hampidirana azy ireo ho ao amin'ny amboaran-kira.

Hira naroso mihoatra ny 16000 no voaray avy amin'ny mpikambana avy amin'ny firenena miisa 66. Vondrona iraisam-pirenena ahitana mpikambana manan-talenta sy ireo vaomiera mpandinika ao amin'ny Foiben'ny Fiangonana no mandinika tsy am-pahalalana sy imbetsaka ireo fihirana sy hira vaovao ireo amin'izao fotoana izao.

Ireo vaomiera dia mankasitraka ireo mpikambana manerana izao tontolo izao amin'ny fanolorana ny fotoana sy ny talentan'izy ireo mba hanampy ny hafa ho akaiky kokoa ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny hira masina. Eto ampandinihana akaiky ireo hira vaovao naroso rehetra dia azo andrandraina fa ireo amboaran-kira vaovao dia ho vonona afaka taona vitsivitsy. ■













## Avia, hanaraka Ahy

# Mianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany



Osaka, Japana

Ny fampianaran'ireo mpaminany velona sy ireo mpitarika hafa maneran-tany ao amin'ny Fiangonana dia manome fitarihana tena tsara rehefa mikatsaka ny handray anjara ao amin'ny asan'ny Tompo isika. Ny alahady faharoa sy fahefatra isam-bolana, dia mifidy hafatra iray avy amin'ny fihaonambe mba hifanakalozana hevitra ny fiadidian'ny kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana, izay mifototra amin'ireo zavatra ilain'ireo mpikambana sy amin'ny fitarihana avy amin'ny Fanahy. Indraindray mety hanolotra hafatra iray koa ny eveka na ny filohan'ny tsatòka. Amin'ny ankapobeny ireo hafatra avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no tokony tena hamafisin'ireo mpitarika. Kanefa azo ifanakalozana hevitra daholo izay mety ho hafatra avy amin'ny fihaonambe farany indrindra.

Ireo mpitarika sy mpampianatra dia tokony hitady fomba hamporisihana ireo mpikambana hamaky mialoha ny fivoriana ilay hafatra voafidy.

Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa, dia jereo ireo fizarana mikasika ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana ao amin'ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany: Manompo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany,* 8.2.1.2, 9.2.1.2, ChurchofJesusChrist.org.

## Lamina enti-mampianatra

Ireto fanontaniana manaraka ireto dia afaka manampy ireo mpampianatra rehefa manao drafitra hampianatra hafatra iray avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izy ireo.

**1.** Inona no tian'ny mpandahateny hotakarinay? Inona avy ireo fitsipiky ny filazantsara ampianariny? Ahoana no hampiharana ireo fitsipika ireo amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anay?

**2.** Inona no soratra masina nampiasain'ilay mpandahateny mba hanohanana ny hafany? Misy soratra masina hafa azonay vakina ve izay hampahalalina ny fahatakaranay? (Mety afaka mahita vitsivitsy ianao ao anatin'ireo fanaramarihana any amin'ny faran'ny hafatra.)

**3.** Inona avy ireo fanontaniana azoko apetraka izay hanampy ireo mpikambana hisaintsaina ilay hafatra? Inona avy ireo fanontaniana izay hanampy azy ireo hahita ny maha-manan-danja ilay hafatra eo amin'ny fiainan'izy ireo sy ny an'ny fianakavian'izy ireo ary eo amin'ny asan'ny Tompo?

**4.** Inona no zavatra azoko atao mba hanasana ny Fanahy ao anatin'ny fivorianay Inona no zavatra azoko ampiasaina mba hampivelarana ny fifanakalozan-kevitra, tafiditra ao anatin'izany ny tantara, ny fifanahafana, ny mozika ary ny zavakanto ara-tsary? Inona no nampiasain'ilay mpandahateny?

**5.** Moa ve nanolotra fanasana ilay mpandahateny? Ahoana no ahafahako manampy ireo mpikambana hahatsapa ny faniriana mba handray andraikitra eo anatrehan'ireo fanasana ireo?

## Hevitra mikasika ireo asa azo atao

Misy fomba maro azo anampiana ireo mpikambana mba hianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Misy ohatra vitsivitsy ireto. Mety manana hevitra hafa izay hahomby kokoa ho an'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao ianao.



*Salzbourg, Autriche*

- ***Mifanakalo hevitra ao anatina vondrona.*** Zarazarao ho vondrona kely maromaro ireo mpikambana ary omeo ampahany samihafa avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe ny vondrona tsirairay mba hovakina sy hifanakalozana hevitra. Dia angataho ny vondrona tsirairay mba hizara izay zavatra nianarany. Na afaka manorina vondrona ahitana olona nandalina ampahany samihafa ianao, dia avelao izy ireo hifampizara ny zavatra nianaran'izy ireo.

- ***Mamaly fanontaniana.*** Asao ireo mpikambana mba hamaly fanontaniana tahaka ireto manaraka ireto mikasika ny hafatra avy amin'ny fihaonambe: Inona avy ireo fahamarinana momba ny filazantsara izay hitantsika ao amin'io hafatra io? Ahoana no ahafahantsika mampihatra ireo fahamarinana ireo? Inona avy ireo fanasana natolotra sy fitahiana nampanantenaina? Inona no ampianarin'izany hafatra izany antsika mikasika ny asa tian'Andriamanitra hataontsika?

- ***Mizara teny nindramina.*** Asao ireo mpikambana mba hizara teny nindramina avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe izay mamporisika azy ireo hanatanteraka ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny asa famonjena. Amporisiho izy ireo mba handinika ny fomba ahafahan'izy ireo mizara ireo teny nindramina ireo mba hitahiana olona, tafiditra ao anatin'izany ireo olon-tiana sy ireo olona izay anaovan'izy ireo fanompoana.

- ***Mizara lesona ampiasana ohatra azo tsapain-tanana.*** Angataho mialoha ny mpikambana vitsivitsy mba hitondra zavatra avy any an-trano izay azon'izy ireo ampiasaina mba hampianarana mikasika ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Angataho ireo mpikambana mba hanazava ny ifandraisan'ireo zavatra ireo amin'ilay hafatra.

- ***Manomana lesona iray mba ho ampianarina any an-trano.*** Angataho ireo mpikambana hiasa tsiroaroa mba hanomana lesona iray ho an'ny takarivan'ny mpianakavy izay mifototra amin'ilay hafatra avy ao amin'ny fihaonambe. Ahoana no fomba ataontsika mba hahatonga ilay hafatra ho manan-danja ho an'ny fianakaviantsika? Ahoana no ahafahantsika mizara io hafatra io amin'ny olona izay anaovantsika fanompoana?

- ***Mizara ireo zavatra niainana.*** Miaraha mamaky teny maro nambara tao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Angataho ireo mpikambana mba hizara ohatra avy ao amin'ny soratra masina sy avy amin'ny fiainan'izy ireo izay maneho na manamafy ilay fotopampianarana nampianarina tao anatin'ireo teny nambara ireo.

- ***Mianatra soratra masina iray.*** Asao ireo mpikambana mba hamaky soratra masina iray izay nolazaina tao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Angataho izy ireo mba hifanakalo hevitra mikasika ny fomba anampian'ireo fampianarana ao amin'ilay hafatra azy ireo mba hahatakatra tsara kokoa ilay soratra masina.

- ***Mitady valiny.*** Mamoròna fanontaniana vitsivitsy mialoha ny fotoana izay azo valina amin'ny alalan'ny fampiasana ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Mifantoha amin'ireo fanontaniana izay manosika ny fieritreretana lalina na ny fampiharana ireo fitsipika ao amin'ny filazantsara (jereo ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy,* 31–32). Dia avelao ireo mpikambana mba hifidy fanontaniana iray ary hitady valiny ao anatin'ilay hafatra. Asao izy ireo mba hifanakalo hevitra ao anatina vondrona kely maromaro mikasika ireo valiny hitan'izy ireo.

- ***Mitady andian-teny.*** Asao ireo mpikambana mba handinika ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe ka hitady ireo andian-teny izay manandanja amin'izy ireo. Angataho izy ireo hizara ireo andianteny sy ny zavatra nianaran'izy ireo avy amin'izany. Nahoana no manampy antsika hanatanteraka ny asan'ny Tompo ireo fampianarana ireo?

- ***Mamorona zavatra.*** Asao ireo mpikambana mba hanamboatra sary na karatra fanamarihana pejy izay ahitana teny fohy manentana ny fanahy avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Omeo fahafahana hizara ny zavatra nataony izy ireo. ■

Raha hitady hevitra fanampiny momba ny fomba fandalinana sy fampianarana avy amin'ireo hafatry ny fihaonambe maneran-tany dia jereo ny "Hevitra ho an'ny fianarana sy fampianarana avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany" hita ao amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ao amin'ny Tahirim-pitaovana.



*Sary: San Lucas Sacatepéquez, Guatemala; sary manindry: São Paulo, Brésil*

"Eo am-pandalinanareo ny soratra masina mandritra ireo enim-bolana manaraka dia mamporisika anareo aho mba hanao lisitra mitanisa ny zavatra rehetra izay nampanantenain'ny Tompo fa hataony amin'i Isiraely nanao fankempihavanana," hoy ny Filoha Nelson nanentana ireo mpikamban'ny Fiangonana. "Ho talanjona tokoa ianareo!"

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY



MALAGASY

4 02167 26654 9